PATRIARKA SY MPAMINANY

ELLEN G. WHITE

New Covenant Publications International. Malagasy

Copyright © 2020. Fanontana Iraisam-pirenena Momba ny Fanekena Vaovao.

Zo rehetra voatokana. Tsy misy ampahany amin' ity boky ity azo reproduced na ampitaina amin' ny endriny na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana, afa-tsy raha ny resaka fohy nalaina tao anaty lahatsoratra sy hevitra manakiana. Azafady mba jereo ny fanontaniana manan-danja rehetra amin'ny mpamoaka.

Zo rehetra voatokana. Tsy misy ampahany amin' ity boky ity azo reproduced na ampitaina amin' ny endriny na amin' ny alalan' ny fomba mety, elektrônika na mekanika, anisan' izany ny photocopying, ny firaketana, na amin' ny alalan' ny fitehirizana ny zava-baovao sy ny fomba retrieval, raha tsy amin' ny alalan' ny boky iray izay mety milaza andinin-tsoratra.

ISBN: 359-2-85933-609-1

ISBN: 359-2-85933-609-1

Cataloging ao amin'ny angon-drakitra famoahana

Nosoratan'i: New Covenant Publications Group

Natonta tany Royaume-Uni.

Fanontana voalohany 26 Mey 2020

Navoakan' New Covenant Publications International

New Covenant Publications International Ltd.,

Kemp House, 160 City Road, London, EC1V 2NX

Tsidiho ny tranokala: www.newcovenant.co.uk


Ellen G. White Estate
PATRIARKA
SY
MPAMINANY
I
II
III
IV
V
VI
VII
VIII
IX
X
ELLEN G. WHITE

Nony afak'izay, dia nasaina aho mba hanao fanamarihana ny amin'ireo Efitra roa izay teo amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra ireo. Nisokatra ilay lamba na ilay varavarana ary navela mba hiditra tao aho. Tao anatin'ilay efitra voalohany, dia hitako ny fanaovan-jiro volamena fito rantsana, izay toa hita ho manan-karena sy be voninahitra ary koa, ny latabatra izay nisy mofo aseho teo amboniny, ary ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra sy ilay lovia fandoroana ditin-kazo manitra. Tahaka ny volamena voadio ny fijery an'ireo fanaka rehetra tao anatin'ity Efitra ity, ary mitaratra Ilay hiditra tamin'izany toerana izany. Ilay fefy lamba izay nampisaraka ireo Efitra roa ireo dia toa be voninahitra ny fahitana azy. Natao tamin'ireo loko isan-karazany sy akora maro izany ary ny sisiny dia mahafinaritra sady nisy sary vita tamin' ny volamena teo amboniny, izay naneho ireo anjely. Nakarina ilay fefy lamba, ka dia nizaha izay tao amin'ilay efitra faharoa aho. Dia nahita fiara iray tao aho, izay nanana endri-bolamena izay farany tsara indrindra. Manodidina ilay tampon'ny fiara dia nisy sisiny nahafinaritra izay tsara tefy indrindra izay naneho ny satro-boninahitra. Vita tamin'ny volamena farany tsara indrindra izany. Tao anatin'ilay fiara no nisy ireo vato fisaka izay nisokirana ny didy folo. Teo aloha sy teo aorian'ilay fiara dia nisy Kerobima maha te ho tia tsirairay avy ary ny elany nandrakotra izany. Nivelariny tambonin'ny elatr'izy ireo, ary nifampikasoka teo ambonin'ny lohan'I Jesosy raha nitsangana teo anilan'ilay rakotra fanaovam-panavotana Izy. Nifanatritava izy ireo ary ny fijeriny dia nanandrify ny teo ambonin'ny fiara, izay naneho fa ny anjeliln'ny lanitra rehetra dia mijery am-pahalianana ny lalàn'Andriamanitra.

Ity pejy ity dia fanahy iniana avela banga.

New Covenant Publications

International Ltd.

Boky Nohavaozina, Saina Niova

New Covenant Publications International Ltd.,
Kemp House, 160 City Road, London, EC1V 2NX

Email: newcovenantpublicationsintl@gmail.com

Fankasitrahana

Natokana ho an'Andriamanitra.

Foreword

New Covenant Publications International reconnects the reader with the divine plan binding heaven and earth and reinforcing the perpetuity of the law of love. The logo, the Ark of the Covenant represents the intimacy between Christ Jesus and His people and the centrality of God's law. As it is written, “this shall be the covenant that I will make with the house of Israel says the Lord, I will put my law in their inward parts and write it in their hearts and they shall be My people, and I shall be their God.” (Jeremiah 31:31-33; Hebrews 8:8-10). Indeed, the new covenant attests to a redemption, birthed by unabated strife and sealed by blood.

For countless centuries, many have endured galling affliction and incomprehensible oppression, calculated to obliterate truth. Especially in the Dark Ages, this light had been greatly embattled and obscured by human traditions and popular ignorance, because the inhabitants of the world had despised wisdom and transgressed the covenant. The blight of compromise with proliferating evils provoked such a scourge of unbridled degeneracy and diabolic inhumanity, that many lives were unjustly sacrificed, refusing to surrender the freedom of conscience. Nevertheless, a lost knowledge was revived, specifically during the time of the Reformation.

The Reformation era of the 16th century sparked a moment of truth, fundamental change and consequent turbulence, as reflected in the Counter-Reformation. However, through this volume, one rediscovers the undeniable significance of this singular revolution from the perspectives of the Reformers and other courageous pioneers. From their accounts, one can understand the ravaging battles, the reasons underlying such phenomenal resistance and supernatural interventions.

Our motto: “Reformed Books, Transformed Minds,” accentuates the distinct genre of literature, composed in a critical era and its impact. It also resonates the urgency of personal reformation, rebirth and transformation. As the Gutenberg printing press, coupled by the agency of translation, disseminated the principles of the reformed faith, some 500 years ago, the digitalised press and online media would communicate in every language the light of truth in these last times.

Fizahan-Takelaka

Toko 1 - Ny Niavian' ny Ratsy 5
Toko 2 - Ny Fakam-panahy sy ny nahalavoan' ny olona 21
Toko 3 - Ny Drafitry ny fanavotana 30
Toko 4 - Kaina sy Abela 36
Toko 5 - Ny Safo-drano 49
Toko 6 - Taorian' ny safo-drano 59
Toko 7 - Ilay Herinandro voalohany indrindra 64
Toko 8 - Ny Tilikambon' i Babela 69
Toko 9 - Ny Niantsoana an' i Abrahama 74
Toko 10 - Abrahama tao amin' ny tany Kanana 79
Toko 11 - Ny Nanaterana an' Isaka ho fanatitra 91
Toko 12 - Ny Nandravana an' i Sodoma 99
Toko 13 - Ny Nanambadian' Isaka 110
Toko 14 - Ny Nivahiman' i Jakoba 119
Toko 15 - Ilay Tolona mamatonalina 126
Toko 16 - Ny Niverenan' i Jakoba tany Kanana 131
Toko 17 - Josefa tany Egypta 139
Toko 18 - Josefa sy ny rahalahiny 147
Toko 19 - Mosesy 162
Toko 20 - Ny Loza tany Egypta 173
Toko 21 - Ny Fahafahana 188

Toko 1 - Ny Niavian' ny Ratsy

'Andriamanitra dia fitiavana'. Na ny toetrany, na ny lalàny, na ny fomba itondrany izao tontolo izao, eny, na inona na inona momba Azy dia fitiavana avokoa. Izany no toetrany hatramin' ny taloha, mbola toetrany mandrak' ankehitriny ary ho toètrany mandrakizay. Fa 'tsy misy fiovaovana na aloka avy amin' ny fiho- dinana' eo amin' Ilay 'Iray avo sy manerinerina", Izay mitoetra ao amin' ny fitoerana avo sy masina'1. [1111]

Fanehoam-pitiavana tsy hita fetra ny hery tsirairay avy nentin' Andriamanitra nanao izao rehetra izao. Soa maro tsy tambo isaina no zarainy amin' ny zavaboariny rehetra. Izao no teny entin' ny mpanao Salamo manambara izapy: [1111]

'Mahery ny tànanao,
Avo ny tànanao ankavanana.
Rariny sy fitsarana no fanorenan' ny seza fiandriananao ;
Famindrampo sy fahamarinana no mialoha ny tavanao.
Sambatra izay olona mahalala ny feo mahafaly ;
Jehovah o, amin' ny fahazavan' ny tavanao no handehanany.
Ny anaranao no hifaliany mandrakariva ;
Ary ny fahamarinanao no hisandratany.
Fa voninahitry ny heriny Hianao ;
Ary amin' ny fankasitrahanao no hisandratan' ny tandrokay.
Fa an' i Jehovah ny ampinganay ;
Ary an' ny Iray Masin' ny Isiraely ny mpanjakanay ' [1111]

Ny tantaran' ilay ady lehibe ifanaovan' ny tsara sy ny ratsy hatramin' ny andro niantombohan' izaný tany an-danitra ka mandra- pahatongan' ny fotoana hanafoanana tanteraka ny fikomiana amin' ny farany sady handevonana ny fahotana, dia maneho miharihary ny fitiavana tsy manam-piovana ananan' Andriamanitra. [1121]

Tsy irery tsy akory Ilay Tompon' izao rehetra izao raha nanao ny asany. Nisy nanampy Azy, dia Ilay mahay mankasitraka ny tìkasany sy miombom-pifaliana Aminy eo amin ny tahitany ny fahasambaran' ny zavaboariny. 'Tamin' ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin' Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra Izy dia tao amin' Andriamanitra tamin' ny voalohany'3. Ny Teny. izany hoe Ilay Zanaka-lahy Tokan' Andriamanitra, dia iray ihany tamin' Ilay Ray Mandrakizay, na teo amin' ny toetra izany. na teo amin' ny fomba amam-panao, na teo amin' ny fikasana. lzy irery ihany no hany tokana afaka nandray anjara teo amin' ny filàn-kevitr' Andriamanitra sy niray saina taminy. Fa 'ny anarany.atao hoe Mahagaga. Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, Rain' ny mandrakizay, Andrian' ny fiadanana'4, fa 'hatry ny fahagola no efa nivoahany, dia hatrizay hatrizay '5. [1121]

Hoy Izy raha manambara ny tenany: [1121]

' Izaho no fahendrena ...
Jehovah nahary ahy ho fiandohan' ny alehany.
Ho voalohany amin' ny asany hatramin' ny taloha.
Izaho no tendreny hatramin' ny fahagola,
Eny. hatramin' ny voalohany indrindra, dia fony tsy mbola ary ny tany.
Haha namorona n lanitra Izy, ...
Dia mpità-marika teo anilany aho,
Sady ravoravo isan-andro ... teo anatrehany '6. [1121]

Tamin ny alalan ny Zanany no namoronan' Andriamanitra ny mponina rehetra any an-danitra. 'Fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra ... na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana.na tahefana. Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany ' Ireo anjely feno ny voninahitry ny fanatrehany dia manatontosa haingana dia haingana ny sitrapony. Fa Izy, Ilay Zanaka, Ilay voahosotr' i Jehovah no ' famirapiratan' ny voninahiny', 'endriky ny tenany indrindra" mihazona ny zavatra rehetra amin' ny herin' ny teniny ; Izy no ambonin' ny zavatra rehetra sy mibaiko ny zavatra rehetra. Seza fiandrianana be voninahitra sady avo hatramin' ny voalohany '8 ny fitoerana masina itoerany, ary ny tehim-panjakany dia feno fahamarinana. 'Famirapiratana sy voninahitra sy hery sy tahatsaran-tarehy'9 no manodidina Azy, 'ary famindrampo sy fahamarinana' no mialoha ny tavany. [1121]

Lalàna marina, ialàm-pitiavana, lalàna ambony sy masina, antoky ny fahasambaran' ireo mpanompony izay manompo Azy amim- pifaliana, no fototra iorenan' ny fanjakany. Tsy fankatoavana an-jamba fa entanim-pitiavana sady feno fahatokiana sy feno fiderana no irin' Andriamanitra hananan' ny olony. Tsy azony ekena ny fankatoavana an-terisetra ka izany no nanomezany azy safidy malalaka izay fepetra tena ilaina indrindra eo amin' ny fanompoana an-tsitrapo. [1131]

Tonga lafatra ny fiadanana raha mbola nanjaka tao amin' izay rehetra noharín' Andriamanitra izany fankatoavana amim-pitiavana izany. Ny fahafinaretan' ny vahoaky ny lanitra dia ny miara-miasa amin' Ilay Mpamorona azy hanatanteraka ny fikasany sy hampa-mirapiratra ny voninahiny ary hihira ny fiderany. Ambony indrindra taminy ny fitiavana an' Andriamanitra ary ny fifankatiavan' izy samy izy dia feno fahadiovana sy fahafoizan-tena. Tsy nisy na inona na inona nanimba izany firindrana mahafinaritra tany an-danitra izany. [1131]

Niova anefa io toe-javatra mahasambatra io. Fa nisy anankiray nanimba ny fahafahana nomen' Andriamanitra ny zavaboariny. Teraka tao am-pon' ilay anjely iray izay nomen' Andriamanitra haja sy voninahitra lehibe indrindra manarakaraka an' i Jesosy Kristy ny ota. [1131]

Losifera, ilay 'zanaky ny maraina', masina, tsy nanan-tsiny, nanompo nivantana ny Mpamorona, tamin' ny voalohany dia feno famirapiratan' ny voninahitr' Andriamanitra satria anankiray tamin' ireo kerobima manaloka. Fa 'izao no lazain' i Jehovah Tompo: ... feno fahendrena sy tena tsara tarehy ... hianao ; ny vato soa rehetra no eloelo teo amboninao...

Hianao dia kerobima voahosotra izay manaloka, fa voatendriko hianao; tao an-tendrombohitra masin' Andriamanitra hianao; tao amin ny vato mirehitra no nitsangan- tsangananao. Tsy nanan-tsiny hianao tamin' ny nalehanao ka mandra-pahita heloka tao aminao'10. [1131]

Norotsirotsin ny hevitra feno hambom-po tsikelikely teny anefa i Losifera. 'Niavonavona ny fonao noho ny hatsaran-tarehinao ; efa nahasimba ny fahendrenao mbamin' ny famirapiratanao hianao'Ary hianao efa nanao anakampo hoe. Any an-danitra no hiakarako, ary ambonin' ny kintan' Andriamanitra no hanandra- tako ny seza fiandrianako ... kaho tahaka ny Avo Indrindra aho'12. Nihevitra no anjely mahery io fa ny voninahitra lehibe natolotr Andriamanitra azy dia efa azy rahateo. Tsy afa-po tamin' ny toerana maha-filohan' ny anjely azy izy fa sahy nitsiriritra koa na dia ny haja amam-bonmahitra aza izay mendrika hatolotra ny Mpamorona samirery. Tsy mba namponsika ny vahoaky ny lanitra hanao an' Andriamanitra ho hany Tokana mendrika hivavahana sy hanka- toavina izy, fa nataony kosa izay hitiavan' izy ireo azy sy hanom- poany azy amin-toetra mahatoky ary na dia ny voninahitra nomen' Ilay Tsy manam-petra ho an' ny Zanany ho tombon-isoan' izy io manokana aza dia sahiny notsiriritina. [1141]

Simba ilay firindrana mahafinaritra nanjaka tany an-danitra. Nanaitra ny anjely ny toetra nasehon' i Losifera izay nikendry ny ho an'ny tenany fa tsy ny ho an' Ilay Mpahary. Teo amin' ny fivorian' izy ireo di-a nisy nitaraina sy niangavy mafy mba hiverenan' ilay lehibeny Nampiseho ny fahalehibeazana, ny hatsaram-panahy ary ny fahamarinan' ny Mpamorona sy ny fahamasinan' ny lalàny ary ny tsy fiovan' izany ny Zanak' Andriamanitra, ka hoy Izy: 'Andria-manitra mihitsy, ry Losifera, no nanao izao fandaharana izao. Raha manohitra izany fandaharana izany ianao, dia manala baraka Ilay namorona ny ainao no sady mizotra ho eo amin' ny lalan' ny fahaverezana' Vao mainka koa nampikiribiby sy nampirehitra ny fialonan' ilay anjely mpiodina izany teny fananarana nataon' i Jesosy kristy tamim-pahalemem-panahy sy fangorahana izany. [1141]

Ny hany zavatra nokendren' ilay andrian' ny tafiky ny lanitra hatramin io fotoana io dia ny haka ho azy ny fiandrianan' ny Zanak Andriamanitra sy hiady amin' ny fahendrena amam-pitiavan' Ilay Mpahary Hampiasa hevitra tsy hita noanoa izy hahatanteraka izany fikasany izany. Ny Tompo, izay mamela mandrakariva ny zavaboariny hanan-tsafidy, dia tsy mba nanafina ny hevi-dratsin' i Losifera. fa nampiseho azy kosa tamin' ny mponina rehetra tany àn-danitra. Koa talohan ny hipoahan' ilay ady makadiry, dia tsy main tsy samy nahalala mazava tsara ny sitrapon' Ilay Mpamorona sady Loharanon' ny fahasambarana izy rehetra. [1141]

Niantso ny tafiky ny lanitra ho eo anatrehany ny Mpanjakan' izao rehetra izao. Ny hampahalala ny fahamendrehan' ny Zanany sy ny firaisany amin' ny zavaboariny no anton' izany fivoriana izany. Nipetraka teo amin' ny seza fiandrianana iray ihany ny Ray sy ny Zanaka; voninahitra iray ihany no-nandrakotra azy ireo. Anjely 'anvoarivo sy alinalina" no nitsangana teo anatrehany, dia araka ny iaharana sy ny raharaha fanaony avy ; izy rehetra dia samy voarakotry ny hazavar.a izay mivoaka avy eo amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra. [1151]

Teo anatrehan ireo marobe ireo no nilazan' ny Mpanjaka fa ny Zanani-lahy Tokana irery no manana anjara feno eo amin' ny filàn-kevitra ary Izy irery ihany koa no nametrahana ny adidy hana- tontosa ny fikasana feno herin' ny sitrapon' Andriamanitra. Izy ihany koa Izay Zanak' Andriamanitra no nanao ny tafiky ny lanitra araka ny sitrapon' ny Rainy ka tokony hankatoavina sy homemboninahitra toa an' Andriamanitra. Eny, mbola Izy ihany no hamorona ny tany sy ny mponina ao aminy amin' ny hery maha Andria- manitra ao aminy. Kanefa, na izany aza, dia tsy nisaina haka voninahitra na fahefana ho an' ny tenany Izy, izay mifanipaka amin' ny sitrapon' Andriamanitra, fa ny hany nataony dia ny nanandratra ny fahefan' ny Rainy sy nanatanteraka ny planan' ny fitiavany. [1151]

Rehefa nandre izany teny rehetra izany ny anjely dia niaiky tamim-pifaliana ny fahambonian' ny Zanaka, ka dia niankohoka teo anatrehany izy ary nanolotra Azy ny fitiavany sy ny fanajany. Niara-niondrika tamin' izy ireo koa i Losifera. Tao am-pony anefa dia nisy ady mahatsiravina nifanaovan' ny fahamarinana sy ny rariny tamin' ny fitsiriritana sy ny fialonana. Ny hafaliana mitafotafo nananan' ny anjely masina dia toa mba nahasintona azy ihany. Ny hira manga- sy mireondreona feno fiderana nokaloin' ny feo arivo- arivo sy alinalina dia toa nahafaty ny fanirian-dratsy tao anatiny. Fihetseham-po tsy hay ambara no nahazo azy. ary dia niombona tamin' ireo anjely marobe izy mba hidera sy hankalaza ny Ray sy ny Zanaka. Kanjo vetivety foana dia azon' ny fiavonavonana sy ny fiheveran-tena indray izy. Hatramin' izay, ny f.alonana sy ny tsy fitiavana ny fahambonian' ny Zanak' Andriamanitra no nameno ny fony. hadinony fa ny voninahitra lehibe izay nananany dia fano- mezana vokatry ny hatsaram-panahin' Andriamanitra; koa tokony hanan fisaorana Azy izy. Nihevitra loatra ny tahambomany sy ny famirapiratany izy ka dia naniry indrindra ny hitovy amin Andriamanitra. Moa tsy izy va ilay lalaina sy hajain' ny mponin; ny lanitra manontolo? Moa tsy faly sy ravo va ny anjely raha Mankato ny teniny Moa tsy izy va no ambony indrindra tamin' izy rehetra, na teo amin' ny fahendrena izany, na teo amin' ny voninahitra ? koa nahoana ny Zanak' Andriamanitra no ambony noho izy ? Nahoana no dia ny Zanaka irery no miombom-pahefana sy hery amin' ny Ray? Nahoana, hoy ilay anjely be voninahitra, no natolotra ny Zanak' Andriamanitra irery ny fahamboniana ? Nahoana no omem boninahitra noho izaho Izy ? [1151]

Dia nandao ny toerana izay nananany teo anatrehan' Andria- manitra i Losifera, ka lasa nampiely ny toe-tsainy feno fankahalana teo amin ny anjely. Nafeniny ny fikasany ary nody nanaja fatratra an' Andriamanitra izy. Nampiditra fisalasalana momba ireo didin' Andrimanitra itondrana ny mponina any an-danitra izy. Nasehony fa raha ilaina ho an' ny mponina amin' ny tany samy hafa izay noforonin' Andriamanitra ny didy, dia tsy ilaina kosa izany eo amin'ny anjely izay ambony noho ireny sady afaka hitondra tena samy irery araka ny fahendrena izay ananany. Raha ny amintsika, hoy izy, dia tsy misy mety hahavoa ny hajan' Andriamanitra. Masina avokoa ny eritreritsika rehetra Toa an' Andriamanitra Izay tsy mety ho latsaka ao amin ny fahadisoana isika. Noho izany, dia tsy rariny atao amin i Losifera izay tokony hohajaina sy homem-boninahitra koa, ny nanondrotana ny Zanaka hitovy fahefana amin' ny Ray. Ary raha izy izay filohan' ny anjely no nomena ny toerana ambony izay tokony ho azy. dia ho nahasoa

ny tafiky ny lanitra manontolo izany. Nampanantena izy fa hanome fahatahana ny anjely rehetra, satria nifarana hatreo, hoy izy. ny fahafahana nananantsika hatramin' izao. Tompo tsy refesi-mandidy, tsy maintsy hiakohofan' ny rehetra no nomena anareo loy izany no hevi-petsy naelin' i Losifera nanenika ny lanitra haingana dia haingana. [1161]

Kanefa na dia izany rehetra izany aza no nataon' ilay filohan' ny anjely tany an-danitra. tsy nampiova ny laharana sy ny fahefan' ny Zanak Andriamanitra izany. Tsy niova fenitra na ny heriny na ny fahefany; vao manika koa aza nohamafisina, noho ny fihamboana sy ny famitahana nafitsok' i Losifera, dia famitahana izay nahavoa anjely marobe. [1161]

Nohararaotin' i Losifera ny fahatokiana madio feno fitiavana nananan' ny anjely momba azy, ka dia nampiasa hevi-petsy lalina dia lalina izy mba hametrahana tao am-pon' izy ireo ny fisalasalana sy ny fankahalana ary tsy takatr' izy ireo akory ny tena tetik' adiny. Niezaka izy mba hampiseho amin' ny fomba tsy marina ny fikasan Andriamanitra, ary izany dia mba hahatonga fimonomononana sy fisaratsarahana. Tamim-pahakingana no namelany ny mpihaino azy samy hamosaka ny heviny avy ; ary rehefa izany, dia nokendreny ny fotoana mety indrindra hamerenany izay voalazan' iretsy. mba hanaporofoana fa izy rehetra koa dia tsy manaiky tanteraka ny fanjakan' Andriamanitra. Sady niseho ho mahatoky tamin' Andriamanitra izy, no nanambara koa fa ilaina ny bisian' ny fanovana vitsivitsy ao amin' ny lalàna sy ny fandaminana any an-danitra, mba hahamafy orina ny fanjakan' Andriamanitra. Tamim-pahakingana fatratra no nanehoany fa tsy naniry afa-tsy ny hisian' ny fahatokiana sy ny filaminana ary ny fiadanana izy. Sady nihambo handrava ny fisarahan-tsaina mba hahamafy orina ny fitsipika izay efa natao izy, no niasa mafy koa hanao izay hanoherana ny lalàn' Andriamanitra, sy hamindrana ny toe-tsainy tamin' ny anjely teo ambany fanapahany. [1171]

Dia nitatra hatrany hatrany ilay toe-tsaina feno fikomiana. Na dia mbola tsy nisy fisarahana mivantana aza teo amin' ny anjely, dia efa nizara araky ny heviny avy izy rehetra. Ny sasany nankasitiaka ny hevitr' i Losifera momba ny fanjakan' Andriamanitra. Izy ireo, izay nifanaraka tanteraka tamin' ny toe-javatra nisy hatramin' izao, dia nahatsiaro tena ho malahelo noho ny tsy nahazoany niditra hanana anjara tamin' ny filàn-kevitra ambony izay an' Andriamanitra, sady tafintohina koa noho ny nanondrotana ny Zanaka. Ireo karazan' anjely ireo dia nivonona hanohana an' i Losifera teo amin' ny fikasany hikomy amin' Andriamanitra. Ny teo amin' ny an-kilany kosa, dia ny anjely tsára izay niaro indrindra ny fahendrena sy ny fahamari- nan' ny lanitra ary nanao izay rehetra azony natao mba hampihavana ny lehiben' ny mpikomy amin' ny fandaminana efa misy. [1171]

Ny Zanak' Andriamanitra, hoy izy, no lehibentsika. Taloha elan' ny nisiantsika dia efa iray tamin' ny Mpamorona Izy. Teo an-tanana ankavanan' Andriamanitra hatrany no nitoerany hatrizay. Ny fahamboniany, izay nitera-boka-tsoa hatrany, dia tsy mbola nisy nampisalasala na oviana na oviana ary ny tilaminan ny lanitra koa tsy mba nisy fiovany. Koa nahoana ankehitriny no hisy fisarahan- tsaina? Noho ny fiheveran' ny anjely tsara ny voka-dratsy mety haterak' izao loza mananontanona izao, dia niezaka indrindra izy ireo niangavy ireo anjely hata

izay tsy falifaly mba hiala amin ny heviny. ka hijoro ho mahatoky amin' Andriamanitra sy amin' ny fanjakany. [1171]

Araka ny toetrany be famindrampo dia nandefitra ela tamin' ny saim-petsin' i Losifera Andriamanitra. Mbola tsy nisy na oviana na oviana tany an-danitra ny toe-tsaina feno fikomiana sy fanoherana toy izao. Toejavatra vaovao. hafahafa, feno zava-miafina sy tsy hay hazavaina izao toejavatra miseho izao. Na dia i Losifera koa aza dia tsy nahalala avy hatrany ny tena toe-tsainy. Tamin' ny voalohany dia natahotra ny hampiseho ny fihetsiny sy ny fahadisoan' ny fony izy Nefa. noho izy tsy oandroaka izany, dia nitombo hatrany hatran ny loza. Nataon' ny Tompo avokoa izay rehetra azony natao mba hampiala azy tamin' izany hevi-disony izany, nefa tsy nisy vokany. Naseho azy fa tsy misy antony ny hasosorany ary nahanjahanja tammy izay mety ho vokatry ny fikomiany. Farany, takatr' i Losifera tokoa fa diso izy ary 'marina Jehovah amin' ny làlany rehetra. sady mamindra fo amin' ny asany rehetra'13. Nekeny fa mahitsy ny fitsipik' Andriamanitra ka tokony hankalazainy eo anatrehan' ny mponin' ny lanitra rehetra. [1181]

Raha mba naharitra tao aminy mantsy izany toe-tsaina izany. dia sady ho nahavonjy ny tenany izy no nahavonjy koa anjely marobe Na dia efa niala teo amin' ny toerana naha-kerobima mpanaloka azy aza izy, dia mbola tsy diala tanteraka kosa teo amin' ny anjara fanompoany. Raha tamin' izay izy no nanaiky mba hiverina sy hanome voninahitra ny fahendren' ny Mpamorona ka nifaly tamin' ny toerana izay efa nametrahana azy, dia noraisina indray hanana ny anjara asany izy. Tonga izao ny fotoana tsy maintsy hananany anapahan-kevitra, na hanaiky ny fiandrianan' Andriamanitra, na hiseho miharihary ho mpanohitra. Efa saiky hiverina izy, nefa, ny fiaavonavonany dia nisakana azy tsy hanao izany. Hataony ahoana, izy izay nomem-boninahitra, no hiaiky fa diso ! Hataony ahoana no filefitra eo ambanin ilay hery izay efa nodradrainy fa tsy marina ! lehibe luatra izany fandavan-tena izany ka tsy vitany. [1181]

Noho ny fitiavan' Andriamanitra an' i Losifera sy ireo mpanaraka azy, dia niezaka indray Izy mba hamonjy azy ireo tsy hianjera ao amin' ny lavaka mangitsokitsoka izay nananontanona azy. Nataon' i Losifera tsinontsinona izany famindrampo izany, ary noheveriny fa ny faharipon Andriamanitra dia fankalazana ny fahamboniany, ka amin ny farany dia hanaiky ny tepetra rehetra tadiaviny ny Mpanjakan' izao rehetra izao. Haharesy isika,' hoy izy, tamin' ny mpanaraka azy raha mafy orina tsara hianareo. Tsy mala tamin' ny toetra izay nananany izy, fa nirotsaka kosa hiady amin' ilay Mpamorona azy. [1191]

Dia toy izany no nahatonga an' i Losifera ilay mpitondra faha- zavana, ilay nanana anjara teo amin' ny voninahitr' Andriamanitra. sy nanana fiombonana tamin' ny seza fiandrianana aza, ho nivadika ka tonga Satana, fahavalon' Andriamanitra sy fahavalon' ny masina rehetra, mpanimba ireo izay napetraka teo ambanin' ny fiarovany sy ny fitarihany. [1191]

Hatramin' izay dia nataony tsinontsinona avokoa ny hevitra sy ny fiangaviana rehetra nataon' ny anjely marina: tsy izany ihany fa izy rehetra dia nendrikendrehiny ho diso hevitra sy

andevo avokoa. Ny fiangarana atao amin’ ny Zanak’ Andriamanitra, hoy izy, dia tena tsy rariny atao amiko sy amin’ ny tafiky ny lanitra manontolo. Tsy zakako intsony, hoy izy, ny hilefitra eo anoloan’ izany fakana tsy an-drariny ny fahefako sy ny azy ireo izany. Koa dia tapa-kevitra aho haka ny voninahitra tokony ho ahy sy haka ho eo ambany fahefako ireo izay maniry te-ho mpianatro. Fanjakana vaovao sy tsara lavitra, fanjakana izay hisy fahafahana ho an’ ny tsirairay avy no haoriko ho azy. Anjely marobe no indray nanapa-kevitra hanaiky azy ho lehibe. Nirehareha erý i Losifera raha nahita izany ary nihevitra izy fa ny anjely rehetra hanaraka azy, ka dia hitovy amin’ Andriamanitra izy. [1191]

Mbola nitalaho taminy sy tamin’ ireo mpiray tetika taminy mdray ny anjely marina mba hanoa an’ Andriamanitra. Mbola nahariharin y tamin’ izy ireo ihany ny ho vokatry ny fandavany. Ilay namorona anareo, hoy izy, dia afaka hampiato ny tetika izay ataonareo, ka hanafay ny fikomianareo. Tsy misy anjely, na dia iray akory aza, afaka hiady amin’ ny didin’ Andriamanitra, satria masina toy ny tenany ihany izany. Izy rehetra dia samy nampirisihina hanentsi- tadiny amin’ ny fanangolen’ i Losifera avokoa , ary i Losifera sy ny mpanaraka azy kosa dia nasainy hiseho eo anatrehan’ Andria manitra miaraka amin’ izay. hiaiky ny fahadisoany, noho izy ireo nisalasala ny amin ny fahendren’ Andriamanitra sy ny fahefany. [1191]

Maro tamin’ ireo izay diso lalana no vonona hiala tamin’ ny ahadisoany. ka hiditra indray hanana anjara amin’ ny fitiavan’ Andriamanitra sy ny Zanany. Nanana hafetsena hafa indray hanangoena azy ireo anefa i Satana. Nambarany fa izay rehetra nomba azy dia efa lasan-davitra loatra. Nahalala ny lalan’ Andriamanitra izy, ka fantany fa tsy hahazo famelan-keloka intsony izy ireo ary izay mive- rina eo ambany fahefan’ ny lanitra dia haongana. Raha ny amiko, hoy izy. dia tapa-kevitra aho fa tsy hanaiky na oviana na oviana ny fahefan Ilay Solo-Mpanjaka. Zavatra tokana sisa no ajoko sy azonareo atao, dia ny hitaky ny fahafahantsika. ka haka an-keriny ny fahefana izay tsy nutolotra antsika an-tsitrapo. [1201]

Raha ny amin’ i Satana dia marina fa efa lasa lavitra loatra izy ka tsy afakahiverina ilalana intsony. Fa tsy mba toy izany kosa anefa ny amin ireo voajamban’ ny hevi-petsiny. Nanokatra vara- varam-pamonjena ho azy ireo ny anatra sy ny fiangavian’ ny anjely marina Raha mba nanaiky izany mantsy izy ireo dia nety ho afaka tamin’ ny fandrik’ i Satana. Fa ny fiavonavonany sy ny fitiavany ny lehibeny ary ny faniriany hanana fahafahana tsy voafetra, dia nahery loatra. ka nolavin’ izy ireo ny antsom-pitiavana feno famin- drampon’ Andriamanitra. [1201]

Navelan’ Andriamanitra hanao ny asa ratsiny i Satana mandra- pahatongan’ ny fikomiana hiseho miharihary. Noho izy kerobima voahosotra. be voninahitra, nolalaina fatratra tany an-danitra, dia nanana hery lehibe tamin’ ireo izay nanodidina azy i Losifera. Mba hahatonga ny toetrany sy ny fikasany ho fantatry ny besinimaro, dia tsy maintsy navela ho masaka tsara ny tetik’ adiny. Ny fanjakan’ Andriamanitra dia tsy ny mponina tany an-danitra ihany, fa ireo rehetra monina koa any amin ny tany hafa noforonin’ Andriamanitra, izay nantenain i Losifera koa fa ho voataonany hanaraka azy eo amin’ ny fikomiany Tamim-pahakingana sy tamin-kery

feno famitahana lohibe no nanaovan i Satana ny asany, ary tamin' izany, dia nampia- sainy avokoa na ny lainga na ny hevi-petsy. Feno fihatsarambelatsihy izay no sady nanao ny asany tao amin' ny miafina. Nataony tsy nahita lalana izay nitady hampibaribary izany araka izay tena toetrany. Koa tsy azo natao mihitsy ny hahita ny haratsiny, ny hahita fa tena fikomiana izany. na hahalala akory izay hiafarany, raha tsy efa hita miharihary ny fahafenoan' izany tetika izany. Ny anjely tsara aza dia tsy nahatakatra akory ny tena toetrany sy ny vokatry ny asany. [1201]

Dia toy izany no toa nahombiazan' i Satana hatramin' ny voalohany. Tsy asa mivantana no nataony, fa ny anjely no notaominy hanaraka ny heviny ary izay rehetra tsy nomba azy dia nampangainy ho mpanao tsinontsinona ny soa ho an' ny lanitra manontolo. Hevi- petsy lalina no nentiny nanamaizinana ny fikasan' Andriamanitra. Ny zavatra faran' izay tsotra dia toa nanjary saro-pantarina. Nampi- dirany fisalasalana tamin-kafetsena fatratra na dia ny teny tsotra indrindra nolazain' i Jehovah aza. Ny teny rehetra izay naloaky ny vavany dia toa nanan-kasina avokoa noho izy nanana toerana ambony teo amin' ny fanjakan' Andriamanitra. [1211]

Famitahana sy fandroboana no samy nampiasain' i Satana hanovana ny tenin' Andriamanitra sy ny fomba amam-panao teo amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Naeliny fa tsy rariny ny aneren' Andriamanitra ny anjely hitandrina ny lalàny, ary tsy misy afa-tsy voninahitra ho an' ny tenany ihany no nokendreny ho azo avy amin' ny fanekena sy ny fankatoavan' ny zavaboariny Azy. Ny amin' ny tenany kosa, hoy izy, dia tsy misy zava-tadiaviny afa-tsy fahasam- barana ho an' izao tontolo izao. Andriamanitra anefa dia tsy afaka hampiasa fomba izay tsy mifanaraka amin' ny rariny sy ny hitsiny. Mba hanehoana mihanjahanja eo anoloan' ny lanitra manontolo sy eo anatrehan' ny zavaboary rehetra fa marina ny fanjakany ary tsy misy tsiny ny lalàny, eny, mba hanehoana eo imason' ny tsirairay avy ny tena toetra sy ny tena zava-kendren' ilay mpisandoka, dia nilaina mihitsy ny hamelana ireo fihamboan' i Satana diso lalana ireo ho rava amin' ny alalan' ny voka-dratsy mety haterak' izany ihany. Tsy main tsy aharihary eo anatrehan' izao rehetra ary izao ny ratsy nataon' ilay mpamitaka. [1211]

Ny fikorontanana izay niseho tany an-danitra mbamin' ny ratsy naterak' izany, hoy i Satana, dia vokatry ny fanapahan' Andriamanitra. Fa ny zava-kendreny kosa, hoy izy, dia ny hanatsara ny lalàn' i Jehovah. Noho izany, dia navelan' Andriamanitra izy haneho ny tena toetran' ny heviny sy izay mety ho vokatry ny fanovana kasainy hatao amin' ny lalàn' ny lanitra. [1211]

Noho ny fahendrena lalina ananan' Andriamanitra dia noroahiny niala tany an-danitra i Losifera fa tsy naringany. Fankatoavana vokatry ny fitiavana ihany no tadiaviny. Ny fahatokiana dia tiany ho vokatry ny fahitana ny hatsaram-panahiny sy ny fahamarinany. Raha avy hatrany dia nolevonin' Andriamanitra i Satana raha vao nanota, dia tsy ho takatr' ireo mponina any an-danitra ny momba ny fahamarinan' Andriamanitra, satria tsy fantatr' izy ireo ny tena toetran' ny ota sy ny vokatra aterany. Raha nofongorana avy hatrany tsy ho isan' ny velona ilay anjely mpikomy, dia ho maro tamin' ireo mponina any an-danitra no nanompo an' Andriamanitra tamin-tahotra fotsiny fa tsy tamim-pitiavana. Tsy ho fongana tanteraka ny hery

nananan' ilay mpamitaka; ny toe-tsaina mpikomy nananany dia mbola tsy ho levona. Mba hisian' ny soa ho an' izao tontolo izao mandritra ny taonjato tsy manam-petra mifandimby, dia navela hanatanteraka an-tsakany sy an-davany ny foto-keviny ilay ratsy. Fa amin' izany no hahitan' ny zavaboary manontolo ny tena toetran' ny famelezany ny fanjakan' ny lanitra, ka hiseho miharihary amin' izay ny toetran' Andriamanitra feno fahamarinana sy famindrampo ary ny tsy fiovan' ny didin' i Jehovah dia tsy hananam-pisalasalana mihitsy intsony na oviana na oviana. [1211]

Ny fiodinan' i Satana dia tokony hahitan' izao tontolo izao lesona mandritra ny taona maro mifandimby, ka ho vavolombelona mandrakizay manambara ny toetran' ny fahotana sy ny vokany mahatsiravina Tian' Andriamanitra hoenti-maneho ny fiafaran' ny fandavana ny fahefany ny vokatry ny teti-dratsy nampiasain' i Satana tamin' ny olona sy ny anjely. Sitrany ny hampiharihary fa ny faha- sambarana ho an' ny zavaboariny rehetra izay noforonin' ny heriny, dia miankina amin ny fisian' ny fanjakany. Koa dia fiarovana mandrakizay ho an ny olo-masina tsy ho voan' ny famitahan' ny ota sy ny voka-dratsy aterany ny nisian' ilay tantara mahatsiravina. [1221]

Mahalala ny farany hatramin' ny voalohany Ilay Mpanapaka any an-danitra. Toy ny boky mivelatra eo anoloany ny lasa sy ny ho avy Ny fijaliana, ny haizina mbamin' ny fandravana miavovona nateraky ny ota, dia samy tsy mahasakana an' Andriamanitra hahita ny fahafenoan' ny asam-pitiavany lehibe. Raha 'rahona sy aizimpito no manodidina Azy, fahamarinana sy fitsarana no fanorenan' ny seza fiandrianany'14. Izany no hazava eo anatrehan' ny mponina can eran rehetra ary izao indray andro any, na eo anatrehan' ny marina izany na eo anatrehan' ny ratsy fanahy. [1221]

'...Fa ny lalany rehetra dia amin' ny rariny avokoa. Andriamanitra mahatoky Izy, ka tsy misy ratsy ao aminy; Marina sy mahitsy Izy15.' [1221]

Ny famoronana

' Ny tenin' i Jehovah no nanaovana ny lanitra ;
Ary ny fofonain' ny vavany no nanaovana ny hamaroany rehetra.
Fa Izy no niteny, dia ary izany ;
Izy no nandidy, dia nitoetra mafy izany.
Nanorina ny tany tambonin' ny fanorenany Izy,
Mba tsy hihetsehany mandrakizay doria '1. [1231]

Feno hatsaran-tarehy ny tany rehetra raha vao nivoaka avy teo am-pelatanan' ny Mpamorona azy. Havoana sy tendrombohitra, renirano sy farihy mahafinaritra no hita ombieny ombieny. Tsy toy ny tendrombohitra sy ny havoana mikitoantoana, milingilingy, feno hady sy hantsan-dalina toy ny fahita ankehitriny anefa ny tendrombohitra sy ny havoana fahizay, fa nivalombalona sy nirindra nahafinaritra. Tany lonaka rakotra ahi-maitso mavana no nanarona

ny vohon' ny tany rehetra. Tsy nisy heniheny na efitra karankaina. fa zava-maniry tsara tarehy sy voninkazo tsara soratra no tazan' ny maso hatraiza hatraiza. Hazo mijoalajoala sy makadiry izay tsy hita intsony ankehitriny ny haavony, no nandrakotra ny havoana sy ny tendrombohitra; rivotra madio sy inamelombelon' aina no nitsoka moramora nameno ny habakabaka. Ny endrik' izany rehetra izany, raha natao indray mijery, dia manoatra lavitra noho izay sahan' ny mpanjaka kanto sy mahafinaritra indrindra mety ho hita ankehitriny. Tsy afaka ny tsy hidera an' Andriamanitra noho ny asany mahagaga sy mahatalanjona ny anjely raha mitazana izany rehetra izany. [1231]

Rehefa rakotra zava-maniry sy feno biby samihafa ny tany, dia noforonin' Andriamanitra ny olona izay sangan' asany sy anton' ny nanaovany izao rehetra izao. Natolony azy ny fanapahana izay rehetra tazan ny masony Fa hoy Andriamanitra: 'Andeha isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika ; ary aoka izy hanjaka aminv ny ... tany rehetra ... Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny ... lahy sy vavy no namoronany azy'2. [1241]

Toy izany no fanambaran' ny Soratra Masina ny niandohan' ny olombelona 'Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny". Tsotra sy mazava izany ka tsy misy hevi-diso mety ho tafiditra ; tsy misy zava-miafina. tsy misy alokaloky ny fanambarana fa nivoatra tsimoramora na niakatra tsikelikely avy teo amin' ny toerana ambany maha-biby azy ny olona. Manafoana ny asa kanto nataon' Andria- manitra ity fampianarana ity. Zavatra imasoana fatratra mantsy ankehitriny ny hanaisotra amin' Andriamanitra ny fanapahany izao rehetra izao. ka dia esorina amin' ny olona koa ny maha-avy amin' Andriamanitra azy. Ilay nametraka ny kintana teny amin' ny habakabaka. Ilay nandoko ny voninkazo eny an-tsaha, Ilay nandra- vaka ny lanitra sy ny tany tamin' ny zava-mahatalanjon' ny heriny, dia mbola ta-hanome voninahitra ny asan' ny,tanany, ka manolotra azy mpanapaka izay mendrika ny tanana nanao azy. [1241]

Ny Soratra Masina dia tsy mba milaza fa avy tamin' ny biby niova tsikelikely ny olona. Andriamanitra, hoy izy, no nanao azy. Natsonia hoe 'zanak' Andriamanitra'3 i Adama na dia vovo-tany aza no nanaovana azy. [1241]

Noho ny maha-solontenan Andriamanitra an' i Adama, dia izy no natao ho mpanapaka ny biby. Tsy manana fahaizana hamantatra sy hahalala ny fahefana ambony indrindra ananan' Andriamanitra ireny rahalalhintsika ambany ireny; afaka ho tia sy hanompo ny olona anefa izy l a hoy ny mpanao Salamo: [1241]

'Efa nampaniakainao amin' ny asan' ny tànanao izy;
Ny zavatra rehetra dia efa nataonao eo ambanin' ny tongony,
Dia ny ondry aman-osy sy ny omby rehetra,
Ary nv bibl-dia koa ...
Mbamin ' izay. mandeha amin ' n y làlan-dranomasina'4. [1241]

Tokony hitondra ny endrik' Andriamanitra ny olona na co amin' ny tenany izany na eo amin' ny toetrany. Kristy Ilay Zanak' Andriamanitra irery ihany anefa no tena 'endriky ny

tenany indrindra'5, fa ny olona kosa dia natao 'araka ny tarehiny. Ny toetrany dia araka ny sitrapon ny Mpamorona azy ary ny sainy dia afaka hahatakatra ny zavatra momba an Andriamanitra. Nadio ny fitiavany. Na ny faniriany, na ny fitiavany, dia samy tapahin' ny eritreriny avokoa. Masina izy sady sambatra tamin' ny fitondrana ny endrik' Andriamanitra, ary nilefitra tanteraka teo ambanin' ny sitrapony izy. [1251]

Lava vaventy, bikàna sy tsara tarehy i Adama raha vao vitan' Andriamanitra. Mitomarataratry ny fahasalamana ny tavany, ary feno fahamiramiranana noho ny fifaliana tao am-pony ny endriny. Avo lavitra noho ny tsanganan' olona ankehitriny ny tsanganany. Eva, na dia ivaiva kokoa noho i Adama aza, dia tsara tarehy indrindra. Teo amin' ny fahadiovan' izy mivady, dia tsy mba nisy fitafiana nandrakotra azy, fa hazavana matevina no nanodidina ny tenany sy ny an' ny anjely, toy ny voaly, ary tsy niala taminy izany raha mbola nahatoky sy nankatò izy. [1251]

Nampandalovin' Andriamanitra teo anoloan' i Adama ny biby rehetra mba hanomezany azy anarana sahaza azy avy. Hitany tamin' izany fa izy rehetra dia samy nanana ny vady sahaza azy avy, fa tamin' ny zavaboary rehetra nataon' Andriamanitra kosa dia tsy mba nisy nitovy taminy na dia iray aza6. 'Ary Jehovah Andriamanitra nanao hoe: Tsy tsara raha irery ralehilahy ; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy'7. [1251]

Natao mba hiara-belona amin' ny namany ny olona fa tsy hitoka- monina samirery. Tsy ho nahasambatra tanteraka an-dralehilahy. na ny hatsaran-tarehin' i Edena, na ny fahafinaretana nateraky ny raharaha nataony: eny, na dia ny fifaneraserany tamin' ny anjely aza. Raha tsy nomena vady sahaza ho azy izy, izay hitovy aminy, hotiaviny sy ho tia azy, dia tsy ho nahita fahafaham-po ilay toe- tsainy te-hiara-monina sy hifankahazo am-po amin' ny hafa. Tsy tonga lafatra ny fiainany raha tsy nisy izany. Koa dia nomen' Andriamanitra vady izy. 'Nanaovany vady mpanampy sy tandrify azy izy", izany hoe, vady hiara-mitoetra aminy, hiombom-pifaliana aminy. ho iray fitiavana aminy. Mba ho porofo fa tsy ho mpanapaka azy ny vadiny na hataony ho ambany fanitsakitsaka, la hifampi- tantana aminy kosa. hitovy zo aminy, ho tantanany ho tiaviny, harovanv dia teo amin' ny taolan-tehezany no nanalan Andria- manitra hanaovana an' i Eva. Nofo avy amin' ny nofony, taolana avy amin' nv taolany ny vehivavy, ka dia isan' ny tenany mihitsy. Famantarana azo tsapain-tanana sy manaitra ny saina tokoa izany. mampiseho ny firaisana ety dia ety sy ny fitiavan-dalina tokony ho hita eo amin ny fifandraisany. 'Fa tsy mba nisy olona tsy tia ny nofony. fa mamelona sy mitaiza azy" izy. 'Noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin' ny vadiny ary ho nofo iray ihany ireo'8. [1251]

Andriamanitra no nanamasina ny fanambadiana voalohany tety an-tany Ilay Mpanao izao rehetra ary izao no loharano nipoiran' izany zava-masina izany. Koa 'aoka hanan-kaja amin' ny olona rehetra ny fanambadiana'9. Fa izany no anankiray amin' ny fano- mezana voalohany indrindra nomen' Andriamanitra ny olona ary mbola izany ihany koa no isan' ny anankiray tamin' ny zava-masina azon- i Adama nentina ho azy tatý aorian' ny fahalavoana, raha nandao an' i Edena izy. Mitondra soa ho an' ny olona ny fanamba- diana raha mitandrina ny fitsipika

napetrak' Andriamanitra momba izany izy, Ny fanambadiana mantsy no fiarovana ny fahasambarany sy ny tahadiovany ; izy no manondrotra ny heriny na ara-batana izany na ara-tsaina, na ara-panahy [1261]

Ary Jehovah Andriamanitra nanao saha tao Edena tany atsinanana ka napetrany tao ralehilahy izay noforoniny'10. Feno hatsaran-tarehy sy fahatanterahana avokoa ny zavatra rehetra izay noforonin' Andriamanitra, ka dia toa tsy nisy nampahory azy mivady. Nefa. mbola sitrak' Ilay Mpamorona ny hanome porofon' ny hatsa- ram-panahiny bebe kokoa, ka dia nanao saha mahafinaritra ho fonenany Izy Hita tao amin' io saha io avokoa ny hazo samy hafa rehetra izay samy namoa be dia be sy nandraraka hanitra mamero- vero daholo Maniry avobe ny voaloboka ary ny sampany milonjehitra mahafinaritra cry itambesaran ireo voany mamy dia mamy tsara tarehy Ny asan i Adama sy Eva dia izao: nandrary ireo rantsany ho andohalamho, mba hanaovana trano velona mitemitra ravinkazo sy voankazo. Voninkazo arivo soratra no indray mampanentoento ny fofony manerana ny saha. Teo afovoan' ny saha no nisy ny hazon' aina izay be voninahitra indrindra noho ny hazo rehetra. Ny voany izay toy ny paoma volamena sy volafotsy, dia nanan-kery hanalava ny androm-piainana. [1261]

Tonga lafatra ny famoronana. 'Dia vita ny lanitra sy ny tany sy izay rehetra ao aminy". 'Ary hitan' Andriamanitra izay rehetra nataony, ary, indro, tsara indrindra izany'11. Niorina teo amin' ny tany voahaingo mahafinaritra ny saha Edena. Afaka nihinana malalaka tsara ny voan' ny hazon' aina i Adama sy Eva. Tsy nisy ota na aloky ny fahafatesana nanamatroka izany zavaboary kanto izany. [1271]

Dia ' niara-nihira ny kintan' ny maraina
Ary nihoby avokoa ireo zanak' Andriamanitra' (ny anjely) 12. [1271]

Efa nametraka ny fanorenan' ny tany Jehovah. Efa nandravaka azy hatsaran-tarehy sy fahamendrehana Izy. Teny rehetra teny, na teny amin' ny tany maina izany. na teny amin' ny ranomasina, dia efa namafazany fahagagana sy zava-mahasoa. Vita tao anatin' ny henemana ny asa miezinezin' ny famoronana ; 'ary dia nitsahatra tamin' ny andro fahafito Izy tamin'. ny asany rehetra izay efa nataony. Ary Andriamanitra nitahy ny andro fahafito sy nanamasina azy. satria tamin' izany no nitsaharan' Andriamanitra tamin' ny asany rehetra izay noforoniny tamin' ny nanaovany azy'13 [1271]

Rehefa nandinika tamim-pahalalaham-po ny asan-tanany izay tanteraka avokoa sady mendrika Ilay Mpanao azy Andriamanitra, dia nitsahatra Izy, tsy toy ny fitsaharan' olona aorian' ny manontolo andro iasany anefa, fa mba hanehoany ny hafaliany raha mahita ny asan' ny fahendreny sy ny hatsarany ary ny voninahiny Izy. [1271]

Rehefa nitsahatra tamin' ny andro fahafito Andriamanitra, dia nanamasina izany andro izany Izy, izany hoe, nanokana azy ho toy ny andro fitsaharana ho an' ny olona. Antsoina hanaraka ny ohatra nasehon' ny Mpamorona azy ny olombelona ; antsoina izy hanokana izany andro masina izany ho fialan-tsasatra, ka eo am-pandinihana ny lanitra sy ny tany, dia ho afaka

hanandratra ny sainy ho amin' ny asan' Andriamanitra izy amin' ny fo feno fanajana sy fitiavana Ilay nanao ny ainy. [1271]

Tao amin' ny saha Edena no nananganan' Andriamanitra faha- tsiarovana ny asa nataony. Napetrany tamin' i Adama izay ray sy solontenan' ny taranak' olombelona rehetra ilay andro fitsaharana. Ny fitandremana azy no toy ny mari-pisaorana avy amin' ny taranaka mifandimby rehetra ho an' Ilay Mpanjakany sy Mpamorona azy. Nanjary lovan' ny firenena io zava-notendrena io, izay natao ho fahatsiarovana tokoa. Ary satria tsy tandindon-javatra izany. dia tsy voafaritra ho an' ny firenena anankiray manokana. [1281]

Na dia tao Edena aza, dia nilain' ny olona mihitsy ny nanokana ny andro fahafito hitsaharana tamin' ny asany rehetra momba ny ety an-tany. ka handinika bebe kokoa ny zavaboary, hihaino ny feon' ny natiora sy hanao antso avo fa misy Andriamanitra velona, Tompo sy Mpahary izay rehetra misy. [1281]

Ny lanitra mitory ny voninahitr' Andriamanitra:
Ary ny habakabaka manambara ny asan' ny tànany
Ny andro samy miteny amin' ny andro mandimby azy
Ary ny alina samy manolo-pahalalana amin' ny alina mandimby azy '14. [1281]

Nv hatsaran-tarehin' ny zavaboary dia famantarana ny fitiavan' Andnamanitra. Miseho eo amin' ny saha voaravaky ny hazo makadiry sy eo amin' ny voninkazo vao mivelatra izany. Ny zavatra rehetra dia mampahatsiaro izany avokoa; eny, ny zavatra rehetra dia samy manainga ny vetsovetsontsika ho any amin' Ilay Mpamorona izao tontolo izao. [1281]

Samy manana ny lalàny avokoa ny fanjakana rehetra. Ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra no anankiray iankinan' ny faharetan' ny olona. Azon' Andriamanitra natao tsara ny nanao.an' i Adama tsy ho afaka hanota ; azony natao ny niaro ny tanany tsy handray ilay voankazo voarara. Raha tsy nahay nisafidy anefa ny olona dia tsy ho nanana fahafahana izy, fa ho toy ny milina fotsiny Ho an-terisetra fa tsy an-tsitrapo ny fankatoavany raha ;izany. Tsy ho ataka nivelatra anefa ny toetran' i Adama. Izany koa dia hifanohitra amin' ny lalàna itondran' Andriamanitra ireo mponina any amin ny planeta hafa, ary io fomba fiaina io izay tsy mendrika ny manan -tsaina dia hanamafy orina ny fiampangana nataon' i Satana ny amin ny fanjakan Andriamanitra ho fanjakana tsy refesi-mandidy. [1281]

Azon' ny olona natao ny nanota na dia masina sy tsy nanan- tsiny aza no namoronan' Andriamanitra azy. Manana safidy izy ka afaka hankasitraka na tsy hankasitraka ny fahendrena sy ny hatsaram-panahin' Andriamanitra; afaka hankatò na tsy hankaíò izay rehetra tadiavin' ny fahamarinana izy. Nifanerasera tamin' Andriamanitra sy ny anjely izy, nefa tsy mbola azo napetraka teo amin' ny toerana tsy nisy fakam-panahy, raha tsy efa nozahan-toetra. Koa dia nisy fandrarana napetraka teo anoloany, dia fandrarana hamefy ny fitiavan-tenany, dia ilay fitiavan-tena, fahotana mampididoza sy nahavery an' i Satana. [1291]

Ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy izay napetraka teo afovoan' ny saha dia natao ho fitsapana ny fankatoavana sy ny fankasitrahan' i Adama sy Eva. Nahazo nihinana ny voan' ny hazo hafa rehetra izy, fa ity hazo eo afovoan' ny saha ity kosa dia tsy azony andramana mihitsy fa hahafaty azy. Raha naharesy ny fitsapana izy ireo, dia ho nesorina tsy ho eo amin' ny tanin' ny fakam-panahy intsony, ka ho napetraka mandrakariva sy ho mandrakizay teo anatrehan' Andriamanitra. [1291]

Andriamanitra dia nanao ny olona ho mahitsy, nanana herin- tsaina sy herim-panahy ambony, tsy nisy fironana ho amin' ny ratsy ; ny zavatra rehetra dia nitaona azy ho mahatoky tamin' Ilay Mpahary azy. Fiainana mandrakizay feno fahasambarana no ho natolotra azy raha nanana fankatoavana tanteraka mandrakizay izy ary ny hazon' aina dia azony hihinanana. [1291]

Ny fonenan' ireo razambentsika dia natao ho ohatra sy modely ho an' ireo taranany mifandimby rehetra rehefa hipariaka manerana ny tany izy. Tsy lapa ilay tokantrano nonenan' izy mivady, izay Andriamanitra mihitsy no nandravaka azy. Ny olombelona kosa noho ny haitraitran' ny fony, dia faly mitoetra amin' ny trano saro- bidy ka manao ny asan' ny tanany ho voninahiny. Fa tao amin' ny saha Edena kosa no nametrahan' Andriamanitra an' i Adama. Ny lanitra manga tanora no tafon' izany fonenana izany ary ny ahi- maitso feno voninkazo kanto no karipetrany; asan-tanan' Ilay Artista mahay no nandravaka ny rindriny ary ny sampana be ravin' ireo hazo vaventy sy tsara fijoro no alokalony. Lesona lehibe ho an' ny taranaka samy hata velona atý aoriana ny ravaky ny fonenana nomen' Andriamanitra ireo mpivady tsy nanan-tsiny. Tsy eo amin' ny haitraitra na eo amin' ny fananan-javatra sarobidy no misy ny tena fahasambarana, fa eo amin' ny firaisana amin' Andriamanitra eo afovoan' ny zavaboary mahatalanjona. Raha mba tsy variana loatra amin' ny zavatra amboamboarina mantsy ny olona ary tia kokoa ny fahatsorana, dia ho nahatakatra misimisy kokoa ny fikasan' ny Tompo ny aminy izy ! Ny fireharehana sy ny fiavonavonana dia tsy mety mahafa-po na oviana na oviana ; ny tena hendry kosa dia hahita fifaliana marina eo amin' ny zava-tsoa nataon' Andriamanitra ho mety ho azon' ny olona rehetra. [1291]

Ny adidy nomena ireo mponina tao Edena dia ny 'hiasa sy hitandrina' ny saha. Izany asa mahafinaritra sy mahasalama izany dia tsy nandreraka azy. Mba hampiasa ny sainy, hanatanjaka ny tenany ary hampivelatra ireo hery samy hafa ananany, no antony nanomezan' Andriamanitra ny olona ny tombontsoan' ny asa. [1301]

Ny asa ara-tsaina sy ara-batana nataon' i Adama dia anisan' ny loharanom-pifaliana lehibe indrindra ho azy tany aloha na tatý aorian' ny namoizany ny Paradisa, na dia voatery nitady ny hanin- kohaniny isan' andro tao amin' ny tany karankaina aza izy. Na dia efa nisy fahasamihafana be dia be tamin' ireo adidy nahafinaritra tao Edena aza ilay asa, dia mbola nitoetra ho fiarovana azy ihany tamin' ny fakam-panahy sy fototry ny fifaliany teo amin' ny fiainany izany. [1301]

Diso hevitra izay olona mihevitra fa ny asa, na dia mandreraka sy manasatra aza ankehitriny, dia loza tokony handosirana. Ny mpanankarena izay mazàna no manao tsinontsinona ny mpiasa, dia tsy mahatakatra ny tena antony naharian' Andriamanitra ny olombelona. Inona akory moa izay tany, na izay harem-bevava indrindra raha ampitahaina amin' ny fonenan-tsoa nomena ny razambentsika ? Kanefa, na izany aza, tsy navela hitomoe-poana i Adama. Ny Mpahary izay mahalala ny misy ny loharanom-paha- sambarana, no nanolotra azy ny adidiny. Ny lehilahy sy ny vehivavy izay tena miasa ihany no mahalala ny fifaliana atolotry ny fiainana. Ny anjely aza. izay irahin Andriamanitra hanao asa lehibe eo amin' ny zanak olombelona. dia samy miasa fatratra koa. Tsy mbola nanome toerana ho an ny fahakamoana sy ny fipetrapetraham-poana na oviana na oviana Andriamanitra. [1301]

Raha nitoetra ho mahatoky tamin' Andriamanitra i Adama sy Eva. dia ho nomena fahefana lehibe ho mpanapaka ny zava-manan' aina rehetra. Ny liona sy ny zanak' ondry dia niara-nilalao sy nifampi- ankinankina tamim-piadanana teo an-tongotr' izy mivady: andiam- borona falifaly no nanidintsidina teny ambonin' ny lohany. ary rehefa nahare ny hirany mahafinaritra'ho voninahitry ny Ray sy ny Zanaka ireo razambentsika, dia nanainga ny hirany koa hiray feo taminy. [1301]

Tsy hoe zanak' Andriamanitra fotsiny ihany i Adama sy Eva, fa mpianany koa. Nandray lesona avy tamin' Ilay Fahendrena tsy hita lany izy. Sady novangian' ny anjely izy no afaka niresaka nifanatrika tamin' Ilay Mpamorona azy koa. Nahasalama azy tokoa ny hazon' aina. Latsa-danja kely foana tamin' ny fahendren' ny anjely ny fahendreny. Ny zava-miafin' izao rehetra ary izao hita maso, ‘ dia ny fahagagana ataon' Ilay tanteraka amin' ny fahalalana'15 no fototry ny fianarany sy ny fifaliany. Ny lalàna samy hafa mifehy izao tontolo izao, izay efa nandanian' ny olombelona herim-po sy ron-doha be dia be hatramin' ny enina arivo taona izay, dia nasehon' Ilay Mpità-marika mahay sy Mpitahiry ny zavatra rehetra azy mivady. Nahay niresaka tamin' ny voninkazo sy ny ravina maitso mbamin' ny hazo izy, ka nahalala taminy ny tsiambaratelon' ny fiainan' ny tsirairay avy. Hatramin' ireo leviatana mahery any an-dranomasina ka hatramin' ireo bibikely tsy hita maso manidintsidina eny amin' ny rivotra, dia samy nahazatra an' i Adama avokoa. Nomeny anarana avokoa izy rehetra ary samy fantany daholo na ny toetrany na ny fanaony. [1311]

Ny voninahitry ny habakabaka, ny kintana tsy hita isa ary ny masoandro amam-bolana samihafa sy ny fandehan' izy rehetra tsirairay avy eny amin' ny lanitra, ny ‘fihevahevan' ny rahona mate- vina'15, ny zava-miafin' ny hazavana sy ny feo, ny momba ny andro sy ny alina, ireny sy ny toy ireny no fototry ny lesona nianaran' ireo razambentsika. Isaky ny ravinkazo any an' ala, isaky ny vato eny an-tendrombohitra, isaky ny kintana kely manjopiaka ; eny, hatraiza hatraiza, na teny amin ny lanitra ambony izany. na teny amin' ny rivotry ny habakabaka, na tetý amin' ny tany ambany, dia samy nahitan' i Adama sy Eva ny anaran' Andriamanitra avokoa. Ny fila- minana sy ny firindran' ny zavaboary dia samy nampiseho taminy ny herin' ny fahendrena tsy hita fetra nananan' Ilay Mpamorona. Ny dingana tsirairay avy nataony dia

nahitany anton-javatra nameno fitiavana lalina ny fo amam-panahiny izay nahatonga azy mivady ho velom-pisaorana lalandava. [1311]

Raha nijoro ho mahatoky lalandava teo anatrehan’ ny lalàn’ Andriamanitra mantsy izy mivady, dia tsy ho nanam-pitsaharana ny fitomboan’ ny fahaizany mianatra sy mifaly ary mitia. Izany no fikasan’ Andriamanitra ny aminy. Harem-pahalalana vaovao, loharanom-pahasambarana vaovao, fahatakaran-javatra vaovao momba ny fitiavan’ Andriamanitra tsy mety miova sy tsy mety lany, izany no anjara mamy ho natolotra azy avokoa. [1311]

Toko 2 - Ny Fakam-panahy sy ny nahalavoan' ny olona

Nony tsy afaka nanohy ny asa fikomiany tany an-danitra i Satana, dia nikendry hamely sy handavo ary handevona ny zanak' olombelona tety an-tany indray izy. Ny fahasambarana feno mitafo- tafo nananan' i Adama sy Eva tao amin' ny saha Edena, dia mba nampahatsiahy azy ny fiadanany fahizay. Feno fialonana aoka izany izy ka nanapa-kevitra fa hanao izay rehetra azony hatao mba haha- tonga azy mivady tsy hankatò ny didin' Andriamanitra ka hiharan' ny vokatry ny fahotana. Ny hanova ny fitiavan' izy roa ho fiahiahiana ary ny fifaliany ho faniniana Ilay Mpamorona azy no nimasoan' ilay fahavalo. Noheveriny fa raha tanterany izany, dia tsy hoe ho latsaka amin' ny fahavoazana fotsiny ihany izy mivady, fa ho afaka hiteny ratsy an' Andriamanitra koa izy ka hampanjonitra ny lanitra manontolo. [1331]

Tsy navela tsy hahalala ny loza mananontanona azy anefa ireo razambentsika. Iraka avy tany an-danitra no nitantara taminy ny fahalavoan' i Satana ; naseho taminy ny tetika hampiasain' ny fahavalo hamelezana azy. Nohazavain' ireo iraka koa ny toetran' ny fanjakan' Andriamanitra izay nokasain' ilay ratsy haongana. Noho ny fandikany ny lalàna marin' Andriamanitra, hoy ireo iraka, no antony nanjerana an' i Satana sy ny miaramilany. Izany, hoy izy ireo, dia maneho aminareo ny maha-zava-dehibe ny fanomezam- boninahitra io lalàna io izay harahina mba hisian' ny filaminana sy ny fahamarinana eo amin' izao tontolo izao. Ny laiàn' Andriamanitra izay fitaratry ny sitrapony sy fanehoana ny toetrany sy ny fahendreny arv ny fitiavany, dia masina indrindra toy ny mahamasina ny Tenany ihany. Miankina amin' ny fifandraisan' ny zavatra rehetra amin' izany lalàna izany - na ny zava-manan' aina izany na ny tsy manan' aina - ny he firindran' ny zavaboary rehetra. Napetrak' Andriamanitra ho ambanin' ny lalàna marina sy mandrakizay ny zavaboary rehetra. Tsy azo dikaina izany ialàna izany. Ny zavaboary dia fehezin' ny lalana izay mifehy ny zavaboary ; fa ny olona kosa dia mbola hampamoahina eo anatrehan ireo lalàna mifehy ny saina amam-panahy Ny olombelona dia nataon Andriamanitra no sangan asany sady nomeny fahaizana mahatakatra izay tadiavin ny lalàna ; izany dia ahazoany mitia ny rariny sy ny soa ateranу. Koa dia fanka- toavana avy hatrany aseho amin' ny asa no tadiavin' Andriamanitra aminy. [1331]

Toy ny efa natao tamin' ny anjely. dia navela ho zahan-toetra koa ny mponina tao Kdena mba hahitana na hankatò izy ka ho velona na ny tsy hankatò ka ho faty. Ilay tsy afaka nitahiry ireo anjely niodina. dia tsy afaka hitahiry azy ireo koa raha tsy manaja ny sitrapon;. izy. Ny tsy fankatoavana dia manaisotra ny fanomezan' Andramanitra ka mahatonga loza sy fandringanana. [1341]

Nasain' ny anjely nitandrina mba tsy ho tratran' ny fandrik' i Satana i Adama sy Eva. Tsy misy fiatoana hoy izy ireo tamin' izy mivady ny fikendreny anareo. Kanefa raha mijoro ho mahatoky mandrakariva ianareo, dia tsy hahavita na inona na inona aminareo ilay ratsy, satria raha ilaina, dia ho avy ny anjely rehetra hamonjy anareo. Raha resinareo ny fitaka voalohany hamelezany anareo, dia hanana fiarovana toy ireo iraky ny lanitra ianareo. Fa raha indray

mandeha monja ianareo no latsaka amin ny fakam-panahy, dia ho simba tokoa ny toetranareo, ka tsy hanana hery na faniriana ampy hanoherana an' i Satana intsony ianareo. [1341]

Nv fandrarana ny tsy hihinanana ny voan' ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy. dia fisedrana izay ho fankatoavan' i Adama sy Eva ny fitiavany an' Andriamanitra. Izany no hany fandrarana nisy tany Edena. nefa ny tsy fankatoavana azy indray mandeha monja, dia hiteraka fahafatesana. Tsy navela haka fanahy tsy anki- janona azy mivady i Satana. Teo am-pototr' ilay hazo voarara ihany no nahazoany nanao izany. Ny fahalianana ta-hahalala ny tena toetran' ilay hazo dia mety mahatonga fahalavoana eo amin' ny fandrika navelatr' ilay ratsy. Koa dia nanarina mafy izy mivady mba hitandrina tsara izay hafatrafatr' Andriamanitra sy mba hankato tsara ny toro-hevitra samihafa izay homena azy. [1341]

Mba hahatonga ny asany hahomby, dia nanapa-kevvitra hampiasa fomba fisehoana mety hahatanteraka ny fikasan-dratsiny i Satana Naka ny endriky ny menarana izy. Io biby io mantsy tamin' izany fotoana izany dia isan' ny anankiràỳ tamin' izay kanto sy nanan- tsaina indrindra tamin' ny zavaboarin' Andriamanitra. Nanana elatra izy, izay namirapiratra miendri-bolamena madio rehefa nanidina izy. Tsy azo natao mihitsy ny tsy ho talanjona raha nahita azy teo ambonin' ilay hazo voarara, nihinana tamin' ireo voankazo maha- te-ho tia. Dia toy izany no fomba niafenan' ilay mpandrava tao amin' ny sahan' ny fiadanana ka nijokoany azy mivady. [1351]

Efa nambaran' ny anjely tamin' i Eva ny loza mety hananon- tanona azy raha misara-dia amin' ny vadiny izy. Raha miaraka lalan- dava amin' ny vadinao ianao, hoy izy ireo taminy, dia ho maivana kokoa ny fakam-panahy noho ianao mandeha irery. Variana loatra tannn' ireo asa mahasondriana fanaony izy, ka tafasaraka tsy nahy tamin' i Adama. Rehefa nahatsiaro fa irery izy dia natahotra. Noroahiny anefa izany tahotra izany, ary nihevitra izy fa efa hendry ka mahalala manavaka ny ratsy sy manohitra azy. [1351]

Hadinony ny hafatrafatry ny anjely ka dia tonga hatreo am-pototr ilay hazo voarara ny diany. Sady variana izy no gaga raha nijery azy. Maha- te- ho tia ny voanv ka nanontany tena izy ny anton' ny fandraran' Andriamanitra. Tonga ny fotoana nandrasan' ilay mpaka fanahy. Toa tsinjony izany eritreritra tao am-pon-dRavehi- vavy izany. 'Hanky !" va re, hoy izy taminy, 'efa nataon' Andriamanitra hoe: Aza ihinananareo ny hazo rehetra eo amin' ny saha' '?1 [1351]

Sadv gaga no natahotra Eva raha nahare izany feo tsy nampoiziny izany, izay naneho ny tao anatin' ny fony. Tsy nangina ilay menarana fa mainka koa nandoka azy tamim-peo manga sy mahafinaritra. Nihaino tsara izany fandokafana ny hatsaran-tarehiny izany Eva , tsy mba nandositra izy fa vao mainka koa nitaredretra variana nijery ilay menarana niteny. Raha zavatra mitarehin' anjely mantsy no hitany, dia ho natahotra izy ; tsy tonga tao an-tsainy velively fa fiasana entin' ilay mpaka fanahy hamandrihana azy io biby mahafati- faty io. [1351]

Ho valin' ny fanontaniana feno hafetsena napetrak ilay ratsy, dia namaly izy ka nanao hoe: 'Ny voan ny hazo eo amin ny saha dia azonav ihinanana ihany ; fa ny voan ny hazo eo atovoan

ny saha kosa no efa nataon Andriamanitra hoe. Aza ihinananareo na tendrenareo izany, fandrao maty hianareo. Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: Tsy ho faty tsy akory hianareo ; fa fantatr' Andriamanitra fa amin izay andro hihinananateo azy dia hahiratra ny masonareo ka ho tahaka an' Andriamanitra hianareo. hahalala ny tsara sy ny ratsy '. [1361]

Nasain ilay mpamitaka nino izy fa ny fihinanana ny voan' ilay hazo dia hahatonga azy mivady hisondrotra ho ambommbony kokoa sy hanana fahalalana bebe kokoa. Moa ny tenany koa va tsy efa nahita soa ka nanjary nahay niteny noho ny fihinanany ilay voan- kazo? Dia nambarany moramora fa ny antony nandraran' i Jehovah ny voan ny hazo, dia noho Izy matahotra fa sao dia hitovy aminy ny olona Fa noho ny hery mahagaga ananan' ity hazo ity, hoy indray izy noho izy afaka hanolo-pahendrena no antony tsy namelana anareo hihinana na hanendry azy akory. Ary tamin' ny teny niolaka no nilazan' ilay mpamitaka fa ny fandrahonana nataon' Andriamanitra dia tsy mba hotanterahiny akory ; ho fampitahorana azy mivady fotsiny no antony nanaovana izany. Dia hoy indray izy: Ahoana anefa no hahafaty anareo ? Moa tsy efa nihinana tamin' ny voan' ny hazon' aina va hianareo ? Ny kendren' Andriamanitra dia ny hihazona anareo tsy ho tonga ho ambonimbony kokoa na hahatsapa fahasambarana bebe kokoa. [1361]

Hatramin' ny andron' i Adama ka mandrak' androany, dia tsy mbola nivona fenitra ny tetik' ady ampiasain' i Satana. Miezaka izy mba hahatonga ny olona hisalasala ny amin' ny fitiavan' Andria- manita sy ny fahendreny. Milofo tsy an-kijanona izy mba hanisika ao aminy toe-tsaina lian-kahalala sy tsy fanajana ary faniriana tsy mety tony ta-hamantatra ny tsiambaratelon ny fahendrena sy ny herin ny Tsitoha. Ny fitadiavana hahafantatra izay tsy nasehon' Andriamanitra dia mahatonga olona maro handalo fotsiny ireo faha- marinana nambaran' Andriamanitra izay mitera-pamonjena. Manosika ny olona ho eo amin ny tsy fankatoavana i Satana ka mampanantena azy fa misy zava-miafina mahatalanjona eo amin' ireo toerana voarara. Fahadisoan-kevitra sy fahadisoam-panantenana anefa no hita. Dia mizotra tokoa ny olona, feno toe-tsaina te-ho ambony, ka manitsa- kitsaka Andriamanitra fa mandia kosa ilay lalan' ny faha- simbana sv ny fahafatesana. [1361]

Niezaka i Satana mba hampino azy mivady tompon' ny saha Edena fa misy tombon-tsoa ny fandikana ny didin' Andriamanitra. Moa tsy hevitra toy izany va no mbola hita mandrak' ankehitriny ? Maro ny olona izay mihevi-tena ho malala-tsaina sy manana fahafa- hana no maneso ireo izay miezaka hankatò ny didin' ny lanitra. Nihambo i Satana fa nahazo soa be dia be avy tamin' ilay hazo voarara. Tsy nambarany fa noho izany antony izany ihany no nandroahana azy tany an-danitra ka nahatonga azy ho tra-doza marobe. Nafeniny ny anjara mahatsiravina miandry azy ka nilofo izy mba hampidina ny olona hitovy aminy. Dia toy izany koa ankehitriny, afenin' ny ratsy fanahy ny tena toetrany ; ny fihamboany te ho masina dia vao mainka koa mampidi-doza. Ny asan' i Satana no ataony ary mamporisika ny namany izy hanao toy izany koa. Izany anefa dia miteraka ny fandringanana azy mandrakizay. [1371]

Natoky tokoa ny tenin' i Losifera i Eva, nefa tsy nahavonjy azy izany fahatokiana izany. Lavo izy noho izy tsy nino ny tenin' Andriamanitra. Amin' ny andro fitsarana dia hohelohina

ny olona. tsy noho izy nino tanteraka ny lainga, fa noho izy tsy nety nino ny fahamarinana sy noho izy nanao an-tsirambina ny fotoana tokony ho nianarany izany. Tsy main tsy tadiavina amin' ny fo rehetra ny fahamarinana. Ireo ohatra nomena antsika ao amin' ny Soratra Masina dia mampitandrina sy mampianatra antsika fatratra. Natao ireny mba hiaro antsika tsy ho voafitaka. Ny fanaovana tsinontsinona ireny dia mampidi-doza. Izao no zavatra azo antoka: izay rehetra manohitra ny Tenin' Andriamanitra dia manao ny asan' i Satana. Na dia eo aza ny hevi-petsin' ilay fahavalo izay manizingizina fa tsy marina izany. dia mbola hita hatrany hatrany ihany fa mampidi- doza mandrakariva ny tsy fankatoavana an''Andriamanitra. [1371]

Dia nioty voa iray tamin' ilay hazo voarara ilay menarana ka nametraka azy teo am-pelatanan' i Eva. Nanaiky i Eva na dia tsy sitraky ny fony aza, ary ilay mpaka fanahy kosa namerina ny teniny: noraràn' Andriamanitra ka mahafaty. Nihasahy i Eva rehefa nahita fa tsy nisy ratsy nanjo azy. Hitany fa ny voan' ilay hazo dia tsara ho fihinana sady mahafinaritra ny maso no maha-te-ho tia, fa toa hampa- hahendry, ka dia naka izy ka nihinana. Tena tsara ny tsirony ary raha mbola nihinana izy, dia toa nahatsiaro hery mamelombelona tokoa. Nihevitra ny tenany ho tafasandratra tany amin' ny toerana ambonimbony kokoa izy, ka dia tsy natahotra intsony fa nioty sy nihinana. Ary ankehitriny, satria efa tsy nankatò izy, dia ho tonga fiasana eo am-pelatanan i Satana ho famelezana ny vadiny. Feno hery mahangoly izy raha niroso teo anatrehan i Adama, nitantara taminy ny zava-niseho. [1371]

Voalin' alahelo nifangaro hatairana sv fahagagana no nisoritra teo an-tavan' i Adama Hoy izv tamin' ny vadiny: ilay menarana feno zava-miafina mihitsy angamba no fahavalo nampitandremana antsika; koa noho izany. araka ny fitsaran' Andriamanitra, dia ho faty ianao. Mba ho valin' izany. dia tsy nanao afa-tsy namporisika azy fatratra i Eva sayd namerimberina ny tenin' ny menarana hoe:'Tsy ho faty tsy akory hianareo". Tsy mamtsy ho marina ireo teny ireo, hoy izy, satria tsy mahatsiaro akory izay tsy fifalian' Andria- manitra aho; fahafinaretana no tsaroako vao mainka mameno ny tenako, dia fianana mitovy amin' ny an' ny mponina any an-danitra. [1381]

Fantatr' i Adama fa ny vadiny dia efa nandika ny didin' Andria- manitra sady nanitsakitsaka ny fandrarana tokana izay efa nomena azy roa ho fizahan-toetra ny tahatokianv sy ny fitiavany. Koa nisy ady mahatsiravina taoanatiny. Nalahelo fatratra izy raha nahita fa latsaka tao amin' ny fandrik' ilay mpaka fanahy i Eva. Kanefa, inona no azony hatao fa efa vita ny fahadisoana? Tsy maintsy hisaraka amin' ny vadiny malalany izy. Ataony ahoana no fahazaka izany? Ry Adama, efa nifaly tamin' ny fiarahana tamin' Andriamanitra sy ny anjely ianao; ianao mahalala ny anjara ambony miandry ny taranako raha mitoetra ho mahatoky ianao. Ka moa ve havelanao hanjavona avokoa izany noho ny fahatahoranao hisaraka amin' ny vadinao? Nahery noho ny zavatra rehetra anefa ny fitiavany an' i Eva. Na ny fitiavany, na ny fankasitrahany. na ny fahatokiany ny Mpamorona, dia samy resin' izany avokoa. Moa, hoy izy, tsy isan' ny tenako va izy ka moa ho zakako ve izany hisaraka aminy? Tsy saintsaininy akory fa ilay hery tsy hita noanoa izay namolavola azy avy tamin' ny vovoka ka nahatonga azy ho olombelona sy malia- te ho tia ary nanome vady sahaza azy araka ny fitiavany. dia afaka hanolo izany ho azy

Koa dia nanapa-kevitra izy hiombon' anjara amin' ilay nania hiara-maty aminy raha tsy maintsy ho faty izy. Kanefa, hoy indray izy, moa tsy mety ho marina tokoa va ny tenin' ilay menarana hendry? Toa vao mainka nahafatifaty sy toa tsy nanan-tsiny ery teo anatrehany i Eva tamin' izay ; toa vao mainka koa nitombo ny fitiavany azy ; tsy nisy sontra teny amin' ny tarehiny akory izay aloky ny lahalatesana Koa dia tapa-kevitra" i Adama fa histera izay rehetra mety ho vokatry ny asany: noraisiny nv voankazo ka dia nihinana izy. [1381]

Rehefa vita ny fahotana nataony, dia toa nahatsiaro ny tenany ho tafasondrotra tany amin' ny toerana ambonimbony kokoa izy ; kanjo, vetivety foana, dia nameno tahotra azy ny fahatsiarovana ny fahadisoana vitany. Ilay toetr' andro nahafmaritra sy nitovy hatrany hatrany izay niainany, dia tsaroan' izy mivady ho nangatsiaka fatratra; niala taminy ny fitafiany namirapiratra. Tsy sahy niseho nitanjaka teo anatrehan' Andriamanitra sy ny anjely izy. ka nanam- boatra fitafiana. Tsy izany ihany, fa ny fitiavana sy ny fiadanana izay anjara lovany hatramin' izao, dia nisolo aiahelo noho ny faha- tsiarovany ny ratsy nataony sy noho ny tahotry ny ho avy. [1391]

Nanomboka nahatsapa ny tena endriky ny fahadisoany ilay razambentsika voalohany, ka dia nanome tsiny ny vadiny izay sahy nihataka lavitr' azy loatra ka nanaiky ho tìtahin' ny menarana. Tsy nanary toky anefa izy mivady noho ny fiheverany fa Ilay efa nampi- seho hatsaram-panahy lehibe taminy. dia hamela koa nv fahadisoany na hamay azy amin' ny fomba morarnora kokoa. [1391]

Faly tokoa i Satana satria nahomby ny tetik' adiny. Voatahiry tsy hatoky an' Andriamanitra sy hisalasala ny amin' ny fahendrenv ary handika ny didiny ravehivavv. Tamin' ny aialan-dravehivavy kosa indray no nahazoany namely an' i Adama. [1391]

Niomana hampiseho tamin' ireo olon-diso ny vokatry ny faha- disoany Ilay Mpitsara Marina sy ambony indrindra. Niseho tao amin' ny saha ny fanatrehany. Fony izy mivady mbola teo amin' ny fahadiovany sy ny faharnasinany, dia antom-pifaliana ho azy ny fahatongavan' ny Mpamorona. Fa ankehitriny kosa. indrisy. nandositra Adama sy Eva ary niery tany amin' izay takontakona indrindra teo amin' ny saha. 'Fa Jehovah Andriamanitra niantso an-dralehilahy ka nanao taminy hoe: Aiza moa hianao ? Dia hoy izy: Nandre Anao tao amin' ny saha aho, dia natahotra aho. satria mitanjaka, ka dia niery. Ary hoy Izy: Iza moa no nanambara taminao fa mitanjaka hianao ? Efa nihinananao ve ny hazo izay nandrarako anao tsy hihinananao ?" [1391]

Tsy afaka handà sy hanala tsiny ny tenany i Adama. Tsy mba nampiseho fibebahana avy hatrany izy, fa nanilika ny fahadisoanv tamin' ny vadiny, dia tamin' Andriamanitra koa. 'Ny vehivavy izay nomenao ho namako. izy no nanome ahy ny voankazo, ka dia nihinana aho". Izy, izay noho ny fitiavany an' i Eva dia sahy nandà ny fankasitrahan' Andriamanitra, nandà ny Paradisa, nandà ny fianana mandrakizay feno fifaliana ; ankehitriny izy dia tsy misala- sala indrav hanilika nv vokatry ny fahadisoany amin ilay vadiny sy amin' ny Mpamorona azy. Endrey izany herin ny fahotana ! [1391]

Nanontany an-dRavehivavy Andriamanitra ka nanao hoe: ‘Inona izao nataonao izao’.,’ Dia hoy izy: ‘Ny menarana no namitaka ahy, kadia nihinana aho’. izany dia toy ny milaza hoe: ‘ Nahoana Hianao no namorona ny menarana ? Nahoana Hianao no namela azy hiditra teto amin’ ny saha Edena ?” Izany no faniniana hita teo amin’ ny valintenin i Eva. Nailiny tamin Andriamanitra toy izay efa nataon i Adama ny tahadisoany. Ny saina feno tanamarinan- tena dia avy tamin’ ilay rain’ ny lainga. Raha vao resin i Satana ireo razambentsika, dia naneho izany toe-tsaina izany izy ireo; nifindra tamin’ ny zananilahy sy ny zananivavy indray izany. Tsy mba miaiky amim-panetren-tena ny tahadisoany ny olona fa vao mainka manala tsiny ny tenany izy ka manilika izany amin’ ny hafa, na amin’ ny fandehan’ ny toe-javatra, na amin’ Andriamanitra. Ny fitahiana raisina aminy aza dia manjary atao antony imonomononana aminy. [1401]

Dia nanonona ny fanamelohana ny menarana Jehovah: ‘Satria nanao izany hianao. koa amin’ ny biby fiompy rehetra sy ny bibi- dia rehetra dia hianao no voaozona: ny kibonao no handehananao ary vovo-tany no hohaninao amin’ ny andro rehetra hiainanao”. Nampiasain’ i Satana ho fiasana nenti-namitaka ny menarana. ka dia hiara-mizaka aminy ny valin-keloka izy. Izy ilay isan’ ny nahafa- tifaty sy isan’ ny kanto indrindra tamin’ ny zavaboary rehetra, dia handadv izao ka ho tonga hankahalaina sy hatahoran’ ny olona sy ny biby hafa rehetra. Ny tapany faharoa tamin’ ny didim-pitsarana dia mvantana manokana tamin’ i Satana ka nanambara taminy ny fahareseny amin ny farany sy ny famongorana azy: ‘Dia hampi-fandrafesiko hianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotoro ny lohanao, ary hianao kosa hanorotoro ny ombe- lahin-tongony ’. [1401]

Rehefa izany dia niomana handre ny filazana ny amin’ ny fahoriana sy ny fangirifiriana izay hanjo azy i Eva. Hoy Jehovah taminy: ‘Ny vadinao no hianteheran” ny fanirianao, ka izy no hanapaka anao”. Nataon’ Andriamanitra nitovy tamin’ i Adama i Eva raha namorona azy Izy. Raha nijorc ho mahatoky tamin’ Andriamanitra mantsy izy mivady, nanaiky tsara ny lalàm-pitiavany. dia tsy ho nanam-pitsaharana teo aminy ny firaisana tanteraka. Fa ny ota dia nampiditra fifankahalana, ka dia tsy nisy intsony firaisan- tsaina sy fikambanana raha tsy amin’ ny alalan’ ny fandeferan’ ny anankiray amin’ ny mpivady. Ary satria 1 Eva no nanota voalohany ka dia izy no hilefitra eo ambanin’ ny fanirian’ ny vadiny. Tsy nanaraka ny hafatra nataon’ Andriamanitra izy fa nanalavitra ny vadiny ary noho ny famporisihana nataony no nahalavo an’ i Adama. Raha mankatò ny didin’ Andriamanitra sy manaiky izany fitsaran’ Andriamanitra izany ny taranak’ olombelona efa lavo. na dia vokatry ny ota aza izany, dia hitondra fitahiana kosa. Ny lehilahy maro anefa dia manararaotra ny fahamboniany, ka mampangidy fatratra ny anjaram-piainan’ ny vehivavy sy mahatonga azy hijaly. [1401]

Sambatra tokoa i Eva raha nitoetra tao amin’ ny saha Edena, teo akaikin’ ny vadiny. Toy ny vehivavy ankehitriny ihany izy, tia fihetsehana sy tia jerijery ka nandoka tena ery teo am-pieritre- retana izay faritra ambony kokoa hitoerany. Naniry hisondrotra ho ambonimbony kokoa izy, kanjo nietry ho ambany. Anjara toy izany ihany koa no miandry ireo vehivavy rehetra izay tsy manaiky hanao amim-pifaliana izay anjara adidiny eo amin’ ny fiainana. Maro

ny vehivavy izay manimba ny hajany sy ny fiandrianany, noho izy ireo mandao ny anjara toerana izay mety hahazoany ny fitahiany. mba hitady toerana izay tsy antonona azy. [1411]

Ary hoy Andriamanitra tamin' i Adama: 'Satria efa nihaino ny feon' ny vadinao hianao, ka nihinananao ny hazo izay nandrarako anao hoe: Aza ihinananao izany, dia voaozona ny tany noho izay nataonao ; fahoriana no hihinananao ny vokany amin' ny andro rehetra hiainanao. Ary haniry tsilo sy hery ho anao izy ; ary hoha- ninao ny anana famboly. Ny fahatsembohan' ny tavanao no hahazo- anao hanina mandra-piverinao any amin' ny tany; fa ny tany no nanalana anao ; fa vovoka hianao. ary hiverina ho amin' ny vovoka indray hianao '. [1411]

Tsy mba ffkasan' Andriamanitra velively ny hahatonga ny mponina tsy nanan-tsiny tao Paradisa hahalala ota. Ny soa sy ny tsara no nomeny azy be dia be, fa nesoriny kosa ny ratsy. Fa ankehitriny kosa. satria efa nifidy hihinana tamin' ny hazo voarara izy, dia mbola hanohy hihinana amin' izany ihany, izany hoe, hifamahofaho mandrakariva amin' ny ratsy izy mandritra ny fiainany rehetra. Hatramin' izay fotoana izay dia niharan' ny famelezan' i Satana izy. Ahiahy. asa inandreraka isan' andro, fahadisoam-panantenana, fahoriana. fijaliana ary amin' ny farany fahafatesana, izany no nisolo toerana ireo raharaha mahafinaritra fanaony. [1411]

Raha namorona ny olona Andriamanitra, dia nampanjaka azy leto an-tany sy teo amin ny zavaboary rehetra. Raha mbola nitoetra ho mahatoky tamin' Andriamanitra hatrany i Adama. dia nanaiky ny fanapahany ny tany rehetra. Fa noho izy niodina, dia niala tsy ho eo ambanin' ny fanapahany ny biby, ary ny zavatra rehetra dia mijoro ho vavolombelona mampiseho ny tsy fankatoavany. Toy izany no nokendren' Andriamanitra hanehoana amin' ny olona, noho nv famindrampony lehibe. ny hamasinan' ny didiny sy izay vokatrv ny fihatahana amin' izany na dia kely monja aza. [1421]

Ny fiainana feno asa sy tebitebv izay nomena ho anjaran' ny olona dia mbola manafina eritreri-pitiavana ihany koa. Ho fitsipika hitaizana ny toetran' ny olona izany. hamefy ny sitrapony, hibaiko ny fitiavany ary hanampy azy hitondra tena tsara. Isan' ny hevitr' Andriamanitra ho fanavotana ny olona ho afaka amin' ny fahamba- niana sy ny fandringanana koa izany. [1421]

Ilay filazana manao hoe: 'Fa amin' ny andro izay lhinananao azy dia ho faty tokoa hianao'2 izay nomena ireo razambentsika. dia tsy mampiseho fa ho faty miaraka amin' izay tokoa izy mivady amin ny andro tsy hankatoavany azy fa izao: amin' izay andro izay no hanononana ny fanamelohana azy. Nampanantenaina azy ny tsy fahafatesana raha mankatò izy. fa raha tsy mankato kosa dia ho veriny ny fiainana mandrakizay. Tamin' iny andro voalohany nanotany my. dia voaheloka ho faty izy. [1421]

Mba hahavelona azy mandrakizay, dia azon' ny olona natao ny hihinana ny voan ny hazon aina. Noho ny tsy nahazoany nihinana tamin' izany voankazo izany anefa. dia nihanihena tsikelikely ny ainy ary amin' ny farany. dia tsy maintsy ho faty mihitsy izy. Ny hevitr' i Satana dia ny mba hihinanan i Adama sy Eva ny hazon' aina ka hahatonga azy mivady ho velona

mandrakizay amin' ny fiainana tsizarizary. Raha vao latsaka tao amin' ny fahotana anefa izy, dia nisy anjely nirahina hiaro ny hazon' aina. Ny hazavana natni- rapiratra nanodidina ireo iraka dia nitarehin-tsabatra afo. Tsy nisy tamin ny taranak' i Adama afaka nihoatra ireo anjely ireo ka nihinana tamin ny hazon' aina. Noho izany ary dia tsy misy mpanota tsy mety maty. [1421]

Maro ny olona no milaza fa izao loza amin' antambo samihafa rehetra izao izay manafotra ny tany dia tsy mifanentana velively amin' ilay ota voalohany izay heverinv fa keiy dia kely. Koa dia hararaotiny izany mba hanomezan-tsiny nv fahendrena sy ny fahamarinan' Andriamanitra. Raha mba te-handinika tsara izany toe-javatra izany akaiky dia akaiky mantsy izy, dia hahalala ny fahadisoany. Fa Andria-manitra nanao ny olona ho araka ny tarehiny, tsy nanan-tsiny sady natokana mba hameno ny tany amin' ny taranany izay natao ambany kely noho ny anjely. ka tsy azony nekena mihitsy raha taranaka mpiodina amin' ny lalàny no hameno ity gilaoby ity, koa dia tsy maintsy nozahana loetra ny olona. Ary satria maivana dia maivana ny fizahan-toetra, dia mampiseho ny hatsaram-panahin' Andriamanitra izany, nefa koa mampibaribary ny tsy fankatoavan' ny olona. [1431]

Ary izao indray, raha mafy ny fizahan-toetra nanjo an' i Adama, dia ho maro no ho sahy hanao ratsy ka hilaza fa zava-bitika ihany izany ratsy vitany izany, raha ampitahaina amin' izay vitan' i Adama, ka tsy-hahoan' Andriamanitra. Tsy hampaninona ny eritreriny akory ny ota izay heveriny ho tsinontsinona ka tsy tokony hanomezan' ny olona tsiny azy. Sitrak' Andriamanitra raha aseho miharihary ny faharatsian' ny ota na toy inona na toy inona endrika isehoany; koa dia diso hevitra i Eva satria nieritreritra toe-javatra hafa noho izanv. [1431]

Amin' ireo olona izay mihevitra fa tsy misy hery ny didin' Andriamanitra, dia maro no manambara fa tsy ho vita ny hitandrina izany. Raha izany no izy, nahoana i Adama no niharan' ny heloky ny tahadisoany ? Rian-dranom-pahoriana sy loza no natondraky ny fahotan' ireo razambentsika teto an-tany, ka raha tsy noho ny hatsaram-panahin' Andriamanitra sy noho ny famindrampony, dia ho famoizam-po tsy hita lany no ho naterak' izany. Koa aoka tsy hisy ho diso hevitra fa 'ny tambin' ny ota dia fahafatesana'.3 Anke- hitriny, toy ny tamin' ny andro nandrenesan' 1 Adama ny didim- pitsarana, dia tsy azo atao koa ny mandika ny didin' Andriamanitra ka tsy handray ny valin' izany. [1431]

Rehefa nanota i Adama sy. Eva, dia nilazana fa tsy azony atao intsony ny hitoetra ao Edena. Niangavy indrindra an' Andriamanitra izy mivady mba havela hitoetra ihany eo amin' ilay toerana nahitany f'ifaliana sy vavolombelon' ny fahadiovany fahiny; niaiky izy fa tsy manam- pahefana intsony, sady nampanantena fa hankatò fatratra amin- ny ho avy. Izao no navaly azy: efa simban' ny ota ny toetra- narco ; eta verinareo ny sasany amin ny hery enti-manohitra ny ratsy. koa dia ho mora resin i Satana kokoa hianareo noho ny tamin ny andron' ny fahadiovanareo. [1431]

Feno fietrena sy nitambesaran' aiahelo fatratra i Adama sy Eva raha nandao ilay fonenana mahafinaritra, ka lasa nonina teo amin ny toerana voaozona. Ny toetr andro izay tsara sy nitovy

hatrany teo aloha, dia niovaova. Mba hiarovana azy mivady amin ny hatsiaka sy ny hafanana, dia nanome fitafiana hodi-biby Andriamanitra. noho ny hatsaram-panahiny no nanaovany an' izany. [1441]

Raha vao nahita izy mivady fa nilofika ny voninkazo ary maina ny ravinka/.o. dia niteraka aiahelo mafy tao aminy izany, dia aiahelo mafy lavitra noho izay mahazo ny olona ankehitriny raha maty olo-malala. Ary rehefa tazany indray fa mihintsan-dravina ireo hazo makadiry misandrahaka ao an' ala, dia mharifaary taminy tamin' izav fa tratran' ny fahafatesana tokoa ny tenan' ny zavatra rehetra. [1441]

Mbola naharitra nitoetra ela teto an-tany ilay fonena-mamy izay tsy azon' ny olona naleha intsony. Nahatazana azy lavitra ireo olona lavo avy teo amin' ny tsy fananan-tsiny ; teo am-bavahadin' ilay \.iha tsy manam-paharoa izay nohidin' ny anjely mpiambina sy nisehoan' ny voninahitr' Andriamanitra, no nivorian' i Adama sy ny zanany mba hiankohofany teo anatrehan' ny Mpamorona sy hanavaozany indray ny voadim-pankatoavany. Tatý aoriana, rehefa nanafotra ny tany ny onjam-paharatsiana ka efa hipaoka handevona ny olona noho ny helonv ny Safo-drano, dia nesorin' Ilay tanana izay ela nametraka azy teto an-tany tsy ho ety intsony ny saha Edona Fa amin ny fotoana izay hamerenana indray ny toe-javatra rehetra ho amin ny laoniny, amin' ny fotoana izay hisehoan' ny lanitra vaovao sy ny tany vaovao',4 eny, amin' izay fotoana izay, dia havenna indray izy. ka ho be voninahitra noho ny tamin' ny fotoana nanolorana azy voalohany. [1441]

Amin' izay, izay rehetra nitandrina ny didin' Andriamanitra dia hanana hery tsy mety maty eo ambanin' ny aloky ny hazon' aina ka handritra ireo taonjato maro hifandimby mandrakizay, dia hahita ao amin' ilay Edena hampodina amin' ny laoniny indray, ny zava-boaforon' Andriamanitra fony tsy mbola voampentin' ny ota sy izay nety ho toetry ny tany manontolo, raha mba niara-niasa tamin' ny Mpamorona teo amin' ny planany be voninahitra ny olona [1441]

Toko 3 - Ny Drafitry ny fanavotana

Nahafeno aiahelo ny lanitra manontolo ny fandrenesana ny fahalavoan' ny olona. Taranaka hianjadian' ny fijaliana sy ny fahafatesana izao no honina amin' ilay tany vao noforonina izay voa- pentin' ny fahotana. Fitarainana lehibe omban-dranomaso no narotsak' izao tontolo izao noho izany loza izany. Tsy nisy fomba hita hamonjena ireo olon-diso. [1451]

Ny fitiavan' Andriamanitra anefa dia efa namolavola plana mialoha hanavotana ny olombelona. Nitady ny ain' ny mpandika azy ny didin' i Jehovah nohitsakitsahina. Masina toa an' Andria-manitra mihitsy izany didy izany. ka tsy maintsy izay mitovy aminy no atolotra mba ho fanavotana ny olona sy hampihavana azy indray amin' Andriamanitra, Ilay Tompon' ny voninahitra sy Mpitarika ny tafiky ny lanitra rehetra, Izy no mitovy amin' Andriamanitra. Mba hahazoany manatanteraka izany adidy izany, dia tsy maintsy mandray ao amin' ny tenany ny heloka sy ny mariky ny fahotana Izy, hidina hatrany amin' izay farany ambany indrindra amin' ny fahafaham- baraka ka ho sarahina amin' ny Ray. [1451]

Tsy nihemotra teo anatrehan' izany loza lehibe izany ny Zanak' Andriamanitra. Feno fangorahana azy mivady ny fony ary ny alahe- lony ny tany izay ho Very dia lehibe tokoa, ka dia nanaiky hanao ny fanavotana Izy sy hiaritra ny loza rehetra vokatr' izany. Hanolo- tena Izy mba hanatanterahana ny fitiavana mandrakizay ananan' Andriamanitra. [1451]

Raha mbola feno tebiteby sy nangitakitaka ny lanitra manontolo. dia niroso teo anatrehan' ny Rainy Izy mba handahatra ho an' ny mpanota Nahantra ela izany dinidinika izany, dia ilav 'fisainam- pihavanana'1 ho entina hanavotana ny olombelona. Novolavolaina 'hatiamin ny nanorenana izao tontolo izao'2 ny planan ny fmonjena izay mampiseho ny iamonoana 'ny Zanak ondry tsj misy kilema na tsiny". Tsy moramora tamin" ny Mpanjakan ny lanitra sy ny tanv anefa na dia izany aza, ny nanolotra ny Zanany ho amin' ny fahafatesana. mba hanavotana ny olombelona izay ela diso 1 Tia fatratra izao tontolo izao Izy ka dia 'nomeny ny Zanani-lahy Tokana. mba tsy ho very izay rehetra rnino Azy, fa banana fiainana mandrakizay))3. 'Mihoatra noho ny fahalalana rehetra ny fitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao izay tsy tia azy akory Mandritra ny taonjato tsy hanam-pahataperana dia hikaroka mafy amim-piankohofana ny anton' izany zava-miafina izany ireo mponina any an-danitra. [1461]

Tsy afaka mihavana amin' Ilay Andriamanitra marina sy masina amin ny alalan" ny tenany fotsiny ny olombelona noho izy efa simban' ny fahotana Ary Andriamanitra koa tsy afaka hihavana amin izao tontolo izao raha tsy amin' ny alalan' ny Zanany. 4 Ary ny Zanaka. rehefa avy mamonjy ny olombelona tsy ho tratran' ny fanamelohan ny lalàna. dia afaka mampiray ny fiezahan' ny olona amin' ny herin' Andriamanitra. Dia toy izany no hahatonga indray ny zanak' i Adama ho 'zanak' Andriamanitra'5, dia amin' ny alalan' ny fiovam-po sy ny finoana ny Mpanavotra. Hiara-miasa hanatan teraka izany plana izany izao ny lanitra manontolo. [1461]

Nony efa novelabelarin’ ny Zanak’ Andriamanitra teo anatrehan ny anjely izany fomba ho entina manavotra ny olona izany, dia kepoka sy nanjonitra izy rehetra. Fa hoy ny Zanaka taminy: haha tonga fijaliana tsy hay tononina amin’ ny Lehibenareo ny fanavotana ny olombelona Tsy maintsy handao ny seza fiandrianany Izy.hanao veloma ny fifliana sy ny voninahitra mandrakizay eto amin’ ity fonenana madio sy leno fiadanana ity, ka hateraka eny am bonin’ ny tany toy ny olomelona rehetra, hiaina amin’ ny rivotry ny tany efa simba; izany dia mba hahazoany misolo voina ny mpanota. Ary rehefa miantra langiriliiiana sy fakam-panahy mpahazo ny olombelona Izy, dia haiaim-baraka sy hovonoina. Ilaina avokoa izanv ‘ rehetra izany mba hahazoan’ ny Tomponareo mamonjy izay rehetra alam panahy.6 [1461]

Rehefa vita ny asany, hoy indray Izy, dia hatolotra ho eo m-tanan’ ny olona masiaka Izy ka hiaritra ny eso sy ny fanaratsiana ehetra. Dia hahatona eo anelanelan’ ny lanitra sy ny tany Izy, toy y olo-meloka ka ho faty amin’ ny fahafatesana mangidy indrindra. Ary rehefa avy mijaly mafy dia mafy teo am-pialan’ aina Izy, dia ijaliana tsy zakanareo hojerena, dia mbola hamakivaky samy irery ndray. ny lohasahan’ ny tebiteby lehibe indrindra: hivesatra ny ahotan’ izao tontolo izao ka hahita ny Rainy manodina ny tavany tsy hijery Azy. [1471]

Nony ren’ ny anjely izany teny rehetra izany, dia niankohoka teo an-tongotr’ Ilay Lehibeny izy ka samy nanolotra ny ainy hatao sorona hanavotana ny olombelona. Nefa hoy Izy: Tsy hahaioa ny trosan’ ny mpanota ny ain’ ny anjely iray. Izay namorona ny olona ihany no afaka manao izany. Mandritra ny fotoana voafetra, noho ny fahafatesana izay tsy maintsy hiaretany, dia hidina ho ambani- nareo ny Zanaka.7 Hitafy ny toetran’ olombelona Izy ka tsy hanana herin-tsaina toa anareo. Koa homba Azy ianareo, hampahery Azy, hanamaivana ny fijaliany. Ary rehefa izany, dia halefany ianareo ‘hanao fanompoana ho an’ izay handova famonjena’7. Toy izany koa no hiarovanareo ny vahoaky ny fanjakan’ Andriamanitra mba tsy ho resin’ ny herin’ ny anjely ratsy sy ny fahamaizinana izay ikendren’ i Satana hanaronana azy. [1471]

Rehefa manatrika ny fanevatevana sy ny fialan’ ain’ ny Tompo- nareo ianareo, dia halaim-panahy ianareo noho ny alahelonareo sy ny fahatezeranaieo, mba hanaisotra Azy tsy ho faty eo an-tanan’ ny mpamono Azy. Tsy havela hisakana na inona na inona anefa ianareo. Ny hetraketraka sy ny fanesoana hataon’ ny olombelona dia efa natao hò isan’ ny planan’ ny famonjena. Mba hahatonga Azy ho Mpamonjy, dia tsy maintsy hanaiky mialoha hiaritra izany rehetra izany ny Tomponareo. [1471]

Amin’ ny alalan’ ny fahafatesan’ ny Mpanavotra anefa no hana- votany olona maro sy handevonany ny herin’ ny fahafatesana. Halainy indray eo am-pelatanan’ i Satana izay naharesy ny olona ny fanjakana ka hatolony ho lovan’ ny voavotra mandrakizay. Ho levonina ny ota sy ny mpanota mba tsy ho afaka hanimba intsony na ny fiadanana eny ambonin’ ny tany, na ny fiadanana etý an-danitra. Koa dia mangataka anareo Aho, hoy indray Izy teo am-pamaranana ny teniny, mba hiombona handray anjara amin’

izany plana efa neken’ ny Raiko izany, ka hifaly noho ny hahazoana mampihavana ny olona amin’ Andriamanitra indray amin’ ny alalan’ ny fahafatesana. [1471]

Ny fieritreretany ny voninahitra sy ny fitaliana ho hita any amin' ny tany vaovao dia hanamaivana ny aiahelo sy ny fijaliana izay hiteraka fahafatesana ho an' Ilay Andrianan' ny fiainana. Rehefa re izany, dia nisy fifalian-dehibe tany an-danitra aiy nanakoako eran' ny kianjan ny lanitra ny feom-piderana, dia ireo hiram-piderana re nanakoako teo an-tamponkavoanan' i Betlehema: 'Voninahitra am amin' ny avo indrindra ho an' Andriamanitra ! ary fiadanana ho etý ambonin' ny tany amin' ny olona ankasitrahany'8. Nanoatra noho ny tamin' ny namoronana izao tontolo izao ny fihetseham-po raha: 'Niara-mhira ny kintan' ny maraina, ary nihoby avokoa ireo zanak' Andriamanitra'9. [1481]

Ny vaovao voalohany momba ny planan' ny famonjena ren' i Adama dia voafono tao amin' ilay teny notononina ho an' i Satana hoe: ' Dia hampifandrafesiko hianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotoro ny lohanao, ary hianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony". Nitahiry fampanantenana ho an' ireo razambentsika ny fandrenesany izany didim-pitsarana izany. Na dia milaza ady hifanaovan' ny olona sy ny devoly aza izany, dia miliza koa ny ho faharesen' ilay fahavalo makadiry amin' ny farany. Toy ny olo-meloka mijoro manoloana ny mpitsara azy, dia toy izany koa Adama sy Eva. nihaino ny didim-pitsarana izay tsy manameloka azy fotsiny ho amin' ny asa mafy ihany, fa ho amin' ny fiverenana ho vovoky ny tany koa indray. Tamin' izany koa anefa no nandre- nesany ireo teny namelom-panantenana azy fa na dia tsy maintsy miaritra ny herin ilay fahavalo lehibe aza izy, dia hahazo ihany ny fandresena farany. [1481]

Nony tantatr i Satana fa hisy fifandratesana aminy sy ny vehi- vavy, amin ny taranany sy ny tarana-dRavehivavy, dia takany fa ho voasakana ny asa ratsy kendreny hamelezana-ny olombelona, satria hanohira ny tamelezany izy. Kanefa, rehefa nahare ny filaza- lazana ny amin ny planan ny famonjena i Satana dia nifaly noho ny amin ny Zanak Andriamanitra voatery hiala avy eo amin' ny seza fiandrianany mba hitafy ny toetran' olombelona, noho ny fahalavoan' i Adama. Noho izany fahombiazany voalohany izany, dia nandoka tena izy ary nilaza hanao izay rehetra azony hatao mba tsy hahatanteraka ny fanavotana ny olombelona. [1481]

Nisy anjely nanazava bebe kokoa ny planan' ny famonjena tamin' ireo razambentsika voalohany. Fa hoy izy taminy: 'Na dia teo aza ny fahotana lehibe vitanareo, matokia fa tsy havela horoti- drotehin' ny herin' ny fahavalo tsy akory ianareo. Ny Zanak' Andriamanitra dia efa nanolotra ny ainy mba hanafaka ny helokareo. Noho ny fotoana vaovao omena anareo hizahan-toetra ny fankatoavanareo an' Andriamanitra sy ny finoanareo ny Mpanavotra, dia mety ho tonga zanak' Andriamanitra indray ianareo '. [1491]

Nampiseho tamin' i Adama sy Eva ny fahamasinan' ny Lalàn' Andriamanitra ny fanatitra tsy maintsy hatao noho ny nandikan' izy ireo izany. Tsy mbola nibaribary taminy hoatra ny tamin' izay ny tena haratsin' ny fahotana sy ny vokatra mahatsiravina aterak' izany. Nokekerin' ny nenina sy torovan' aiahelo tokoa ny fony ka nitalaho tamin' Andriamanitra izy mba hiaro ny Zanani-lahy izay foto- pifalian' izy ireo ny fitiavany, ary mba hampihatra ny famaizana amin' ny tenan' izy mivady sy amin' ny taranany. [1491]

Ny didin' i Jehovah, hoy ny teny navaly azy ireo. no fototra iorenan' ny fanjakany, na any an-danitra izany na etý an-tany. Ny manova azy, na dia ny anankiray monja aza, mba hifandrindra amin' ny fahavoazanareo, dia tsy azo atao mihitsy. Tsy izany ihany, fa tsy azo ekena ho fanavotana anareo ny ain' ny anjely. Fa ny Zanak' Andriamanitra ihany, dia Ilay namorona ny olona, Izy irery no afaka hanao izany. Fa raha niteraka fijaliana sy fahafatesana ny fahalavoan' i Adama, ny fanolorantenan' Ilay Zanaka malala kosa dia hitondra fiainana sy tsy fahafatesana. [1491]

Teo amin' ny fahadiovanareo dia afaka niresaka tamin' Ilay Mpanao anareo ianareo. Fa nony efa nosarahin' ny ota taminy kosa ianareo, dia ny fahafatesan' ny Zanaka ihany no afaka hanototra ny lavaka nampisaraka anareo taminy sy hamoha lalam-baovao indray hampitohy ny lanitra sy ny tany. Izany no fomba hitondra famonjena sy fifaliana ho an' ny olona. Ny fifaneraseranareo tamin' Ilay Mpamorona anareo izay tapaka ankehitriny, dia hitohy indray amin' ny alalan' ny Zanaka sy amin' ny alalan' ny anjely. [1491]

Tsy ny olombelona ihany tsy akory no latsaka teo ambanin' ny herin' i Satana ka tokony hovonjena, fa ny tany koa. 'Fa izay maha- resy ny olona dia mahandevo azy'10. Natolotra an' i Ádama ny fanapahana ny tany rehetra. Nefa rehefa nanaiky ho resin' ny fakam- panahy izy, dia lasan-ko babo ary ny fanjakany dia azon' ilay mpandresy. Toy izany no nahatonga an' i Satana ho 'andriamanitr' izao tontolo izao'11 Raha nanaiky handoa ny onitra noho ny ota ny Mpamonjy. dia tsy ny olona hany no havotany amin izany fa ny tany izay efa nielezan ny fal otana koa. Izay rehetra verm ilav Adama voalohany. dia voavonjin' Ilay Adama faharoa kosa. 'Ary hianao ry tilikambon ny andiany, tendrombohitr i Ziona zanaka vavy hoy ny mipaminany, 'ammao no ho tonga izany, eny, ho tonga ny fanapahana voalohany". Ny apostoly Paoly koa dia efa nilaza 'ny fanavotana ny olona izay nalainy ho an ny tenany, ho fiderana ny voninahiny'12. [1491]

Namorona ny tany Andriamanitra mba ho fonenan' ny olona masina sy sambatra 'Andriamanitra ...namorona ny tany sy nahavita azy ... Tsy ho tany tsy misy endrika tsy akory no namo- ronany azy, fa nataony honenana'13 Ho tratra izany fetra izany rehefa voadion ny herin' Andriamanitra indray ny tany ka tsy hisy pentimpentin ny ota intsony, fa hanjary fonenan' ny voavotra mandrakizay indray 'Ny marina handova ny tany ka honina eo aminy mandrakizay". 'Ary tsy hisy ozona intsony; ary' ny seza fiandrianan Andriamanitra sy ny Zanak' ondry ho eo aminy; ary ny mpanompony... hahita ny tavany '14. [1501]

Dia toy izany no nanehoan' Andriamanitra izay zava-baventy hische eo amin' ny fiainan' ny zanak' olombelona hatramin' ny Safo-drano ka hatramin' ny fahatongavan' ny Zanany etý an-tany. Dia mbola nandre teny toy izao indray izy ireo: Na dia ampy haha- vonjy izao tontolo izao aza ny fanoloran-tena nataon' ny Mpamonjy, dia mbola ho maro ihany ny olona hankamamy kokoa ny fiainana fena ota noho ny liainana feno fankatoavana. Hitombo hatrany hateraky isaky ny taranaka mifandimby ny faharatsiana, ary ny loza hateraky ny fahotana dia hihamitambesatra mafimafy kokoa hatrany amin ny olona sy ny biby Hanafohy ny androny noho ny faha- ratsiany ny olona; hihamihena na ny tsanganany, na ny tanjany. eny na dia ny

herin-tsaina amam-panahiny aza. Hovesaram-pahoriana samy hafa ny tany ary noho ny faneken' ny olona hanaraka izay fironan ny sainy dia tsy hahatakatra akory ny votoatin' ny planan' ny famonjena izy Na dia izany aza anefa, dia tsy hivadika amin' ny fikasany ny zanak Andriamanitra ; hanolo-tena hó fialofana ho an' ny maleny sy ny reraka Izy. Hanome ny ilain' izay manatona Azy amin' ny finoana Izy. Noho izany no tsy hahalany taranaka ny olo-marina mpanompon' Andriamanitra, mitana ny fahalalana Azy etý ambonin' ny tany. Hijoro tsy hanan-tsiny eo afovoan' ny faharatsian' ny besinimaro izy ireny. [1501]

Nanangana ny fomba amam-panao momba ny fanatitra Andriamanitra mba hampahatsiarovany ny olona mandrakariva ny otany sy mba hahazoany mampiseho ny finoany Ilav Mpanavotra izay ho avy. Ny biby voalohany nataon' i Adama fanatitra dia nampalahelo azy fatratra. Tsy maintsy namono izany tamin' ny tanany izy ka nanaisotra ny aina izay Andriamanitra irery no afaka hanome izany. Izany no voalohany nahitany ny fahafatesana izay tsy ho niseho na oviana na oviana raha tsy noho ny ratsy nataony. Ny fahalatsahan' ny ran' ilay biby tsy manan-tsiny dia nampihoron-koditra azy noho ny fieritreretany fa ny fahotany dia handatsaka koa ny ran' ny Zanak' ondrin' Andriamanitra. Nahatsapany bebe kokoa sy lalindalina kokoa ny halehiben' ny fahotana izay vitany izany, izay tsy ho voavela mihitsy raha tsy amin' ny alalan' ny fahafatesan' Ilay Malalan' Andriamanitra sy Ilay akaikin' ny fony indrindra. Dia voahetsiketsika mafy ny fon' i Adama raha nahita ny hatsaram-panahy lehibe nasehon' ny Mpamonjy izay nanaiky hisolo voina ny mpanota: Kintam-panantenana no namirapiratra teo anatrehany hatramin' izay, ka nanazava ny ho avy izay toa feno haizina sy aiahelo tokoa ny fitazany azy. [1511]

Tsy ny famonjena ny olona ihany anefa no zava-kendren' ny planan' ny famonjena fa midadasika lavitra noho izany ; tsy ny hankatoavan' ny olona eto amin' ity planeta kely ity fotsiny ny lalàn' Andriamanitra no zava-tadiaviny, fa mba hampiharihariana koa eo anatrehan' izay rehetra ary ny tena toetran' Andriamanitra. Izany no tian' ny Mpamonjy holazaina raha nanambara izao teny izao Izy taloha kelin' ny nanomboana Azy tamin' ny hazo fijaliana: 'Tonga ankehitriny ny fitsarana izao tontolo izao; ankehitriny ny andrianan' izao tontolo izao no horoahina. Ary Izaho, raha asandratra hiala amin' ny tany, uia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy'5. Ny fahafatesan' ny Zanak' Andriamanitra dia nahatonga ny olona ho afaka handova ny lanitra indray sy nanamarina teo imason' izao tontolo izao ny toetra nasehon' Andriamanitra sy ny Zanany teo anatrehan' ny fikomian' i Satana. Ny fahafatesan' ny Zanak' Andriamanitra dia mampiseho miharihary koa ny faharetan' ny lalana ary ny toetra amam-paharatsian' ny fahotana. [1511]

Ny didin' Andriamanitra no fototr' ilay ady lehibe hatramin' ny voalohany. Satana dia nilaza fa tsy marina Andriamanitra ary tsy tsara ny didiny, ka tokony hamboarina sy hahitsy mba hitondra soa lio an' vao tontolo izao. Ny hanongana ny fahefan' Andriamanitra no nokendreny raha namelively ny didiny izy. Izay ho fandehan ny ady no hampiseho na diso sy meloka tokoa ny fitsipiky ny Tompo, na marina sy tsy miova. [1521]

Rehefa nazera avy tany an-danitra i Satana, dia nanapa-kevitra izy fa hanao ny tany ho fanjakany. Raha resiko Adama sy E\a, hoy izy dia ho tonga eo ambanin' ny "fahefako ny tany izay nomena azy. Ary satria tsy azo avela heloka ny ota, dia ho tonga oloko izy sy ny taranany. ka ho ahy ny tany rehetra. Resin' ny fanoloran' Andriamanitra ny Zanany izay mitovy Aminy ho avotry ny ota, ny planan' i Satana ary izany no nahazoan' ny olona hihavana amin' ny Tompony indray sy hiditra any am-Paradisa. Ary mba hahatonga ny tany ho afaka eo ambanin' ny fahefan' ilay mpisandoka, dia tsy maintsy vitaina eo amin' ny tany izay heverin' ny fahavalo fa efa azy mihitsy ilay ady izay efa niseho tany an-danitra. [1521]

Talanjona izao rehetra ary izao raha nahalala fa ny Zanak' Andria- manitra dia hanolo-tena ho sorona hanavotra ny olombelona. Ilay efa namakivaky ny habakabaky ny lanitra, ka nitety ny kintana ary nikarakara ny soa ho an' ny tsirairay avy. dia efa nanaiky handao ny vonmahiny ka hitafy nofo, ho tonga olombelona. Nahatonga fisainana lalina teo amin' ireo mponina tsy nanota any amin' ny tany hafa izany fikasana saro-pantarina izany. Ka nony tonga tetý an-tany tokoa Jesosy Kristy, dia nanara-maso Azy hatrany hatrany teo amin ilay lalana voapentin-dra izay niafara teo amin' ny hazo fijaliana izy rehetra. Reny ny eso sy ny teny ratsy rehetra nahazo Azy vokatry ny famporisihan' ny devoly. Nanara-maso ny fandehan' ny ady izy: dia hitany eo an-daniny ny fahavalo izay mandrakotra haizina sy ny tisaonana ary fahafatesana ny olombelona ;eto an-kilany kosa. tazany ny Mpamonjy manosika mafy amin' ny heriny rehetra izany onja ratsy rehetra izany. Dia nihamafy ny ady nifanaovan' ny tsara sy ny ratsy. Ary rehefa ho faty ka nanao hoe 'Vita" Ilay nihombo teo amin' ny hazo fijaliana, dia nisy feom-pandresena nanakoako tany an-danitra rehetra sy teny amin' ny planeta hafa rehetra. Nifarana izao ilay ady lehibe niantomboka efa taonjato maro taloha. Naharesy nv Zanak' Andriamanitra; tamin' ny alalan' ny fahafatesany no nahazoana namaly ilay fanontaniana hoe: Moa ny Ray sy ny Zanaka va hana- porofo ny fitiavany fatratra ny olona ka hanaiky hanao fanatitra ? Voavaly izao izany fanontaniana izany ary i Satana dia naseho araka ny toetrany maha-mpandainga sy mpamono olona azy. Ny fomba fitondrany ny olona izay resiny no nahazoana nitsara ny toetra izay ho nasehony raha afaka nanapaka ny tany an-danitra izy. Izany no nahatonga izao tontolo izao niray feo ka nankalaza ny fanjakan' Andriamanitra. [1521]

Raha azo novana ny didin' Andriamanitra dia nety ho vita tsy tamin' ny alalan' ny fahafatesana tany Kalvary ny famonjena ny olona. Ny nanoloran' ny Zanak' Andriamanitra ny ainy ho fanavotana ny olona no porofo fa tsy afaka hilefitra ny lalàna eo anatrehan' ny mpanota. Koa dia naseho fa ' fahafatesana no tambin' ny ota", ary ny fahafatesan' i Kristy dia nanisy tombo-kase izay ho anjaran' i Satana. [1531]

Raha foana teo amin' ny hazo fijaliana ny lalàn' Andriamanitra, araka ny fihevitry ny sasany azy, dia tsy ho nahavita na inona na inona afa-tsy ny fanomezan-drariny an' i Satana ny fijalian' i Kristy, ary izany dia hahatonga ilay lehiben' ny ratsy handresy sy hahomby eo amin' ny fiampangany ny fanjakan' Andriamanitra ho tsy tsara. Tsy izany anefa no izy, fa ny naneken' i Jesosy Kristy handoa ny tambin' ny ota dia manamarina, amin' ny fomba mazava tsara, fa tsy azo atao ny manova ny lalàn' Andriamanitra. Fa ny Tompo dia marina sy be

famindrampo sy vonona hanao ny sorona ilaina rehetra mba hanavotana ny olombelona ; ary eo ambany fanapahany, izay sady misy famelan-keloka no misy fahamarinana koa, dia misy firin- drana tanteraka. [1531]

Toko 4 - Kaina sy Abela

Samy hafa ny toetran' izy mirahalahy zanak' i Adama. Abela dia nanana toetra tia vavaka. Tsaroany fa feno fahamarinana sy famindrampo ny fitondran' Andriamanitra ny olona mpanota, koa dia nandray tamim-pisaorana lehibe ny fampanantenana ny fanavotana ho azy.izy. Kaina kosa dia nitahiry erit reri-dratsy tao am-pony. Nimonomonona mandrakariva izy noho ny nanozonan' Andriamanitra ny tany sy ny taranak' olombelona sy noho ny fahotan' i Adama. Ilay toe-tsaina nahatonga ny fahaverezan' i Satana dia navelany hanjaka tao aminy koa, koa dia nisalasala ny amin' ny faharnarinana sy ny fahefan' Andriamanitra izy. Nantsoina baneho ny fanekeny sy ny fanomezany voninahitra ny tenin' Andriamanitra izy mirahalahy toy izay efa natao tamin' i Adama sy Eva koa. Fantany ny fepetra rehetra ilaina momba ny famonjena, ary nazava tsara taminy ny fomba amam-panao nomen' Andriamanitra momba ny fanatitra. Nekeny fa raha manaraka tsara izay voalaza izy dia ham pise ho amin' izany fomba izany ny finoany an' Ilay Mpanavotra ho avy sy ny tsy fahazoany famelan-keloka raha tsy amin' ny alalany irery ihany ; izany no fanekena ny sitrapon' Andriamanitra. Niharihary taminy koa fa mba ho mari-pisaorana ny Tompo, dia tokony hanolotra ho Azy ny voaloham-bokatra azony avy amin' ny tany izy. [1551]

Dia nanao alitara iray avy izy mirahalahy ary samy nitondra ny fanatitra izay efa nomaniny. Ary Abela nitondra zanak' ondry avy tamin' ny andian' ondriny araka ny baikon' Andriamanitra. 'Ary Jehovah nankasitraka an' i Abela mbamin' ny fanatiny '1. Dia nisy afo nilatsaka avy tany an-danitra ka nandevona ny fanatiny. Na dia teo aza ny torohevitra samihafa izay nazava sy hentitra tsara, dia tsv mba zanak' ondry kosa no nentm' i Kaina la ny vokatry ny laniny koaa tsy nisy famantarana avy any an-danitra nampiseho fa nankasitrahana ny fanatiny. Rehefa niangavian' i Abela izy mba hanao araka izay voalaza, dia nikiribiby ihany izy hanao araka izay tiany Noheveriny fa noho ny maha-zoky azy. dia tsy tokony handray izay torohevitra avy amin' ny rahalahiny izy ; koa dia nataony tsinontsinona izany. [1551]

Raha nanatona an' Andriamanitra i Kaina, dia feno fimono- mononana ny molony ary ny tony nisy tsy finoana ny fanavotana nampanantenaina. Tsy nisy mariky ny fiaiken-keloka ny fanatiny. Nanao toy ny ankamaroan' ny olona amin' izao androntsika izao izy. ka nihevitra fa mariky ny fahalemena ny manaraka fatratra ny torohevitr' Andriamanitra sy ny manantena hahazo famonjena avy amin' Ilay Mpamonjy izay ho avy. Tapa-kevitra i Kaina fa noho ny fahafahana ananany sy noho ny fahamendrehany, dia ny vokatry ny asany ihany no entiny ho fanatitra fa tsy zanak' ondry halatsa- dia Noheveriny tamin' izany fa hahazo ny fankasitralran' Andria- manitra izy Marina fa nankatò ihany tokoa izy ka nanao ny alitarany sy nitondra fanatitra, kanefa, tsy feno izany fankatoavany izany ; tsy tao ny tena votoatiny, dia ny fiaikeny fa mila Mpanavotra ny tenany. [1561]

Nitovy saranga izy mirahalahy raha ny momba ny fitaizam- panahy no heverina. Amin' ny maha-mpanota azy, dia samy nanaiky izy fa tokony hanompo an' Andriamanitra sy hanaja

Azy. Raha ny hita maso sy teo amin' ny lafin-javatra sasany, dia toa nitovy ny fivavahana narahiny. Ny tao anatin' ny fony kosa anefa, dia tena samy hafa. [1561]

'Finoana no nanateran' i Abela ho an' Andriamanitra fanatitra tsara noho ny an i Kaina'2. Nazava tamin' i Abela ny fotokevitra lehibe momba ny tanavotana. Nahatsiaro ny tenany ho mpanota izy k.i naliatsinjo ny lahamelohany sy ny fahafatesana izay tambin' izany nampisaraka azy tamin' Andriamanitra. Raha nitondra fanatitra alatsa-dra izy dia nanaiky ho diso tamin' ny lalàn' Andriamanitra: ka nahita tamin' ny alalan' ilay ra nalatsaka, ny fanavotana hatolotr' Ilay Mpamonjy ho faty hisolo azy. Izany no sady nahazoany fanka-sitrahana no nandraisany faharnarinana. [1561]

Tsy didy jadona tsy akory no nahavoa an' 1 Kaina. Afaka nanaiky ny faharnarinana toa an' i Abela izy. Fahadisoan-kevitra ny mino fa ny anankiray tamin' izy mirahalahy dia natokanaho amin' ny famonjena fa ny anankiray ho amin' ny fahaverezana. Abela dia nifidy ny finoana sy ny fankatoavana, fa i Kaina kosa dia nanaiky ny fisala- salana sy ny fandavana. Izany no nahatonga azy mirahalahy ho samy hafa. [1571]

Mampiseho antokon' olona roa izay ho hita hatramin' ny faran' izao tontolo izao i Kaina sy Abela. Ny olona sasany dia hanaiky ny fanatitra efa nomena ny olona mba hahazoany fanavotana sy mba hahafahany amin' ny fahotany, fa ny sasany kosa dia matoky ny fahamendrehan' ny tenany ihany, ka mitondra fanatitra tsy ahazoam- pamelana izay tsy manan-kery hampihavana ny olona amin' Andriamanitra. Hadinon' izy ireny mantsy fa ny fahamendrehan' i Jesosy Kristy irery ihany no hany afaka hanome antsika ny famelan-keloka. Diso hevitra toa an' i Kaina izy rehetra, manantena hahazo sitraka avy amin' ny Tsitoha amin' ny alalan' ny asa tsara ataony, ka tsy mahatsiaro velively ny filàny ny Zanak' ondrin' Andriamanitra. Hitoetra mandrakariva eo ambanin' ny fanamelohana hatrany izy ambara-pandraisany ilay ra manadio. [1571]

Maro amin' ny olona no manao toa an' i Kaina. Ny fivavah'ana diso rehetra dia saika manorina ny fototry ny fanompoam-pivavahany eo amin' ny fahamarinan" ny tenany ihany. Misy aza ankehitriny sahy miiaza fa tsy mila fanavotana ny olona fa fanatsarana ihany; ary azony atao, hoy izy, ny mivoatra, ny misondrotra, ny manavao ny tenany sy ny fiainany. Hita eo amin' ny tantaran' i Kaina ny vokatr' izany hevitra izany. Tsia, tsy afaka hanavao tena ny olombelona. Manana fironana amin' ny ratsy izy fa tsy ho amin' ny tsara. Jesosy irery no hany fanantenantsika. 'Fa tsy misy anarana hafa ambanin' ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena', satria 'tsy misy famonjena amin' ny hafa'3. [1571]

Miseho eo amin' ny fanekena izay rehetra tadiavin' Andriamanitra ny finoana marina, dia ilay finoana miantehitra tanteraka amin' ny Mpanavotra. Hatramin' ny andron' i Adama ka mandrak' ankehitriny dia misy ady lehibe momba ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra. Nandritra ny taonjato rehetra nifandimby dia nisy olona nitady ny fankasitrahan' Andriamanitra, nefa nanakimpy ny masony tsy hijery ny didiny. Ny asa, hoy ny Soratra Masina, no mahatonga ny finoana ho tanteraka ; raha tsy misy fankatoavana, dia 'maty nv

finoana'4. Izay milaza fa tia an' Andriamanitra 'nefa tsy mitandrina ny didiny. dia mpandainga, ary ny marina tsy ao anatiny [1571]

Rehefa hitan' i kaina fa nolavina ny fanatiny, dia tezitra tamin Andriamanitra sy tamin i Abela izy: tamin Andriamanitra, satria tsy nanaiky izay nentiny ho solon ny lanatitra voatendry Izy, ary tamin' i Abela koa. satria. nifidy ny hankatò an' Andriamanitra izy fa tsy nanaraka azy teo amin' ny tsy fankatoavany. [1581]

Tsy navelan' Andriamanitra ho irery aneta i Kaina na dia izany a/a no toetrany, fa niezaka ny hampieritreritra azy Izy: 'Fa hoy Jehovah tamin' i Kaina: Nahoana no tezitra hianao ? Ary nahoana no manjombona ny tarehinao ?'6 Dia hoy indray Izy: 'Raha tsara toetra hianao, moa tsy ho miramirana va ? Fa raha tsy tsara toetra kosa hianao, dia mamitsaka eo am-baravarana ny ova ; ary hianao no kendien' ny famriany. kanefa hianao no tokony hanapaka azy'6. Nasaina nifidy i Kaina na hanaiky ny fahamendrehan' Ilay Mpamonjy ,zy ka hahazo ny fankasitrahan' Andriamanitra na hikiribiby eo amin' ny tsy finoana sy ny tsy fankatoavana ihany ; raha izany no tiany, dia hilaozan' Andriamanitra izy ary tsy manana antony tokony haha- velon-taraina azy intsony. [1581]

Tsy mba niaiky ny fahotany ilay lahimatoan' i Adama fa nimonomonona kosa; sady niampanga an' Andriamanitra ho tsy marina izy no nialona ny rahalahiny. Lian' ady izy ka nifanditra tamin' ilay zandriny ny amin' ny fitondran' Andriamanitra azy toalahy. ramim-pahatsorana, nefa tamin' ny saina tsy azo nohozon- gozonina no naneken' i Abela ny fahamarinana sy ny hatsaram- panahin Ilay Mpamorona; niezaka fatratra izy ny hampino an' i Kama fa diso ny heviny. Nampahatsiahiviny azy ny fitiavana nasehon' Andriamanitra tamin izy mivady, lay aman-dreniny, dia ny namin- drany fo taminy na dia tokony ho faty teo no ho teo aza izy. Tsy izany ihany fa mbola hatolony indray ny Zanani-lahy Tokana, Ilay tsy manan-tsiny, hiaritia ny famaizana izay tokony ho nianjady tamin':zy ireo Vao mainka nampirehitra ny hatezeran' i Kaina izany rehetra izany na dia neken' ny eritreriny aza fa marina ny tenin-jandriny Tezitra mafy anefa izy satria ilay zatra mpihaino azy izao no mitsangan-kanohitra ny teniny sy tsy momba azy. Romotra tokoa izy ka nikapoka nahafaty ny rahalahiny. [1581]

Tsy noho ny fahadisoana vitan' i Abela no nankahalan' i Kaina sy namonoany azy. 'Ratsy ny asany fa ny an' ny rahalahiny kosa tsara", ary izany no nahatezitra azy. Dia toy izany hatrany hatrany. hatramin' ny taonjato maro nifandimby, ny ratsy fanahy dia nankahala ireo tsara kokoa noho izy. Faniniana tsy an-kijanona ho an' ilay mpamono olona ny Fiainam-pankatoavana sy ny toetra mahatoky feno fanajana nananan' i Abela. 'Iz.ay rehetra manao ratsy dia mankahaia ny mazava sady tsy manatona ny mazava, fandrao hita miharihary ny asany'7. 'Izay rehetra te-ho velona amin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra izay ao amin' i Kristy Jesosy dia henjehina'8. [1591]

Ny fahafatesan' i Abela no ohatra voalohany indrindra niseho ny amin' ilay fifandrafiana nolazain' Andriamanitra fa hiseho eo amin' ny tarana-dRavehivavy sy ny taranaky ny menarana ; izany hoe eo amin' i Jesosy Kristy sy ny mpianany sy eo amin' i Satana sy ny

olona. Nanazioga ny olombelona tamin' ny alalan' ny fahotana i Satana ; Kristy kosa nanome ny olona ny fomba hahazoany mana- paka izany zioga izany. Isaka ny misy olona mandao ny asan' ny ratsy noho ny finoany Hay Zanak' ondrin' Andriamanitra, dia mirehitra aminy ny fahatezeran' i Satana. Ny fiainana masina nananan' i Abela dia nampiseho mihanjahanja ny fahadisoan' ny hevitra nihamboan' ilay fahavalo izay nilaza fa tsy afaka hitandrina ny didin' Andriamanitra ny olona. Netsehin' ny fanahin' ilay ratsy i Kama rehefa hitany fa tsy afaka haharesy lahatra ny zandriny izy. ary satria nirehitra mafy loatra ny fahatezerany dia nokapohiny ho faty izy. Na aiza na aiza no misy olona sahy mankatò ny didin' Andriamanitra dia henjehina mafy toy izany koa izy. Izany toe-tsaina sy fihetsika nanjaka hatramin' ny ela izany, dia nanangana toeram- pamonoana sy nampirehitra afo handoroana ny mpianatr' i Jesosy Kristy. Satana sy ny miaramilany no loharano ipoiran' izany faha- siahana izany. Fahatezeran' olon-dresy ihany anefa ny fahatezeran' i Satana, satria ny maritioran' i Jesosy Kristy tsirairay avy dia mpandresy avokoa. 'Ary izy ireo naharesy azy (naharesy ilay menarana ela, izay atao hoe devoly sy Satana) noho ny amin' ny ran' ny Zanak' ondry sy ny teny filazana Azy, ary tsy nankamamy ny ainy intsony izy, na dia ho faty aza'9. [1591]

Nofotorana ny amin' ny heloka bevava nataony ilay mpamono olona. 'Ary hoy Jehovah tamin' i Kaina: Aiza Abela rahalahinao ? Fa hoy izy: Asa; moa mpitandrina ny rahalahiko va aho?'10 Latsaka lalina loatra tao amin' ny honahonan' ny fahotana i kana ka tsy tsaroany intsony ny fahalehibeazana sy ny fahalalan Andriamanitra ny zavatra rehetra. Nampiasa lainga izy mba hanafenany ny heloka bevava nataony. [1591]

Dia hoy indray Andriamanitra taminy: 'Inona no nataonao ? Ny feon' ny ran' ny rahalahinao mitaraina amiko avy amin' ny tany'. Nomen' Andriamanitra fotoana hiaikeny ny fahotany i Kaina, satria efa nanam-potoana hieritreretana izy ; fantany ny halehiben ny heloka vitany sy ny lainga izay nataony hanafenana izany. Tsy niala tao aminy anefa ilay toe-tsaina mpimonomonona ka tsy ela dia nambara taminy ny famaizana hihatra. Ilay feo izay niantso azy tamim-pitiavan-dehibe izao no hilaza aminy ny didim-pitsarana mahatahotra. 'Ary ankehitriny, dia voaozona hianao hiala amin' ny tany onenana izay nivava hitelina ny ran ny rahalahinao nalatsaky ny tànanao. Raha miasa ny tany hianao, tsy mba hahavokatra ho anao intsony izy ; ho mpanjenjena sy mpirenireny eny ambonin' ny tany hianao'10. [1601]

Na dia fahafatesana aza no mendrika ho nahatra tamin' i Kaina, dia mbola nomen' Ilay Mpahary be indrafo fotoana hiovany ihany izy. Nefa vao mainka nihamafy hatoka izy ka nanetsika fikomiana tamin' Andriamanitra sy tonga lehiben' ny taranaka mpanota sy tsy laitra anarina. Noho ny famporisihan' i Satana, dia tonga fammbana ny olona tokoa ny toetra sy ny toro-marika nasehon' ilay mpivadika ary nampitatra ny iaharatsiana sy ny fanaovana an-keriny tokoa ka tsy maintsy ho tonga ny fandringanana izao tontolo izao. [1601]

Lesona lehibe no tian' Andriamanitra haseho tamin' izao rehetra ary izao raha nitahiry ny ain' i Kaina tsy ho faty Izy, dia lesona momba ny ady itanaovan ny tsara sy ny ratsy. Ny tantara mampa- lahelo milaza an i Kaina sy ny taranany dia ohatra mampiseho izay ho nitranga raha navelan' Andriamanitra hanohy ny fikomiany mandritra ny mandrakizay ny mpanota. Vao

mainka koa mampi- tombo ny fireharehan ny ratsy fanahy ny famindrampon’ Andriamanitra. Dimanjato sy arivo taona tatý aorian’ ny fanozonana an’ i Kama, rehefa rakotry ny loto sy ny famonoana sàmy hafa ny tany, dia tamin izay vao takatr izao tontolo izao ny vokatry ny oha-dratsy nomen’ ilay mpamono olona voalohany indrindra Koa nihanhary fa rariny sy feno indrafo ny didim-pitsarana mitaky ny fahafatesana ho an ny taranak’ olombelona. Hita mantsy fa arakàraka ny maha ela velona ny olona, dia arakarak’ izany koa no mahatonga azy ho mpirehareha sy ho mpiavonavona. Koa dia fitahiana fa tsy loza tsy akory ilay didy nanapaka ny fizotry ny fahotana mihoa- pampana ka nanaisotra teto an-tany ireo olona mafy fo. [1601]

Nanara-maso fatratra ny fandehan-javatra teto amin’ ity tanin- tsika ity ireo mponina samy hafa any amin’ ny planeta hafa. Nihari- hary tamin’ izy ireo tamin’ ny alalan’ ny zava-niseho teto an-tany izay ho vokatry ny fanapahana nataon’ i Losifera tany an-danitra, dia i Losifera ilay nitsipaka ny fahefan’ Andriamanitra sy nanao tsinontsinona ny didiny. Ireo taranaka mpanao meloka, tsy manan- kenatra intsony, dia ohatra lehibe nampiseho tamin’ izy ireo izay ho fiafaran’ ny olona eo ambanin’ ny fanapahan’ ilay mpikomy. [1611]

‘Izay fisainana rehetra avy amin’ ny fony dia ratsy ihany mandritra ny andro’11. Nifanohitra tamin’ ny foto-kevitry ny faha- diovana sy ny fiadanana ary ny fitiavana avy amin’ Andriamanitra ny tsirairay avy tamin’ ny fitepon’ ny fo sy ny fandehan’ ny eritre- ritr’ ireo olona ireo. Izany no vokatry ny hevi-dratsin’ i Satana izay nihambo hanaisotra ny zavaboarin’ Andriamanitra tsy ho eo ambanin’ ny didiny. [1611]

Entanin’ ny zotompo mirehitra tokoa i Satana ka miasa tsy an-kijanona. Amin’ ny alalan’ ny fitaka samy hafa no iezahany hitenenan-dratsy ny fanjakan’ Andriamanitra sy ny toetrany. Amin’ ny alalan’ ny tetika lehibe tsara paika sy amin’ ny alalan’ ny herim-po mihoapampana no ikendreny ny taranak’ olombelona ho voahazona ao amin’ ny haraton’ ny famitahany. Ilay Tompon’ ny fahendrena rehetra anefa, izay mahalala ny farany hatramin’ ny voalohany, dia nanomana fomba izay sady hahalevona ny fikomiana no haneho miharihary koa eo anatrehan’ izao rehetra ary izao ny tena toetran’ ilay ratsy. [1611]

Hamarinin’ Andriamanitra amin’ ny alalan’ ireo toe-javatra atrangan’ ilay ady goavam-be ny foto-kevitra sy ny fitsipiky ny fanjakany izay notsiratsirain’ i Satana sy ny tariny. Indray andro any dia samy hankalaza ny fahamarinany na ny tsara fanahy na ratsy fanahy ; ho diso aoriana loatra anefa izany fankalazan’ ny ratsy fanahy Azy izany. [1611]

Arakaraka ny fivelaran’ ny vava-ady eo amin’ ny tany fiadiana, arakaraka ny fahantomoron’ ny farany, dia arakaraka izany koa no handraisan’ Andriamanitra ny fitiavana sy ny fankasitrahan’ ny tany sy ny lanitra rehetra. Tsy ho foana izany fitiavana sy fankasitrahana izanv eo amin’ ilay fotoana farany handevonana ny fikomiana lehibe narehitr- i Satana. Dia hiharihary amin’ izay fa nanohitra an’ i Jesosy Kristy avokoa izay rehetra nanao tsinontsinona ny didin’ i Jehovah sy niandany tamin’ i Satana. Noho izany, rehefa tsaraina ny andria- nan’ izao fiainan’ izao. ka hiara-handray anjara aminy ny mpanaraka azy rehetra. dia hanandratra ny

feony amin' ny maha-vavolombelona azy izao rehetra ary izao ka hanao hoe: 'Mahitsy sy marina ny làlanao. ry Mpanjaka mandrakizay '12. [1621]

Seta sy Enoka

Ary Adama dia niteraka ny zanany lahy fahatelo izay mpandova ny teny fikasan' Andriamanitra momba ny fizokiana ara-panahy. Ny anarany dia natao hoe Seta, izany hoe, raha adika 'solo", 'mpa- ndimby satria ' Andriamanitra. hoy Eva, efa nanome ahy zanaka anankiray koa ho solon' i Abela, satria novonoin' i Kaina izy'1. Miendrik' andriana kokoa noho i Kaina sy Abela i Seta ary nanam- pitoviana be dia be tamin' i Adama rainy noho iretsy rahalahiny. Teo amin' ny ara-panahy dia ny lalana efa nomban' i Abela ihany no nizorany ; izany akory tsy milaza fa nandova toetra tsara kokoa noho i Kaina izy. 'Tamin' ny andro namoronan' Andriamanitra ny olona", hoy ny voalaza, 'dia tahaka ny tarehin' Andriamanitra no nanaovany azy". Tatý aorian' ny fahalavoana, dia izao indray no voasoratra momba an' i Seta: 'Ary Adàma dia niteraka tahaka ny tarehiny. araka ny endriny'2. Adama dia noforonina araka ny endrik' Andriamanitra, tsy nanana ota, fa i Seta kosa dia nandova. toa an' i Kama, ny toetra simba nananan' ny ray aman-dreniny Fa rehefa nahalala ny momba ny Mpanavotra sy ny sitrapon' Ilay Andriamanitra marina sy masina izy, dia naniry indrindra, eo ambanin' ny fahasoavan' ny Tompo, ny hanaja sy hanompo Azy, hampianatra ny mpanota ny lalana marina, dia toy izay nety ho nataon' i Abela raha mbola velona teo ihany izy. [1631]

'Ary Seta koa niteraka zazalahy ; ary ny anarany nataony hoe Enosy. Tamin' izany no vao niantsoana ny anaran' i Jehovah'. Talohan' izany fotoana izany, dia efa nanompo an' Andriamanitra ny mpino: nefa, arakaraka ny hamaroan' ny zanak' i Adama dia toa arakarak' izany koa no nampiharihary ny fahasamihafana hita teo amin' ireo mpandà an' Andriamanitra sy ireo tia Azy. Raha nampiseho niharihary ny fitiavam-bavaka ananany iieo izay natahotra an" i Jehovah, ry zareo mpanohitra kosa dia nampihanjahanja ny tsy fankatoavany sy ny fanaovany tsinontsinona ny fivavahana. [1631]

Ireo razambentsika, na talohan' ny nahalavoany izany, na tatý aorian' ny nandroahana azy tao am-Paradisa, dia nanaja sy nitandrina tsara ny andro fitsaharana izay naorina hatrany Edena. Tatý aoriana, rehefa nahatsiaro ny ngidin' ny tsy fankatoavana izy ireo, dia naha- tsapa toy ireo izay nanitsakitsaka ny didin' Andriamanitra, fa masina sy tsy miova ny didin' i Jehovah, ary na ho ela na ho haingana, dia tsy maintsy hihatra ny famaliana. Ny taranak' i Adama rehetra izay nijoro ho mahatoky, dia nanaja hatrany hatrany ny andro fitsaharana. l a i Kama sy ny taranany kosa, rehefa nanao tsinontsinona ny andro izay nitsaharan' Andriamanitra, dia nifidy, araka ny sitrapony, ny andro hiasany sy hitsaharany. [1641]

Ary i Kaina taty aorian' ny fanozonana nahazo azy dia nandeha nankany amin' ny toerana lavitra ny rainy ka namboly. Nanorina tanàna iray izy. izay nampitoridrainy ny anaran-janany lahimatoa. Rehefa nandà ny teny fikasana momba ny hanavaozana indray ny Paradisa izy, ka tsy nikatsaka afa-tsy ny harena mandalo sy ny faha- finaretana eo amin' ny fahotana, dia tohga rain' ireo marobe izay tsy manompo afa-tsy ny andriamanitr' izao tontolo izao ihany. Ny

taranany, na dia nalaza teo amin' ny taozavatra sy ny asan-tanana aza, dia tsy nanampahamendrehana kosa teo amin' ny ara-panahy, sady nanohitra mandrakariva ny planan' Andriamanitra momba ny olombelona. Ny vonoan' olona vitan' i Kaina dia nampian' i l.ameka taranany fahadimy fampirafesana. Lameka dia tsy nanan- kenatra sady nihevitra fa noho ny tsy namaliana an' i,Kaina, dia tsy hisy na inona na inona koa hanjo azy. Fa Abela kosa dia nanokan-tena ho amin' ny fiandrasan' ondry, nonina tan-day sy teny amin ny alokaloky ny hazo maitso. Ny terak i Seta izay nifidy asa toy izany koa, dia nanaiky 'fa mpiva- hiny'3 ihany etý ambonin' ny tany. ka nanantena ilay tany tsara lavitra, dia ny fonenana any an-danitra. Nandritra ny fotoana ela, dia tsy niray nomna ireo antoko roa ireo. Ary rehefa izany, ny taranak i Kama dia nihoatra ny faritany, ka nipariaka nameno ny tany lemaka sy ny saha nonenan' ny taranak' i Seta. Ary ny taranak' i Seta dia nihatakataka ka nonina tany ari-tendrombohitra mba hiala amin' ny ohatra ratsy nasehon' iretsy. Raha mbola naharitra izany fisarahana izany, dia nijoro ho mahatoky tamin' Andriamanitra sy ny fanompoana Azy izy ireo. Kanefa, tsikelikely dia nifangaro tamin' ny mponina teny an-tany lemaka izy ireo. Nitera-boka-dratsy izany firaisana izany. [1641]

'Dia hitan' ny zanak' Andriamanitra fa tsara tarehy ny zanaka- vavin' ny olona'4. Voasinton' ny hatsaran-tarehin' ny vehivavy teo amin' ny taranak' i Kaina ny taranak' i Seta, ka nanadino ny sitrapon' Andriamanitra ary nanambady ireny vehivavy ireny. Maro tamin' ireo mpanompon Andriamanitra no tsy nahatsiaro intsony ny maha vahoaka manokana azy. Tsy ny fomba amam-panaon' ireo niraisany ihany no azony, fa ny fomba fisainany amampieritreretany koa. Tsy nahoany intsony ny didy fahafito fa 'dia nifidy vady ho azy tamin' izy rehetra araka izay tiany izy". Dia nanaraka ny lalana nomban' i Kaina izy, ka niala tamin' ny didin' Andriamanitra sy nanolo-tena nitady harena sy fahafinaretana. Tsy mba nisaintsaina hitahiry ny fahalalana an' Andriamanitra izy, 'ka tonga zava-poana izy tamin' ny fisainany, ary tonga maizina ny fony donto'5. 'Dia araka izany kosa no nanoloran' Andriamanitra azy ho amin' ny fisainana tsy mahamendrika', ka dia nanerana ny tariy rehetra toy ny habokana mahafaty ny faharatsiana. [1651]

Nandritra ny arivo taona eo ho eo, raha nahita ny voka-dratsy samihafa nateraky ny tahadisoany Adama, dia niezaka mafy indrindra izy mba hanohitra ny rian-dranon' ny fahotana. Izy no voatendrin' Andriamanitra hampianatra ny taranany ny lalan' ny Tompo, ka tamim-pahatokiana tokoa no namerirnberenany tamin-janany sy tamin-jafiny ireo fanambarana avy any an-danitra. Hatramin' ny taranany fahasivy dia samy nandre avy tamin' ny vavany avokoa ny tanta- ran' ny fahamasinan' ny toetra nananan' ny olona tao am-Paradisa, ny fahalavoany, ny voka-dratsy mahatsiravina nateraky ny tsy fankatoavana sy ny famonjena nataon' Andriamanitra izay nitondra avotra ho an' ny olona. Indrisy anefa fa vitsy ireo nandray am-po tokoa ny tenin' i Adama, fa marobe kosa ireo izay naniny azy fatratra noho ny loza samihafa nateraky ny fahadisoany teo amin' ny taranany. [1651]

Ny fiainan' i Adama dia fiainana feno fibebahana sy fanetren- tena ary fangirifiriana. Nampihoron-koditra azy ny fisainana ny amin' ny fahafatesana rehefa nandao an' i Edena izy.

Kanjo indrisy, tsy maintsy nibanjina izany izy raha nahita an' i Abela maty novo- noin' i Kaina Nanenina fatratra izy raha nahita ny vokatry ny otany, ary lalina ny nahazo azy fa sady maty Abela no voaozona koa i Kaina. Mbola velona naharitra ela Adama ka nahita ny fahasimbana namely ny taranany izay nahatonga ny Safo-drano. Ny fahafatesana dia nampihorohoro azy mandrakariva. Nony afaka arivo taona latsaka kely eo ho eo anefa. rehefa feno aiahelo tokoa izy noho ny faha- ratsiana nateraky ny tsy fankatoavany, dia noraisiny ho toy ny vokatry ny hatsaram-panahy sy ny famindrampon' Ilay Mpahary azy ny fahafatesana [1661]

Na dia teo aza ny faharatsiam-panahy nananan' ireo mponina velona talohan' ny Safo-drano, dia tsy hoe fotoana tsy nisiam- pahalalana na fotoana nahadonto ny olona tsy akory izany fotoana izany. araka izay fiheveran' ny maro azy. Ny olona velona tamin' izay fotoana izay dia tafasondrotra avo teo amin" ny fahaizana amam- pahalalana. Na ny herin' ny tenany, na ny herin-tsainy ary ireo fomba nahazoany fahalalana ara-pivavahana sy ara-tsiansa, dia samy tsy nanan-tsahala. Fahadisoam-piheverana ny filazana fa noho izy ireo lava andro tokoa dia tsy mba mato-tsaina izy raha tsy efa atý aoriana ela. Nalaky nifoha ny saina aman' eritreriny ka tsy vitsy akory ireo izay tia vavaka no tsy nitsahatra nampitombo ny fahalalana amam- pahendrena nananany nandritra ny fiainany rehetra. Ireo manam- pahaizana malaza velona amin' izao androntsika izao, raha mifam- pitaha amin' ireo olona velona talohan' ny Safo-drano, dia tsinontsinona akory na eo amin' ny ara-tsaina izany na eo amin' ny ara- batana. Arakaraka ny nahafohy ny andro iainana sy nahakely ny herin' ny tena, dia arakarak' izany koa no nampihena ny herin- tsaina. Igagan' ny mpiara-belona aminy ankehitriny ny olona mandany fotoana lavabe — roapolo ka hatramin' ny dimampolo taona - eo amin' ny fiainany mba hikarohan-javatra anankiray. kanefa. inona moa izay fahalalana hitan' izy ireo raha mitaha amin' ny an' ireo mponina fahizay talohan' ny Safo-drano, izay velona naharitra anjato taona maromaro? [1661]

Ekentsika la ny fotoana ivelomantsika ankehitriny dia manana tombontsoa lehibe noho izy nandova ireo fahalalana samihafa nananan ireo taranaka mifandimby velona talohantsika. Ireo olona nalaza fahizay, izay samy efa nianatra, nandinika, nanoratra, dia nametraka ny asany ho lovantsika. Kanefa, mbola akory ny faha- mbonian' ireo taranaka velona tamin' ny taonjato voalohandohany. izay nanana nandritra ny taonjato maro, ilay iehilahy izay nataon' Andriamanitra araka ny endriny sy nolazainy fa 'tsara indrindra" sady nahafantatra ny zavatra rehetra momba izao fiainana izao ! Avy tamin' ny vavan' Andriamanitra mihitsy no nandrenesan' i Adama ny tantaran' ny famoronana. Hitany avokoa ny toe-javatra samihafa niseho tetý an-tany nandritra ny sivinjato taona mahery, ka dia afaka nahazo soa tamin' ny fahalalany ny taranany. Marina fa ny olona velona talohan' ny Safo-drano dia tsy mba nanana boky nianarana ; kanefa kosa, ny fahatsiarovany sy ny fitadidiany izay samy nahagaga tokoa toy ny fahatanjahany ara-batana ihany, dia nanampy azy ireo fatratra, tsy hahatsiaro fotsiny ny toe-javatra samihafa hitan' ny rnasony, fa hitantara izany koa amin' ny taranany mandimby azy amin' ny fomba tsy misy diso. Tsy izany ihany fa izy rehetra, nandritra ny sivinjato taona, dia samy afaka nifampila hevitra sy nifanampy. [1661]

Tsy nanam-paharoa ny fomba tsotra nananan' ny olona mba hahalalany an' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny zavaboary. Tsy fahamaizinana ara-panahy velively no nandrakotra ny tany fa faha- zavana lehibe kosa. Izay rehetra nanam-paniriana dia samy afaka nila hevitra tamin' i Adama avokoa. Jesosy sy ny anjely mihitsy no nampianatra ireo olona tia vavaka. Ny Paradisa, izay naharitra anjato taona maromaro tetý an-tany, no vavolombelona mangina nampiseho ny faharnarinana. Teo am-bavahadin' io saha mahafinaritra io, vava- hady nambenan' ny anjely kerobima roa nanjelanjelatry ny voninahitra, no nivorian' ireo izay natahotra an' Andriamanitra. Teo ihany koa no nanorenan' izy ireo alitara sy nanaterany ny fanatiny. Ary mbola teo ihany koa no nitondran'' i Kaina sy Abela ny sorony sy niresahan' Andriamanitra taminy. Raha mbola tazan' ny masony teo ihany izany saha mahafinaritra izany, izay nambenan' ny anjely roa namirapiratra, dia tsy azon' ireo tsy mpino natao ny handà ny nisian' i Edena. Ny filaminana hita teo amin' ny zavaboary, ny anton' ny nisian' ny Paradisa, ny tantaran' ireo hazo roa, tantara izay mifamahofaho fatratra amin' ny tantaran' ny zanak' olombelona, dia samy toe-javatra tsy azo lavina. Raha mbola velona teo ihany koa Adama dia tsy nisy nisalasalana na ny momba ny didin' Andriamanitra izay tsy maintsy tandremana, na ny momba ny fisian' Andriamanitra sy ny fahefany. [1671]

Nisy taranaka voaova noho ny firaisany tamin ny lanitra, ka nanana fiainana masina sy madio; nifanohitra indrindra tamin ny fahasimbana hita teo amin' ny besinimaro izany toetrany izany. Adidy lehibe sy ambony no nomena hefain' ireo mpanompon' Andriamanitra mahatoky ireo, izay nanana herin-tsaina lehibe sy tahaizana ambony. Izany adidy izany dia tsy inona fa ny hisehoan izy ireo ho vavolombelon' ny fahamarinana sy ho ohatra eo amin ny fitondrantena sy ny fitiavam-bavaka. tsy teo anatrehan ny mpiara- belona taminy ihany, fa eo anatrehan' ny taranaka mifandimby rehetra koa. Na dia ny sasantsasany ihany tamin' ireo nalaza indrindra taminy aza no voalazan' ny Soratra Masina, dia tsy tapaka mihitsy ny fìsian' ireny solontenan' Andriamanitra ireny teto an-tany. [1681]

Enoka no anankiray tamin' ireo mpanompon' Andriamanitra izay nitahiry ny finoana marina sady isan" izay niavian' ny taranaka nampanantenaina. Voalaza fa rehefa dimy amby enim-polo taona izy, dia niteraka zazalahy ary 'niara-nandeha tamin' Andriamanitra nandritra ny telonjato taona". Hatramin' ny voalohany dia tia an' Andriamanitra izy ary nitandrina ny didiny. Reny avy tamin' ny vavan' i Adama ny tantara mampalahelo vokatry ny fahalavoana sy ny teny fikasana feno fahasoavana mamelombelona, ka dia nametraka ny fitokiany teo amin' ilay Mpanavotra nampanantenaina izy Rehefa nanan-janaka izy dia vao mainka koa nazava taminy ny adidiny sy ny andraikiny. Ny fitiavana sy ny fitokiana nasehon' ny zanany, ny fikarakarana sy ny fitsimbinana lalandava vokatry ny fitiavana nasehon' izy ray tamin' ilay sombinainy, dia nahatsapany tsaratsara kokoa hatrany ny fitiavana mahagaga, tsy hita lany, tsy takatry ny saina nasehon' Andriamanitra tamin' ny nanomezany ny Zanany, ary koa ny fahatokiana azon' ny marina apetraka amin' Ilay Ray be fitiavana. Nanjary antom-pieritreretana lehibe ho azy andro aman alina ka nahatonga azy ho apostoly mafana fo teo amin ny manodidina azy izany fahafantarany ny hatsaram-panahin' Andriamanitra izany. [1681]

Teo amin' i Enoka, ny hoe 'miara-rnandeha amin' Andriamanitra", dia tsy tibanjinana na fijerena amim-pahafinaretana fotsiny an Andi iamanitra, ta tanatanterahana amim-pahatokiana isan' andro ny adidy sy ny andraikitra rehetra eo amin' ny fiainana. Tsy mba nitoka-monina izy fa nahatsiaro kosa hanefa asa teo amin' ny mpiara- belona taminy. Na taiza na taiza nisv azy, na teo amin' ny fiana- kaviany, na teo amin ny toeran-kata, teo amin' ny vadiny, teo amin ny zanany, teo amin ny sakaizany, teo amin' ny mpifanolobodirindriria taminy, dia nivelona ho mpanompon' Andriamanitra mandrakariva izy. [1681]

Naharitra telonjato taona izany firaisana sy fiarahana masina tamin' Andriamanitra izany. Ho vitsy ny kristiana izay tsy bo voahetsika hitondra tena tsara lavitra raha mahafantatra fa andro na herinandro vitsivitsy sisa no hivelomany. Teo amin' i Enoka kosa anefa, dia nitombo hatrany hatrany ny finoany sy ny hafanam-pony arakaraka ny fahalasanan' ny fotoana. [1691]

Na dia teo aza ny fahalalana ambony sy mafy orina nananany, na dia teo aza ny fahaizana amam-pahendrena azony, dia nanana toetra feno fanetren-tena lehibe indrindra i Enoka ; noho ny firaisany tamin' ny lanitra izay nahazoany fanambarana manokana no naha- tonga izany toetrany izany. Fa arakaraka ny nahatsapany ny faha- lehibeazana sy ny fahatanterahan' Andriamanitra no nahafantarany koa ny fahalemen' ny tenany sy ny kilema mpahazo azy. [1691]

Noho ny fahatahorany fa sao dia mampihena ny hafanam-pony ny fahitana lava ny toetra ratsy nanjaka teo amin' ny mpiara-belona taminy, dia nitokana matetika izy ka nandany fotoana lavabe hieri- treretana sy hivavahana, mba hahatonga azy hahalala bebe kokoa sy tsaratsara kokoa hatrany ny sitrapon" Andriamanitra. Ny fiva- vahana, araka ny heviny, dia fiainan' ny fanahy izay mahatonga azy hanana ny toetran' ny any an-danitra mihitsy. [1691]

Nomen' Andriamanitra saina mazava hahatakatra ny planan' ny famonjena tamin' ny alalan' ny anjely izy ; nambarany azy ny fikasany hanimba ny tany tamin' ny alalan' ny Safo-drano, ary nasehony azy koa izay ho tantaran' ny taranaka mandimby velona ao aorian' izany loza izany sy ny zava-makadiry manambara ny fiverenan' i Jesosy Kristy sy ny fahataperan' izao tontolo izao. [1691]

Nahasanganehana an' i Enoka ny momba ny maty. Tsy nahatsinjo na inona na inona ho an' ny marina any an-koatran' ny fasana izy, ka dia nalahelo noho ny fiheverany fa samy hiverina ho vovo-tany avokoa na ny tsara fanahy na ny ratsy fanahy. Tamin' ny fahitana no nahitany, tsy ny fahafatesan' ny Mpamonjy ihany, fa ny five- renany amim-boninahitra koa, miaraka amin' ny anjeliny rehetra mba hanafaka ny olona amin' ny herin' ny fahafatesana sy handrin-gana ny ratsy fanahy amin' ny afo. Tsinjony koa fa eo amin' ny fotoana hisian' izany fiverenana izany, ny ho velona etýan-tany dia taranaka mpiavonavona, mpiteny ratsy, mpamadika, mpandà an' Andriamanitra marina sady tokana, mpanao tsinontsinona ny didiny ary mpanosi-bohon-tanana ny Zanany sy ny avotra natolony [1691]

'Mpitoritenin' ny fahamarinana' i Enoka ka nilaza ny fanam- barany tamin' ny manodidina azy. Izay rehetra tia an Andriamanitra dia nanatona izany lehilahy masina izany avokoa, mba

hahazo soa amin' ny torohevitra nomeny sy ny fivavahana nataony. Ny toriteniny anefa dia tsy nataony ho an' ny taranak' i Seta fotsiny fa ho an' izay rehetra ta-handre izany koa. Hatramin' ireo toerana izay nokasain' i Kainj handosirana ny fanatrehan Andriamanitra aza, dia samy nitorian' ilay mpaminanin' i Jehovah ny zava-dehibe mahats.ravina tazany tamin' ny fahitana: 'Indro, tonga Jehovah mbamin' ny masiny tsy omby alinalina hitsara ny olona rehetra sy hampiaiky ny olona ratsy fanahy rehetra ny asan' ny haratsiam-panahy rehetra. izay nataony tamin' ny haratsiam-panahiny'6. [1701]

Nanameloka niharihary ny faharatsiana tsy tamin-tahotra i Enoka Sady nitory ny fitiavan' Andriamanitra izy no nananatra indrindra ny mpiara-belona taminy mba hiala amin' ny faharatsiany ; nambarany azy ny momba ny fitsarana izay efa hamely ny ratsy fanahy. Tsy tenim-pitiavana na fitalahoana fotsiny no nampiseho ny sain' i Kristy izay tao aminy fa nihoatra noho izany. Ny tena olon Andriamanitra mantsy dia tsy afa-po fotsiny amin' ny teny milantolanto sy mirindra tsara, fa ao am-pony sy eo am-bavany dia asian' Andriamanitra fahamarinana mirehitra sy maranitra toy ny sabatra. Ny herin' Andriamanitra izay niasa tamin' ny alalan' ny mpanompony dia nanetsiketsika izay nandre azy. Nisy ihany izay nanaraka ny fananarana ka nandao ny hadalany, fa ny besinimaro kosa dia nanosi-bohon-tanana ny teny ary vao mainka koa nivari- lavò tamin' ny ratsy. [1701]

Amin ny andro farany dia hatatra toy izany koa, hafatra izay horaisin ny maro amin ny fisalasalana sy fanesoana, no tokony hotorin ny mpanompon Andriamanitra ka hanakoako manerana ny tany I ahaka ny tsy nandraisan' ireo mponina velona talohan' ny Safo-drano ny tenin' ilay lehilahy izay 'niara-nandeha tamin' Andria- manitra'. dia ho toy izany ihany koa ro handavan' ny taranaka farany ny hafatra alefan' ny lanitra. [1701]

Tsy nanao tsirambina ny firaisana tamin Andriamanitra i Enoka na dia teo afovoan' izany asany be dia be izany aza. Arakaraka ny havesatry ny adidy izay niantsorohany, dia arakaraka izany ihany koa no nivavahany matetika kokoa tamim-po mafana. Rehefa avy nanao asa famonjem-panahy izy, dia nitokana lavitra ny vahoaka, mba hikatsaka ny fahalalana an' Andriamanitra izay nampangetaheta sy nahanoana azy fatratra. Taorian' ireny fotoana niraisany tamin' Andriamanitra ireny. dia nanjeianjelatry ny fahazavan' i Jesosy ny tarehiny ; rehefa tafaverina indray teo afovoan' ny olona izy. na dia ny ratsy fanahy aza, dia nijery azy tamim-panajana niharo tahotra. [1701]

lsan-taona isan-taona dia nihanitombo hatrany hatrany ny faha- ratsian' ny olona, ary ny raho-maintin' ny fahatezeran' Andriamanitra dia nihanitatao hatrany hatrany koa teo ambomny. Na dia izany aza dia mbola tsy nitsahatra nananatra, nitalaho, ary niangavy ilay vavo- lombelon' ny finoana ; sady niezaka hanohitra ny onjan' ny faha- ratsiana izy no nanao izay tsy hahatongavan' ny famaizana koa. Feno mitafotafo anefa ny kapoaky ny faharatsiana. ka dia navoaka ny didim-pitsarana milaza fandringanana. Nataon' ireo taranaka simba sady ratsy fanahy tsinontsinona i Enoka, ary rehefa tsy nitsahatra niady tamin' ny faharatsiana mihoampampana izy, nony farany dia nakarina ho any an-danitra, any amin' ilay toerana tsy misy ota sy feno fifaliana mandrakizay. [1711]

Ireo mpiara-belona taminy dia naneso azy noho izy tsy niraika tamin’ ny haren’ ny tany ; ny harena mandrakizay mantsy no name- trahany ny fitiavany ; nitazana ny Mpanjaka tany Ziona sy teo afovoan’ ny voninahiny izy. Na ny eritreriny, na ny fony, na ny resany dia samy momba ny lanitra avokoa. ‘Sambatra ny madio am-po fa izy no hahita an’ Andriamanitra’7. Nandritra ny telonjato taona i Enoka, dia niara-nandeha tamin’ Andriamanitra sy nivelona teo am-baravaran’ ilay fonenana mandrakizay. Izany no nahatonga ny lanitra hisokatra tampoka ka namela azy hiditra, dia izy izay santatry ny mponin’ ny tany. [1711]

Nanaitra fatratra ny olona ny tsy nahateo intsony an’ i Enoka. Nalahelo ny feony izay nananatra lalandava sy nanambara isan’ andro ny hafatry ny lanitra izy. Maro tamin’ ny tsara fanahy sy ny ratsy fanahy no nahalala ny fahalasanany. Ireo izay tia azy dia nihevitra fa lasa any amin’ ny anankiray amin’ ireo toerana fitokanany izy, ka nandeha nizaha azy tany, toy ny nizahan’ ny zanaky ny mpaminany an’ i Elia tatý aoriana. Niverina izy ireo ary nanambara fa ‘ Andriamanitra efa nandray azy ’. [1711]

Mitahiry lesona lehibe ny namindrana toerana an i Enoka. Ny loza samihafa nateraky ny otan’ i Adama dia nety niteraka faha- kiviana. Maro ny olona no te-hilaza hoe. ‘Inona no soa azontsika eo amin’ ny fanarahana an Andriamanitra, raha mbola tsy maintsy hiharan-doza izao tontolo izao ary isika tsy maintsy ho faty ?” Ny hafatra nomena an’ i Adama anefa sy naverina tamin i Seta ary niveloman’ i Enoka. dia nampisava izany tsy finoana izany, ka namelombelona koa ny fanantenan’ ny mpino. Fa toy ny nidiran’ ny fahafatesana tamin’ ny alalan’ i Adama, no hanomezana kosa nv fiainana sv ny tsy fahafatesana amin’ ny alalan Ilay Mpanavotra nampanantenaina. Nafafin’ i Satana.tao am-pon ny olona mantsy ny fiheverana ,fa tsy hisy valisoa ho an’ ny tsara fanahy, sady tsy hisv koa famaizana ho an’ ny ratsy fanahy; tsy izany ihany fa niezaka izy hampino fa tsy ho vita na oviana na oviana ny hanaraka izay tadiavin’ Andriamanitra. Tamin’ ny alalan’ i Enoka no nilazan’ Andriamanitra fa ‘misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy ’8 Nasehony fa na dia eo anivon’ ny faharatsiana aza, dia azo atao ihany ny hankatò ny didiny sy tsy ho lavo eo amin’ ny fakam- panahy Ny ohatra nomen’ ilay patriarka dia nampiseho miharihary ny hasarobidin’ ny fiainana madio; ny namindrana azy ho any an-danitra dia manaporofo ny fahamarinan’ ny faminaniany izay manambara vaiisoa mandrakizay ho an’ ny marina, fa fanamelohana sy hcnalra ary fahafatesana mandrakizay kosa ho an’ ny tsy mpankatò. [1721]

Finoana no namindrana an’ i Enoka tsy hiharan’ ny fahafa- tesana ta talohan’ ny namindrana azy dia nambara fa nanka- sitrahan’ Andriamanitra izy ’9. Tsy sitrak’ Andriamanitra raha tratran’ ny fahafatesana ny olona izay mivelona akaiky dia akaiky ny lanitra toy izany. Ny toe-panahy nananan’ ilay mpaminany dia mampiseho izay tsy maintsy ho fahamasinan’ ireo izay ho velona eo amin’ ny fotoana hisehoan i Jesosy Kristy fanindroany, ka havotana hiala amin’ ny tany.10 Fotoana feno faharatsiana izany fotoana izany, fa ho tov ny tamin’ ny andron’ ny Safo-drano, dia hiala amin’ ny fana- pahan ny lanitra koa ny olona ka hanaraka ny danin’ ny kibony sy ny fampianarana mamitaka atolotry ny filozofia. Tokony hitory ny fihavian’ ny Tompo sy ny famaizana hanjo ny mpiodina toy izay efa nataon’ i Enoka

ny vahoakan Andriamanitra izay tsy maintsy hiavaka amin ny fananana fiainana tsy misy kilema. Ary toy ny namindrana an i Enoka talohan' ny nandravana ny tany tamin' ny Safo-drano, dia ho toy izany koa no hamindrana ny marina alohan' ny handravana izao tontolo izao amin' ny afo. 'Tsy hodi-mandry avokoa isika rehetra, fa vetivety, toy ny indray mipi-maso, rehefa maneno ny trompetra farany, dia hovana isika rehetra". 'Fa ny tenan' ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin' ny fiantsoana sy ny feon' ny arikanjely ary ny trompetran' Andriamanitra', 'fa hotsofina ny trompetra ary ny maty hatsangana tsy ho lo intsony ary isika hovana '. 'Izay maty ao amin' i Kristy no hitsangana aloha, ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin' ny rahona hitsena ny Tompo any amin' ny habakabaka; dia ho any amin' ny Tompo mandra- kariva isika '11. [1721]

Toko 5 - Ny Safo-drano

Ozona roa sosona vokatry ny fahotan' i Adama sy ny vonoan' olona nataon' i Kaina no nitambesatra tamin' ny tany tamin' ny andron' i Noa. Na izany aza anefa, dia tsy mbola niova ny endriky ny tany. Na dia tao aza ireo famantarana samihafa nampiseho faha- sim'oana, dia mbola nirakitra ny hareny sy ny hatsaran-tarehiny voalohany ihany ny zavaboary. Hazo makadiry, mirijarija mahafinaritra, iantsapazan' ny sampam-boaloboka no nandrakotra ny havoana. Ahi-maitso ravahan' ny voninkazo arivo soratra, feno hanitra, no nameno ny tany lemaka sy ny lohasaha. Hazo fihinam-boa samihafa no indray namoa saika tsy an-kijanoria. Ny hazo ala dia nihoatra lavitra, na tamin' ny hatsaran-tarehy na tamin' ny halehi- beazana, noho izay hazo kanto indrindra hita ankehitriny. Mafy toy ny vato ka mila tsy ho voakapa mihitsy ny atin' izy ireny. Ny volamena, ny volafotsy, ny vatosoa, ny hazo sarobidy, dia samy be dia be tokoa. [1751]

Mbola natanjaka sy feno hery ny olona tamin' izay, na dia somary latsaka sy nihena noho ilay heriny tamin' ny voalohany aza. Vao taranaka vitsy foana no nifandimbindimby tetý ambonin' ny tany hatramin' ny fotoana nihinanan' i Adama ny voan' ilay hazo mahela velona, ka dia mbola naharitra an-jato taonany maro ny fiainan' ny olona. Raha ireo taranaka velona sy naharitra an-jato taona maro ireo mantsy no nanokana ny herin' ny tenany sy ny herin' ny sainy ho an' ny raharahan' Andriamanitra, dia ho feno ny voninahitr' Ilay Mpamorona ny tany rehetra. Tsy izany velively anefa no niseho. Ireo olona marobe, vaventy sy ranjanana, namirapiratra tamin ny fahendrena sy tamin' ny asa vaventy sy mahatalanjona nataony, dia nalaza koa tamin' ny faharatsiam-pitondrantena. Ny talenta sarobidy natolotr' Andriamanitra ireo olona velona talohan ny Safo-drano, dia nampiasainy ho voninahitry ny tenany ihany. Nanjary ozona ireny fitahiana ireny, rehefa nampiasaina ho amin ny fitiavan- tena. sady tsy nisy firaharahana Ilay Mpanome. Ny volamena sy ny volafotsy mbamin' ny vatosoa sy ny hazo sarobidy nananany dia nentiny nanaovana lapa tsara tarehy izay nokendreny hanoatra noho ny an' ny namany. Nampanjakainy ny fiavonavonana. Feno lalao sy fanaovan-dratsy ny fiainany, ary rehefa tsy niraharaha an Andriamanitra izy dia nanjary tsy nino ny fisiany. Ny zavaboary indrav no nivavahany fa tsy Iiay Mpamorona intsony. Nomeny voninahitra ny halalinan-tsain' olombelona, ary nankalazainy ny asan- ny tanany ; nampianariny hiankohoka teo anatrehan' ny sarin- javatra voasokitra ny ankizy. [1751]

Teny amin' ny ahi-maitso sy teny am-pototry ny hazo makadiry, na teny ambanin' ny hazo maitso ravina lalandava, no nanorenany alitaran-tsampy ho an' Andriamanitra sandoka. Zaridaina inaha- finaritra vakivakin' ny arabe malalaka. misy hazo mamoa eny amin' ny sisiny avy, no nanodidina ireny toerana ireny. Sary vongana mbamin' izay mety mahafinaritra ny maso no hita oinbieny ombieny. Izany rehetra izany dia nahafa-po ny filàn' ny nofo sy nitarika ho amin' ny fanompoan-tsampy. [1761]

Rehefa nanaisotra izay rehetra momba an' Andriamanitra tao an-tsainy ny olona, dia tsy nisaina afa-tsy ny zavatry ny ta,ny. Nivavaka tamin-javatra vokatry ny eritreriny izy. 'Ho tahaka azy (ny sampy) izay manao azy sy izay rehetra matoky azy", hoy ny mpanao Salamo.1 Nihánitovy endrika tamin' izay zavatra nojeren' ny masony izy: tsy mety ho tafasondrotra, ambonimbony kokoa noho ny fiheverany ny atao hoe hatsaran-toeira ny olona. Nampidina ny idealiny ho ambany izy rehefa nihevitra ny andriamani-tsy izy ho anton' ny ratsy sy ny filàn' olombelona. [1761]

' Aiy hitan i Jehovah fa be ny faharatsian' ny olona tambonin' ny tany, ka izay fisainana rehetra avy amin' ny fony dia ratsy ihany mandritra ny andro ... Ary simba ny tany teo anatrehan' Andria- manitra sadv heni-doza'2, Nodikaina ny lalàna nomen' Andria- manitra ho an ny olona ho fitsipi-pitondrantena; natao avokoa izay ratsy longa tao an-tsaina. Voahitsakitsaka ny fahamarinana fa medinedina avo tijery kosa ny ota. Tafapaka hatrany an-danitra ny feo fitarainan' ny nampahoriana. Teo afovoan' izany fahasimban' ny besinimaro izany, indreo kosa 1 Metosela sy Noa, niezaka hitahiry ny fahalalana an' Andriamanitra marina ary nanao izay tsy hitaran' ny ratsy, nefa toa very maina ny herim-pony. [1761]

Nanao izay nifanohitra tamin' ny fitsipik' Andriamanitra hatramin' ny voalohany ny olona, ka tsy ela dia nitranga ny fampi- rafesana. Fantatra miharihary ny sitrapon' Andriamanitra: vehivavy iray ihany no nomeny ho vadin' i Adama. Taoriana kelin' ny faha- lavoana anefa, dia nampanaram-po ny filàny ny olona ; fijaliana sy fahavetavetana no vokatr' izany. Tsy nisy voahaja na ny hasin' ny fanambadiana na ny zon' ny tsirairay avy. Izay nitsiriritra ny vady na ny fananan' ny namany, dia naka izany an-keriny, ka nirehareha ery tamin' ny hadalana vitany. Natao ho fifaliana ny mamono biby sy mihinana ny nofony. Dia nihanasiaka sy lian-dra hatrany hatrany ny olona. ka nanjary zavatra tsy nampiraika azy mihitsy ny nanda- tsaka ny ain' ny namany. Mbola teo amin' ny fahazazany ihany anefa ny tany tamin' izay, saingy noho ny ota sy ny ratsy nieli- patrana sy latsa-paka loatra, dia tsy nahazaka izany intsony ny lanitra [1771]

'Dia hoy Jehovah: haringako tsy hisy ambonin' ny tany ny olona izay noforoniko'3. Tsy hifandahatra mandrakariva amin' ny taranaka efa simba ny Fanahiko. Raha tsy mijanona amin' ny fandotoana ny tany.sy ny fanimbana ny harena napetraka eny tontolo eny izy, dia haringako avokoa na biby na olona ; hosimbako ny zava-maniry sy ny hanina rehetra efa nangonin' ny olona. Hoso- loako faharavana sy tahasimbana ny hakanton'-ny zavaboary. [1771]

Roapolo amby zato taona talohan' ny Safo-drano, dia nampa- halalain' Andriamanitra an' i Noa tamin' ny alalan' ny anjely iray ny fikasany hanimba ny tany. Koa dia nasainy nanao sambo-fiara izy. Mandritra izany fotoana izany, hoy ilay anjely tamin' i Noa, dia hilaza amin' izao tontolo izao ianao fa handefa Safo-drano Andriamanitra handringanana ny ratsy fanahy. Holazainao azy fa izay rehetra manaiky ny hafatra entinao, ka miova amin' ny fanaony, dia hahazo famelan-keloka, ka ho voaro amin' ny loza. Izany hafatra nomena an' i Noa izany dia efa natolotra koa an' i Enoka sy ny fianakaviany. Metosela sy ny zanany, izay niara-belona

tamin' i Noa, dia samy nandre izany avokoa ka nanampy tamin' ny fanaovana ny sambo-fiara. [1771]

Andriamanitra mihitsy no nanome an i Noa ny tena refin ny sambo-fiara. Natorony azy koa ny momba ny fikarakarana hatramin ny zava-madinika indrindra. Tsy ampy hisaina hanao raharaha maka- diry sy mafy toy izany ny sain olombelona. Noa no nandrafitra ny sambo-fiara, fa Andriamanitra mihitsy no mpità-mariky ny fanaovana azy. Mba hahazoany misononoka eny ambonin ny rano, dia natao toy ny vatan-tsambo ny vatany; ny sisa rehetra dia mibikabikan-trano. Telo ny rihana ary varavarana tokana no teo amin' ny rindriny. Teo amin' ny rihana ambony no nidiran ny lahazavana avy tamin' ny varavarana iray ; izany no nanazava ny tao anatin' ny sambo rehetra. Hazo gotera na kypreso no nentina nanaovana azy; hazo mafy sy mateza fatratra ireo. Sarotra sy niadana ny raharaha. Na dia nanana herin-tsandry mahatalanjona tokoa aza ny olona velona tamin' izany fotoana izany, ny havaventin' ny hazo sy ny hamafiny dia nilàna asa be lavitra sady mafy lavitra noho izay ilaina ankehitriny. Na izany aza anefa, dia tsy hahatohitra ny tafiotra lehibe izay hianjady amin' ny tany ny sambo-fiara, raha tsy Andriamanitra mihitsy no hiaro ny mpanompony. [1781]

'Finoana no nanamboaran' i Noa sambo-fiara hamonjena ny ankohonany, fa natahotra izy, rehefa notoroan' Andriamanitra hevitra ny amin' ny zavatra tsy mbola hita ; koa izany no naname- lohany izao tontolo izao sy nahatongavany ho mpandova ny faha- marinana araka ny finoana'4. Nanaporofo ny fahatsoran' i Noa sy ny fahamarinan' ny hafatra nentiny tamin' ny mpiara-belona tammy ny asany. Vavolombelon' ny finoany ny figaonan' ny famaky nampiasainy. Nampiseho ohatra tamin' izao tontolo izao izy, momba ny fanarahana ara-bakiteny izay ambaran' Andriamanitra, ka dia narotsany nanaovaria ny sambo-fiara avokoa izay rehetra nananany. Vahoaka avy tamin' ny vazan-tany efatra no tonga hizaha ilay sambo lehibe naorina teny an-tampon-tanety, sy hihaino koa ny hafatra manaitra notorin' ilay mpitoriteny hafahafa. [1781]

Maro tamin ireo mpihaino an' i Noa ireo no voahetsiketsika sy nangorakoraka, ka nirotsaka nanampy azy. Tsy lalim-paka anefa ny fiovam-pony la tsy mbola nahatoy ny fahotany izy. Nozahana toetra ny finoany. ka naneho ny hakelin izary ny halavan' ny fotoana talohan' ny Safo-drano. Ary noho ny habetsahan' ny mpaniratsira, dia voasarika izy ireny hiverina indray teo amin' ny fomba nahazatra azy. Reheta nanosi-bohon-tanana ny tamindrampo sy ny hafatra nampi- eritreritra nentin i Noa izy ireny, dia tonga isan' ny nafana fo indrindra teo amin' ny laharan' ny mpanesoeso. Tsy misy lasa lavitra eo amin' ny fanaovan-dratsy toy ny olona efa nahita ny fahazavana. kanefa mandà ny antson' ny Fanahy Masina. [1781]

Tsy dia hoe mpanompo sampy hiringiriny tsy akory ny olona velona tamin' izany fotoana izany. Maro tamin' izy ireny no nihambo ho mpanompon' Andriamanitra, ka nilaza fa ny sampy izay tehiriziny, dia tsy inona tsy akory fa fanehoana ihany Ilay Mpamorona ; izany hoy izy dia mba hahazoana mahatakatra bebe kokoa ny momba an' Andriamanitra. Toy izany no toetoetran' ireo voalohany nitsan- gan-ko fahavalon' i Noa sy nanohitra mafy ny toriteniny. Voajamban' ny sary izay nataony izy, ka tsy nahita intsony ny fahalehibeazan' Andriamanitra

sy ny heriny, mbamin' ny fahamasinana sy ny tsy fiovan' ny zavatra andidiany. Dia nihevitra ny ota ho tsy mampa- ninona intsony izy ary sahy nilaza aza fa efa lany andro ny didin' i Jehovah. Mifanohitra amin' ny toetran' Andriamanitra, hoy koa izy, ny mamaly ny mpanao ratsy, ka dia lavintsika ny hino fa hisy loza hamely ny tany. Raha mba nankatò ny lalàn' Andriamanitra mantsy ireo taranaka indray nihira tamin' i Noa, dia ho fantany fa avy amin' Andriamanitra ny hafatra nentin' ilay mpanompony. Fa riy hamafin' ny fony tsy handray ny fahazavana no nahatonga azy rehetra hihevitra an' i Noa ho mpisandoka sy mpanonofinofy fotsiny. [1791]

Koa dia tsy nisy vahoaka na olona marobe nomba ny faha- marinana. Niray hina hanohitra an' Andriamanitra sy ny didiny izao tontolo izao. Tamin' ny fotoana nakan' i Satana fanahy an' i Eva dia hoy izy taminy: 'Tsy ho faty tsy akory hianareo'5. Hevitra toy izany ihany koa no naverimberin' ireo olo-malaza sy noheverina ho hendry tamin' ny andron' i Noa: 'Mba hampahatahotra antsika fotsiny no anton' izao fandrahonana avy any an-danitra izao, fa tsy ho tanteraka akory izany. Koa aza taitaitra foana ianareo, fa tsy handringana ny tany izay efa namboariny na handevona ny olona izay efa noforoniny na oviana na oviana Andriamanitra. Aza misy matahotra; mandria fahizay ; Noa dia olona adala sy mafana fo foana tsy aman' antony". Dia nesoiny sy nataony fihomehezana ilay lahy antitra hafahafa. Tsy mba nanetry tena ny vahoaka, fa vao mainka koa nikiribiby tamin' ny fahotana sy ny tsy fankatoavana, dia toy ny tsy nandre na inona na inona iny tamin' ny alalan' ny mpanompon' Andriamanitra izy rehetra. [1791]

Noa kosa anefa dia niseho ho mafy toy ny vatolampy , tsy nihetsika teo afovoan' ny tafiodrivotra izy ; toetra matotra sy tsy azo nohozongozonina no nentiny nanohitra ny hehy sy ny eson ny vahoaka. [1801]

Nandritra ny roapolo amby zato taona, noho ny hery tsy azo tohaina nananany, vokatry ny firaisany tamin' Andriamanitra, dia tsy nitsahatra nilaza tamin' ny mpiara-belona taminy izy, ny amin ny fahantomoran' ireo toe-javatra hitranga izay toa tsy azo inoana mihitsy raha araka ny fihevitr' olombelona. Ny feony.dia akon ny feon'Ilay Tsitoha. [1801]

Ireo olona indray nihira taminy dia nanizingizina fa tsy mety hiova na oviana na oviana ny lalàn' ny zavaboary ; ary porofon' izany, hoy izy ireo, dia tonga ara-potoana ny fizaran-taona ; ao koa ny ony izay mivarina mandrakariva any an-dranomasina. Tsy nisy orana tamin' izany fotoana izany, fa ando sy zavona no nampa- havokatra ny tany. Nisy zava-dray loha hadinon' izy ireo anefa, fa ny firindrana mahafinaritra izay hita dia tsy avy amin' iza fa avy amin' Ilay niteny tamin' ny ranomasina hoe: 'Hatreto no azonao androsoana ka tsy hihoatra'6. [1801]

Rehefa lasalasa ihany ny taona ka tsy nisy fiovana hita maso teo amin' ny zavaboary, dia nanomboka ho tony ireo natahotra teo aloha. Nihevitra izy ireo, dia toy ny fihevitry ny maro koa ankehitriny, fa mahery kokoa noho Andriamanitra Izay nanao azy ny zavaboary: tsy hanova ny lalàna mafy izay napetrany Izy. Raha ohatra, hoy izy, ka marina ny faminanian' i Noa, dia hikorontana ity tanintsika ity, koa ny fara-heviny dia ny hampino ny olona fa

fandrebirebena fotsiny ny hafatra nentin' i Noa. Raha mba misy marina mantsy izany, hoy koa izy, dia tsy maintsy ho fantatr' ireo olo-manga sy olon-kendrintsika. Ary ho vavolombelon' ny fanaovany tsinontsinona ny filazana avy any an-danitra, dia lasa nanohy ny fiainany feno fety sy fanaranam-po izy ireo: Dia nihinana izy, nisptro, namboly ary nanao trano. Nanombo-draharaha mety hahitam-bokatra be atý aoriana izy. Ary mba hanehoany fa tsy manan-tahotra velively ny Avo Indrindra izy, dia mainka koa izy nihosinkosina tao amin' ny faharatsiana manoatra lavitra noho ny tamin' ny andro taloha rehetra. [1801]

Raha mba nanaiky ny hafatra nomena azy mantsy ireo olona velona talohan ny Sato-drano, ka nanova ny fiainany, dia ho nampiala ny fahatezerany taminy Andriamanitra, tahaka izay nataony tamin' i Ninive tatý aoriana. Indrisy anefa fa tsy izany no niseho, fa noho ny fikirizany tsy hanaraka ny feon' ny fieritreretany sy noho ny nandavany ny fitarainan' ilay mpaminanin' i Jehovah, dia feno nitafotafo ny kapoakan' ny faharatsiany, ka tsy maintsy nihatra taminy ny fandringanana. [1801]

Nifarana ny androm-pahasoavana. Efa nanaraka tsara ny toro- marika nomen' ny Tompo i Noa'. Efa vita ny sambo-fiara; efa nanomanana hanina ny olona sy ny biby hiditra ao anatiny. Dia nanao ny fitaomana farany azony natao ilay mpanompon' Andria-manitra. Tamin-kafanampo tsy hay lazaina no niantsoan' i Noa ireo mpiara-belona taminy hanaiky ny fialofana izay atolotra azy maimaimpoana. Mbola hehy sy eso ihany no navaly ny teniny. Kanjo vetivety foana dia kepoka izy rehetra. Indreny andiam-biby dia sy biby fiompy samy hafa karazana, nivoaka avy tany an' ala sy nitsontsorika avy teny amin' ny havoana; nilahatra tsimoramora nanatona ny sambo-fiara. Injany koa toa rivotra mahery mifofofofo. Inona àry no hiseho ? Andiam-borona marobe nameno ny lanitra, avy tamin' ny vazan-tany efatra, no nilahatra mahafinaritra sy tamy nanatona. Raha mbola nanohitra sy tsy niraharaha ny baikon' Andriamanitra ny olona, ny biby kosa niditra tao amin' ny sambo fiara, tsiroaroa araka ny karazany ary tsifitofito ny biby madio. Hagagana niharo tahotra no nahazo ny olona rehetra raha nahita izany. Nasaina nanazava ny anton' izao zava-mahagaga izao ny olon-kendry. Tsy nisy nahay nivaofy izany anefa izy na dia iray aza. Efa mafy fo loatra koa ny olona ka fihetseham-po kely foana no vokatr' izany toe-javatra manaitra izany. Ny masoandro dia mbola namirapiratra fatratra ihany tokoa ; ny tany koa mbola feno hatsaran-tarehy toy ny teo aloha ihany. Ka ho toy ny fihaikana sy fandodonana ny fahatezeran' Andriamanitra izay efa manantomotra, dia lasa niverina namonjy ny lalaony sy ny fanaony ratsy indray ny olona. [1811]

Izao baiko izao no ren' i Noa tamin' izay: 'Midira ao anatin' ny sambo-fiara hianao mbamin' ny ankohonanao rehetra, satria hianao no hitako fa marina eo anatrehako amin' izao olona miara-belona aminao izao'7. Na dia toa tsy misy antony teo amin' ny olon' izao tontolo izao az.a ny haiatra nentin' ilay patriarka, dia nahasoa ny fianakaviany kosa izany. Ny famonjena ny ankohonany no vokatry ny fahatokrany sy ny fahamarinany. Fampaherezana manao ahoana izany ho an' ny ray aman-dreny mahatoky ! [1811]

Dia nitsahatra ny famindrampo rehetra ho an' ilay taranaka meloka. Ny biby teny an-tsaha sy ny voro-manidina efa nahazo fialofana. Noa mianakavy koa eta tatiditra tao amin ny sambo-fiara. 'Dia narindrin' i Jehovah ny varavarana'. Indio nisy helatra nitsoriaka teny amin ny habakabaka ; rahona totsy mamirapiratra tsy hay jerena no nidina avy tany an-danitra, ka nihevaheva mano- loana ny varavaran' ny sambo-fiara. Tanana tsy hita maso no nandrindrina ilay varavarana mavesatra sy matevina izay tsy zakan olona avy tao anatiny nakatona. Nanam-pialofana àry i Noa, ta ireo mpamratsira ny lahasoavana kosa tsy mba nanam-piarovana. Tombon-kasen' Andriamanitra no napetraka teo amin izany varavarana izany. izay Izy irery no afaka hamoha azy indray. Toy izany koa no handrindrinana ny varavaram-pahasoavana alohan' ny hiavian' i Kristy, ety ambonin' ny tany, rehefa vita ny asa tifonana ataony any an-danitra. Noho ny tsy fìsian' izany fahasoavana izany intsony,. dia hamely sy hampahory mafy ny ratsy fanahy ny herin' i Satana. Izany no hahatonga azy ireo hitady handringana ny vahoakan' Andriamanitra ; kanefa toy ny niarovana an' i Noa tao anaty sambo- liara. dia ho toy izany koa no hiarovan' ny Tsitoha ny mpanompony. [1821]

Lasa ny hafitoana, nefa tsy mbola nisy ihany ny famantarana niseho nanambara ny hiavian' ny oram-baratra. Ny vahoaka teo ivelan' ny sambo-fiara dia faly sy nihinjakinjaka mafy. Nozahan- toetra kosa ny finoan' i Noa mianakavy. Izany elanelam-potoana izany dia nanamafy ny fiheveran' ny vahoaka fa tena diso hevitra tokoa i Noa, ary ny toriteny momba ny Safo-drano dia angano sy arira ihany. Nohadinoina ny zava-mahagaga momba ny nidiran' ny biby amam-borona tao amin' ny sambo-fiara sy ny nandrindrinan' ny anjely ny varavarana, ka dia mainka koa nitombo ny hehy sy ny lanaranam-po ary ny dihy. Natao fihomehezana aza ny fisehoan' ny herin Andriamanitra. Nanodidina ny sambo-fiara ny vahoaka ka nanao fanarabiana tsy roa aman-tany tamin' ireo olona nialoka tao anatiny. [1821]

Nony tamin ny andro fahavalo anefa, dia nisy rahona mainty nanarona ny lanitra. Nikotroka ny varatra. Nifanaretsaka eran' ny habakabaka ny tselatra ary vetivety foana dia orana mivatravatra no nirotsaka tamin ny tany. Noho izany zava-baovao izany, dia feno tahotra ny olona ka velom-panontaniana tam-pony hoe: 'Dia marina tokoa ve izay voalazan i Noa fa haringana ny taranak' olombelona rehetra ?" Ny lanitra anefa dia nihamainty ihany, ny orana vao mainka koa nihavaventy sy nihabetsaka. Raiki-tahotra ny biby ka nihazakazaka nankatsý nankarý, ninaonaona nahatsiravina noho ny loza hanjo ny manan' aina rehetra. Dia 'nipoitra ny loharano rehetra amin' ny lalina lehibe, ary nivoha ny varavaran' ny lanitra" Sahala amin' ny riandrano ny filatsaky ny orana avy teny amin' ny rahona. Tondraka ny ony ka nanafotra ny lohasaha. Nampisavoana vatobe makadiry hatramin' ny zato ka hatramin' ny roanjato metatra ambonin' ny tany ny loharano lehibe nipoitra avy tao anaty tany, izay nanana hery tsy hay laz.aina. Nony efa nianjera ireny vato ireny dia tafalentika lalina tany anaty tany. [1821]

Natrehin' ny mason' ny olona aloha ny faharavan' ny asan' ny tanany. Nianjeran' ny varatra sy naeliny lavitra ny tranobeny vaventy sy ny zaridainany nahafinaritra izay samy feno sampy sy sary avokoa. Voaongotra ny alitara izay nandoroana olona ho fanatitra. Feno hovitra ny

mpanao fanompoam-pivavahana tamin’ izy ireny, raha nahita ny herin’ Andriamanitra nandrava ireo sampy nivavahany. [1831]

Niha-nahery hatrany ny oram-baratra. Voatsipitsipy teny amin’ ny habakabaka sy nanerana ny tany ny hazo sy ny trano ary ny vatolampy. Mafy noho ny fifofofofon’ ny tafio-drivotra ny antso- antso nataon’ ireo izay sahy nitsipaka ny fahefan’ Andriamanitra. Satana koa aza, izay tsy afaka niala fa nianjadian’ izany loza izany, dia natahotra ny amin’ ny ainy. Foana ny fifaliany sy ny fanantenany hitarika ireo olona mahery ireo araka ny sitrapony, ka hahita azy hanohy ny fahavetavetany sy ny fikomiany tamin’ ny Mpanja- kan’ ny lanitra, noho izany dia ompa tsy misy farany no ataony noho ny toe-javatra miseho izay lazainy fa tsy rariny sy halozan’ Andriamanitra. [1831]

Nanao toa azy ny olona maro; niteny ratsy an’ Andriamanitra izy rehetra. Raha azony natao aza ny nanongana ny Tompo tsy ho eo amin’ ny seza fiaodrianany, dia ho nataony izany. Ny sasany indray, feno tahotra sy hovitra, ka namikitra tamin’ ny sambo-fiara ary niangavy an’ i Noa mba handray azy. Efa diso aoriana loatra vao fantatry ny fieritreretany fa misy tokoa Andriamanitra Izay Mpitondra izao rehetra izao ; nidradradradra mafy nitaraina taminy izy, nefa efa tsy nohenoina intsony izany. Nekeny fa ny tsy fanka- toavany ny lalana masina sy marina ihany no nahavoa azy amin’ izao andro mahatsiravina izao. Tahotra ny famaizana ihany anefa no nahatonga izany fiaikena izany. fa tsy tena fibebahana marina tsy akory, na faharikorikoana marina ny ota. Raha ohatra ka natsahatra ny famaizana, dia ho nanomboka niteny ratsy ny lanitra indray izy. Dia toy izany koa, rehefa hihatra amin’ ny tany amin’ ny alalan’ ny ‘Safotr’ afo” ny famalian’ Andriamanitra, dia ho fantatry ny ratsy fanahy mazava tsara. fa famaliana ny fanitsakitsahany ny didin i Jehovah izany; tsy hanenina anefa izy, dia toy ny efa nataon ireo ratsy fanahy fahizay. [1831]

Tao indray ny sasany izay niezaka tamim-pamoizam-po, hiditra tao amin’ ny sambo-fiara izay tsy azony namaharana, ka very maina ny fiezahany ; ny sasany indray nifikitra tamin’ ilay sambo, kanefa vetivety dia nindaosin’ ny riaka na voapòkan’ ny vatan-kazo sy ny vatolampy. Natopatopan’ ny rivo-mahery sy ny onjan-drano ilay sambo goavambe ka nihovitrovitra mafy, nefa na izany aza dia afaka nisosa ihany izy namakivaky ny fisafotofoton ny tafio-drivotra sy ny herin’ ny onja. Nisy anjely mahery notendrena hiaro azy. [1841]

Ninaonaona noho ny tahotra mafy nahazo azy ny biby tao anatin’ ny sambo-fiara ; ireo izay tetý ivelany kosa, noho ny horo- horo vokatry ny loza niseho, dia vaky nirifatra nanatona olombelona, toa nil a vonjy sy fiarovana taminy. Nitaingina biby matanjaka sy mafy aina ny olona sasany mban-janany, ka niakatra teny amin’ ny toerana avo mba handositra ny fisondrotry ny rano. Ny sasany indray nananika ny havoana sy ny tendrombohitra, ka niakatra teny an-tendronkazo, kanjo niongotra ireny hazo ireny, ary toy ny natsipy tao anaty onja misamboaravoara niaraka tamin’ ireo olona nifikitra teny aminy. Ny rano anefa niakatra niakatra ihany. Nilaozana tsirairay ireo toerana noheverina ho fialofana azo antoka. Nifame- lezan’ ny olona nitady fierena teny amin’ ny toerana avo indrindra tamin’ ny biby. ny sombin- tany kely sisa tsy mbola tratran’ ny rano. Vetivety anefa dia samy voapaokan’ ny riaka

mahatsiravina izy. Ranomasina mangeniheny tsy nisy farany sisa no tazana avy teny amin' ny tampon-tendrombohitra avo indrindra. [1841]

Tsy anganongano na antom-pihomehezana intsony izao ny hafatr Andriamanitra teo imason' ireo olona nanao tsinontsinona izany. Akory ny ho fankasitrahany ny antsom-pitiavany, na dia iray monja aza, avy teo amin' ny vavan' i Noa sy ny fotoam-pahasoavan' Andriamanitra, na dia ora iray monja aza no haharetan' izany ! Nefa tsy ho re intsony mantsy ilay teo mamy avy tamin' ny famindrampo. Tsy ny fahamarinan' Andriamanitra ihany tsy akory no nahatonga izao fisakanana ny faharatsiana tsy hiely patrana izao, fa ny fitiavany indrindra koa no nanery Azy hanao izany. [1841]

'Ary rano no nandravana izao rehetra izao taloha tamin' ny nanasaforany azy ; fa izao lanitra sy tany ankehitriny izao dia hazonin izany teny izany ho amin' ny ato ka tehirizina ho amin' ny andro fitsarana sy fandringanana ny ratsy fanahy'8. Indro koa misy loza anankiray manatona: mbola hamely ny tany indray ny faha-tezeran' Andriamanitra ka handringana ny ota sy ny mpanota. Ny faharatsiana izay nitaky famaliana tamin' ny andro fony tsy mbola tonga ny Safo-drano, dia manjaka eo amin' izao tontolo izao ankehitriny. Efa nofoanan' ny olona tao am-pony ny fahatahorana an' Andriamanitra. Tsy raharahaina ny didiny, eny, tsiratsiraina aza. Tsy latsa-danja noho izay hita talohan' ny Safo-drano ny fanaranam- po. Efa voalaza rahateo mantsy izany. 'Fa tahaka ny tamin' ny andro fony tsy mbola tonga ny Safo-drano, ka nihinana sy nisotro ny olona ary nampaka-bady sy namoaka ny ampakarina, mandra-pihavin' ny andro izay nidiran' i Noa tao amin' ny sambo-fiara, ary tsy fantany mandra-pihavin' ny Safo-drano izay nandringana ny olona rehetra, dia ho tahaka izany ny fihavian' ny Zanak' olona'9. [1841]

Tsy noho ny fihinanana na ny fisotroana tsy akory no naname- lohan' i Jesosy ny olona velona talohan' ny Safo-drano ; Kristy no nanome azy ireo be dia be ny vokatry ny tany, mba hahatanjaka ny tenany sy hamelona ny ainy. Ny fahadisoany dia ny tsy fanka- sitrahany Ilay Mpanome sy ny fanaranam-pony tafahoatra tamin' ny hanina. Rariny koa ny mampaka-bady sy ny mamoaka ny ampakarina. Andriamanitra mihitsy no nanao ny fanambadiana ; Izy no nanao izay hahavoatahiry ny hasoany sy ny hamasinany. Nodikaina anefa ny lalàna momba izany, nampanaram-po ny filàn' ny nofo ny olona ka dia nihaSimba ny fanambadiana. [1851]

Vavolombelon' ny toe-javatra toy izany indrindra isika ankehitriny. Manjaka ny fitiavan-kihinana. Misy olona izay milaza ny tenany ho mpianatr' i Jesosy Kristy, olona izay manana anjara toerana ambony ao amin' ny fiangonana, nefa mihinana sy misotro tafahoatra miaraka amin' ny olon' izao tontolo izao. Tsy tsapan' ny olona fá rehefa manjary dombo ny toe-tsaina amam-panahy, dia tonga lavo amin' ny filàna ambany ny tena. Maro dia maro no tsy tan-dalàna intsony amin' ny fahafinaretan' ny nofo ka tonga andevon' ny faniriany. Velona ho an' ny fahafinaretan' ny nofo fotsiny ny olona, ka tsy misaina afa-tsy ny momba izao fiainana izao. Manjaka eo amin' ny sarangan' olona rehetra ny fitiavan-kaingo, ny fitiavan- kiseho, - ny fandanilaniam-poana. Ampandeferina eo ambanin' ny fitiavam-bola ny rariny sy ny hitsiny. Ampahorina ny mahantra. Mandroso ny varotra 'tena sy ain' olona'. Ny halatra, ny fitaka, ny

fihinanana volam-bahoaka dia mihanjahanja tsy takona afenina: samy ahitana izany na eo amin' ny fiainan' ny olona ambony na eo amin' ny fiainan' ny olona ambany. [1851]

Ny lahatsoratra an-gazety dia feno tantara mampihoron-koditra maneho vonoan' olona tsy amin' antony sady tsy misy fo antra. Miverimberina matetika loatra ireny halozana ireny, ka saika tsy mahavelon' eritreritra na manaitra intsony. Ny toe-tsaina tsy tia fehimpehezina hita amin' ny firenena rehetra, ny fikomiana miseho etsy sy eroa. manaitra sy mampangovitra an' izao tontolo izao, ireny sy ny toy ireny dia samy mampiseho amintsika ny herin ny afo izay miotrika ao anaty ampombo, ka handoro sy handrava ny tany rehefa mirehitra. Ny endri-javatra mampiseho ny toetran' izao tontolo izao talohan' ny Safo-drano, izay voalazan' ny Soratra Masina, dia tena fanehoana marina tokoa ny toetr' andro moderna ankehitriny. Ratsy sy maharikoriko ireo heloka bevava sy vonoan' olona hita any amin' ny tany malaza ho kristiana: ary heloka toy izany ihany no efa namongorana ireo olona fahizay. [1861]

Talohan' ny hitrangan' ilay loza mahatsiravina dia i Noa no notendren' Andriamanitra hampandre ireo mpiara-belona taminy ny amin' izany. mba hialan' izy ireo amin' ny ratsy ka tsy hihatra aminy ny fandringanana. Ankehitriny koa, amin' izao efa maha akaiky ny fiavian' ny Tompo izao, dia mandefa ny mpanompony Andriamanitra mba hampandre ny mponina ambonin' ny tany, ka hahazoan' izy ireo miomana ho amin' izany. Ny vahoaka marobe izay efa velona teo amin' ny fanitsakitsahana ny lalàn' Andriamanitra dia antsoina amim-pamindrampo koa ankehitriny, hanaraka ny fitsipika masina. Atolotra ny olona rehetra izay te-hiala amin' ny ota amin' ny alalan' ny fibebahana amin' Andriamanitra sy amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesosy Kristy, ny famelan-keloka. Indrisy ! Lavin' ny olona anefa izany, satria heveriny fa lehibe loatra sy mifanipaka amin' ny sitrapon' ny tenany. Eny, laviny ny fanairana avy amin' Andriamanitra, ary tsy ekeny ny fahefan' ny didin' i Jehovah. [1861]

Tamin' ireo vahoaka marobe nonina tetý ambonin' ny tany tamin' ny andron' i Noa dia olona valo monja no nanaiky ny antson' Andriamanitra. Rehefa nanambara ny hanjo izao tontolo izao ilay mpitoritenin ny fahamarinana, dia nahita fa notsiraitsiraina sy nolavin ny olona ny hafatra nentiny. Tsy misy hafa amin' izany no miseho ankehitriny. Alohan ny hamaizany ny mpanota, Ilay Mpamoaka lalàna dia miangavy ny hiverenana amin' ny fankatoavana Tsy misy antony amin ny olona maro anefa izany fanasana izany.Efa nampilazaina an' izany mialoha ny Apostoly Petera: ' ...Fa amin' ny andro farany dia hisy mpaniratsira avy haniratsira, mandeha araka ny filàny ka manao hoe: Aiza ny teny fikasana ny amin' ny fihaviany ? Fa hatrizay nodian' ny razana mandry dia maharitra tsy miova ny zavatra rehetra ; eny, hatramin' ny nanaovana izao tontolo izao aza'10. Tsy avy amin' ny vavan' ny mpanota matevin- koditra ihany no andrenesana matetika ireo teny ireo, fa hatreny ambony polipitra kristiana koa aza. 'Tsy misy antony tokony hahataitra akory. hoy izy. Hiova-fo daholo ny olona rehetra alohan' ny hiavian' ny Tompo, ka dia hanjaka etý ambonin' ny tany mandritra ny arivo taona ny fahamarinana. Fiadanana ! Fiadanana ! Maharitra tsy miova toy ny hatramin' ny voalohany ny zavatra rehetra, koà aza misy mety harebirebin' ireny mpilaza loza foana ireny '. [1861]

Mifanohitra amin' ny fampianaran' i Jesosy sy ny Apostoly izany foto-kevitra izany. Izao fanontaniana mampieritreritra izao no napetraky ny Tompo: 'Raha avy ny Zanak' olona, moa hahita finoana etý ambonin' ny tany va Izy ?'11 Ary araka ny efa voalaza teo, dia manambara indray Izy fa hitovy amin' ny andron' i Noa ny andro ankehitriny. Ny apostoly Paoly koa dia milaza fa hitombo ny faharatsiana amin' ny andro farany: 'Fa ny Fanahy milaza marina fa amin' ny andro aoriana dia hihemotra amin' ny finoana ny sasany, manaiky fanahy mamitaka sy fampianaran' ny demonia'12. Dia mbola tohizany toy izao indray izany: 'Any am-parany any dia hisy andro mahory'13. Dia tonontonononiny ao ny fahotana maro samihafa hahalavo ireo 'manana ny endiiky ny toe-panahy araka an' Andriamanitra'. [1871]

Teo amin' ny fotoana nifaranan' ny fotoam-pahasoavana nomena azy, dia nanarampo tamin' ny lalao sy ny fifaliana adala ireo olona velona talohan' ny Safo-drano. Sao dia voasinton' ny antso farany ny vahoaka, ka dia nindaosin' ireo mpitarika azy ho amin' ny fandihizana tsy misy farany izy. Moa tsy izany ihany koa ve no miseho ankehitriny ? Fo amin' ny fotoana izay itorian' ny mpanompon' Andriamanitra ny hafatra farany, dia revo manenjika lalao sy fety izao tontolo izao. Ary izany dia mandroaka ny eritreritra momba an' Andriamanitra sy tsy ahazoan' ny olona misaintsaina ny faha- marinana izay hany afaka hiaro azy amin' ny loza efa manatona [1871]

Tamin' ny andron' i Noa dia nohamafisin' ireo manam-pahaizana tamin' izany fotoana izany, fa tsy mety ho voasafotry ny rano na oviana na oviana ny tany. Ankehitriny koa dia misy olona manarnpahaizana milaza azy hoe afaka hanaporofo fa tsy ho levon ny afo na oviana na oviana ny tanintsika, satria mifanohitra amin' ny lalàn' ny natiora. hono, izany. Hadinon' izy ireny angaha, fa Ilay Andriamanitry ny natiora, izay nanao sy nitahiry ireny lalana ireny, dia afaka hampiasa ny tanany araka izay heveriny fa mahamety azy. [1871]

Rehefa avy nanazava araka ny hevitry ny tenany ny tsy hisian' ny Safo-drano na oviana na oviana ireo olo-malaza fahizay ; rehefa tony ny tahotra sy ny horohoro nahazo ny vahoaka, ka samy nihevitra ny faminanian' i Noa ho fahadisoan-kevitra izy rehetra, — tamin izay, eny. tamin' izay indrindra no nipaika ny oran' Andriamanitra ka 'nipoitra ny loharano rehetra amin' ny lalina lehibe, ary nivoha ny varavaran' ny lanitra' izay nipaoka sy nanafotra azy rehetra. [1881]

Efa diso aoriana loatra vao takatry ny olona fa fahadalana ihany ny fahendrena sy ny famoasan-kevitra lalina rehetra nataony. Eny, diso aoriana loatra vao fantany fa ny Mpanao ny lalàna no lehibe noho ny lalàn' ny zavaboary, ary tsy vitsy lalana Ilay Tompon' ny hery rehetra rehefa hanatanteraka ny sitrapony. [1881]

'Ary tahaka ny tamin' ny andron' i Noa, dia hisy toy izany koa amin' ny andron' ny Zanak' olona'15. 'Fa ho avy tahaka ny mpangalatra ny andron' ny Tompo, ary amin' izany ny lanitra dia ho lasa amin' ny firimorimoana mafy, ary ho levon' ny afo ny tenan' ny zavatra rehetra, ka hodorana avokoa ny tany sy ny asa izay eo aminy'16. [1881]

Rehefa manaisotra ny tahotra rehetra momba ny fitsaran' Andriamanitra ny famoahan-kevitra tsara lahatra avy amin' ny filozofia ; rehefa vitan' ireo mpitari-pivavahana malalaka ny mampino fa taom- piadanana no manoloana antsika ; rehefa revo mafy amin' ny fika- rohambola sy fahafinaretana izao tontolo izao ka ho variana mamboly, manao fanasana, manaram-po, manosi-bohon-tanana ny hafatr Andriamanitra sy manivaiva ny mpanompon' Andria-manitra, — amin izay. eny, amin izay indrindra no 'hanjo azy tampoka ny fandringanana ... ka tsy ho afa-rnandositra mihitsy izy ' (Gen. 7:11—15) Lio. 17:26, 30. [1881]

Toko 6 - Taorian' ny safo-drano

Nisondrotra dimy ambin' ny folo hakiho tambonin' ny tendrombohitra avo indrindra ny rano. Nandritra ny dimy volana dia natopa- topan' ny alon-drano sy ny tafio-drivotra fatratra ny sambo-fiara, ka matetika ireo olona tao anatiny no nihevitra fa hatelin' ny fisa- foakan' ny onja vaventy. Tao anatin' ireny ora feno tahotra ireny anefa dia tsy ketraka ny finoan' i Noa. Natoky izy fa ny tanan' Andriamanitra no nitana ny familian-tsambo. [1891]

Rehefa nanomboka nihena ny rano, dia natodik' i Jehovah hiantsona teo amin' ny fitodiana iray voaron' ny tendrombohitra maromaro, izay efa voaomana ho amin' izany ny sambo-fiara. Teo izy dia voaro tamin' ny onja mahery sy tafasaraka tamin' ny ranobe mangeniheny. Endrey ny fahamaivanana tsaroan' ireo mpandeha efa reraka sy sasatra taorian' ilay dia notataovan-doza maro ! Naniry indrindra ny handia tany maina i Noa sy ny fianakaviany, ka niandrandra fatratra ilay fotoana izay haharitra ny rano. Rehefa alaka efapolo andro, dia niseho ny tampon-tendrombohitra, ka dia nandefa goaika i Noa mba hahalalany raha efa maina ny tany na tsia. Rehefa tsy nahita afa-tsy rano ilay vorona matanjaka, dia nivezivezy foana nanodidina ny sambo-fiara. Nony afaka fito andro, dia voromailala indray no nalefan' i Noa ; tafaverina ihany koa tao amin' izay toerana nialany ilay izy rehefa tsy nahita na inona na inona hitoerany. Dia niandry hafitoana i Noa vao nandefa ilay vorona indray. Akory ny hafalian' ireo mpandeha raha nahita azy tafaverina mitondra ravin' oliva teny am-bavany. Rehefa afaka fotoana vitsivitsy, dia 'nanaisotra ny taíon' ny sambo-fiara Noa ka nijery, ary. indro, efa maina ny tany'1. Nefa, na dia izany aza, dia mbola niandry tamim-paharetana ihany ilay patriarka; baikon Andriamanitra no nidirany tao amin' ny sambo-fiara, ka dia mbola izany baiko izany koa no nandrasany hivoahany avy tao. [1891]

Farany, nisy anjely iray nidina avy tany an-danitra, ka nano- katra ny varavarana makadirin' ilay sambo, sady nanasa an i Noa mianakavy mba hivoaka sy harnela ny biby samihafa mba handeha. Tsy nanadino an' Ilay Mpikarakara sy Mpiaro azy i Noa, raha feno fifaliana noho ny fahafahana. Ny zavatra voalohany nataony raha vao niala avy tao amin' ny sambo-fiara izy dia ny nanorina alitara. Mba ho mariky ny fisaorany an' Andriamanitra noho ny fiarovany, sy mba ho mariky ny finoany ny fanatitr' Ilay Mpanavotra ho avy, dia nanatitra fanatitra ho an' i Jehovah izy, dia fanatitra nalainy avy tamin' ny biby madio rehetra. Izany fanatitra izany izay nankasi- trahan' Andriamanitra, dia nahazoana tso-drano, tsy ho an' ilay patriarka ihany, fa ho an' ny taranak' olombelona vaovao koa. ' Dia nandre ny hanitra ankasitrahana Jehovah, ka hoy Izy tam-pony: Tsy mba hanozona ny tany intsony noho ny amin' ny olona Aho ... Raha mbola maharitra koa ny tany, dia tsy hanam-pitsaharana ny taom-pamafazana sy ny taom-pijinjana. ary ny hatsiaka sy ny hafanana ary ny fahavaratra sy ny ririnina, ary ny andro sy ny alina '2. [1901]

F.to i Noa dia manome lesona lehibe ho an' ny taranaka rehetra hifandimby. Rehefa nandia indray ilay tany mahantra izy, dia tsy hanao trano ho azy no hevitra tonga tao an-tsainy voalohany, fa ny hanorina alitara. Ireo biby vitsy nananany tao amin' ny sambo- fiara, izay

nandaniany betsaka tokoa, dia nakany tamim-pifaliana mba hankalazany an' Andriamanitra Izay nanome azy ny zavatra rehetra. Tokony hanao toa azy koa isika. ka hanolotra ho an' Andriamanitra fanomezana an-tsitrapo sy vokatry ny fo. Tokony hanetsika antsika haneho mari-pankasitrahana ny famindrampo sy ny hatsaram- panahy rehetra nasehony antsika, dia mari-pankasitrahana hiseho eo amin' ny fanomezana hatolotsika ho fiantrana sy hampandrosoana ny asany. [1901]

Mba hahatonga ny olona tsy ho feno tahotra isaka ny miangona indray ny rahona, na isaka ny mirotsaka ny orana, dia nanome izao toky izao ny fianakavian' i Noa Andriamanitra: ' Aoriko ny fanekeko aminareo, ka tsy haringako amin' ny safo-drano intsony ny nofo rehetra, ary tsy hisy safo-drano hanimba ny tany intsony ... Ny avako efa napetrako eo amin' ny rahona ho famantarana ny fanekena ho amiko sy ho amin' ny tany. Ary raha mampiangona rahona eo ambonin' ny tany Aho, ka hita eo amin' ny rahona ny avana, dia hotsarovako ny fanekeko izay ho amiko sy ho aminareo mbamin' ny zava-manan-aina, dia ny nofo rehetra'3. [1901]

Koa rehefa nahita izany famantarana mahafinaritra izany eny amin' ny rahona isika, dia aoka hahatsiaro ny fitiavana sy ny fango- rahan' Andriamanitra ny zavaboariny malemy. Raha milaza Izy fa hahatsiaro ny fanekeny raha mahita ny avana, dia tsy manambara izany tsy akory fa mety hanadino ny teny fikasany Izy ; fomba fitenintsika olombelona io ampiasainy io mba hahazoantsika maha- takatra tsara izay tiany hambara. Izay nokendreny dia ny hanome ireto olona izay ho loharano hipoiran' ny taranaka aoriana, ny fahalalana momba ny avana, mba hahazoan' izy ireo hanambara izany amin' ny zanany sy hampahatsiaro azy ny tantaran' ny safo- drano, ka hampiredareda indray ny finoany ny fitiavan' Andriamanitra ny olona. [1911]

Voahodidina avana ny seza fiandrianan' Andriamanitra, dia avana izay manodidina koa ny lohan' ny Zanany. 'Toy ny tarehin' avana amin' ny rahona amin' ny andro misy ranonorana' no tarehin' ny namirapiratra manodidina ny (seza fiandrianana). Izany fahitana izany, hoy ny mpaminany, dia mampiseho ny endriky ny voninahitr' i Jehovah.4 Nahita 'seza fiandrianana nipetraka tany an-danitra' aho, hoy ny apostoly Jaona, 'ary nisy Anankiray nipetraka teo amin' ny seza fiandrianana.. ary avana mitarehin' emeralda no nanodidina ny seza fiandrianana'5. [1911]

Ilay Mpisolovava sy Mpamonjy antsika dia mampahatsiahy ny Rainy ny teny fikasana feno famindrampo efa nataony ho an' ny mpanota, isaka ny mila hiharan' ny fitsaran' Andriamanitra ny olona noho ny ratsy izay ataony. Asehony azy ny avana izay mamiratra eny amin' ny rahona, sy ilay iray manodidina ny seza fiandrianana sy mandravaka ny lohany. [1911]

Andriamanitra mihitsy no efa nametraka teny fikasana isan' izay sarobidy indrindra tao amin' ilay teny efa natolony an' i Noa tatý aorian' ny safo-drano. 'Fa amiko izany dia tahaka ilay ranon' i Noa, ka toy ny nianianako fa tsy hanafotra ny tany intsony ilay ranon' i Noa, dia toy izany no ianianako fa tsy ho tezitra aminao na hiteny mafy anao intsony Aho. Fa na dia hifindra aza ny tendrombohitra, ary na dia hihetsika aza ny havoana, tsy mba hiala aminao ny

famindrampoko, ary tsy hitsoaka ny faneken ny fihavanako, hoy Jehovah, Mpamindra fo aminao'6. [1911]

Raha nahita ireo biby goavana sy masiaka nivoaka avy tao amin' ny sambo-fiara i Noa, dia natahotra izy fandrao hamiravira azy sy ny fianakaviany ireny. Nalefan Andriamanitra ho azy tamin ny alalan' ny anjely izao hafatra izao: 'Ary ny tahotra sy ny horohoro anareo hahazo ny bibi-dia rehetra sy ny voro-manidina rehetra; ireny mbamin' izay rehetra mandady na mikisaka amin ny tany sy ny hazandrano rehetra ao amin' ny ranomasina dia efa natolotro eo an-tànanareo. Ny biby mihetsiketsika rehetra izay miaina dia ho fihinana ho anareo ; dia efa nomeko anareo toy ny zava-maitso izy rehetra'7. Hatramin' izao dia tsy mbola nanome alalana ny olona hihinana nofom-biby Andriamanitra ; ny vokatry ny tany no nokasainy hiveloman' ny olona. Noho ny zava-maitso rehetra efa simba anefa, dia nekeny ho fihinana ireo biby madio tao amin' ny sambo-fiara. [1921]

Ozona fahatelo sady mahatsiravina tokoa no nafafin' ny ota, dia ny nahatonga ny vohon' ny tany manontolo hikorontana. Efa nihena ny rano ; ary ny havoana sy ny tendrombohitra dia mbola voahodidin' ny ranomasina mamoa-potaka ; fatin' olona sy fatim-biby no nitsitsitra teny rehetra teny. Mba tsy hahatonga ny fahalovan' ireny handoto rivotra, dia nataon' Andriamanitra ho toy ny fasana makadiry ny tany. Nisy rivotra nampanonja mafy dia mafy ny rano, ka na hazo, na harambato, na tendron-kavoana, dia samy voahilan- gilana mafy ka nivangongo nanarona ny faty rehetra. Dia toy izany koa no nanafenana ny volafotsy, ny volamena, ny vatosoa mbamin' ny hazo sarobidy izay nandravaka ny tany fahizay, izay tsy mba nentin' ny olona nanomezam-boninahitra an' Andriamanitra, fa nampiasainy kosa ho amin' ny fanompoan-tsampy sy ny faharatsiana. [1921]

Feno faharavana tsy hay ambara ny tany. Ny tendrombohitra izay nahate-hijery noho ny firindrany mahafinaritra, dia vakivaky sy rotidrotika. Vato sy bolongambato no nameno ny tany. Teo amin' ny toerana maro dia nisy havoana levona sy tsy hita, ary teo amin' ny toerana sasany kosa, dia tendrombohitra no hita teo amin' izay nisy tany lemaka. Hita miharihary erý izany fiovana izany teo amin' ny faritany maro. Ireo toerana nalaza noho ny fahabetsahan' ny volamena mbamin' ny volafotsy sy ny vatosoa teo aminy, dia nanjary rakotry ny mariky ny fanozonana mibaribary fatratra. [1921]

Ireo ala midadasika voatototry ny tany dia niova ho arintany sy solitany betsaka tokoa. Matetika no mirehitra ireny arintany sy solitany ireny, ary ny afony dia misoko ao anaty tany ao. Mirehitra ny vato sokay, midedaka ny vatolampy, mitsonika ny vy. Ny firaisan' ny rano sy ny sokay dia vao mainka koa mampiredareda ny afo ka miteraka fipoahana any anaty tany any, ary mahatonga ny horohorontany sy ny volkano. Rehefa tsy ampy intsony hivoahan' ny herin' ireny zava-maro mitsonika ao anaty tany ireny ny vavam- bolkano, dia mihovitrovitra ny tany ka misondrotra sy mibontsina toy ny onjan-dranomasina. Dia mivava ny tany ary matetika mitelina vohitra sy tanàna ary tendrombohitra mirehitra. Ireny toe-javatra manaitra ireny, izay isan' ny famantarana mialoha ny handravana izao tontolo izao, dia hihamaro sy hihamafy hatrany hatrany, arakaraka ny fahantomoran' ilay fotoana hiverenan' ny Tompo. [1931]

Avy tany anaty tany lalina tany no nakan' ny Tompo ny loza nentiny nandravana ny tany fahizay. Ny rano izay niboiboika avy tamin' ny lalina dia niharo tamin' izay nirotsaka avy tany an-danitra. Fa hatramin' ny safo-drano kosa, ny afo niampy ny rano no tonga fandravana ireo tanàna lehibe feno ota. Ireny famaizana ireny dia ny mba hahatonga ireo olona nanao tsinontsinona ny didy sy ny fahefan' Andriamanitra hiondrika teo anatrehan' ny heriny. Rehefa hitan' ireny olona ireny fa nirehitra sy namoaka afo ny tendrombohitra, ka nandritra renirano ny onjam-by nitsonika avy tamin' ireny, rehefa tazany fa namely ny tanàn-dehibe izany ka namafy fandringanana sy fahasimbana ombieny ombieny, tamin' izay, na dia ny mafy fo indrindra aza, dia nangorohoro sy feno tahotra, ary ny mpiieny ratsy dia voatery niondrika tamim-panentren-tena teo anoloan' ny fiandrianan' Andriamanitra. [1931]

Izany loza izany no nahatonga ny mpaminany ho loa-bolana hoe: 'Fnga anie ka hotriarinao ny lanitra mba hidinanao, ka hihorohoro eo anoloanao ny tendrombohitra — dia tahaka ny fandevon' ny afo ny tapa-kazo maina sy ny fampangotraky ny afo ny rano — mba hampahafantatra ny fahavalonao ny anaranao ka hangovitra eo anoloanao ny jentilisa'8. 'Amin' ny tadio sy ny tafio-drivotra no làlan' i Jehovah. Ary rahona no vovoky ny tongony. Mi teny mafy ny ranomasina Izy ka mahatankina azy ary mandritra ny ony rehetra' [1931]

Toe-javatra mahatsiravina tsy mbola nisy hatrizay hatrizay no hiseho amin' ny tiavian' i Jesosy Kristy fanindroany. 'Mihoro horo eo anatrehany ny tendrombohitra sady miempo ny havoana ary mientanentana eo anatrehany ny tany, dia ny tany onenani sy ny mponina rehetra ao aminy. Iza no mahatoetra eo anoloan ny fahavinirany ? Ary iza no mahatanty ny firehitry ny faha- tezerany ?'10 'Jehovah o, aondreho ny lanitrao. ka midina ;tendreo ny tendrombohitra dia hidonaka ireny. Ampitselatselaro ny helatra, ka ampielezo ireo ; alefaso ny zana-tsipikanao, ka ampifanaritaho ireo '11. [1941]

'Ary hanisy fahagagana eny amin' ny lanitra ambony Aho sy famantarana amin' ny tany ambany, dia ra sy afo ary zavon' ny setroka'12. 'Dia nisy helatra sy feo sy kotrokorana, ary nisy horo- horontany mafy, izay tsy mbola nisy toy izany hatrizay nisian' ny olona tetý ambonin' ny tany, eny tsy mbola nisy horohorontany mafy sy lehibe toy izany Ary ny nosy rehetra nandositra, ary ny tendrombohitra tsy hita intsony. Ary nisy havandra vaventy nilatsaka avy tany an-danitra ho amin' ny olona, tokony ho lanjan- talenta iray avy ; ary niteny ratsy an' Andriamanitra ny olona noho ny loza avy tamin' ny havandra , fa lehibe loatra izany loza izany'13. [1941]

Hirehitra toy ny lafaoro lehibe sy hamoaka vato sy vy mitsonika izay handrakotra saha, zaridaina, vohitra sy tanàna ny tendrombohitra, noho ny asan' ny varatra avy eny ambony sy ny afo avy ao anaty tany. Hirotsaka ao anaty ony ireny zava-mitsonika ireny, ka hampangotrakotraka fatratra ny ranony, ary hamoaka hery tsy hay laz.aina izay hampisamboaravoara ny vatolampy sy hamakivaky azy ; ary ny silatsilany dia hiparitaka manodidina. Ho ritra ny rano an ony, ary ny tany dia hientanentana mafy noho ny fipoaky ny volkano sy noho ny horohorontany. [1941]

Amin ny fomba toy izany no hamongoran' Andriamanitra ny ratsy fanahy tsy ho etý ambonin' ny tany. Nefa kosa, toa an' i i Noa tao anatin ny sambo-fiarany, dia ho toy izany koa ny marina, ho voaro eo anivon izany zava-mampidi-doza rehetra izany izy Eo ambanin' ny elany no hahitan' izy ireo fialofana azo antoka araka ny toky nampilazain' ny mpanao Salamo antsika hoe: [1941]

' Jehovah 6, Hianao no aroko, Sady nataonao ho fonenanao ny Avo Indrindra, Dia tsy hisy loza hanjo anao, Na aretina hanakaiky ny lainao. Satria Izaho no r.iraiketan' ny fitiavany, Dia hamoniy azy Aho ; Fa hanafina ahy ao an-trano fialofany amin' ny andro fahoriana Izy ; Hampiery ahy amin' ny fierena ao an-dainy Izy; Hanandratra ahy ho eny ambony vatolampy Izy '14, [1951]

Toko 7 - Ilay Herinandro voalohany indrindra

Ny herinandro, toy ny andro fitsaharana ihany, dia nisy hatramin' ny nanorenana izao tontolo izao. Ny tantaran' ny Soratra Masina manontolo no nanome azy tsy nisy fiovaovana ho antsika. Andriamanitra mihitsy no nametraka ny halavany ary nametraka izany ho modelin' ny herinandro hifandimby rehetra, ambara-pahatongan' ny farany. Andro fito, toy ny ankehitriny ihany, ilay herinandro voalohany indrindra. Rehefa nanokana andro enina tamin' ny asa famoronana Andriamanitra, dia nitsahatra tamin' ny andro fahafito Izy, ka nitahy izany andro izany sy nanokana azy ho andro fitsaharana ho an' ny olona. [1971]

Raha nanome ny lalàna tao Sinay Andriamanitra, dia nanamafy orina ny herinandro Izy, sady nanamafy ny antony isiany. Manom- boka amin' ny baiko nomena ny olona ny didy fahefatra: 'Maha- tsiarova ny andro Sabata hanamasina azy '1. Rehefa izany, dia lazaina izay rehetra tokony hatao mandritra ny henemana sy ny tsy tokony hatao amin' ny andro fahafito. Ary farany, rehefa nilaza ny ohatra nasehony Andriamanitra, dia nanambara ny anton' ny hampiasana ny herinandro: 'Fa henemana no nanaovan' i Jehovah ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina mbamin' izay rehetra ao aminy, dia nitsahatra Izy tamin' ny andro fahafito ; izany no nitahian' i Jehovah ny andro Sabata sy nanamasinany azy'2. Sady lehibe no manaitra izany antony voalaza izany, raha ekena ho tena andro ara-bakiteny tokoa ireo andro ireo. Natokana ho an' ny asan' ny olona ny andro enina voalohany amin' ny herinandro, ary izany dia noho. Andriamanitra efa nanokana azy ireo koa hanaovany ny asa famoronany. Toy izany koa. mba ho fahatsiarovana ny fitsaharan' ny Mpamorona. dia tokony hitsahatra koa ny olona amin' ny andro fahafito. [1971]

Noho izany. mandrava ny tanorenan' ny didy fahefatra eo amin ny Didy Folo ny fihamboana fa naharitra arivoarivo taona ny herinandro voalohany. Andro fito ara-bakiteny no heverin' ny sasany fa asain' Andriamanitra atao ho fahatsiarovana ireny fotoana lavabe ireny. Tsy izany no fomban' Andriamanitra momba ny zavaboariny. Mampiditra fisalasalana sy haizina eo amin' izay efa nohazavain Andriamanitra tsara izany hevitra izany. Fisehoan' ny tsy finoana amin' ny fomba misoko izany, dia tsy finoana mampidi-doza, fa na dia miafinafina sy tsy miseho araka izay tena endriny aza, dia mahazo laka kosa, ka ampianarin' ny olona maro izay milaza ny tenany ho mino ny Baiboly. [1981]

'Ny tenin' i Jehovah no nanaovana ny lanitra ary ny fofonain' ny vavany no nanaovana ny hamaroanv rehetra.. Fa Izy no niteny dia ary izany. Izy no nandidy dia nitoetra mafy izany'3. Ny Baiboly dia tsy mahalala ny taonjato lavabe izay nivoaran' ny tany tsikelikely avy teo amin' ny fikorontanana. Ny tantara masina dia manambara ny andro tsirairay avy teo amin' ny famoronana ho toy ny andro sisa rehetra mifandimby koa: dia nisy hariva ary nisy maraina ; ny asa rehetra natao nandritra ny andro tsirairay avy dia samy voalaza. 'Izao", hoy ny fehinteny, 'no tantaran' ny lanitra sy ny tany tamin' ny namoronana azy'. Ireo teny ireo dia tsy mba milaza akory fa hafa noho ny andro ankehitriny ny andro teo amin' ny famoronana. Antsoina

hoe 'famoronana" ny andro tsirairay avy teo amin' ilay herinandro voalohany, noho Andriamanitra namorona ny sasany tamin' ny asany tamin' izany andro izany, [1981]

Ry zareo mpandinika ny tany dia mihambo ho mahita porofo hanamarinany fa taloha ela noho ny voalazan' i Mosesy no nisian" ny tany. Ny taolan' olona, ny taolam-biby, ny fiadiana, ny hazo lo, sns, izay hitany, ary lehibe lavitra noho ny fahita ankehitriny, na noho ireo lahita taona an arivo maro lasa izay, no entiny ilazana fa nisy mponina ela talohan ny fotoana voalazan' ny famoronana ny tany, dia mponina izay vaventy sy lava lavitra noho ny olona jnkehitriny Maro ny olona mpanaraka ny Baiboly no voafitak' izany fampianarana izany, ka mihevitra fa fotoana lavabe tsy hita polopolorina tokoa ny andro voalaza momba ny famoronana. [1981]

Tsy afaka hanaporoto na inona na inona ny sampam-pahalalana momba ny toetran' ny tany (géologie), raha manao tsinontsinona ny tantara voalazan' ny Baiboly. Izay rehetra manohana ny fampi- anarana sy fanambarana avy amin' izany sampam-pahalalana izany, dia tsy mba mahazo an-tsaina izay hangezan' ny olona sy ny biby mbamin' ny hazo talohan' ny safo-drano, na mahaeritreritra ny loza amin' antambo izay niseho. Ireo zavatra nilevina (fossiles) hita any anaty tany dia porofo manamarina fa nisy fiainana fahizay, dia fiainana hafa lavitra noho ny fiainan' ny olona ankehitriny. Ny tantara masina irery ihany no hany afaka manambara ny fotoana nisian' izany. Ny filazalazana momba ny safo-drano dia maneho toe-javatra izay tsy hain' ny sampam-pahalalana momba ny toetran' ny tany na oviana na oviana fantarina. Tamin' ny andron' i Noa dia nisy olona. biby, hazo vaventy lavitra noho izay fahita ankehitriny, izay samy ringana sy voatototra, ka voatahiry any anaty tany. Ny antony nitehirizana azy ireny toy izany. dia mba ho vavolom- belona amin' ny taranaka mandimby rehetra, fa nisy tokoa ny safo-drano izay nandringana azy rehetra. Tian' Andriamanitra ho entina hanatnarinana ny Soratra Masina ny fahitana ireny zavatra voalevina ao anaty tany ireny. Indrisy anefa, noho ny hevi-poana. dia latsaka ao amin' ny fahadisoana izay efa nahavoa ny mponina talohan' ny safo-drano ny olona. Ampiasainy ho amin' ny antony tsy mahasoa ny fitahiana atolotr' Andriamanitra azy. ka dia tonga fiasana mitera-doza ireny. [1991]

Anankiray amin' ny hafetsena ampiasain' i Satana dia ny fana- fenana indrindra ny didin' Andriamanitra izay tena mazava ; ary amin' izany, dia manosika ny olona hiroso eo amin' ny lalan' ny tsy finoana izy, mba hahatonga azy ho sahisahy eo amin' ny tsy fankatoavana an' Andriamanitra. Ny didy fahefatra indrindra no nokendren' ilay fahavalo hasiana mafy, dia ilay didy manambara marimarina fa Jehovah, Andriamanitra velona, no Mpanao ny lanitra sy ny tany. [1991]

Hita tokoa fa na dia eo amin' ny kristiana aza dia misy fironana hihevitra fa ny famoronana dia asan' ny zavaboary ihany, ka ny filazana mazàva avy amin' ny Soratra Masina dia soloana hévitr' olombelona. Maro no manameloka ny fandinihana ny faminaniana ao amin' ny Baiboly, indrindra ireo faminaniana hita ao amin' ny bokin' i Daniela sy ny Apokalypsy, ary ny anton' izany. hono, dia noho ireo boky ireo saro-pantarina sy maizimaizina ; ireny olona ireny dia manaiky tsy amim-pisalasalana ny honohono atolotry ny sampam-pahalalana momba

ny toetran ny tany, izay mifani- paka indrindra amin' ireo tantara nosoratan' i Mosesy. Koa ahoana ary no iheverantsika ireo olona milaza fa maizina tsy takatry ny saina ny zavatra nasehon' Andriamanitra, nefa kosa manaiky mora- mora foana ny fampianarana hafa izay tsy voalazan ny tenin Andriamanitra akory na dia indray mandeha azy ? [1991]

An' i Jehovah Andriamanitsika ny zava-miafina ; fa antsika sy ny zanatsika mandrakizay kosa ny zavatra ambara'. Tsy mbola nasehon' Andriamanitra na oviana na oviana izay fomba nampia- sainy tamin' ny famoronana izao tontolo izao. Tsy hain' ny siansa atao ny hahafantatra ny zava-miafin" ny Avo Indrindra; fa tsy 'akatry ny saina ny hery entiny mamorona sy ny fisiany. [11001]

Neken' Andriamanitra hiposaka eo amin' ny olona ny taratry ny fahazavana mba hanazavana ny fahalalany sy ny fahaizany. Kanefa, rehefa sahv hanongontsongona ny zava-miafina izay an' Andriamanitra ireo olona be fahalalana, dia amin' izay indrindra no haha-latsaka azy ao amin' ny fahadisoan-kevitra. Mety tsy hahadiso ny mieritreritra sy misaintsaina ny amin' ireo zavatra tsy nambara antsika ao amin' ny tenin' Andriamanitra, kanefa, aoka ny hevitra azontsika avy amin' izany mba tsy hifanipaka amin' izay voalazan' ny Soratra Masina. Izay rehetra mandao ny Soratra Masina, ka manazava araka ny siansa fotsiny ny momba ny famoronana, dia mirenireny toy ny sambo tsy manana na famantarana avaratra, na sarintany hitari- dalana azy. eny ambony ranomasina mangeniheny mbola tsy nale- hany. Ny olona tsy manaiky hotarihin' ny Baiboly eo amin' ny fiezahany hampirindra izay voalazan' ny Tenin' Andriamanitra sy izay voalazan' ny siansa. na dia hoe olo-mahay aza izy, dia ho voan' ny haitraitrany Ambony loatra eo anatrehany ny Mpamorona sy ny famoronana, ka sady hanary izay voatantaran' ny Soratra Masina izy no tsy hahatakatra koa ny lalàna eo amin' ny zavaboary. Izay rehetra misalasala ny amin' ny fahamarinan' ny Testamenta Taloha sy Vaovao, ary milaza ny tenany la mahalala nyf lalàn' ny zavaboary, Ka manambara la angano ihany ireo tantara voalazan' ny Baiboly, dia hihadiso hevitra: hanjary hisalasala ny amin' ny fisian' Andriamanitra izy, ary noho ny tsy fananany ' atofantsika sy fitarihan- dalana, dia ho vaky eo amin' ny haram-baton' ny tsy finoana ny sambony. [11001]

Tsy nananany ny fahatsoran' ny finoana noho izy tsy natoky tanteraka ny herin ny tenin Andriamanitra, izay hery tsy azo tsara- tsaraina foana amin ny fahalalana lazaina hoe ara-tsiansa. Ny. Fahaizan' olombelona dia tsy azo ianteherana mandrakariva. Ny tsy fahaizana tsara ny siansa sy ny Soratra Masina sy ny fananana saina tsy vonona hanaiky, no matetika mahatonga ny olona sasany hihe- vitra azy roroa, (dia ny Siansa sy ny Baiboly izany), ho toy ny mifanipaka ; rehefa takatra tsara anefa izay samy lazainy, dia ho hita fa mifandrindra tokoa izy. Mosesy dia nanoratra araka ny fitarihan' ny Fanahin' Andriamanitra azy ; koa ny fahaizana tsara ny sampam- pahalalana momba ny toetran' ny tany dia tsy hampahita na oviana na oviana hevitra izay afaka hifanohitra amin' izany. Rehefa faha- marinana, na fahamarinana hita eo amin' ny zavaboary izany, na fahamarinana voalaza ao amin' ny teny voasoratra, dia mitovy amin' ny fomba fisehony. [11001]

Misy zava-tsarotra hita ao amin' ny Tenin' Andriamanitra, izay tsy hain' ireo olona faran' izay be fahaizana vahana. Natao ao ireny mba hampahalalana antsika, fa na dia ny zavatra tsotra indrindra eo amin' ny fiainana aza, dia mety tsy ho takatry ny sain' olombelona voafetra, izay mihambo ho be fahaizana amam-pahalalana. Nefa. firifiry akory moa ireo olo-mahay no sahy manambara fa voafatotry ny lalàna nataony ihany Andriamanitra ; dia mihambo izy ireo fa afaka hanazava na dia ny fiasan' ny Fanahy ao anatin' ny fon' olombelona aza. Noho izany dia ataony tsinontsinona ny fanajana ny Tompo sy ny fahatahorany ny heriny. Lavin' ny olona ny zava- mahagaga rehefa tsy takatry ny sainy ny fomba aman-dalàna nentin' ny Mpahary nanao ireny. Antsoiny hoe lalàn' ny natiora ny lalàna izay mba hitany mifehy ny zavaboary. Akory anefa ny tsy fahatakarantsika tsara ireny lalàna ireny ! Moa azon' ny olombelona mety maty atao ve ny hahalala. na dia kely ihany aza, ny amin' ny halehiben' ny saha iasan' Andriamanitra mba hahitany ny didy amam-pitsipiny ? [11011]

Ampianarina matetika fa manana aina sy hery ary toetra mano- kana ho azy ny natiora. ka dia misosa fotsiny, mizotra manaraka ireny lalàna tsy miova sy tsy azon' Andriamanitra ialana ireny izy. Izany fampianaran-diso izany dia tsy eken' ny Tenin' Andriamanitra mihitsy. Ny zavaboary dia mpanompon' Ilay Mpahary azy. Andriamanitra dia tsy manafoana ny lalàny ; tsy mba manohitra ireny Izy fa manao azy kosa ho toy ny fiasana eo am pelatanany. Maneho fahendrena sy fanatrehana ary hery miasa araka ny lalàny ny zava boary izay manambara ny asa tsy miato ataon' ny Ray sy ny Zanaka Hoy Jesosy: 'Ny Raiko miasa mandraka ankehitriny, ary lzaho miasa '4. [11011]

Jao. 5: 17 [11011]

Hitantsika ao amin' ny bokin' i Nehemia ny hiran' ny Levita manao hoe: 'Hianao irery ihany no Jehovah ; Hianao no nanao ny lanitra. dia ny lanitry ny lanitra. mbamin' izay rehetra any aminy, ny tany sy izav rehetra eo aminy. ary Hianao no mamelona azy rehetra ' Raha ny amin' izao tontolo izao, dia vita tanteraka ny famoronana satria 'vita hatramin' ny nanorenana izao tontolo izao. ny asa' Tsy hoe noho ny hery tsy mety misaraka aminy no mahatonga ny tany hanome antsika ny soa samihafa, na mahatonga azy hihodina manodidina ny masoandro isan-taona, fa ny herin' Andriamanitra izay miasa mandrakariva no mihazona izao rehetra- izao. Koa tsy izy ny fiheverana, fa rehefa mihodina indray mandeha ny milin' izao tontolo izao. dia tsy mijanona intsony, ka ny fontsika hitepo mandrakariva. ary ny fofonaintsika hifandimby hatrany hatrany. Ny fitepon' ny fontsika. ny fiainantsika dia vao mainka koa mampibaribary ny fikarakarana tsy miato ataon' Ilay antony ivelomantsika sy ihetsehantsika ary iainantsika'7. [11021]

Ny tanan' Andriamanitra no mitarika ny planeta sy mitana azy ireo tsy hivily amin' ny lalana tsy miova izay falehany eo amin' ny habakabaka. 'Izy no mamoaka ny antokony araka ny isany sy miantso azy rehetra amin' ny anarany avy noho ny haben' ny fahatanjahany sy ny heriny tsy toha, ka tsy misy diso ireny na dia iray akory aza'8. Amin' ny alalan' ny heriny no anirian' ny zava- maniry sy itsimohan' ny raviny ary ivelaran' ny voniny. Izy no 'mampaniry ahitra ny tendrombohitra'9 sy mampahavokatra ny lohasaha. Izy no mampivezivezy ny biby

rehetra any an' ala. Ny zava-manan aina rehetra, hatramin ny biby kely madinika indrindra ka hatramin' ny olombelona. dia samy manantena avokoa ny fikarakaran' Andriamanitra isan' andro. 'Ireo rehetra ireo', hoy ny mpanao Salamo, 'miandry Anao, mba homenao ny hanjny amin' ny fotoany. Manome Hianao, dia manangona izy; manokatra ny tànanao Hianao, dia voky ny soa izy'10. [11021]

Manjaka eo ambonin ny zavatra rehetra ny teniny. Izy no nampihantona ny rahona eny amin' ny lanitra sy mampilatsaka ny ranonorana handena ny tany. 'Mandatsaka orampanala tahaka ny landihazo Izy; mampiely fanala tanaka ny lavenona Izy.'. 'Mampirohondrohona ny tany any an-danitra izy mampiakatra fofona avy amin' ny faran' ny tany ; manao ny helatra ho amin' ny ranonorana Izy, sady mamoaka ny rivotra avy amin' ny fira- ketany'11. Fa Andriamanitra no fototry ny zavatra rehetra ; ny tena fahalalana marina dia manaiky ny asany ; ary ny tena fitaizana dia mitarika ho amin' ny fankatoavana ny fanjakany. Ny siansa dia maneho zava-mahagaga vaovao amintsika; mianika eny amin' ny lanitra izy ; mirotsaka any amin' ny lalina tsy hita noanoa izy ; tsy misy manohitra ny fanambarana avy amin' Andriamanitra anefa ny fikarohana ataony. Mifanazava mantsy ny Teny voasoratra sy ny bokin' ny natiora, ary izy roroa dia samy mampirisika antsika hanompo ny Mpamorona sy hatoky ny Teniny. [11021]

Misy fetra ny sain' olombelona ka tsy hahafantatra mazava tsara ny fahendrena sy ny asa ary ny fisian' Ilay tsy manam-petra izy Hoy i Joba: [11031]

' Takatry ny sainao va ny fomban' Andriamanitra ?
Ary tanteraka va ny fahitanao ny Tsitoha ?
Avo tahaka ny lanitra izany ! ka inona no hainao atao ?
Lalina noho ny fiainan-tsi-hita ! ka inona no fantatrao ?
Lava noho ny tany ny ohany
Ary lehibe noho ny ranomasina 12. [11031]

Ny saina lalina indrindra ananan' ny olona dia tsy afaka haha- takatra an' Andriamanitra. Azon' ny olona atao ny mikaroka tsy an-kijanona sy mianatra mandritra ny mandrakizay: nefa tsy ho lany eo anoloany ny tsy manam-petra. [11031]

Zavatra iray loha ihany no mitoetra dia izao: ny zavaboary dia vavolombelon' ny fahendrena sy ny fahalehibeazan' Andriamanitra. Izay rehetra mandray ny teniny ho mpanoro lalana dia hahita mpanampy mahasoa eo amin' ny siansa. 'Ny lanitra mitory ny voninahitr' Andriamanitra; ary ny habakabaka manambara ny asan' ny tànany'13. 'Fa ny fombany tsy hita, dia ny heriny mandrakizay sy ny mah' Andriamanitra Azy, dia miseho hatramin' ny nahaovana izao tontolo izao, fa fantatra amin' ny zavatra nataony'14. [11031]

Toko 8 - Ny Tilikambon' i Babela

Ny safo-drano dia nanadio ny faharatsian-toetra teto an-tany. Fianakaviana iray monja, dia ny fianakavian' i Noa, no hany note- hirizin' Andriamanitra mba hameno ny tany indray. Fa hoy Izy tamin' i Noa: ' Hianao no hitako fa marina eo anatrehako amin' izao olona miara-belona aminao izao'1. Vetivety foana anefa. dia hita nitombo teo amin' ireo zanakalahy telon' i Noa ny toetra nahavoa ireo olona velona talohan' ny safo-drano. Ny toetran' i Sema sy Hama ary Jafeta izay fototra iorenan' ny taranak' olombelona vaovao. dia taratr' izay ho toetran' ny taranany tsirairay avy. [11051]

Nahazo tsindrimandry tamin' Andriamanitra i Noa, ka nilaza izay ho tantaran' ny firenena telo hipoitra avy amin' izy telo lahy izy, dia izy telo lahy izay ho razamben' ny taranak' olombelona rehetra. Raha nilaza ny amin' ny taranak' i Hama izy, izay tsy notononiny tamin' ny anarany fa tamin' ny anaran-janany, dia izao no teniny: 'Ho voaozona anie Kanana ; ho tena andevon' ny rahalahiny izy'2. Ny toetra tsy valahara nananan' i Hama dia mampiseho fa efa very tao aminy hatry ny ela ny fahaiz.a-manaja tokony hananan' ny zanaka; ary niova ho tsy tia vavaka sy ambany toetra izy. Nolovan' i Kanana ny fironana ho amin' ny ratsy tao aminy, ka tamin' ny farany dia niharan' ny fitsaran' Andriamanitra ny taranany. Fa i Serna sy Jafeta kosa dia nampiseho fanajana lalina ny ray aman-dreniny sy fankatoavana ny fitsipik' Andriamanitra, ka dia afaka nanolotra fiainana tsara ho an' ny taranany izy ireo. Toy izao no filazalazana izany: [11051]

' Isaorana anie Jehovah, Andriamanitr' i Sema ;
Ary aoka Kanana ho andevony.
Hataon' Andriamanitra malalaka anie Jafeta ;
Ary aoka honina ao an-dain' i Sema izy;
Ary aoka Kanana ho andevony '2. [11061]

Ny taranak' i Sema no taranaka niavian' ilay vahoaka mpandova ny teny fikasan' Andriamanitra, sy niavian' ny razan' Ilay Mpamonjy nampanantenaina. Jehovah dia Andriamanitr' i Sema ary avy tamin' i Sema no nisehoan' i Abrahama mbamin' ny vahoaka Isiraelita sy Jesosy Kristy. 'Sambatra ny firenena izay manana an' i Jehovah ho Andriamaniny '3. Ary ny amin' i Jafeta kosa, 'honina ao an-dain' i Sema izy". Ny taranany dia tokony hanana anjara be dia be amin' ny soa ateraky ny Filazantsara. [11061]

Ny taranak' i Kanana. na dia nanolo-tena ho amin' ny fanom- poan-tsampy farany izay ambany indridra aza, dia tsy tratran' ny fanamelohan' ny faminaniana, raha tsy efa an-jato taonany maromaro tatý aoriana. Namindra fo taminy Andriamanitra ambara-pahatongan' ny faharatsiany hihoatra ny faharipon' Andriamanitra. Ary rehefa izany, dia nesorina taminy ny taniny, ka dia tonga mpanompon' ny taranak' i Sema sy Jafeta izy. Tsy hoe faminaniana vokatry' ny haitraitra na vokatry ny saina tsy refesi-mandidy fotsiny ny fami- nanian' i Noa,

tsy nametra izay ho anjara na izay ho toetran' ny tsirairay avy izany tsy akory, fa mampiseho kosa izay ho vokatry ny fomba amam-piainana tsy maintsy hofidiny sy tsy maintsy hananany avy. Matetika dia mandova izay toetran' ny ray aman- dreniny ny zaza, sady manaraka izay ohatra asehony. Ny fahotan' ny ray aman-dreny dia mifindra koa avy amin' ny taranany anankiray ho amin' ny taranany anankiray. Ny famotsifotsiana sy ny toetra ratsin' i Hama, izay nolovan' ny zanany, dia niteraka ozona izay nahatratra taranaka maro. 'Ary ny mpanota iray maha- simba ny soa be'4. [11061]

Fa akory ny soa azon' i Sema noho izy nahay nanaja ny rainy ! Olo-malaza firifiry akory no nipoitra avy teo amin' ny taranany ! 'Fantatr' i Jehovah ny andron' ny mahitsy. Ary ny taranany hotahina'5. 'Koa aoka ho fantatrao fa Jehovah Andriamanitrao ihany no Andriamanitra, dia Andriamanitra mahatoky, Izay mitan drina fanekena sy famindramp amin' izay tia Azy sy mitandrina ny didiny, hatramin' ny taranaka arivo mandimby'6. [11061]

Nitoetra nandritra ny fotoana sasantsasany teo amin' ilay tendrombohitra niantsonan' ny sambo-fiara ny taranak' i Noa. Fa rehefa nihamaro izy, dia nisaraka noho ny fihemorana. Izay rehetra sorisorena noho ny fananarana sy famporisihana nataon' ireo mpivavaka tamin-Andriamanitra, dia naniry ny hiala tsy ho eo amba- nin' ny didin' ny Tsitoha intsony, ka dia nitady fonenana lavitra. Niroso ho any amin' ny tany lemak' i Sinara izay vakivakin' ny onin' i Eofrata izy ireo, sondriana erý noho ny hatsaran-tarehin' izany toerana izany, ka dia nanapa-kevitra honina teo. Nikasa hano- rina tanàna lehibe izy sy tilikambo avobe izay hampitolagaga ny tany rehetra. Izao no nokendreny tamin' izany fikasany roa loha izany: ny mba tsy hahatonga azy hisaratsara-ponenana ; izany anef'a dia mifanonitra amin' ilay baikon' Andriamanitra izay mandidy hiely eny ambonin' ny tany sy hameno azy ary hampanompo azy. Ny mpanorina an' i Babela dia nanam-pikasana hiray fonenana sy hanorina fanjakana izay hanapaka ny tany manontolo indray andro any. Ho renivohitr' izao tontolo izao no nokendreny tamin' ilay tanàna naoriny. Ny voninahiny dia nokasainy ho isan' ny zava- mahatalanjona hita etý ambonin' ny tany, ary ny anaran' ireo mpanorina azy dia noheveriny tsy ho very tadidy eo amin' ny taranaka mifandimby. Fa nokasainy hahatratra ny lanitra ny tendron' ilay tilikambo, ka sady ho voninahitra sy vavolombelon' ny fahaizan' ny mpanao azy, no tsy hahalefy laza ny anaran' izy ireo hatramin' ny taranaka fara-mandimby. [11071]

Ireo mponina tao amin' ny tany lemak' i Sinara dia tsy nino ny teny fikasan' Andriamanitra izay nanambara fa tsy hisy intsony ny safo-drano. Maro taminy aza no nandà mihitsy ny fisian' Andriamanitra, sy nihevitra fa ilay loza nitranga dia vokatry ny toe-javatra mpiseho eo amin' ny zavaboary. Ny sasany kosa, na dia tsy nandà ny Fisian' Ilay Ambony Indrindra aza, dia nanana ny toetsain' i Kaina, ka nikomy tamin' ny Mpamorona. Nihevitra izy rehetra, fa raha tafasondrotra avo kokoa noho ny fetra farany tratran' ny safo-drano ny tilikambo izay haoriny, dia hahita fialofana amin' ny loza izy. Tsy izany ihany, fa ny haavon' ny tilikambo dia hamela azy hiakatra eny amin' ny faritra misy ny rah'ona, izay heveriny fa mety hahitany ny anton' ny loza izay niseho. Izany rehetra izany, raha atao bango tokana, dia tsy nanan-java-nokendrena

afa-tsy izao: ny mba hahafa-po ny fiavonavonan' izy rehetra sy mba hamongorana ny fahalalana an' Andriamanitra hatramin' ny taranany fara-mandimby. [11071]

Efa nadiva ho vita ny asa ; ny mpanorina tsirairay avy dia samy efa namaritra efitra ho azy avy. Ny efitrano sasany dia nasiana fanaka sarobidy sy noravahana tsara, ka natokana ho an' ny sampy. Faly izy rehetra fa nahomby ny asa nataony, ka nankalaza sy nanome voninahitra ny andriamani-bolafotsiny sy ny andriamani-bolamenany izy. Natao tsinontsinona Ilay Tompon' ny lanitra sy ny tany. Tampo- tampoka foana anefa. dia niato ny asa rehetra. Fa inona no niseho ? Nisy anjely nirahina mba hampijanona ny fikarakarana rehetra [11081]

Efa tafakatra avo dia avo ilay tilikambo. Ary satria tsy azon' ireo mpiasa tany amin' ny farany ambony natao intsony ny hibaiko ireo izay teo ambany, dia nasiana olona teny anelanelany rehetra teny, mba hampita ny hafatra sy ny baiko izay nomena. Raha mbola niampitapita toy izany ny hafatra, dia nokorokoroina ny fitenin' ny olona. ka tsy hifanitsy intsony ny zavatra nangatahina sy ny zavatra nomena ; ny hafatra nalefa dia niova koa teny am-pandehanana. Nahazo ny besinimaro ny. fikorontanana sy ny hagagana, ary satria tsy nisy intsony ny firaisana sy ny fiaraha-miasa, dia nahato ny raharaha. Tsy takatry ny mpanao tilikambo velively izay antony tsy nifankahazoany hevitra, ka dia tezitra ny nifanome tsiny be ihany izy. Niafara tamin' ny ady sy fahalatsahan-dra ny asa izay natao. Ary mba hanehoan' ny Tompo ny tsy fankasitrahany, dia nilatsaham- baratra ny tapany ambony tamin' ny tilikambo ka nianjera tamin' ny tany. Dia takatry ny olona fa misy tokoa Andriamanitra any an-danitra, Izay manapaka ny etý an-tany. [11081]

Talohan' izany fotoana izany, dia iray ihany ny fitenin' ny olona, fa hatramin' izay kosa dia izay nifankahazo fiteny ihany no nikambana sy niara-nizotra: ny sasany ho amin' ny toerana iray, ny sasany ho amin ny fitoerana hata indray. 'Dia tao no nampie- lezan' i Jehovah azy hiala ho eny ambonin' ny tany rehetra'7. Ny fomba izay nokendren' ny olona hisakanana ny fikasan' Andriamanitra ihany no nampiasain' ny Tompo hanatanterahana izany fikasany izany. [11081]

Navotan' io taranaka io lafo tokoa anefa izany ! Ny planan' Andriamanitra dia ny hahatonga ny firenena hiely manerana ny tany, ka na aiza na aiza halehany dia hitondra hiaraka aminy koa ny fahalalana ny sitrapon' ny Tompo izy ; izany dia mba hahatonga ny fahazavan' ny fahamarinana, madio sy tsy misy pentimpentina, hifindra avy amin' ny taranaka iray ho amin' ny taranaka iray. Mbola velona dimampolo sy telonjato taona taorian' ny safo-drano i Noa, ilay 'mpitory ny fahamarinana' ; ary i Sema mbola velona dimanjato taona. Nandritra ireo taona ireo dia samy nampianatra ny taranany ny amin' izay sitrapon' Andriamanitra sy ny fomba nitondrany ny razany avy izy. Fa ireo mpanao ny tilikambon' 1 Babela kosa, izay tsy mba naniry handre ny fahamarinana izay nanorisoiy azy, sady tsy te-hitahiry ny fahalalana an' Andriamanitra marina, dia vao mainka koa tafasaraka tamin' ireo izay afaka hizara taminy ny mazava, noho ny nanorokoroana ny fiteniny. [11091]

Nimonomonona tamin' Andriamanitra ireo mpanorina an' 1 Babela. Tsy mba nahatsiaro sy nankasitraka ny famindrampo nomena an' i Adama sy ny fanekem-pahasoavana natolotra an' i Noa izy. fa vao mainka koa velon-taraina, fa mafy loatra, hono, ny nanjo an' i Adama sy Eva noroahina avy tao Edena sy ny nahazo ireo mponina naringan' ny safo-drano. Tsy fantany mantsy fa raha miampanga an' Andriamanitra ho masiaka sy henjana toy izany izy, dia manaiky kosa hilonjy ny ziogan' i Satana izay lozabe manoatra noho izay rehetra atao hoe lozabe. Mba hanevatevany ny fanatitra alatsa-dra izay tandindon' ny fahafatesan' ny Mpanavotra, dia nanáraraotra ny haizin' ny fanompoan-tsampy izay nampiraparapa ny olombelona ilay anjelin' ny fikomiana, ka nanosika azy haka tahaka ireny fanatitra ireny, ary hanatitra ny zanany ho sorona eo amin' ny alitaran-tsampiny ! Hadinon' ny olona ny toetran' Ilay Mpamorona, ka ny fitiavany, ny fahamarinany, ary ny heriny dia nosoloany fampahoriana, fanaovana an-keriny ary fahabibiana tsy roa aman-tany. [11091]

Tamin' ireo olona tao Babela, izay nanapa-kevitra hanorina fanjakana tsy miankina amin' Andriamanitra, dia nisy olona sasan- tsasany natahotra an' Andriamanitra. nefa voafitaky ny fikasan' ny ratsy fanahy, ka dia nirotsaka nanana anjara tamin' ny fananganana ilay tilikambo. Noho ny amin' izy ireo, sy mba hahafantaran ireo filohan' ny teti-dratsy hampiharihary ny tena toetrany, no nahatonga an' i Jehovah hampitaredretra ny fanatanterahany ny fitsarany. Rehefa nahita ny fahadisoany ireo 'zanak' Andriamanitra', dia nanao izay rehetra azony natao tokoa mba hamiiiana azy hiala amin' ny fikasany ; nefa. notoherin' iretsy mafy dia mafy izany. Raha tsy nahato ny asan' ireo mpihemotra, raha tsy nofongorana ny fikambanany hanorina fanjakana izay tsy hisy anjara-toerana na anjaram-boninahitra ho an' Andriamanitra, dia simba hatreo amin' ny voalohandohan' ny tantarany ny olombelona. Hery mahatsiravina izay ho namongotra ny fiadanana sy ny fahasambarana ary ny fandriam-pahalemana no ho nanjaka tety an-tany. Ny fitsipik' Andriamanitra izay 'masina sady marina no tsara",8 dia ho nosoloan' ny olona fitiavan-tena sy fahasiahana. [11091]

Fa ireo izay natahotra an' i Jehovah kosa dia nitaraina taminy mba hamonjy azy, ary 'nidina Jehovah hizaha ny tanàna sy ny tilikambo izay nataon' ny zanak' olombelona'9. Noho ny indrafon' Andriamanitra tamin' ny olona, dia nokorokoroiny ny fiteniny ary natsahany ny raharahany tamin' ny nandravany ny tsangambaton' ny fiavonavonany. Mandefitra ela amin' ny faharatsian' ny olona Andriamanitra. Ary na dia manamarika ny fikasan' izy ireo hano-bahany. Indraindray eo amin' ny tantaran' izao tontolo izao dia miseho ny tanan' ny Tompo. dia ilay tanana miafina mihazona ny miseho ny tanan' ny Tompo, dia ilay tanana miafina mihazona ny tehim-piandrianan' izao rehetra ary izao, mba hampiato ny fitosaky ny faharatsiana sy hampibaribary, toy ny masoandro be lohataona, fa Jehovah no Mpamorona ary Izy irery ihany no tsy manam-petra, amin ny tahendrena sy ny fitiavana ary ny fahamarinana ; Izy no Mpanapaka ny lanitra sy ny tany ary tsy azo toherina ny fahefany. [11101]

Niafara tamin ny henatra sy tfaharesena lehibe ny fikasan" ireo mpanorina an i Babela. Ny tsangambaton' ny fiavonavonany dia niova ho tsangambaton ny tahadalany. Na dia izany aza anefa, dia mbola nizotra teo amin ny lalany ihany ny olona sy nanao araka izay sitraky ny fony,

nandà ny lalàn' Andriamanitra araka izay efa nataon' i Satana tany an-danitra, sy nataon' i Kaina tety an-tany. Ankehitriny dia mbola misy ihany koa olona mpanao tilikambo. Ny tsy mpino dia manorina ny heviny eo amin ny filazana feno honohono izay lazainy ta avy amin ny siansa, ka dia manosi-bohon-tanana ny Teny fanambarana izy. Mihambo ho mpitsara ny fanapahan' Andriamanitra amin' ny ara-panahy izy, ka manao tsinontsinona ny didiny ; ary ambarany fa ny hevitr' olombelona ihany dia ampy hitarika azy eo amin' ny fiainana. 'Saingy tsy tanterahina vetivety ny famaliana ny ratsy atao, dia izany no ikirizan' ny fon' ny zanak' olombelona amin' ny fanaovan-dratsy '10. [11101]

Eo amin' ireo izay milaza ny tenany ho kristiana, dia maro no miala amin' ny fampianaran' ny Baiboly izay tsotra sady mazava, fa manaraka kosa hevitra izay miorina eo amin' ny hevitr' olombelona. sy eo amin' ny anganongano mahafinaritra. Izy ireo koa dia manorina tilikambo izay heveriny fa hahatongavanv any an-danitra. Vahoaka marobe no variana mihaino ireo mpandahateny mahay, izay milaza fa tsy ho faty tsy akory ny mpanota. ary ny famonjena dia ho azo na dia tsy mitandrina ny didin' Andriamanitra aza. Raha ireo izay milaza ny tenany ho mpianatr' i Kristy no samy manaraka ny lalàn' Andriamanitra avokoa, dia ho iray ihany izy rehetra. Fa raha mbola ny fahendren' olombelona ihany no asandratra ho ambony noho ny tonin' Andriamanitra, dia hisy mandrakariva ny fisarahana sy ny fitokotokoana eo amin' ny mpino. Ny fikorontanana ankehitriny vokatry ny fahasamihafam-pinoana izay mampisaraka ny kristiana. dia antsoina hoe 'Babylona'11 (fikorontanana), dia teny ilazan' ny faminaniana ny Fiangonana manao araka ny fanaon' izao tontolo izao amin' ny andro farany. [11111]

Ireo izay mihevitra ny hareny sy ny fahefany ho lanitra, dia atao hoe koa mpanorina tilikambo. 'Manazimbazimba izy ka miresaka.fampahoriana an-dolompo. Avo vava izy'12. Sady manitsa- kitsaka ny fahefana ananan' ny namany izy, no tsy miraharaha ny fahefan' Andriamanitra. Azon' ny mpiavonavona atao ny hanana hery lehibe mandritra ny fotoana vitsivitsy, ka hahita fahombiazana eo amin' ny taharaha izay ataony, kanefa, amin' ny farany, dia tsy hijinja afa-tsy fahavoazana sy fahakiviana izy. [11111]

Efa mby eo am-baravarana ny fotoana famaliana. Hidina ny Avo Indrindra, mba hijery izay naorin' ny olona. Hasehony ny heriny tsitoha ka dia homontsamontsanina ny asan' ny olona mpirehareha. [11111]

'Eny an-danitra no itsinjovan' i Jehovah ;
Mijery ny zanak olombelona rehetra Izy ;*
Eo amin' ny fonenany no ijereny
Ny mponina rehetra ambonin' ny tany
Jehovah mahafoana ny fisainan' ny firenen-t.samy hafa ;
Mahatsinontsinona ny hevitry ny olona Izy.
Ny fisainan' i Jehovah maharitra mandrakizay,
Ny hevitry ny fony mahatratra ny taranaka fara mandimby '12. [11121]

Toko 9 - Ny Niantsoana an' i Abrahama

Rehefa nipariaka niala tao Babela ny olona, dia nahenika ny tany koa ny fanompoan-tsampy. Navelan' Andriamanitra hanaraka ny lalan-dratsiny ireo mpanota mafy fo nony farany, fa nifidy anankiray tamin' ny taranak' i Sema kosa Izy, dia Abrama, mba hitahiry ny didiny ho an' ny taranaka mandimby. Teo afovoan' ny fanompoan-tsampy sy ny finoanoam-poana no nitomboan' i Abrama. Ny fianakavian-drainy aza, izay nitahiry ny fahalalana an' Andriamanitra, dia efa nanomboka azon' ny hery mpandrendrika izay nanodidina azy ka 'nanompo andriamani-kafa'1. Ary satria tsy tokony ho levona ny finoana marina, dia nanomana olona mahatoky mandrakariva Andriamanitra, izay nifamindra hatrany hatrany ny haren-tsarobidin' ny fanambarany. Avy tamin' ny taonjato iray ho amin' ny taonjato manaraka dia nisy mandrakariva olona mahatoky, toa an' i Adama, Seta, Enoka, Metosela. Noa ary Sema, ary izao ambarantsika izao dia ny taranak' i Tera, izay tonga nitahiry ilay lova masina. 'Jehovah dia eo akaikin' izay rehetra miantso Azy, dia izay rehetra miantso Azy marina tokoa'2. [11131]

Na dia velona teo afovoan' ny fanompoan-tsampy aza Abrahama, ka voahodidin' ny hery ratsy, dia nijoro mafy ho mahatoky kosa izy teo ariivon' ny ratsy fanahy. sy teo anatrehan' ny fihemorana nahazo ny besinimaro. Tsy ela dia nahazo filazana hentitra sy mazava tsara momba ny didin' Andriamanitra sy ny fepetra rehetra momba ny famonjena izay ho entin' Ilay Mpanavotra izy. Ny fampanantenana taranaka maro, izay fampanantenana sarobidy tokoa teo amin' ny olona fahizay, dia nomena azy: 'Hahatonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao ; ary ho fitahiana tokoa hianao". Izany teny fikasana izany dia mbola nampiana anankiray hafa indray, izay sarobidy indrindra teo amin' ilay mpandova ny finoana, dia ilay manambara fa avy amin' ny taranany no hiavian' ny Mpamonjy: 'Ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany '3. [11131]

Ny' fepetra voalohany iankinan' ny fanatanterahana izany teny fikasana izany, dia ny fizahan-toetra ny finoan' i Abrahama. Hisy fandavan-tena hangatahina hataony. Nahazo izao baiko izao izy: 'Mandehana miala amin' ny taninao sy ny havanao ary ny tranon' ny rainao hankany amin' ny tany izay hasehoko anao' Ny havana aman-tsakaizany dia mety hanohitra ny planan' Andriamanitra momba ilay mpanompony, ka dia tsy maintsy nandao ilay toeranà nahabe azy Abrama mba hahatonga azy ho mendrika ny adidy lehibe izay natolotra azy, dia ny fitandremana ny sitrapon' Andriamanitra. Tsy maintsy hanana toetra miavaka izy sy fomba amam-panao hafa noho ny an' ny besinimaro. Izay zavatra hataony dia tsy ho takatry ny sakaizany. 'Ny zavatra ara-panahy dia tsy maintsy heverina amin' ny fomba ara-panahy'. Ary na dia ny fianakaviany mpanompo sampy aza dia tsy hahafantatra izay anton' ny ataony. Hanana firaisana manokana amin' ny lanitra izy, ka honina any an-tanin' olon-kafa. [11141]

'Finoana no naneken' i Abrahama, rehefa nantsoina, hiainga hankany amin' izany tany ho azony ho lova; ka dia niainga izy, nefa tsy fantany izay halehany'5 - Ny fankatoavana feno

sady dodona nasehon' i Abrama no anankiray amin' ny ohatra tsara indrindra ao amin' ny Baiboly maneho ny tena finoana marina. [11141]

Taminy, ny finoana dia tena 'fahatokiana ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita'. Niantehitra tamin' ny teny fikasan' Andriamanitra izy, ka na tsy nahita porofo ivelany mampiseho ny ho fahatanterahan' izany aza, dia niainga nandao ny fonenany, ny havany, ary ny tanindrazany, sady tsy nahalala akory izay lalana hitondran' Andriamanitra azy. 'Finoana no nivahiniany tany amin' ny tany nolazain' ny teny fikasana, toy ny any an-tanin' olona, mitoetra an-day, mbamin Isaka sy Jakoba, mpiara-mandova izany teny fikasana izany aminy '6. [11141]

Izay nangatahina hataon' i Abrama dia tsy mba fizahan-toetra moramora na fandavan-tena maivamaivana. Nisy fatorana mafy izay namatotra azy tamin' ny tanindrazany, sy ny havany ary ny anko- honany. Kanefa na dia izany aza dia tsy nisalasala izy. Tsy mba nanontany akory izy na ho tsara sy mahavokatra. na hahasalama sy be harena ny tany izay halehany. Niteny Andriamanitra ary vonona izy mpanompony hankatò Azy. Aminy, ny tany tsara indrindra dia ny tany izay ibaikoan' Andriamanitra azy halehany. [11151]

Mbola maro koa ny kristiana ankehitriny izay zahàna toetra toy ilay patriarka. Tsy feo mivantana avy any an-danitra no miteny aminy, fa feo avy ao amin' ny Tenin' Andriamanitra sy avy amin' ny toe-javatra miseho, noho ny fitondrana avy any ambony. Antsoina izy mba hiala amin' ny asa izay mety hahazoany harena sy voninahitra, handao ny havany sy ny fonenana mahafinaritra nahazatra azy, mba handia kosa lalana feno zava-tsarotra sy fandavan-tena.Ny fiainana feno fiadanana: mpifanolobodirindrina mahate-ho tia dia samy hisakantsakana ny fitaizana ara-panahy ilainy mba hahatonga azy ho vonona hanao ny asa iantsoan' Andriamanitra azy. Dia esorin' Andriamanitra izy ka entiny lavitra, eo amin' ny toerana tsy hahitany intsony saina na hevitra avy amin' olombelona, mba hiankinany sy hahalalany tsara an' Andriamanitra irery. Sambatra ny olona toy izany, dia izay manaiky hiantsoroka adidy vaovao, eo amin' ny toerana vaovao, vonona hiasa ho an' Andriamanitra amin' ny fo faly ka manao ny fatiantoka ho tombontsoa noho ny fitiavan' ny Mpamonjy. Na iza na iza manaiky hanao toy izany dia manana ny finoan' i Abrahama, ka hanana anjara miaraka aminy, dia 'voninahitra mavesatra maharitra mandrakizay ', izay tsy azo ampitahaina velively amin' ny 'fahoriana amin' izao andro ankehitriny izao'7 [11151]

Rehefa nankatò ny antson' Andriamanitra Abrama, dia nandao an' i 'Oran' ny Kaldeana'8 izay toerana nonenany, ka iasa nankany Harana. Ny fianakavian-drainy, izay nampifangaroharo ny fanompoan- tsampy sy ny fanompoana an' Andriamanitra, dia mbola nanaraka azy ihany hatreo. Nitoetra teo izy ambara-pahafatin' i Tera rainy.Tamin' izay, dia reny indray ny feon' Andriamanitra niantso azy hanohy ny diany, nankatò izy ka dia nandao an' i Nahora rahalahiny sy ny fianakaviany ary ny sampin' ireo. Afa-tsy i Saray vadiny. dia i Lota zanak' i Harana rahalahiny izay efa maty ela, no nanaraka azy tamin' ny lalana nalehany. Na dia izany aza anefa, dia maro tokoa irco mpandeha niara-niala taminy tany Mesopotamia, satria efa panan-karena sy nanana biby fiompy marobe izy , ta izany no haren' ny Tatsinanana,

nisy koa mpanompo maro izay niaraka taminy. Dia samy nandao ny tanindrazany avy izy rehetra ary tsy nisy tafaverina tany intsony; nentiny avokoa ny 'fananan' izy rehetra izay efa nohariny sy ny olona izay efa azony tao Harana' Nisy tamin' ireo olona ireo no voataonan' i Abrama na Saray ho amin' ny fanompoana an" Andriamanitra marina ; ny zavatra maharitra mandra- kizay no nataony ho ambony kokoa noho ny tombontsoa ho an' ny tenany. koa dia niara-nandeha tamin' ilay patriarka ho any amin' ny tany Kanana izy ary niara-tonga taminy tany. [11151]

Tao Sekema no nijanonana voalohany ary tao no nanorenan' i Abrama ny tobiny, dia teo anelanelan' ny tendrombohitr' i Ebaia sy ny tendrombohitr' i Gerizima, teo an-kazo terebintan' i More, teo amin' ny lohasaha maitso mavana. Toerana nahafinaritra izany toerana izany, 'tany soa, dia tany misy renirano sy loharano ary rano lalina eny amin' ny lohasaha sy ny tendrombohitra, tany misy vary tritika sy vary hordea sy voaloboka sy aviavy ary amponga-bendanitra, tany misy oliva sy tantely' Teo anatrehan' ilay patriarka anefa, dia nisy aloka nampanjombona izany lohasaha sy havoana mahavokatra izany, dia ny Kananita izay nonina tao amin' ny tany. Taranaka vahiny mpanompo sampy, no nanapaka ny tany mahafinaritra izay nampanantenaina azy. Teny ambany hazo maitsony no nisy alitaran-tsampy ho an' ny andriamani-tsy jzy, ary teny amin' ny havoanany no nidonaka ny afo nandoroana olona ho fanatitra. [11161]

Na dia zava-manahirana aza no tsinjoh' i Abrama, dia nifikitra mafy ihany tamin' ny teny fikasan' Andriamanitra izy. Raha nanan- gana ny lainy izy, dia niseho taminy Jehovah ka nanao taminy hoe: 'Ny taranakao no homeko ity tany ity'11. Nahazo hery noho izany teny izany izy, izay nanaporofo taminy fa manatrika sy momba azy Andriamanitra, ka ' dia nanorina alitara teo izy ho an' i Jehovah Izay niseho taminy". Ary rehefa nahazo baiko indray hanohy ny liany izy. dia niainga ka nifindra tao Betela, ary tao no nanorenany ailitara indray sy niantsoany ny anaran' i Jehovah. [11161]

Abrama, izay antsoina hoe 'sakaizan' Andriamanitra', dia nametraka ohatra lehibe ho antsika. Fiainana feno fivavahana ny fiainany. Ary na taiza na taiza no nananganany ny lainy, dia teo koa no nanorenany alitara izay nanangonany ny ankohonany ho amin' ny fanatitra maraina sy hariva. Rehefa nandao ireny toerana ireny izy, dia mbola nitoetra teo ihany kosa ny alitara. Taona maro tatý aoriana, rehefa nandalo teny amin' ireny toerana ireny ireo Kahanita mpitoetra an-day, izay efa nampianarin' i Abrama, ka nahita ireny alitara ireny sady nahafantatra fa teo no nitoby ilay pairiarka, dia mba nitoby teo koa. ka nanemboatra ny alitara ary nivavaka tamin' Andriamanitra velona teo. [11161]

Mbola nanohy ny diany nianatsimo Abrama ary nozahana toetra indray ny finoany. Tsy nampilatsaka orana ny lanitra, tankina ny renirano izay nanondraka ny lohasaha, maina ny ahitra teny amin' ny tany lemaka, tsy nahita vilona nivelomana intsony ny biby, ary nanandindona ny toby manontolo ny mosary. Inona àry izao no hataon' i Abrama ? Hisalasala ny amin' ny fitondran' Andriamanitra va izy, ka hanenina noho ny amin' ny saha mahavokatr' i Kaldea izay nilaozany ? Velom-panontaniana toy izany ireo olona manodidina azy raha

nahita ny loza izay efa nihatra aminy ; ny finoany an' Andriamanitra sisa no azo ianteherana , satria Izy no Sakaizany sy Mpitarika azy. [11171]

Raha nanoloana toe-javatra nanahirana toy izany ilay mpanompon' Andriamanitra, ka tsy nahalala izay tena antony, dia nitoetra ho tony mandrakariva, notohanan' ilay teny fikasana manao hoe: 'Hitahy anao Aho; hahatonga anao ho firenena lehibe Aho; haha- lehibe ny anaranao Aho ; aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany'. Tsy voahozongozon' ny zava-niseho izy, fa vao mainka koa nanolo-tena ho amin' ny fivavahana mafana, sady nieritreritra izay fomba hamonjena ny tobiny sy ny andian' ondriny. Tsy nisaintsaina ny handao ny tany Kanana izy, na hiverina any Kaldea izay efa nilaozany sady be hanina. Nitady fialofana vonjy maika teo amin' ny tany izay akaiky indrindra ilay tany nampanantenaina efa nametrahan' Andriamanitra azy izy, dia ny tany Egypta. [11171]

Navelan' Andriamanitra handalo izany fizahan-toetra izany ny mpanompony mba hampianarany azy hahay hilefitra, hahay haharitra, hahay hino ; ireo lesona ireo dia azon' izay rehetra handalo fahoriana hianarana koa. Raha eo amin' ny lalana saro-pantarina indraindray no itondran' Andriamanitra ny zanany, dia tsy manadino velively izay rehetra matoky Azy Izy. Navelany hatao sesi-tany tany Patmo i Jaona, ilay mpianatra malala ; kanefa tsy nafoiny izy fa tonga tao aminy ny Zanak' Andriamanitra, ka naneho azy ireo fahitana be voninahitra mandrakizay. Rehefa avelan' Andriamanitra hiharan' ny fitsapana ny vahoakany. dia ny mba hahatonga azy, rehefa avy mankatò sy maharitra, hahazo soa ara-panahy be dia be. ka ho tonga loharanon-kery sy loharanom-pinoana ho an' ny hafa. 'Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana. "fa tsy loza'12. Ny fahoriana mafy izay tsaroantsika fa mampangirifiry antsika indrindra, ka iheverantsika fa nahafoy antsika Andriamanitra, dia mikendry ny mba hanato- nantsika akaikikaiky kokoa an' i Jesosy, ka hametrahantsika eo an-tongony ny tebitebintsika sy mba hanandramantsika koa ny fiadanana izay atolony ho valin' izany. [11171]

Hatrany hatrany, dia nampandalovin' Andriamanitra tao amin' ny memy fahoriana ny olony. Izany no fomba isarahan' ny loto sy ny tena volamena eo amin' ny toetra kristiana. Jesosy, izay manara- maso ny toe-javatra, dia mahalala izay hafanana ilaina mba hahatonga ny tena volamena hamirapiratry ny fitiavany. Amin' ny alalan' ny fitsapana mahery, nefa mahasoa, no anamboaran' Andriamanitra ny mpanompony. Izay rehetra manana talenta tokony hampiasaina hampandrosoana ny asany, dia avelany hiharan-javatra maro, mba hahalala sy hahatsapa ny kilema sy ny fahalemena ananany, mba hiala amin' izany ka hianatra hiantehitra Aminy kosa, izay hany Mpamonjy sy Mpanavotra. Amin' izay dia ho tratrany izay zavatra kendreny, fa rehefa nampianariny, namboariny, novolavolainy ireo mpanompony, dia ho vonona, rehefa mipaika ny fotoana, hanefa eo ambanin' ny fanampian' ny anjely, ny asa izay efa niantsoany azy hefaina etý an-tany. [11181]

Nandritra ny nitoerany tany Egypta, dia hita fa voan' ny fakam- panahy sy tratran' ny fahaiemena mpahazo olombelona Abrama. Nampiseho ny tsy fahampian' ny fahatokiany izy tamin' ny nata- horany hilaza an' i Saray hoe vadiny ; semban-drahona ny finoana sy ny herim-

panahy hita teo amin' ny fiainany. Tsara tarehy indrindra i Saray. ary natahotra Abrama fa sao dia halain' ny Egyptiana ho vady ilay vahiny tsara tarehy fatratra, ary izy kosa hovonoiny. Nieritreritra izy fa raha milaza ny vadiny hoe anabaviny dia tsy mandainga, satria i Saray dia zanakavavin' ny rainy fa tsy zanaka- vavin' ny reniny. Tsy sitrak' Andriamanitra ny fialana amin' ny. tena marina. Izany tsy fahampiam-pinoana izany dia saika nampidi- doza an i Saray, fa rehefa nahare ny amin' ny hatsaran-tarehiny ny mpanjakan' i Egypta, dia nampaka azy, ary nikasa haka azy ho vadiny. Fa Andriamanitra namely ny ankohonan' i Farao ka niaro ny vadin' ilay patriarka. Ary rehefa ren' ny mpanjaka ny fitaka nataon' i Abrama, dia tezitra izy ka niteny taminy hoe: 'Inona izao nataonao tamiko izao ? Nahoana hianao no nanao hoe: anabaviko izy ka nalaiko ho vady izy ? Koa ankehitriny, indro ny vadinao, ento izy, ka mandehana'13. [11181]

Tsy tian' ilay mpanjaka, izay efa nanao soa betsaka tamin' i Abrama, raha hiharan-doza ilay patriarka sy ny ankohonany. Koa noho izany, na dia fady tamin' ny Egyptiana aza ny miara-mihinana na miara-misotro amin' ny mpiandry ondry vahiny, dia nandefa an' i Abrama tamim-panajana sy fahatsaram-panahy i Farao, ka nampanatitra azy hatreo amin' ny sisin-taniny. Nieritreritra izy fa raha mbola mitoetra eo aminy ihany ity vahiny narovana sy nonajain' ny lanitra ity, izay saika nanaovany fahadisoana lehibe, dia hitombo hahatsiriritra ny hareny sy ny voninahiny, ka hitera-doza ho an' ny fianakavian' ny mpanjaka izany. [11191]

Ny fomba niarovan' Andriamanitra an' i Abrama nandritra ny nitoerany tany Egypta, dia fiarovana ho azy koa tatý aoriana rehefa nivelona teo anivon' ny jentilisa izy; nazava tamin' izy ireo fa mampidi-doza ny fanisian-dratsy ny zanak' Ilay Mpanapaky ny lanitra. Izany toe-javatra nitranga teo amin' ny fiainan' i Abrama izany indrindra no antony nilazan' ny mpaminany hoe: 'Tsy nisy navelany hampahory azy ; ary nananatra mpanjaka Izy hoe: Aza manendry ireo voahosotro ary aza manisy ratsy ireo mpaminaniko'14. [11191]

. Misy fifandraisan-javatra manaitra ny saina, izay nanjo an' i Abrama sy izay nanjo ny taranany taonjato maro tatý aoriana. Hidina any Egypta toa azy koa noho ny mosary ny taranany; hitoetra any izy ary hivoaka avy any hitondra harem-bevava avy amin' ny firenena mpanompo sampy, noho ny fiarovan' Andriamanitra azy. [11191]

Toko 10 - Abrahama tao amin' ny tany Kanana

Niverina ho any amin' ny tany Kanana Abrama 'nanana harena be, dia omby aman' ondry sy volafotsy ary volamena'1. Niaraka taminy hatrany hatrany koa i Lota. Tonga tao Betela izy ireo ka nitoby tao, dia teo amin' iiay toerana efa nanorenany alitara teo aloha. Tsapan' izy roa lahy anefa fa ny fananana harena be dia miteraka ahiahy be koa. Fony izy samy sahirana dia nilamina sy niray saina tsara, fa nony tonga nanan-karena kosa, dia toa tsy hifanaraka. Noho ny tsy fahampian' ny ahitra ho an' ny biby, dia nifamaly matetika ny mpiandry ondriny. Tsy maintsy nalamina izany rehetra izany, ka dia nisara-dia izy. Abrama no zokiny, na teo amin' ny laharam-boninahitra izany, na teo amin' ny laharam-pihavanana sy teo amin' ny harena. Na dia efa natolotr' i Jehovah azy aza ny tany rehetra, dia nanana fandavan-tena izy, ka nampifidy an' i Lota: ' Aoka re", hoy izy, 'mba tsy hisy ady amintsika roa lahy, na amin' ny mpiandry ombiko sy ny mpiandry ombinao, fa mpirahalahy isika. Moa tsy eo anoloanao va ny tany rehetra ? Masina hianao, aoka hisaraka amiko hianao; raha hianavaratra hianao, dia hianatsimo aho ; fa raha hianatsimo hianao dia hianavaratra aho". [11211]

Miseho eto indray ny toe-tsaina ambony tsy misy fitiavan-tena nananan' ilay patriarka. Firifiry moa ny olona, izay rehefa tojo toe javatra toy izao mahazo an' i Abrama izao, no tsy hampiasa ny fahefany mba hahazo izay zavatra tiany ! Fjrifiry ny fianakaviana efa nikorontana noho ny fiheverana ny tombontsoa ho an' ny tenany samirery ihany ! Firifiry ny Fiangonana efa nizarazara ka tonga fihomehezana eo anatrehan' ny tsy mpino noho izany antony izany ihany ! 'Aoka re mba tsy hisy ady amintsika roa lahy', hoy ny tenin' ilay patriarka tamin' ny fomba mendrika, 'fa mpirahalahy isika" tsy eo amin' ny ara-nofo izany, fa noho isika samy mpano- mpon' Andriamanitra koa. Ny zanak' Andriamanitra rehetra manerana ny tany dia samy isan' ny fianakaviana iray ihany, ka samy tokony hanana toe-tsaina feno fitiavana sy tia fihavanana. 'Mifankatiava araka ny fifankatiavan' ny mpirahaiahy: mitariha làlana amin' ny fifanomezam-boninahitra-'2. Izany no fananarana avy tamin' ny Mpamonjy antsika. Ny fanarahana izany toro-hevitra izany, ny fanaovana amin' ny hafa izay tiana hatao amin' ny tena, dia ampy hahafoana ny antsasaky1 ny fahoriana amam-paharatsiana mamely ny vahoaka. Avy amin' i Satana ny fitsiriritana. Fa Jesosy koa dia nampianatra fifankatiavana, dia fifankatiavana tsy mitady ho an' ny tena. Ary na zovy na zovy no mahalala izany, dia mahatakatra izao teny izao: 'Aza samy mihevitra ny azy ihany, fa samy ny an' ny namany koa'3. [11211]

Lota, na dia nanan-karena noho ny niarahany tamin' i Abrama aza, dia tsy nampiseho toe-tsaina mahay mankasitraka teo anatrehan' ilay mpanisy soa azy. Raha mba nahalala fomba izy dia ho namela an' i Abrama hifidy. Tsy izany no nataony, fa tia tenajzy, ka nanara- raotra ny alalana nomena azy mba haká izay tsara indrindra. Fa 'izy nanopy ny masony ka nitazana ny tany rehetra teny amoron' i Jordana hatrany akaikin' i Zoara, fa azon-drano avokoa izy rehetra, tahaka ny sahan' i Jehovah sy tifhaka ny tany Egypta'4. [11221]

Ny Johasahan' i Jordana no faritany lonaka indrindra tany Palestina, nahatsiarovana.ilay Paradisa very' izany ary lonaka. sady tsara tarehy toy ireo tany lemaka amoron' i Neily izaý vao nilaozany. Nahitana tanàna kanto sy manan-karena koa izay nisy tsena mandroso fatratra teny. Tsy noheverin' i Lota akory ny loza ara-batana sy ara-panahy nety nihatra taminy tamin' izany toerana izany, satria revo loatra tamin' ny fahasambarana ara-nofo izay nantenainy ho azo ny sainy. Asa na tsy fantany 'fa ny mponina teo Sodoma dia tena ratsy fanahy sady mpanota indrindra tamin' i Jehovah', na dia tsy nahoany loatra izany ka dia nofidiny 'ho azy ny tany rehetra amoron' i Jordana ka nifindrafindra loby hatrany Sodoma izy'4. Akory nv tsy fahatsinjovany ny ioza aterak' izany fifidianana feno fitiavan-tena izany ! [11221]

Rehefa nisara-dia izy roalahy, dia nahazo teny fikasana indray Abrama, izay nanamafy fa izy no handova ny tany manontolo. Tao aoriana kelin' izany, dia nitoby tao Hebrona izy, teo amin' ny hazo terebintan' i Mamre, teo amin' izay efa nanorenany alitara ho an' i Jehovah. Raha nitoetra teo amin' ireo tany lemak' i Sodoma be rendrarendra mampidi-doza i Lota, izy kosa dia nifaly tamin' ny fiainana tsotra nananany, nivelona teny ankalamanjana, voahodidin' ny havoana rako-boaloboka sy oliva, teny amin' ny saha mahavokatra sy teny amin' ny saha fiandrasan' ondry, nifoka ny rivotra madio teny an-tendrombohitra. [11231]

Nifanerasera tamim-pomba mendrika tamin' ireo mpiray fone- nana taminy ilay patriarka ; nohajaina fatratra izy, dia toy ny fanaja mpanapaka ambony sy hendry. Ny fiainany izay nifanohitra tamin' ny fiainan' ireo mpanompo sampy, dia nanana hery hitaona ho amin' ny tena finoana marina. Ny toetrany mahatoky tsy miova teo anatrehan' Andriamanitra, ny fiainany mahate-ho tia, ny fanaovan-tsoa nasehony, ny fahatsorany feno fahamendrehana, dia nahatonga ny olona hatoky sy ho tia ary hanaja sy hanome voninahitra azy. [11231]

Taminy ny fivavahana dia tsy mba rakitsarobidy tokony hote- hirizina ho an' ny tena samirery fotsiny. Mifanohitra sy tsy araka ny toetra amam-pitsipiky ny tena fivavahana ny fanao toy izany. Ny fo izay itoeran' i Jesosy dia tsy afaka hanafina ny famirapiratr' izany fanatrehany izany. Ny fahazavana aterak' izany dia tsy mba mihena fa vao mainka koa mitombo famirapiratana isan' andro isan' andro, dia arakaraka ny fahaievonan' ny zavon' ny fitiavan-tena sy ny zavon' ny fahotana, noho ny herin' Ilay Masoandron' ny fahamarinana. [11231]

Solontenan' Andriamanitra etý an-tany ny mpino, ka tokony hamirapiratra toy ny jiro eo anatrehan' ny haizimpito ara-panahin' izao tontolo izao. Eny amin' ny vohitra sy ny tanàna itoerany, dia izy no vavoiombelona sy masoivoho tian' i Jesosy hitondra ny faha- lalana ny sitrapony sy ny zava-mahagagan' ny fahasoavany eo amin' ny tsy mpino. Ny fanirian' ny Tompo dia ny hahatonga izay rehetra efa notolorany ny famonjeny lehibe ho iraky ny Avo Indrindra. Fa ny toe-panahy asehon' ny kristiana no itsaran' ny olon' izao tontolo izao ny herin' ny Filazantsara. Ny fitsapana mihatra nefa zakaina amim-paharetana, ny soa samihafa raisina amim-pankasitrahana. ny helemam-panahy, ny hatsaram-panahy, ny fahaizana mamindrafo, izany hoe, raha atao bango tokana, ny fitiava-namana: ireny toetra tsara rehetra

ireny, izay samy toy ny jiro manazava. dia mifanohitra indrindra amin' ny haizina vokatry ny fitiavan-tena. [11231]

Nanan-karena tamin' ny finoana no sady mendrika teo amin' ny asa soa nataony Abrama ; nahatoky tamin' ny fitsipi-piainana izay narahiny izy, no sady hendry sy nahay koa teo amin' ny fiheverana izay hahasoa, ary kinga sy nahery fo teo amin' ny ady. Na dia fantatra aza fa mpampiely fivavahana vaovao Abrama, dia tonga teo aminy ny mpanjaka telon' ny Amoreana, mpirahalahy iray ray, izay nanapaka teo amin' ny tany lemaka nonenany, mba hila fihavanana sy hanao fanekena taminy ; izany dia mba hitomboan' ny fiadanan' ny besinimaro izay notandindomin' ny famelezan' ny mpanao an-keriny mandrakariva. Tsy ela dia nisy toe-javatra nitranga izay nahazoan' i Abrama soa tamin' izany fanekem-pihavanana izany. [11241]

Efatra ambin' ny folo taona talohan' izao, Kedorlaomera, mpanjakan' i Elama, dia tonga nanafika ny tany Kanana, ka nandresy azy ary nampandoa hetra azy. Noho ny fikomian' ireo andriana maromaro, dia tonga indray ilay mpanjakan' i Elama, nampian' ireo mpanjaka efatra sakaizany mba hampandry ny tany. Mpanjaka dimy teo amin' ny tany Kanana no nikambana mba hanohitra azy. Tao amin' ny lohasahan' i Sidima no nihaona ny tafika roa. Resy ny tafiky ny mpanjakan' i Kanana: ny sisa tsy levona dia roso nando- sitra tany an-tendrombohitra. Ny mpandresy kosa dia namabo ny tanàna sy ny vohitra teny amin' ny tany lemaka manodidina, ary nody nitondra babo betsaka, ka isan' ireo i Lota sy ny fiariakaviany. [11241]

Ren' i Abrama izay nonina finaritra teo an-kazo terebintan' i Mamre, avy tamin' ny vavan' ny olona iray izay afa-nandositra, ny vaovao momba ny ady sy ny loza nanjo an' i Lota. Tsy mba nanao otri-po tamin ilay havany izy, ka avy hatrany dia nanapa-kevitra ny hamonjy azy. Rehefa avy nila saina tamin' ny alaian' ny fivavahana izy, dia niomana ho amin' ny ady. Vatan-dehilahy valo ambin' ny folo sy telonjato avy teo amin' ny tobiny no nangoniny, dia olona notezaina tao amin' ny fanompoana an' Andriamanitra, vatan- dehilahy izay efa nanompo azy sady zatra nitam-piadiana. Ireo olona vita fanekena taminy: Mamre, Eskola, sy Anera, dia nanakambana ny tafiny tamin' ny an' i Abrama, ka niara-nanenjika ireo mpandroba izy rehetra. Ny tafik' i Elama sy ireo mpomba azy dia nitoby tao Dana, teo amin ny ilany atsinanan' ny faritany. Sondriana loatra noho ny fandresena azony izy ireo ary tsy nanampo na inona na inona, ka dia nifaly sy nanaram-po. Nozarazarain' ilay patriarka ny olona nomba azy mba hamely ny fahavalo eo amin' ny lafiny maro ; ary nony eta alina ny andro. dia namely azy tampoka izy. Noho izany firoatana mafy sy tsy nampoizina izany, dia nalaky azo ny fandresena. Maty ny mpanjakan' i Elama, ary ny miaramilany dia vaky nandositra. Afaka i Lota sy ny fianakaviany mbamin' ny babo hafa koa, ary ireo harena nobaboin' ny fahavalo dia tafaverina ; tsy vitan' izany, fa nisy harena be dia be koa azon' ny mpandrosy. Manarakaraka an' Andriamanitra dia Abrama no antony nahazoana izao fandresena izao. Tsy hoe nanisy soa ny mponina fotsiny ihany ilay mpivavaka tamin' i Jehovah, fa lehilahy nahery an' ady koa. Hita niharihary tamin' izany fa tsy hoe rehefa mpivavaka dia kanosa, ka ny fivavahana dia tsy mahasakana tsy hahery fo, rehefa tsy maintsy harovana ny zon' ny ampahorina. Ny herim-po nasehon' i Abrama dia nampiely ny lazany teo amin' ny firenena manodidina. Tonga nitsena

sy nanome voninahitra azy ny mpanjakan' i Sodoma sy ireo tandapany ; tsy ny hamereriana ny fananany no notadiaviny, fa ny hahafahan' ny olony babo ihany no nangatahiny. Araka ny lalàn' ny ady mantsy, dia an' ny mpandresy ny zavatra voababo rehetra. Raha nanao io ady io Abrama, dia tsy noho ny fitadiavany tombontsoa ho an' ny tenany tsy akory, ka dia noiaviny ny hana- raraotra ny fahorian' ny hafa ; ny hany nataony dia ny nampanome ireo mpiray fanekena taminy izay tena tokony ho anjarany avy. [11241]

Vitsy ny olona, rehefa tojo toe-javatra toy izany, no tsy manararaotra hanangona harena. Ny ohatra nasehon' ilay patriarka dia mampahamenatra ireo izay tia harena maloto. Tsy hadinon' i Abrama tsy akory ny rariny sy ny hitsiny. Ny toetra nasehony dia tena manamarina ilay teny hoe: 'Tiava ny namanao tahaka ny tenanao'6. Fa hoy izy: 'Izaho dia efa nanangan-tànana tamin' i Jehovah, Andriamanitra Avo Indrindra, Izay nahary ny lanitra sy ny tany, fa tsy handray na taretra na fehin-kapa aza amin' izay rehetra mety ho anao, fandrao hataonao hoe: izaho no nampanan-karena an' i Abrama'6. Tsy misy na iza na iza afaka hilaza, fa noho ny fitiavan-tena no antony nirotsahan' ny patriarka ho amin' iny ady iny, na, noho ny fanomezana avy amin' ny hafa no nampanan-karena azy. Andriamanitra efa nampanantena hitahy azy, ary Izy irery no tokony homeny voninahitra noho izao fandresena lehibe izao. [11251]

Mbola nisy olona ambony iray koa tonga nitsena ilay patriarka nandresy ka nanome mofo sy divay ny miaramilany, dia i Melki- zedeka, mpanjakan' i Salema 'mpisoron' ny Avo Indrindra". Sady nitso-drano an' i Abrama izy no nidera an' Andriamanitra Avo Indrindra 'Izay efa nanolotra ny fahavalonao teo an-tànanao', (hoy izy). [11261]

Rehefa nanolotra azy ny ampahafolony Abrama, dia lasa niverina tamim-pifaliana ho any amin' ny lainy sy ny ondriny. Hatramin' izao anefa dia nisy eritreritra iray nanabataba ny fiadanany: izy. izay lehilahy tia fihavanana sy nankahala fifandra- fiana sy fifamaliana, dia efa nanana anjara tamin' ny fifamonoana mahatsiravina kosa ankehitriny ! Ireo firenena efa resiny, moa tsy mbola hanarina indray va, ka hikendry azy indrindra amin' ny valifaty hataony ? Ary satria efa heverina ho toy ny mpandray anjara amin' ny tabataba ara-politika izy, moa tsy ho tapitra hatreo koa va ny fiainany feno fiadanana ? Izany dia mbola niampy ny fisain tsainany fa izy dia tsy mbola nahazo ny tany Kanana ho lovany. Koa tsy nantenainy intsony izay zanaka mpandova hahatanteraka ny teny fikasana. [11261]

Raha mbola alina ny andro, dia nahita fahitana izy sady nandre ny feon' Andriamanitra nanao hoe: 'Aza matahotra ry Abrama; Izaho no ampinganao sy valim-pitia lehibe indrindra ho anao'.Noho ny eritreritna nanjombona tao anatiny, dia tsy toy ny fanaony tamin' ny lasa ny nandraisany izany teny fikasana izany: nangataka fana- mafisana izy. Atao ahoana koa no hahatanteraka izany teny fikasana izany raha tsy manome zanaka ho azy Andriamanitra ? 'Jehovah Tompo o', hoy izy, 'inona no nomenao ahy ? Fa izaho mandroso fahanterana, nefa tsy manan-janaka Izaho tsy nomenao fara handimby, ka, indro ny anankiray amin' ny ato an-tranoko no handova ahy'7. Nampiseho hevitra izy, dia ny hananganany an' i Eliezcra, ilay mpanompo mahatoky azy, ho mpandova azy. Nefa nomen' Andriamanitra toky izy fa ny zanaka hateraky ny kibony ihany no ho mpandova azy ; rehefa izany, dia nasainy nivoaka ny

lainy izy mba hijery ny kintana ali-kisa nanjopiapiaka teny amin' ny lahitra, sady hoy Izy taminy: 'ho tahaka izany ny taranakao'. 'Ary Abrama nino an' Andriamanitra. ka dia nisaina ho faha- marinariy izany'8. [11261]

Na dia izany aza aneta, dia naniry hahita porofo hita maso ilay patriarka. ary izany dia mba hanamafy ny finoany sy ho lanehoana amin ny taranany mandimby, fa tanteraka ny fikasan' Andriamanitra ny aminy. Neken' i Jehovah izany, ka dia nanao fanekena tamin' ilay mpanompony izy, ary nampiasa ny fomba fanao tamin' izany andro izany ho fanamafisana ny fanekena. Nibaiko an' i Abrama Andriamanitra mba hamono ombivavy kely sy osivavy ary ondrilahy efa telo taona avy hatao fanatitra ; hosa- sahina roa ireo ka hampifanandrifiana avy ny tapany ary hasiana elanelana mampisaraka ny ilany roa. Mbola haka domohina sy zana- boromailala indray Abrama, izay tsy mba hosasahiny roa. Rehefa izany, dia handalo eo anelanelan' ny fizarana roa izy, ka hanonona voady masina fa hankatò mandrakariva sy mandrakizay an' Andria- manitra ; niandry tamim-paharetana masina teo izy ; niaro ny toerana tsy ho voaloto sy tsy ho robain' ny voro-manidina mandra-paha- rivan' ny andro. 'Ary rehefa nilentika ny masoandro, dia sondrian- tory Abrama ; ary, indro, aizina mahatsiravina indrindra no nahazo azy'9. Ary Jehovah niteny taminy ka nanazava fa tsy hahazo avy hatrany ny tany nampanantenaina izy ; nasehony azy koa fa ny taranany dia tsy maintsy hiaritra fijaliana lavabe vao handova ny tany nampanantenaina. Rehefa izany, dia hitan' ilay patriarka niseho teo anoloany ny amin' ny planan' ny famonjena. Tsinjony ny faha- fatesan' ny Mpamonjy, ny fangirifiriana lehibe hahazo azy, ary ny fiverenany amim-boninahitra. Tazany ny tany manontolo naverina indray teo amin' ny hatsaran-tarehiny voalohany sy nomena azy ho lovany mandrakizay mba ho fanatanterahana tonga lafatra ny teny fikasan' Andriamanitra.10. [11261]

Mba ho fanamafisana ny fanekena nifanaovan' Andriamanitra sy Abrama, dia nisy fatana fandoroana feno afo mirehitra, izay mariky ny fanatrehan' Andriamanitra, nandehandeha namakivaky teo anelanelan' ny zavatra voasasaka izay samy nolevonin' ny afo avokoa. Ary Andriamanitra nampanantena azy fa ny tany rehetra 'hatrany amin' ny onin' i Egypta ka hatrany amin' ny ony lehibe, dia ny ony Eofrata" dia homena ny taranany. [11271]

Rehefa nivahiny dimy amby roapolo taona tany amin' ny tany Kanana Abrama, dia 'nisehoan' i Jehovah izy ka nitenenany hoe: Izaho no Andriamanitra Tsitoha ; mandehana eo anatrehako, ka aoka ho tsy misy tsiny hianao'11. Feno fanajana masina niharo tahotra ny fon' ilay patriarka ka dia niankohona tamin' ny tany izy. Fa hoy indray ilay feo: 'Raha ny amiko, dia, indro, aminao ny fanekeko, ka ho tonga rain' ny firenena maro hianao'. Ary mba ho antoky ny fanatanterahana izany teny fikasana izany, dia novana tsy atao hoe Abrama intsony ny anarany fa Abrahama, izany hoe 'rain' ny firenena maro". Ny anaran' i Saray dia natao hoe Saraha 'andriam-bavy", satria izy, hoy indray ilay feo, no hiavian' ny ' mpanjakan' ny firenena maro". [11271]

Tamin' izay fotoana izay no nanomezana an' i Abrahama ny fanao momba ny famorana 'izay famantarana noraisiny ho tombo-kasen' ny fahamarinana amin' ny finoana izay nananany fony izy tsy mbola voafora'12. Izany fanao izany dia hotandreman' ilay patriarka sy ny

taranany mba ho famantarana ny fanekeny hanompo an' Andriamanitra sy ho famantarana ny fisarahany amin' ny mpanompo sampy ; ho fanambarana koa izany fa izy ireo dia sarobidy teo imason' Andriamanitra. Ny anankiray amin' ny fepetra neken' i Abrahama, araka ny fanekena izay efa nataony, dia ny tsy hisian' ny fifanambadiana amin' ny jentilisa, fa sao dia hadinon' ny fianakaviany sy ny taranany ny fanajana an' i Jehovah sy ny didiny masina, ka ho voatarika hanao ny fanao ratsin' ny firenena izy, ka hanompo sampy. [11281]

Mbola nisy voninahitra lehibe koa nomena an' i Abrahama. Ny anjelin' ny lanitra dia tonga niresaka sy niara-nandeha taminy. dia toy ny fiarahan' ny mpisakaiza roa lahy lalana. Rehefa ho tonga ny andro izay hamelezan' ny fitsaran' Andriamanitra an' i Sodoma. dia nilazana izany mialoha izy. ary afaka nifona koa ho an' ny mpanota. Izany fotoana izany, izay niresahany tamin' ny anjely, dia azony nohararaotina mba hampiantranoany azy. [11281]

Indray andro, raha mbola nafana nanevokevoka ny andro, ka nitoetra teo am-baravaran' ny lainy nitazana ny hazoan' ny zava- boary Abrahama. dia nahatsinjo mpivahiny telo lahy izy, izay tamy nanatona azy. Raha mbola lavidavitra ny lainy ireo mpivahiny ireo dia niato, toa nifampila hevitra hahitana izay lalana haleha. Tsy niandry mba hanontaniana Abrahama, fa nitsangana izy ka nandeha haingana nitsena azy ; ireo mpivahiny kosa tamin' izay dia toa nivily lalana ka dia nandeha haingana Abrahama mba hanatratra azy. Ary rehefa tratrany izy, dia niangavy azy tamim-pahamendre- hana izy mba hiato kely hiantrano ao aminy ka hisotro fanalana hetaheta. Izy mihitsy no naka ny rano hanasan' ireo mpivahiny ny tongony mba ho afaka ny vovoka teny an-dalana ; ary raha mbola niala sasatra teo amin' ny alokaloka izy ireo, dia lasa Abrahama nifidy izay nahandro tokony hatao sy haroso eo anoloany. Rehefa. vonona avokoa ny zavatra rehetra. dia nijoro tamim-panajana nanotrona ilay fanasana tsotsotra izy. Noheverin' ny Soratra Masina fa mendrika ho tsarovana izany fihetsika tsotra mahate-ho tia izany. ka roa arivo taona taty aoriana, dia nilazalaza ny momba izany araka izao teny izao ity apostoly anankiray: ' Aza manadino ny fampiantranoam-bahiny: fa tamin' izany dia nampiantrano anjely ny sasany. nefa tsy fantany'13. [11281]

Abrahama. izay nihevitra fa mpivahiny tsotra reraky ny dia izy telo lahy. dia tsy nanampo akory fa ny anankiray taminy dia ambòny azony nivavahana. Haneho aminy izay tena toetrany izao ireo iraky ny lanitra. Na dia adidy mahatsiravina aza ny natolotra azy ireo, dia ny momba ny fitahian' Andriamanitra aloha no noresahiny tamin' ilay lehilahy be finoana. Tsy mba sitrak' i Jehovah ny hamali- faty. Na dia tsy misy ota tsy hitany aza, na dia manao fahamarinana aza Izy ho valin' ny ratsy, ny fandringanana ny ratsy fanahy kosa dia asa tsy fanaony mandrakariva, dia Izy Izay tsy manam-petra amin' ny fitiavana. [11291]

'Ny fisainan' i Jehovah asehony amin' izay matahotra Azy'14. Andriamanitra manome voninahitra izay olona manome voninahitra Azv, ka maneho aminy ny fikasany. 'Hafeniko amin' i Abrahama va izay hataoko?', hoy ny Tompo. Ary hoy indray Izy: 'Ny fita- rainan' i Sodoma sy Gomora dia lehibe tokoa, ary ny fahotany dia mavesatra indrindra; hidina Aho ka hizaha na efa nahatanteraka izany tokoa izy araka ny fitarainan' ny tany, izay efa tonga atý amiko, na tsia: ary raha tsy izany, dia ho fantatro'15. Andriamanitra dia nahalaia tsara ny

halehiben' ny otan' i Sodoma. Raha miteny toy ny fitenin' ny olona Izy, dia ny mba hanehoany ny fahamarinan' ny fitsarany. Alohan' ny hamelezana ireo mpaniratsira, dia ny tenany mihitsy no tonga hamotopototra ny toe-javatrá, ary vonona hanome fotoana hibebahany raha mbola tsy feno mitafotafo ny kapoaka. [11291]

Roso nanohy ny diany ny roa tamin' ireo iraky ny lanitra; Abrahama irery sisa no niaraka tamin' Ilay efa fantany fa Zanak' Andriamanitra; nitona ho an' i Sodoma teo anatrehany izy. Efa namonjy izany tanàna izany izy indray mandeha tamin' ny alalan' ny sabatra ; izao izy maniry hamonjy azy amin' ny alalan' ny vavaka. Lota sy ny fianakaviany mantsy mbola mitoetra ac an-tanàna ihany; ary ny fitiavana tsy miova fenitra efa nasehon' i Abrahama taminy ka namonjeny azy tamin' ny tanan' ny Elemita, dia mbola te-hisarika azy indray tsy ho tratran' ny fandringanana, raha sitrapon' Andriamanitra. [11291]

Feno fanetren-tcna sy fanajana anefa ny fifonana nataon' i Abrahama. 'Indro, fa efa sahy niteny tamin' ny Tompo aho", hoy izy, 'nefa vovoka sy lavenona". Tsy nisy fieboeboana na fanamarinan-tena teo amin' izany teniny izany. Tsy noho ny fankatoavany, na noho ny fahafoizan-tena samihafa izay efa niaretany noho ny fanompoany an' Andriamanitra, no nasehony ho antony tokony hanekena ny fangatahany: mpanota izy, nefa mifona ho an' ny mpanota koa. Izany no toe-tsaina tokony hananan' ireo izay manatona an' Andriamanitra. Tsaroana fa feno fahatokiana ny hatak' i Abrahama, dia toy ny fahatokian' ny zaza mangata-javatra amin-drainy be fitiavana. Raha nanatona Ilay Iraky ny Ianitra izy, dia fitalahoana mafy no nentiny teo aminy. Lota, na dia nonina tao Sodoma aza, dia tsy mba nandray tamin' ny ota aman-keloky ny mponina tao an-tanàna tsy akory, ka dia nihevitra Abrahama fa tao amin' io tanàna lehibe io, dia nisy koa olona hafa tena mpanompon' Andriamanitra marina. Izany no nahasahiany niteny tamin' i Jehovah hoe: 'Sanatria Anao raha hanao toy izany ka hamono ny marina miaraka amin' ny meloka, ka ny marina hatao tahaka ny meloka ; sanatria Anao izany ! tsy hitsara marina va ny Mpitsara ny tany rehetra ?" Arakaraka ny nanekena izay niriny no nahatonga ilay patriarka hihasahy tamin' ny fifonany, mandra- pahazony antoka fa raha misy olo-marina folo ao an-tanàna, dia tsy haringana ny tanàna. [11301]

Ny nahatonga an' i Abrahama nitalaho fatratra toy izany, dia noho ny fitiavany ireo fanahy izay ho very. Ny faniriany hamonjy ny mpanota dia nahery lavitra noho ny fankahalany ny fahotana mahatsiravina vitan' ilay tanàna ratsy fanahy. Ohatra tokony halaintsika tahaka eo anatrehan' ny ratsy fanahy izany oha-pitiavana nasehon' ilay patriarka izany. Voahodidin' ny olona izay mizotra ho amin' ny fandringanana, toy ny olona tany Sodoma fahizay isika. Isan' andro isan' andro, dia mikatona eo amin' ny fiainan' ny olona sasany ny varavaram-pahasoavana; isan' ora isan' ora, dia misy olona izay mameno mitafotafo ny kapoaky ny faharatsiany. Koa aiza izay mba feo hananatra azy ireny handositra ny loza manandindona azy ? Aiza izay tanana hitsotra hanavotra azy tsy ho tratran ny fahafatesana ? Aiza ireo mpifona amin' Andriamanitra mba hitalaho amin' ny fanetren-tena mafana sy finoana maharitra ho an' ny olombery ? [11301]

Ny toe-tsain' ny Mpamonjy no toe-tsaina nanetsika an' i Abrahama. Ny Zanak' Andriamanitra no Mpanalalana lehibe ho an' ny mpanota. Izy, Izay efa nandoa ny avotry ny fanahin' olom- belona no mahalala ny hasarobidin' ny fanahin' olona. Noreseny ny faharikorikoana ny ratsy, dia faharikorikoana tsy misy manana izany afa-tsy ny fanahy madio tsy misy pentina ihany, ka fitiavan- dehibe tsy takatry ny saina no nasehon' Ilay Mpamonjy izao tontolo izao. Raha teo am-pialan' aina teo an-kazo fijaliana Izy, ka nitam- besaran' ny fahotan' ny olombelona. dia nivavaka ho an' ireo mpamono sy mpaneso Azy ka nanao hoe: 'Raiko ò, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony ' 16. [11311]

Voalaza fa Abrahama dia 'natao hoe Sakaizan' Andriamanitra" sady 'rain' ny olona rehetra izay mino'17. Toy izao no voalazan' Andriamanitra ny aminy: 'Ary amin' ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany, satria efa nihaino ny feoko Abrahama ka nitandrina izay nasaiko notandremany, dia ny didiko sy ny teniko ary ny lalàko'. Ary izao indray: 'Fa efa nifidy azy Aho mba handidy ny zanany sy ny taranany mandimby azy hitan- dreman' ireo ny lalàn' i Jehovah hanao izay marina sy mahitsy, mba hitondran' i Jehovah amin' i Abrahama -izay efa nolazainy taminy '18. [11311]

Anankiray amin' ny voninahitra lehibe nomena an' i Abrahama ny niantsoana azy ho rain' ny firenena, izay ho mpitahiry ny faha- marinan' Andriamanitra mandritra ny taonjato maro mifandimby, dia firenena hipoiran' ny fitahiana ho an' ny firenena ety ambonin' ny tany amin' ny alalan' Ilay Mesia nampanantenaina. Ilay niantso ny patriarka dia nahalala izay nataony. Ilay mahafantatra ny eritre- ritsika eny lavitra eny, Ilay mahay mitsara ny olona araka izay tena toetrany marina, dia afaka nilaza toy izao ny aminy: Fantatro izy: tsy hampandefitra ny fahamarinana Abrahama mba hahazoany tombontsoa ho an' ny tenany ; hitandrina ny Didiko izy, ka hanao araka ny rariny sy ny hitsiny. Tsy ho afa-po amin' ny fahatahoran' ny tenany an' Andriamanitra izy fa hampitoetra mafy ny fanompoana Azy ao an-tokantranony. Hampianatra ny ankohonany ny lalan' ny fahamarinana izy ary ny lalàn' i Jehovah no ho fitsipiky ny ao an-tranony rehetra. [11311]

Olona arivo mahery no isan" ny ankohonan' i Abrahama. Izay rehetra voataona hanompo an' Andriamanitra noho ny fampianarany dia nekeny hitoctra teo amin' ny tobiny. Ary tao no niomanan' izy ireny, toy ny any amin' ny sekoly. ho tonga vavolombelon' ny finoana marina sy madio. Lehibe ny adidin' ilay patriarka, satria izy no namolavola ireo izay ho tonga loham- pianakaviana izay hitondra co amin' ny ankohonany avy ny fomba amam-panao nianarany taminy. [11311]

Fahiny dia ny ray no sady mpanapaka no mpisoron' ny fiana- kaviana. Ny fahefany tamin- janany dia tsy niato tsy akory na dia efa nanorin-tokantrano hafa aza ireo; noheverin' ny taranany ho filoha mandrakariva izy, na teo amin' ny raharaham-pivavahana izany, na teo amin' ny raharaham-pivavahana izany na teo amin' ny ara-nofo. Izany fomba fitondrana fanaon' ny patriarka izany, izay nokendren' i Abrahama mba hateza, dia ny mba hitebirizana ny fahalalana an' Andriamanitra. Nilaiua izany mba hampivondrona ny mambra ao amin' ny fianakaviana sy ho fiarovana amin' ny fanompoan-tsampy' nahavoa ny maro. [11321]

Takatr' i Abrahama fa ny fizàrana mifamahofaho amin' ny ratsy dia mahatonga fihemorana eo amin' ny toetra sy fialana amin' ny fomba tsara. Koa dia niezaka izy hiaro ny tobiny mba tsy hifangaro amin' ny jentilisa na hanatrika izay fetim-pivavahany. Nikely aina mafy tokoa izy mba hanaisotra izay rehetra avy amin' ny fivavahana sandoka: niczaka izy mba hampahafantatra ny fiandri- anana sy ny voninahitr' Andriamanitra izay hany mendrika hianko- hofana. [11321]

Izany fitandremana feno fahendrena izany, dia ny fisarahan' ny vahoakan' Andriamanitra sy ny jentilisa araka izay azo atao, dia avy amin' Andriamanitra mihitsy ; Mikendry hahatonga ny olony ho 'firenena mitoka-monina.. tsy hatao ho isan' ny jentilisa'19 Izy. Matoa nosarahiny tamin' ny havany mpanompo sampy Abrahama, dia mba hitaizany azy sy ny fianakaviany tsy ho azon' ny hery mamitaka izay nanerana ny tany Mesopotamia. Toy izany no nitehi- rizana ny finoana marina ho madio lalandava teo amin' ny taranany nifandimby [11321]

Tsy izany ihany la, noho ny fitiavany ny zanany sy ny ankoho- nany. noho ny fitsinjovany izay ho fahasambaran' izy ireo mandra- kizay, Abrahama dia nampiharihary teo anatrehany ny fankalazany ny didin i Jeliovati, ka nanao izany ho harena sarobidy indrindra azony apetraka ho an' ny taranany sy izao tontolo izao. Ny tsirairay avy teo amin' ny tobiny dia tsy maintsy nahalala fa ny Tompo no mpiahy azy, koa ny fampahoriana avy tamin' ny ray 'aman-dreny, na ny tsy fankatoavana avy tamin' ny zanaka, dia tsy mba nisy. Ny didin' Andriamanitra no mampahalala ny tsirairay avy izay adidiny, koa ny fiieferana eo ambanin' izany didiy izany ihany no hahitana fahombiazana sy fiadanana. [11321]

Ny ohatra nasehon' 1 Abrahama isan' andro, ny hery miafina teo amin' ny fiainany. dia nahazoana lesona tsy tapaka. Ny fahitsiam-pitondrantenany, ny toetra mahafinaritra tsy misy fitiavan- tena nananany, ny fahaizana nifanerasera tamin' nv hafa izaý nampitolagaga ny andriam-baventy sy ny mpanjaka. dia hita namira- piratra teo amin' ny tokantranony koa. Ny fahamboniana sy ny fahalemem-panahy hita teo aminy, dia nampiseho tamin' ny olona rehetra fa niara-belona tamin' ny lanitra izy. Tao an-tranony, dia tsy natao tsinontsinona na dia ny mpanompo faran izay ambany indrindra aza: tsy mba nisy lalàna roa tao, dia lalàna ho an' ny tompo sy ho an' ny mpanompo, na lalàna ho an' ny mpanankarena sy ho an' ny mahantra. Tamim-pahamarinana sy fitiavana no nitondrana ny tsirairay avy tao ; ny tsirairay avy dia noheveriny fa afaka handova ny soa ateraky ny fahasoavana sy ny liainana mandrakizay. toy ny tenany ihany. [11331]

Nifidy an' i Abrahama Andriamanitra 'mba handidy ny zanany sy ny taranany mandimby azy'. Fantany fa tsy hisy fanaovana baranahiny eo aminy na fiangarana noho ny fahalemena; tsy hampandefitra ny adidiny eo anatrehan' ny fanehoam-pitiavana tsy ara-drariny izy. Tsy nampahafantatra fotsinv ny lalana tsara tokony harahina Abrahama, fa nampanjaka koa tamin' ny fomba matotra ny lalàna marina sy mahitsy. [11331]

Akory ny fahavitsian' ny olona manaraka izany ohatra izany ankehitriny ! Toe-tsaina jamba sy feno fitiavan-tena no hita eo amin' ny ray aman-dreny maro ; antsoiny hoe fitiavana izany

ka mahatonga azy hamela ny zanany hanao izay rehetra sitraky ny fony sy handeha araka ny fisainana mahazaza azy, ary hizotra araka izay tiany tsy ho voafehifehy. Tena fahalozana atao amin' ny tanora izany, sady tsy fahamarinana miharihary atao amin' ny mpiara-monina. Ny fahalemen' ny ray aman-dreny dia miteraka fikorontanana eo amin' ny fianakaviany sy eo amin' izao tontolo izao. Tsy mba amporisihina hanoa ny didin' Andriamanitra ny tanora, fa vao mainka koa aza avela hanaraka izay sitrapony. Dia toy izany no itomboany ; mankahala fatratra ny sitrapon' Andriamanitra sy mamafy amin-janany sy amin-jafiny ny toe-tsaina tsy tia vavaka sy tsy tia fankatoavana ananany izy. Ny ray aman-dreny dia tokony hanao toa an i Abrahama 'handidy ny zanany sy ny taranany mandimby azy" ka hampi- anatra fa ny dingana voalohany amin' ny fankatoavana an' Andriamanitra dia fankatoavana ny ray aman-dreny. [11331]

Ny tsy firaihana firy momba ny lalàn' Andriamanitra, hita, na dia eo amin' ny mpitondra fivavahana sasany aza, dia mitera- hoka-dratsy maro. Ny fampianarana miely fatratra ankehitriny, izay manambara fa tsy adidy tsy maintsy atao intsony ny mitandrina ny didin' Andriamanitra, dia manimba ny toe-panahin' ny olona toy ny fanompoan-tsampy ihany. Fa na iza na iza miezaka hana- lefaka ny herin' ny lalàn' Andriamanitra, dia mikapa ny andry iankinan' ny fianakaviana sy ny firenena izy. Ny ray aman-dreny tsy mahatoky eo anatrehan' izany lalàna izany, dia-tsy afaka 'handidy ny zanany sy ny taranany mandimby azy" mba handeha eo amin' ny lalana marina. Tsy raisina ho toy ny fitsipiky ny fiton- drantena eo amin' izany fianakaviana izany ny didin' i Jehovah, ka nony tonga ny fotoana hanorenan' ny zanany tokantrano, dia tsy hampianatra ny taranany izay zavatra tsy hainy izy. Toy izany no mahatonga ny fianakaviana maro ho velona tsy manana an' Andriamanitra sy mahatonga izao faharatsiana ankehitriny izao ho lehibe sy mahenika ny besinimaro. [11341]

Rehefa manomboka mizotra amin' ny fo tsotra eo amin' ny lalana marina ny ray aman-dreny, vao afaka 'handidy ny zanany sy ny taranany mandimby azy". Mba hahatrarana izany, dia misy fanavaozana tanteraka tsy maintsy atao. Ilain' ny ray aman-dreny izany fanavaozana izany ; ilain' ny mpitory ny Filazantsara koa. Samy mila an' Andriamanitra ao an-tokantranony izy. Raha iriny ny hisian' ny fiovana eo amin' izao tontolo izao, dia tsy maintsy mampiditra ny Tenin' Andriamanitra ao an-tranony izy mba ho tonga mpanolotsaina azy izany. Tsy maintsy hampianariny ny zanany fa ny Tenin' Andriamanitra no feon' Andriamanitra ka tokony hankatoavina fatratra. [11341]

Amim-paharetana sy amim-pitiavana ary tsy ankijanona no tokony hampianarany azy izay fomba fivelona ankasitrahan Andriamanitra. Ny zaza tezaina toy izany dia voaomana hanohitra ny hevi-petsin' ny tsy finoana. Efa nanaiky ny Baiboly ho fano- renan' ny finoany izy ; ho tsara fototra izany finoana izany ka tsy ho azon' ny onjan' ny tsy finoana hazera. [11341]

Maro loatra ny fianakaviana manao an-tsirambina ny fivavahana. Misy ray aman-dreny izay mihevitra ho tsy manam-potoana hatokana ho an' ny fotoam-pivavahana marain-tsy hariva, sy hisaorana an' Andriamanitra noho ny soa rehetra tsy tambo isaina nomeny, dia ny rivotra sy ny hainandro, ny ando mamelombelona izay mampi- tsimoka ny zava-rnaniry, ny fiarovany amin'

ny alalan' ny anjeiiny. Tsy manam-potoana izy mba hangataka ny fariampian' Andriamanitra sy ny fitarihany ary ny fanatrehany mamy ao an-tokantrano. Tahaka ny omby sy ny soavaly izy, ka mandeha mamonjy ny asany, nefa tsy mampiakatra na eritreritra kely akory aza mankany an-danitra. Ny fijaliana niaretan' ny Zanak' Andriamanitra mba hanavotana ny fanahiny tsy ho very mandrakizay, dia tsy ahoany akory sy tsy isaorany an' Andriamanitra. [11351]

Na iza na iza milaza ny tenany ho tia an' Andriamanitra dia tokony hanorina alitara ho an' i Jehovah eny amin' izay rehetra alehany sy ananganany ny lainy, dia toy izay efa nataon' ny patriarka. Raha misy fotoana tokony hahatonga ny trano tsirairay avy ho trano fivavahana, dia izao fotoana izao indrindra no izy. Ry ray sy reny, asandrato matetika mankany amin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny fivavahana ny fonareo ; manaova fangatahana na ho anareo izany na ho an' ny zanakareo. Ianareo ray, ianareo no mpisoron'. ny fianakaviana, ka manatera marain-tsy hariva fanati- pisaorana eo amin' ny alitaran' i Jehovah. Ianareo reny, miraisa amin' ny vadinareo sy amin' ny zanakareo mba hiantso sy hidera ny Mpamorona. Jesosy Izay faly hitoetra ao amin' ny tokantrano toy izany, dia honina koa ao an-tokantranonareo. [11351]

Raha izany, dia hisy hery masina avy ao an-tranonareo. Hanjaka sy hivelatra ao, amin' ny alalan' ny fifanajana sy ny hatsaram-panahy aiy ny fahaiza-miaina tsy misy fitiavan-tena, ny tena fitiavana. Ho maro anie ny tokantrano izay ho tia ny hanompo an' Andriamanitra, ka hivelaran' ny tena fitiavana marina, dia ireo tokantrano hampa- katra marain-tsy hariva vavaka, izay toy ny fofo-manitra eo anatrehan' Andriamanitra ! izany fivavahana izany dia hidina eo aminy indray, ka hitondra andom-pahasoavana sy fitahiana ho azy. [11351]

Ny tokantrano kristiana izay anolokoloana izany idealy izany, dia ho tonga vavolombelon' ny herin' ny fivavahana kristiana, izay tsy hain' ny tsy mpino lavina. Hiharihary izany hery izany, dia hery miasa hatrao ampon' ny ankizy, ary izany no alitara haorina ho an' ny Andriamanitr' i Abrahama. Raha ny tokantrano rehetra mihambo ho kristiana no tena kristiana marina tokoa, akory ny hery lehibe ho vokatr' izany: ho tonga tena 'fahazav,an' izao tontolo izao' izy tsirairay avy ! Ho an' ny ray aman-dreny maniry hananatra amim-pahatsorana izany idealy izany, dia miteny aminy Andriamanitra toy izay efa nitenenany tamin' i Abrahama hoe: Fa ela nifidy azy Aho mba-handidy ny zanany sy ny taranany mandimby azy hitandreman' ireo ny lalàn' i Jehovah hanao izay marina sy mahitsy, mba hitondran' i Jehovah amin' i Abrahama izay efa nolazainy taminy '. [11351]

Toko 11 - Ny Nanaterana an' Isaka ho fanatitra

Diboky ny hafaliana ny fon' i abrahama rehefa nahazo ny teny fikasana fa hiteraka zazalahy. Kanefa, moa niandry tamim-paharetana ny hanatanterahan' Andriamanitra ny teniny araka izay ora notinen- driny sy araka izay fomba nokasainy va izy ? Moa hahalavo azy va ny faharetan' ny fanatanterahana izany mba ho fizahan-toetra azy ? Nihevitra i Saraha fa tsy azon' Andriamanitra atao intsony ny hanome azy zaza eo amin' ny fahanterany ka dia nanome hevitra ny vadiny izy haka ny mpanompovaviny ho vadiny faharoa. Niely patrana loatra ny fampirafesana tamin' izany andro izany, dia tsy noheverina ho fahotana intsony na dia fandikana ny didin' Andriamanitra sy tena fanimbana ny fahamasinana sy ny fahasambaran' ny tokantrano aza. Ny nanambadian' i Abrahama an' i Hagara dia nitera-boka-dratsv, tsy ho an' ny fianakaviany ihany, fa ho an' ny taranany rehetra koa. [11371]

Feno fandokafan-tena i Hagara rehefa tonga vadin' ny patriarka: nirehareha erý izy raha nisaintsaina fa ho tonga renin' ny vahoaka maro izay tsy maintsy hipoitra avy amin' ilay mpanompon' Andriamanitra. Feno fiavonavonana sy fizahozahoana ny fony ka nanao tsinontsinona ilay tompovaviny izy. Fifampialonana no nameno ilay tokantrano feno fahasambarana teo aloha. Voatery tsy maintsy nihaino ny fitarainan' ny andaniny sy ny ankilany avy Abrahama ; niezaka indrindra izy mba hisian' ny filaminana, nefa tsy nahomby. Nanome tsiny azy i Saraha sady nitady handroaka ilay rafivaviny, anefa izy ihany no namporisika azy mafy mba haka an' i Hagara ho vadiny. Nihevitra Abrahama fa i Hagara no renin' ny zaza nampa- nantenain Andriamanitra azy, ka dia nandà ny handroaka azy izy. Kanefa, noho i Hagara mbola mpanompon' i Saraha, dia navelany ho eo ambany fanapahan' ny tompovaviny ihany izy Noho ny fiavonavonana sy ny hambompon' ilay mpanompovavy egyptiana anefa, dia tsy nahazaka ny fitondrana tsy refesi-mandidy izay vokatry ny nataony izy, ka lasa nandositra. [11371]

Nizotra nankany an-efitra izy, ory sady manirery; ary raha niato teo anilan' ny loharano anankiray izy, dia nisy anjely naka ny endrik' olombelona niseho taminy ; 'Ry Hagara, andevovavin' i Saray', hoy ilay anjely taminy, sady toa ta-hampahatsiaro azy ny toetrany sy ny adidiny izy, 'miverena any amin' ny tompo- vavinao ka miareta izay ataony aminao'. Dia hoy indray izy: 'Efa nihaino ny fahorianao Jehovah. Hataoko maro indrindra ny taranakao, ka tsy ho azo isaina izy noho ny hamaroany'1. Ary mba ho fahatsiarovana mandrakariva ny famindrampon' Andriamanitra, dia nanafatrafatra azy ilay anjely mba hanome ny zanany, ny anarana hoe Isimaela, izany hoe, raha adika 'Andriamanitra mihaino". [11381]

Rehefa sahabo ho zato taona Abrahama dia nahazo teny fikasana indray izy, fa ny ho mpandova azy dia ny zanak' i Saraha. Tsy nazava taminy anefa izany teny fikasana izany. Lasa tany amin' Isimaela izay efa notiaviny ny eritreriny, ka hoy izy: 'Enga anie ka Isimaela no ho velona eo anatrehanao !'2 Niverina indray anefa ilay teny fampanantenana, sady nazava dia nazava: 'Tsia, fa Saraha vadinao hiteraka zazalahy aminao, ary ny anarany hataonao hoe Isaka; ary ny fanekeko haoriko aminy.." Dia hoy indray Andriamanitra: 'Ary ny amin' Isimaela, dia

efa nihaino anao Aho: indro, efa nitahy azy Aho ka hahamaro ny taranany sy hampitombo azy indrindra'2. [11381]

Nahafeno fifaliana ny fon' i Abrahama sy Saraha ary ny toby rehetra ny nahaterahan' Isaka izay efa nandrasana hatry ny ela, sady antoky ny fanantenany mafy indrindra. Nahafoana ny fanantenana be rehaka nananan' i Hagara kosa anefa izany. Efa tonga tovolahy Isimaela tamin' izany, ary efa noheverin' ny olona rehetra, fa izy no ho mpandova ny haren' i Abrahama sy ny fitahiana nampanantenaina ny taranany rehetra, kanjo izao nahataka izy. Ny fifaliana rehetra noho ny nahaterahan' Isaka dia vao mainka koa nampitombo ny fahadisoam-panantenana sy ny fialonana ary ny fankahalan' i Hagara sy ny zanany ; sahy naneso sy nanao tsinontsinona an-karihary ilay mpandova ny teny fikasana isimaela. Tsinjon' i Saraha fa hiteraka fifanolanana tsy an-kijanona izany toetra vonon- kanao fitabatabana izany, ka dia nangataka an' i Abrahama izy mba handroaka azy mianaka. Nahavery hevitra ilay patriarka mafy dia mafy io fangatahana io. Hataony ahoana no fandroaka an' Isimaela, izay zanaka mbola lalainy ? Nangataka ny fitarihan' Andriamanitra izy teo amin' izany tebitebiny izany. Naniraka anjely ny Tompo mba hanoro hevitra azy hanaiky ny fangatahan' ny vadiny, sy tsy ho voasakantsakan' ny fitiavany an' Isimaela sy Hagara, satria, izany ihany no fomba tokana hisian' ny fiadanana sy ny fahasambarana indray ao an-tokantranony. Nanome azy teny fikasana fampiononana ilay anjely, ary nilaza fa na dia tafasaraka amin' ny fianakavian- drainy aza Isimaela, dia tsy hafoin' Andriamanitra tsy akory ; haro- vana ny ainy ary izy dia ho tonga rain' ny firenena maro. Feno fangirifiriana ny fon' ilay patriarka, nefa nankatò tamim-pahanginana ny tenin' Andriamanitra izy, ka nandefa an' i Hagara sy ny zanany [11381]

Lesona ho an' ny taonjato mifandimby rehetra ny lesona nomena an' i Abrahama. Maneho izany fa tokony hajaina sy lalaina mandra- kariva ay fanambadiana, na dia tsy maintsy itondrana fangirifiriana sy anaovana fandavan-tena aza. Saraha no hany tena vadin' i Abrahama ara-dalàna, koa tsy misy na iza na iza tokony havela haka ny fahefany maha-vady sy maha-reny azy. Asehon' ny Testa- menta Vaovao ho ohatra ho antsika ny fanajan' i Saraha ny vadiny ; koa tsy manome tsiny azy Andriamanitra raha nandà ny hisian' ny vehivavy hafa hizara ny fitiavan' i Abrahama vadiny izy. Moa tsy noho ny tsy fahampian' ny fuokisan' izy mivady an' Andriamanitra va no nahatonga ilay patriarka hikambana tamin' i Hagara ? [11391]

Abrahama no efa nantsoin' Andriamanitra ho rain' ny mpino. Tsy maintsy ho tonga ohatra ho an' ny taranaka mandimby rehetra ny fiainany. Tsy mbola tanteraka anefa ny finoany, tratran' ny fahalemena izany raha nanafina ny maha-vadiny an' i Saraha izy, sy raha nanaiky hanambady an' i Hagara. Koa mba hampitombo bebe kokoa ny fahatokiany Ilay Rainy any an-danitra, dia nampan- dalovin' Andriamanitra tamin' ny fizahan-toetra vaovao indray izy. dia fizahan-toetra faran' izay mafy indrindra, ka tsy mbola nisy olon-kafa na iza na iza nampandalovina tamin' izany. Tamin' ny fahitana tamin' ny alina, dia nahazo baiko ilay patriarka mba ho any amin' ny tany Moria, ka hanolotra ny zanany ho fanatitra eo amin' ny tendrombohitra izay mbola haseho azy. [11391]

Ny olona raha mbola eo amin' ny heriny sy ny tanjany dia afaka hahazaka fahoriana sy fitsapana, dia fahoriana sy fitsapana izay tsy ho tantiny rehefa tratran' ny fahanterana izy, ka mizotra mango zohozo manatona ny fasana. Teo amin' ny fahatanorany, dia tsy nampaninona an' i Abrahama ny niaritra tsy fahampiana sy nisetra ny loza. Ankehitriny kosa anefa, efa lasa ny heriny. Roapolo amby zato taona izy raha naharay ilay baiko mahatsiravina. Tena efa antidahy tokoa izany. na dia teo amin' ny fotoana nahavelomany aza. Teo amin' izany fotoana izany indrindra anefa, dia eo amin' ny fotoana nilan' ilay patriarka efa antitra sady torovan' ny asa sy ny ahiahy, fitsaharana, no nofidin' Andriamanitra hampiharana aminy ny fitsapana lehibe sy farany indrindra teo amin' ny fiainany. [11401]

Tao Beri-Sheba no nitoetra Abrahama. Nanan-karena sy be voninahitra ary nohajain' ny lehibem-bohitra toy ny fanaja andriam- baventy izy tao. Ny tany lemaka manodidina ny tobiny dia niparia- han' ny omby aman' ondriny an' arivony ; etsy sy eroa dia nahitana ny lain' ny mpiandry ondriny. Ilay zanaky ny teny fikasana izay nitombo teo anilan-drainy, dia efa tonga tovolahy. Novalian' ny Ianitra soa ny faharetana sy ny fiainana lava feno fandavan-tenan' ilay patriarka izay efa nandao mandrakizay ny tany sy ny fasan- drazany, noho ny fankatoavany an' Andriamanitra. Nirenireny toy ny mpivahiny teo amin' ny tany nampanantenaina azy izy, naniry indrindra nandritra ny elabe ny hahatongavan' ilay zanaky ny teny fikasana. Noho ny baiko avy any ambony no nandroahany an' Isimaela zanany. Koa ankehitriny indray, rehefa nitombo ho tovolahy mahafinaritra ilay zaza niriny sy nantenainy hahatanteraka ny fanantenany, dia nandre tamim-pangovitana izao teny izao izy, izay nanao taminy hoe: 'Ento ny zanakao, ny lahitokanao, izay tianao, dia Isaka, ka mankanesa any amin' ny tany Moria ; ary atero any izy ho fanatitra odorana'3. [11401]

Tsy toy ny tanamasoandro teo amin' ny fiainan' i Abrahama fotsiny Isaka, na fiononany teo amin' ny fahanterany ihany, fa izy koa no zanaky ny teny fikasana. Io zanany io, izay ho naharotidrotika ny fony ny fahafatesany, na fahafatesana tampoka izany, na fahafatesana vokatry ny aretina, io zanany io izao no anomezana baiko azy mba hovonoin' ny tenany mihitsy. Tamin' ny voalohany, dia noheveriny ho toy ny baiko mahatsiravina sy tsy azo ekena ilay baiko ; dodona erý koa i Satana tamin' izay mba hampino azy fa diso fihaino izy, satria ny didin' Andriamanitra dia manao hoe: 'Aza mamono olona" ; tsy hampanao velively izay zavatra efa norarany Andriamanitra, hoy ilay mpaka fanahy. (3) Gen. 22: 2 [11401]

Nivoaka avy teo amin' ny lainy ilay patriarka ary nitazana ny initra madio tsy nisy rahona ; tsaroany ny teny fikasana nomena azy efa ho dimampolo taona lasa izay, dia ilay teny fikasana nampa- nantenana azy taranaka tsy tambo isaina toy ny kintana. Izany teny fikasana izany dia ho tanteraka amin' ny alalan' Isaka, koa ataony ahoana no famono azy indray ? Nalaim-panahy tokoa Abrahama hino fa diso fihaino izy. Raha mbola very hevitra toy izany anefa izy sady feno horohoro, dia nipndrika tep amin' ny tany, ka nivavaka mafy mihoatra noho ny tamin' ny lasa rehetra. Niangavy an' Andriamanitra izy mba hanamafy ny baikony raha tsy maintsy hanatanteraka izany zavatra mampihoron-koditra izany izy. Naha- tsiaro ireo anjely izay namangy azy ka naneho taminy izay hanjo an' i Sodoma izy, dia ireo anjely telo izáy

nanambara taminy ny hahaterahan' ny zanany: lasa izy nankeo amin' ilay toerana nifanka-hitany matetika tamin' ny iraky ny Ianitra, nanantena ny hahita azy ireo indray ka hahazo fanazavana misimisy kokoa. Tsy nisy anefa na dia iray aza mba nanamaivana ny fahorian' ny fony. Teo amin' ny haizina izay nanodidina azy sady toa nandrakotra koa ny tanahiny. dia ilay baiko mahatsiravina ihany no hany nanakoako tao an-tsofiny: 'Ento ny zanakao. ny lahitokanao, izay tianao, dia Isaka". Hentitra sy mazava ilay baiko ; ny andro koa efa akaiky. koa tsy maintsy mandeha izy sady tsy sahy nitaredretra intsony. [11411]

Niverina teo amin' ny lainy izy ary nankao amin' ny toerana nisy an' Isaka izay renoka natory tamin' ny torimason' ny tanora tsy manan-tsiny. Nibanjina ny tavgn' ny zanany malalany izy, ka tsy nahajery ela fa nihodina toran-kovitra no sady nankeo amin' i Saraha izay renoka natory koa. Hofohaziny va izy mba hahazo manoroka farany ny zanany ? Hambarany aminy va ny baikon' i Jehovah ? Hataony ahoana koa no tsy fanokatra ny fony aminy ? Hataony ahoana no tsy fizara aminy izao adidy mahatsiravina izao ? Niahotra anefa izy: moa tsy Isaka ve no rehareha sy fifalian' ny reniny ? Moa tsy mifaningotra va ny fiainan' izy mianaka ? Moa tsy handà ny hanaovana ny zanany ho fanatitra va ny fitiavan' ny reny ananany ? [11411]

Farany, dia ny zanany no nofohazin' ilay lahi-antitra, ka nilazany fa nahazo baiko izy mba handeha nanao fanatitra any amin' ny tendrombohitra lavitra anankiray. Isaka izay efa nanara-dia ny tainy teo amin' ny alitara maro riaoriny nandritra ny fiva- hiniany, dia tsy gaga akory noho izao famohazana azy izao. Tsy ela dia vita ny fiomanana rehetra. Efa voaomana ny kitay sady efa napetraka ho entin' ny ampondra iray. Dia roso izy mianaka narahin' ny mpanompo roalahy. [11411]

Niara-nandeha izy, samy nangina. Day patriarka dia mbola nisaintsaina ny amin' ilay tsiambaratelo mahatsiravina angatahina aminy ka tsy naharesaka. Nitopy tany amin' ilay reny be fitiavana sy nanao ny zanany ho reharehany ny eritreriny ; toa hitany izany tenany miverina irery ao an-trano; toa tsinjony izany fahoriana mangidy hanjo ny vadiny ! [11421]

Nihariva ny andro. dia ilay andro toa lava indrindra tamin' i Abrahama. Samy renoka natory avokoa na Isaka na ny mpanompo, fa ilay lehilahin' Andriamanitra kosa dia nandany ny alina manon- tolo tamin' ny fivavahana, nanantena hahita iraky ny lanitra hilaza aminy fa nofaranana ny fitsapana, ka azon' ny zaza atao ny miverina indray any amin' ny reniny. Tsy nahita na inona na inona anefa izy. Tonga ny andro faharoa nodimbiasan' ny alina faharoa izay samy feno fahoriana sy fivavahana avokoa. Hay teny mampihorohoro izay nibaiko azy hamono ilay mpandova, dia injao reny mbola nanakoako tao an-tsofiny. Satana koa tsy nitsahatra nanisika fisalasalana sy tsy fankatoavana tao anatiny ; samy nolaviny tamin-kerimpo avokoa ireny fakam-panahy ireny. Ary tamin' ny marainan' ny andro fahatelo, raha nianga handeha izy, dia nanopy ny masony niana- varatra ka nahita ilay famantarana nampanantenaina azy, dia rahona feno voninahitra teo ambonin' ny tendrombohitr' i Moria ; izany dia vao mainka koa nanamafy taminy fa avy any an-danitra tokoa ny baiko izay nomena azy. [11421]

Tsy nimonomonona tamin’ Andriamanitra Abrahama, fa nampa- hery tena sady nisaintsaina ny hatsaram-panahy sy ny fahatokian’ Ilay Mpamorona azy. Moa tsy azony atao va ny haka aminy indray ilay zanaka malala izay fanomezana avy Aminy ihany ? Ary moa tsy mbola ao ihany koa va ilay fampanantenana izay nanao taminy hoe: ‘Avy amin’ Isaka no hantsoina izay taranaka ho anao’4, dia taranaka maro toy ny fasika eny amoron-dranomasina ? Isaka dia zanaky ny fahagagana. Ilay efa nanome azy aina, moa tsy mahay hamerina izany aminy indray va ? Dia nijery ny any ambadiky ny hita maso ilay patriarka ka nifikitra mafy tamin’ ny tenin’ Andriamanitra sady niteny anakampo fa ny Tsitoha ‘dia mahay manangana ny maty aza’5. Andriamanitra irery no hany mahatakatra ny halehiben’ ny fangirifiriana nahazo ilay ray nanolotra ny zanany ho faty. [11421]

Ny mason’ Andriamanitra irery ihany no sitrak’ i Abrahama hahita ny fiafaran’ izao toe-javatra izao, koa dia nanome baiko ny mpanompony izy mba hijanona. ‘Izaho sy ny zazalahy handeha hankerý ; ary hivavaka izahay, dia hiverina eto aminareo indray’6. Dia navela hoentin’ Isaka, ilay fanatitra hovonoina, ny kitay, fa ny rainy kosa no nitondra ny afo sy ny antsy ; niara-nizotra tamim- pahanginana izy mianaka nanatona ny tampon’ ilay tendrombohitra. Nanontany tena ilay zatovo ny amin’ izay hahitany fanatitra odorana eo amin’ ny tany lavitra ny andian’ ondry, ka tsy naharitra fa niteny hoe ? ‘Ry ikaky ò ! Indreto ny afo sy ny kitay , fa aiza kosa izay ondry hatao fanatitra odorana ?” Ilay teny hoe ‘Ry ikaky ò !” izay nitsatoka tao amin’ ny fon’ ilay lahiantitra, moa ve hampi- hambahamba azy eo amin’ ny fanapahan-keviny ? Moa hoborahiny ve ilay zava-tsarotra nasaina hataony ? Tsia. Fa hoy izy: ‘Anaka, Andriamanitra no hahita izay ondry hatao fanatitra odorana !” [11431]

Rehefa tonga teo amin’ ilay toerana voatondro izy mianaka, dia niara-nanorina ny alitara sy nandahatra ny kitay. Ary rehefa izany, dia tamin’ ny feo mangovitra no nilazan’ ilay mpanompon’ Andriamanitra tamin’ Isaka ny hafatra mitondra fahafatesana ho azy. Nivarahontsana sy tora-kovitra ilay zatovolahy raha nandre ny loza hanjo azy, kanefa tsy nanohitra izy na dia kely aza. Azony natao ny nandositra raha tiany izany ; tsy afaka hanohitra azy tovolahy feno hery, ilay lahiantitra reraky ny adim-panahy nandritra ny hateloana. Efa nianaran’ Isaka hatramin’ ny andron’ ny fahazazany anefa ny fankatoavana feno fahatokiana, koa raha vao nandre ny baikon’ Andriamanitra izy dia nanaiky. Noheveriny fa fanomezam-boninahitra azy izao fangatahana ny tenany mba hatao sorona ho an’ Ilay Mpamorona izao. Niombona tamin’ ny finoan-drainy izy, sady niezaka mba hanamaivana ny fijaliany, ka nanampy ny tanany feno hovitra, namatotra azy teo ambonin’ ny alitara. [11431]

Ary rehefa samy nampiseho ny mari-pitiavany farany izy mianaka, rehefa samy nikoriana ny ranomasony, rehefa vita ny fanorohana farany, dia nanainga ny antsy ilay lahiantitra mba hikapa ny tendan-janany Kanjo tsy afa-nihetsika ny tanany ; nisy feo avy tany an-danitra nanao taminy hoe: ‘ Ry Abrahama, ry Abrahama ó !” Ary hoy kosa izy: ‘Inty aho !” Dia hoy indray ny feon’ ny anjely: ‘Aza maninjitra ny tànanao amin’ ny zazalahy, ary aza maninona azy akory hianao ; fa hilako izao fa matahotra an’ Andriamanitra hianao, ka tsy narovana tamiko ny zanakao, dia ny lahitokanao’7. [11431]

'Aiy Abrahama nìherika nijery, ka. indro, nisy ondrilahy tec ivohony, voasangazotry ny kirihitrala ny tandrony'. Dia nalainy izany ka nateriny 'ho fanatitra odorana ho solon' ny zanany' Ary noho ny fifaliany sy ny fankasitrahany, dia nomeny anarans vaovao ilay toerana masina. Jehovah -jire, izany hoe, Jehovah no hahita. [11441]

Nohavaozin' Andriamanitra indray tamin' i Abrahama teo amin' ny tendrombohitra Moria, tamin' ny fomba be voninahitra, ny teny fikasana ho an' ny taranany mandritra ny taonjato mifan- dimby: 'Ny tenako no nianianako, hoy Jehovah: satria nanao izany zavatra izany hianao ka tsy niaro ny zanakao, ilay lahitokanao. dia hitahy anao tokoa Aho ary hahamaro dia hahamaro ny taranakao, ho tahaka ny kintana eny amin' ny lanitra sy ho tahaka ny fasika izay any amoron-dranomasina ; ary ny taranakao hahazo ny vava- hadin' ny fahavalony ; ary amin' ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany, satria nanaiky ny teniko hianao'7 [11441]

Ny asan' ny finoana izay vao avy nasehon' i Abrahama ho ohatra dia mijoro ho toy ny andry afo. manazava ny dian' ny mpanompon' Andriamanitra rehetra hatramin' ny farany. Nandritra ny telo andro, teny am-pandehanana, dia nanana fotoana ampy izy mba hieritre- retana sy hisaiasalana na hanao na tsy hanao. Azo'ny natao tsara ny nihevitra fa raha mamono ny zanany lahy izy, dia hoheverina ho toy ny mpamono olona ka ho tonga Kaina faharoa ; ho tsira- tsiraina izy amin' izay, hoheverina ho faikan' olona, ka samy ho foana avokoa na ny fampianarany na ny asa nomena hataony eo amin' ny mpiara-belona aminy. Nety ho fialan- tsiny koa ny fahan- ferany fatratra. Kanefa, na dia izany aza, tsy nitady fiolakolahana izy mba tsy hankatoavany an' Andriamanitra. Olombelona mora azon' ny fahalemena sy mitovy toetra amintsika ihany izy, kanefa, tsy niahotra izy, na nanontany izay fomba hafa indray hahatan- terahana ny teny fikasana, rehefa maty Isaka. Tsy niady hevitra akory tamin' ny fony naratra izy. Natoky izy fa marina izay rehetra notadiavin' Andriamanitra, ka dia nankató ara-bakiteny izy. [11441]

'Ary Abrahama nino an' Andriamanitra, ka nisaina ho faha- marinany izany, ary natao hoe Sakai/an' Andriamanitra izy' 'Koa fantaro fa izay amin' ny finoana no zanak' i Abrahama' Niseho teo amin' ny asany ny finoan' ilay patriarka. 'Tsy noha- marinina tamin' ny asa va Abrahama razantsika tamin' ny nanaterany an' Isaka zanany teo ambonin' ny alitara ? Hitanao fa niara-niasa tamin' ny finoana ny asany, ary ny finoana notanterahina tamin' ny asa'8. Maro ny olona diso hevitra ny amin' ny fifandraisan' ny finoana sy ny asa, fa hoy izy ireny: ' Ampy ny finoana an' i Jesosy, koa tsy tokony hisy hampitebiteby intsony ny amin' izay fitandre- mana ny didy '. Hadinony fa ny finoana marina dia miseho eo amin' ny fankatoavana. Hoy Jesosy tamin' ireo Jiosy tsy nety nino Azy: 'Raha zanak' i Abrahama hianareo, dia ny asan' i Abrahama no hataonareo' Raha niteny tamin' Isaka momba an' i Abrahama rainy Andriamanitra, dia nilaza hoe: 'Efa nihaino ny feoko Abrahama ka nitandrina izay nasaiko notandremany, dia ny didiko sy ny teniko'11. 'Ny finoana, hoy ny apostoly anankiray, raha tsy misy asa, dia maty mihitsy'12. 'Fa izao no fitiavana an' Andriamanitra", hoy indray i Jaona apostolin' ny fitiavana, 'dia ny hitandremantsika ny didiny'13. Tamin' ny alalan' ny fomba

amam- panao tandindona sy tamin' ny alalan' ny teny fikasana, 'dia nitory ny filazantsara tamin' i Abrahama' Andriamanitra.14 Tamin' ny alalan' ny mason' ny finoana no nitazanan' ilay patriarka ny Mpamonjy izay ho avy. Nolazain' i Jesosy tamin' ny Jiosy izany, fa hoy Izy: 'Ravoravo Abrahama rainareo hahita ny androko ; ary nahita izy ka faly'15. Ny ondrilahy natolotra ho fanatitra odorana ho solon' Isaka dia nampiseho ny Zanak' Andriamanitra izay novonoina nisolo antsika. Rehefa voaheloka ho faty ny taranak' olombelona noho ny tsy fankatoavany ny didin' Andriamanitra, dia sady nijery ny Zanany Andriamanitra no nilaza tamin' ny mpanota hoe: 'Ho velona hianao, satria, efa nahita fanavotana ho anao Aho'. [11451]

Raha nanome baiko an' i Abrahama Andriamanitra mba hamono ny zanany, dia tsy ho fizahan-toetra ny finoany fotsiny izany, fa mba hanehoana indrindra koa tamin' ilay patriarka ny tena votoatin' ny Filazantsara. Ireo andro manjombona feno tebiteby sy horohoro izay lalovany, dia nanampy azy hahatakatra, - dia araka izay zavatra tsapan' ny tenany, — ny halehiben' ny fahoriana izay niaretan' [11451]

Andriamanitra ho fanavotana ny olombelona. Tsy nisy fizahan toetra nampangirifiry mafy ny fon' i Abrahama toy ny fangatahana aminy hanolotra ny zanany ho fanatitra. Fa Andriamanitra, rehefa nanolotra ny Zanany ho amin' ny fahafaham-baraka sy ny faha fatesana, dia tsy mba namela, na dia anjely iray akory aza. hisalovana toy izay efa natao tamin' Isaka; tsy mba nisy feo nanao hoe 'Aoka izay !" Eny, mba ho fanavotana ny taranak' olombelona efa very, dia nilain' Ilay Mpanjaka ny nanolotra ny ainy ho fanatitra. Porofo lehibe toy inona indray moa no mbola ilaina ho mariky ny famindrampo sy ny fitiavan' Andriamanitra? 'Izy Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy nomeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra ?'16. [11461]

Tsy izany ihany, fa ny fanatitra izay nangatahina mba hataon' i Abrahama, dia tsy nikendry ny soa ho an' ny tenany fotsiny, na ho an' ny taranaka mandimby azy ihany, fa mba ho ohatra hampahery koa ireo mponina any an-danitra sy any amin' ireo toerana hafa koa. [11461]

Ny toerana nifampitoloman' i Jesosy Kristy sy Satana, ny saha izay nirehetan' ilay ady nifamalezana mba hahatanteraka ny planan' ny famonjena, no toy ny boky ianaran' izao rehetra ary izao. Teb amin' ny fotoana nahakely ny finoan' i Abrahama ny amin' ny teny fikasan' Andriamanitra, dia niampanga azy teo anatrehan' ny anjely teo anatrehan' ny Ray i Satana, ka nilaza azy ho tsy mendrikj ny soa ateraky ny fanekena izay nodikainy. Noho izany dia noheverin' Andriamanitra fa mety ny hitsapana ny fahatokian' ilay mpanom- pony indray eo anatrehan' izao rehetra ary izao, mba ho fanehoana mazava tsara ny planan' ny famonjena eo anatrehan' ny mponina rehetra, sy ho fanambarana koa ta fankatoavana feno ihany no azony ekena. [11461]

Ny mponin' ny lanitra no vavolombelon' ny toe-javatra nampi- hovitrovitra, izay nampiharihary ny finoan' i Abrahama sy ny fanka- toavan' ny zanany. Mafy lavitra noho ny fitsapana nolalovan' i Adama izany fizahan-toetra nolalovan' i Abrahama izany. Ny fandrarana

natao ho an' ireo razambentsika (nefa tsy nankatoaviny) dia tsy mba nisy fangirifiriana, fa ny baiko nomena an' i Abrahama kosa dia niteraka alahelom-panahy sy ady lehibe indrindra. Ny fankatoavana feno sy tony nasehon' ilay patriarka dia nahagaga ny lanitra manontolo ; nisy hoby sy fiderana natao ho fankalazana izany. Niseho nihanjahanja ny maha-lainga ny fiampangan' i Satana, ka dia niteny izao teny izao Andriamanitra: 'Hitako izao (tsy araka ny fiampa- ngan' Ilay ratsy) fa matahotra an' Andriamanitra hianao, ka tsy narovanao tamiko ny zanakao,-dia ny lahitokanao". Ny fanekena nifanaovan' Andriamanitra tamin' i Abrahama, izay 'nohamafisina teo anatrehan' ny mponin' ny Ianitra sy izao rehetra izao, dia porofo fa azo ny valisoa ho an'ny ampankato. [11461]

Na dia ny anjely aza, dia tsy nahatakatia tsara ny zava-miafin ny famonjena, sy ny antony nilàna ny fahafatesan' ny Zanak' Andriamanitra Ilay Andiianan' ny Ianitra, ho fanavotana ny mpanota. Koa, rehefa nahazo baiko ny hanolotra ny zanany ho fanatitra Abrahama ' dia nasaina niomana hanara-maso izany avokoa ny tany an-danitr; rehetra. Nanara-dia nijery tamim-pangitakitahana ny fihetsika tsirairay avy sy ny diangana tsirairay avy nataon' ilay patriarka ny maso rehetra. Raha nanontany Isaka ka nanao hoe: 'Aiza izay ondry hatao fanatiíra odofàíia ? ka namaly Abrahama nanao hoe: 'Andriamanitra no hahita izay ondry hatao fanatitra odorana": rehefa nohazonina. ny ftrnan' ijay patriarka raha hanainga azy fnamono ny zanany iny indrindra izy, ka ny ondrilahy izay efa voaoman' Andriamanitra no nateriný ho solon' ilay zatovo, tamin' izay, eny, tamin' izay, dia namirapiratra fatratra itidray ny zava-miafin' ny famonjena, ka takatry ny anjely, mihoatra noho ny tamin" ny lasa rehetra, ny planan' ny famonjena mahagaga izay efa nomanin' i Jehovah ho famonjena ny olombelona.17 [11471]

Toko 12 - Ny Nandravana an' i Sodoma

Niorina teo amin' ny tany lemaka nahavokatra sy tsara tarehy izay nampahatsiahy 'ny sahan' i Jehovah'1 ny tanànan' i Sodoma. Izy no ravaky ny lohasahan' i Jordana. Zava-maitso mahafinaritra fahita any amin' ny tany mafana no nandrakotra ny taniny izay be voaloboka sy oliva ary palma. Voninkazo marobe no nandravaka hanitra nandavan-taona. Ny saha dia feno vokatra efa masaka milonjehitra, ary ny havoana sy ny tendrombohitra manodidina dia niriariavan' ny andrian' omby aman' osy. Asan-tanana aman- taozavatra kanto no nandravaka ilay tanàna be avonavona, ary ny haren' ny Tatsinanana dia nameno ny lapany. Feno zavatsoa ny trano fivarotany, ary asa kely foana dia nahavelona ny mponina. Ny fiainana dia toa fety lalandava. [11491]

Ny fipetrapetraham-poana, nampian' ny harem-be toy izany, dia nanamafy ny fon' ny mponina tao an-tanàna, ka nahatonga azy ho tia rendrarendra sy fiavonavonana. Ny fahabetsahan-kanina sy ny fitiavan-daolao dia nahatonga azy rehetra ho adalam-paha-Finaretana. [11491]

'Izao", hoy ity mpaminay anankiray tatý aoriana, no 'helok' i Sodoma rahavavinao: Avonavona sy fahabetsahan-kanina ary fahatokiam-poana no tao aminy sy tao amin' ny zanani-vavy, ary tsy mba nitantana ny malahelo sy ny mahantra izy. Niavonavona izy ka nanao fahavetavetana teo anatrehako ; ary nony nahita izany Aho, dia nanaisotra azy'2. [11491]

Ny harena sy ny fotoana idonanaham-poana, izay tsiriritin' ny olona fatratra, dia mahatonga azy, amin' ny fomba moramora foana, ho latsaka ao amin' ny fandrik' i Satana izay feno loza sy faharatsiana. Amin' izay. dia ho reraka ny fanahy, ho simba ny saina ary hiharatsy ny, eritreritra. Eo amin' ny fotoana ipetrapetrahan' ny olona foana no amelezan' ny fanahy ratsy azy indrindra. Manptrika izy, ka vonona hanimba izay rehetra tsy miambina, sy manaiky ny rendrarendra atolony ary mamela azy hanjaka eo amin' ny fiainany. [11501]

Feno hehy sy" fialamboly, fanasana ary fisotroan-tòaka ny tanànan' i Sodoma. Tsy nahasakana ny haratsiam-panahiny ny loza nanjo ireo olona velona talohan' ny safo-drano ; naniratsira miharihary an' Andriamanitra sy ny didiny izy. Ny filàn-dratsy samihafa mbamin' ny toetra feno fanaovana an-keriny dia nihanjahanja tsy takona afenina intsony. [11501]

Tamin' ny fotoana izay nahatongavan' i Lota honina tao an-tanàna, dia tsy mbola nanenika ny besinimaro loatra toy izany. ny haratsiana. Mbola nisy ihany, noho ny famindrampon' Andriamanitra, tara-pahazavana nitsilo tao anatin' izay haizim-panahy lalina izany. Abrahama dia fantatr' olona tao an-tanàna, natao antom- pihomehezana anefa ny fahatokiany an' Andriamanitra. Noderain' ny olona fatratra izy tatý aoriana noho ny fahamarinan-toetra lehibe nasehony momba ny voababo, raha avy nandresy ny mpanjakan' i Elama izy, ka nanafaka babo maro teo am-pelatanan' ny fahavalo. Na dia tsy nanana afa-tsy tafika kely ihany aza Abrahama dia naha- vita iz.any. Maro no nidera ny talentany sy ny herimpony sady niaiky fa ny fandresena azon' i Abrahama dia tsy avy tamin' ny tenany ihany, fa avy tamin' ny fanampian'

ny herin' Andriamanitra indrindra koa. Fa atao ahoana tokoa moa no fisalasala ny amin' ny faham- bonian' ny fivavahana narahinyv raha mahita ny toetra soa feno fanda- van-tena nananany, izay nifanohitra indrindra tamin' ny fahihirana lozantany nasehon' ny mponina tao Sodoma ? [11501]

Raha nitso-drano an' i Abrahama i Melkizedeka dia nanome voninahitra an' Andriamanitra ho toy ny, loharano nipoiran' ny fandresena azon' ilay patriarka. Fa hoy izy: 'Hotahin' Andriamanitra Avo Indrindra anie Abrama, dia Andriamanitra Izay nahary ny lanitra sy ny tany ; arý isaorana anie Andriamanitra Avo Indrindra Izay efa nanolotra ny fahavalonao teo an-tànanao !'3 [11501]

Mbola niteny tamin' ny alalan' ireo zava-niseho ireo tamin' ny mponina tao Sodoma ny feon' Andriamanitra. Nefa, toy ny teo aloha, dia nanosi-bohontanana ny tara-pahazavana farany nalefa ho azy izy. [11511]

Tonga ny alina farany hahaveloman' i Sodoma. Efa nihevaheva teo ambonin' ny lohany, handefa ny alo-pahafatesana, ny rahon' ny famaliana. Kelvisisa dia hipaika ny ora fandringanana. Na dia efa nanatona aza ny anjely mba handrava ny tanàna, ny vahoaka kosa dia mbola. variana nanenjika fahafinaretana sy lalao ihany. Eo amin' izay niheveraný fa misy fiadanana sy famirapiratana no hahatraran' ny fahafatesana azy. Efa nitehin-ko hariva ny andro tamin' izay. Ny tanamasoandro efa hilentika dia nampitombo aoka izany ny hatsaran-tarehin' ny zavaboary. Nanasa ny olona hitsangatsangana ny hatsiatsiaky ny hariva, ka indreny vahoaka marobe tsy nanao na inona na inona, no nivezivezy tetsy sy terý, nitady fahafinaretana sy lalao. [11511]

Tamin' iny harivarina iny, dia nisy vahiny roalahy nanatona ny vavahadin' ny tanàna. Toa mpivahiny mitady trano hatoriana no fijery azy ireo. Tsy nisy nahalala akory fa izy ireo no iraka mahery tonga hampihatra ny fitsaran' Andriamanitra. Tsy nanampo velively akory ireto vahoaka sondriana sy revom-pifaliana, fa ny fomba handraisany ireo iraky ny lanitra ireo, no hahafeno mitafotafo ny kapoaky ny faharatsiany [11511]

Nisy anefa teo lehilahy tsara fanahy. Lota no anarany, izay nandray sy nampiantrano azy roalahy vahiny. Tsy nahalala azy roalahy kóa izy, fa noho ny lahaizany manaja sy noho ny fahazotoany mampiantrano vahiny. izay samy toetra tsara nampianarin' i Abrahama azy, no nanaovany izany. Raha tsy noho izany toetra soa nahazatra azy izany, dia niara-maty tamin' ny mponina tao Sodoma koa izy. Firifiry akory moa ny tokantrano, raha nandrindrina ny varavarany tsy hidiran' ny vahiny, no efa nandroaka koa ny iraky ny lanitra, izay nety ho nitondra fitahiana sy fiadanana ary fanan- tenana ho azy ! [11511]

Ný asa rehetra, na lehibe na kely, dia mitera-bokatra na ho amin' ny tsara, na ho amin' ny ratsy. Ny-fanatanterahana ny adidy izay heverina ho kely sy bitika, na ny fanaovana tsinontsinona izany, dia mety hahazoan-tsoa betsaka na mety hitera-doza lehibe tokoa. Ny zava-madinika mantsy no mampiseho ny tena toetra. Ny asa kely atao isan andro amin' ny fandavan-tena sy amin' ny hatsaram-panahy no ahazoantsika sitraka eo anatrehan'

Andriamanitsika. Tokony tsy hivelona ho an' ny tenantsika ihany isika, fa hivelona koa ho an' ny hafa. Ny asa soa kely matetika, ny fitiava-namana isan' andro, ireny sy ny toy ireny no mitondra fahasambarana ho antsika. Ny finiavana hanana izany no mahatonga ny fiainana ho feno fifaliana sy fitahiana. Ny fanaovana tsinontsinona izany kosa dia miteraka fahavoazana lehibe. [11511]

Mba hiarovana ireo vahiny izay niditra tao Sodoma tsy hiharan' ny hetraketraka samihafa, dia nampiantrano azy i Lota. Raha tazany avy teo amin' ny vavahadin' ny tanàna izay nipetrahany izy roalahy mpivahiny, dia nihazakazaka izy nitsena azy, sady niondrika ambany dia ambany no nanao hoe: 'Mba mivilia hianareo, tompoko, ho ato an-tranon' ny mpanomponareo, ka mandria anio alina, ary sasao ny tongotrarao'4. Nody nandà izy roalahy ka nanao hoe: Tsia; fa hitoetra eto an-kianja ihany izahay anio alina'. Ho fizahan-toetra ny fahatsoran' i Lota no anton' izany valinteny izany ; ary tsy izany ihany fa te-hiseho ho tsy mahalala na inona na inona momba ny toetran' ny mponina tao Sodoma koa ireo vahiny: Kanjo izany dia vao mainka koa nahadodona fatratra an' i Lota mba tsy hamela azy hianjadian' ny ditran' ny mponina. 'Rehefa noteren' i Lota fatratra izy roalahy dia nivily tany aminy izy ka niditra tao an-tranony'. Lalana miolaka no nitondran' i Lota ireo vahiny ho any an-trano, ary nanantena izy fa tsy ho hitan' ireo olona mpipetrapetraka teo am-bavahady izany. Ny resaka sy ny fisalasalan' ireo vahiny anefa dia nahasarika fijery maro. Koa raha tsy mbola nandry akory izy, dia avy nanodidina ny trano ny mponina tao an-tanàna. Izy rehetra, na ny zatovolahy na ny lahi-antitra dia samy nentanin' ny filàn- dratsy mahavoafady avokoa Izy roalahy dia vao avy nanontany an' i Lota momba ny toetran' ny mponina; mbola tsy tapitra akory ny fahazavana nataony izay nanafatrafatra ireto vahiny mba tsy hivoaboaka, dia injao re avy tao an-tokotany ny antsoantson' ny vahoaka izay nangataka an' i Lota mba hamoaka ny vahiny ho eo aminy. [11521]

Fantatr' i Lota tsara fa hamaky ny varavarana ireo vahoaka ireo amin' ny farany rehefa feno fahatezerana, ka dia nivoaka izy mba hampitony azy. Mba hampangina sy mba hahamenatra azy, dia nampiasa ny teny hoe 'rahalahy" izay mitovy hevitra amin' ny hoe mpifanolobodirindrina i Lota: 'Masina hianareo, ry rahalahiko, aza manao ratsy". Toy ny menaka naidina teo amin' ny afo izany teny izany. Niova ho toy ny fitrenan' ny tafio-drivotra ny haromo- tan' ireo mpanami-trano. Nandraliona an' i Lota izy, ary nilaza fa hanao ratsiratsy kokoa aminy noho ny amin' ireo vahiny ireo, sady niampanga azy ho te-hiseho ho mpitsara eo aminy. Dia nirohotra hamely azy izy ka raha tsy noho ny fiarovan' ny anjely, dia ho voa-rasarasany teo i Lota. 'Fa naninjitra ny tanany izy roa lahy, dia nanintoria an' i Lota hankao an-trano ho ao aminy, ka nakatony ny varavarana'. [11521]

Ny tollin' ny tantara dia mampiseho amintsika ny toetran' ireo vahiny nampiantranoin' i Lota. 'Dia nampanjambena ny mason' ny lehilahy izay teo am-baravaran' ny trano izy hatramin' ny kely ka hatramin' ny lehibe, ka dia sasa-poana nitady ny varavarana izy ireo". Raha tsy noho izany fampanjambenana izany dia efa ho niharan' ny fitsaran' Andriamanitra ir.eo vahoaka ratsy fanahy ireo. Tsy hoe voalohan-java-niseho izao tsy akory, saingy izao vao

feno mitafotafo ny kapoaky ny faharatsiana, ka niova ho fahatezerana ny faharipon' Andriamanitra. Efa hirehitra eo amin' ny lohasahan' i Sidima izao ny afon' ny fahavinirana. [11531]

Dia nasehon' ny anjely an' i Lota ny anton-diany 'Ho ravanay, ity tanàna ity, satria efa lehibe ny fitarainany eo anatrehan' i Jehovah, ka dia naniraka anay Jehovah handrava azy". Ireo vahiny nampiantranoin' i Lota, izay nokasainy harovana, dia miaro azy izao sady vonona ny hamonjy azy sy ny fianakaviany, dia izay rehetra manaiky handositra handao ilay tanàna simba. Ny vahoaka tao an-tokotany dia sasatra ka samy nody avy, fa i Lota kosa lasa haingana mba hampandre ny zanany. Ny'teny izay efa nolazain' ny anjely ihany no nolazainy taminy: 'Miaingà, mialà amin' ity tanàna ity: fa horavan' i Jehovah ity tanàna ity. Fa nataon' ny vinantony ho tahaka ny mpanao vazivazy izy', ka dia nesoiny sy noheveriny ho minomino foana. Ny zananivavy, izay tsy nahita famantarana mampiseho ny fahantomoran' ny loza, sady voataonan' ny hevitry ny vadiny, dia natoky fa tsy hisy haninona tokoa. Niadana izy ireo ary nihevitra fa tsy ho simbàna na oviana na oviana i Sodoma tsara tarehy. [11531]

Nody tamin' alahelo i Lota ka nitantara tany an-trano ny tsy tinoan' ny zanany ny teniny. Koa dia nilaza taminy sy tamin' ny vadiny ary tamin' ny zananivavy roa izay mbola niara-nitoetra taminy ny anjely mba hivoaka ny tranony ka handao ny tanàna. Nisalasala anefa i Lota. Na dia nalahelo aza izy noho ny hetraketraka hitany isan' andro, dia tsy mbola takany tsara ny halehiben' ny faharatsiana nanodidina azy sy ny antony tokony hamongorana izany. Tsy izany ihany. fa ny zanany roa dia nanapa-kevitra hijanona ao Sodoma. ary ny vadiny koa dia nilaza fa tsy handao ny tanàna raha tsy miara- mandositra aminy ireo zanany ireo. Tsaroany ho tena tsitoha mihitsy izany handao ireo sombin' ny ainy malalany ireo, sy ny hiala amin' ny fonenan-tsoany ary ny hamoy ireo harena rehetra novoriny nandritra ny taona maro las^. ka handeha handositra, tsy hitondra na inona na inona fa ho toy ny mpivahiny mandrakariva. [11531]

Sanganehana sy nanjonitra ary very hevitra i Lota ka nitaredretra na dia efa nila hanindao azy mbamin' ny ankohonany aza ny tafio- drivotra efa nananontanona. Koa dia hotantanan' izy roalahy izy sy ny vadiny ary ,ny zanany roavavy ka notarihiny hiala tao an-tanàna. Rehefa izany, dia niverina ny anjely mba handevona an i Sodoma. [11541]

Tsy nisy olo-marina folo akory àry hita tao an-tanàna sy ny vohitra manodidina rehetra. Lehilahy iray monja, noho ny fitarainan' i Abrahama, no voaro tsy ho tratran' ny loza, Ary nisy Anankiray nanatona, dia Ilay nifonan' i Abrahama ho an' i Lota. Ary hoy Izy taminy tamin' ny feo hentitra: 'Mandosira hamonjy ny ainao ; aza miherika hianao, na mijanona eny amin' ny tany lemaka rehetra any an-tendrombohitra, fandrao haringana hianao". Nety hampidi-doza tamin' izay fotoana izay ny fisalasalana sy ny fangatahan' andro rehetra. Fiherehana indray mandeha monja ijerena ilay tanàna voaheloka, fisalasalana kely foana alahelovàna ilay fonenan-tioa mahafinaritra, dia nety nampidi-doza an' i Lota. Fotoana kely foana mba hahazoan' iretsy mpandositra hamonjy ny ainy no mihazona ny fahatezeran' Andriamanitra tsy hirehitra. [11541]

Tora-kovitra sy feno tahotra i Lota. Nangataka izy mba tsy handia ny lalana tadiavina handebanany. Natahotra izy sao maty eny an-dalana. Efa nahakely hery ny finoany ny fahotana aman-kelok' i Sodoma. Nijoro teo anilany ny Andiianan' ny Ianitra, nefa, mbola niahanahana ny amin' ny famonjeny sy ny fitiavany ihany izy. Tsy mba niantoraka teo amin' Ilay Iraky ny lanitra izy, ka nanolotra tsy amin-tahotra ho Azy ny sitrapony sy ny ainy, fa mbola nampiasa ny heviny ihany.4 Fa hoy ny fiangaviany: 'Indro' io vohitra io dia akaiky handosirana sady kely ; masina hianao, aoka handositra ao aho (tsy kely va io ?), dia ho velona ny aiko". Ny tanànan' i Bela, izay nantsoina hoe Zoara tatý aoriana io vohitra hitany io, dia vohitra efa voaheloka toa an' i Sodoma koa, ary niorina kilaometatra vitsivitsy monja avy teo aminy. Nefa, noho ny fitalahoan' i Lotà, izay nilaza fa kely ihany izy, dia voaro ilay tanàna. Eny, hoy ny valinteny. 'Indro, efa nekeko koa hianao tamin' i/any zavatra izany, ka tsy horavako io vohitra nolazainao io'. Akory ny porofo mahagaga mampiseho ny fangorahan' Andriamanitra ny mpanompony izay hitany fa mátemy ! [11541]

Satria efa nadiva hirotsaka ny afo, dia niverina indray ny baiko. Tamin' izay fotoana izay, ny anankiray tamin' ireo mpandositra dia sahy niherika mba hitazana ilay tanàna voaheloka. Teo ho eo ihany dia niova ho tsangambato nampiseho ny fitsaran' Andriamanitra izy. Tsy iza tsy akory izany fa ny vadin' i Lota. Raha mba tsy nisalasala mantsy i Lota, raha nankatò ny baiko tsynisy fitarainana na fimeno- menonana mantsy izy, fa niroso tamin-kerimpo kosa ho any amin' ilay havoana voatondro halehany, dia nety ho nahavonjy ny vadiny ny ohatra nasehony. Saingy ny fisalasalany dia nampihena tao am-pon' ny vadiny ny herin' ny antson' Andriamanitra, ka nahatonga azy ho nikomy tamin' ny fitsaran' ny Tsitoha izay nanala teo anatre- hany ny zanany sy ny hareny.' Hadinon-dravehivavy ny famindram- pon' Andriamanitra izay niaro ny ainy, ka dia nimonomonona izy noho ny fitsarana izay nandrava ny fananany izay efa nangoniny tsikelikely. Tsy mba nandray tamim-pisaorana ny fanafahaha natolotra azy izy, fa sahy nitaky ny ain' ireo izay efa nandà ny antson' Andriamanitra. Izany toe-tsainy izany dia nampiseho fa tsy mendrika ny aina izay nomèna azy izy. [11551]

Aoka tsy hoheverina ho zava-maivamaivana foana ny fomba samihafa atolotr' Andriamanitra ho famonjena antsika. Misy mantsy Kristiana milaza hoe: 'Tsy sitrako ny ho voayonjy raha tsy voa- vonjý miaraka amiko koa ny vadiko sy ny zanako'. Ireny olona ireny izay mihevitra fa tsy ho toera-pahasambarana ho azy ny lanitra raha tsy hiarahany mitoetra amin' ny malalany, moa ve izy ireny mahatakatra tsara izay tokony havalinv noho ny hatsaram-panahin' Andriamanitra ? Moa hadinony ve fa kofehim-pitiavana sy kofehim-boninahitra ary kofehim-pahamarinana lehibe no mamatotra azy amin' Ilay Mpamorona sy Mpanavotra azy ? Moa ve noho ixeo havantsika mandà ny fitiavan ny Mpamonjy izay ta-handray azy ireo, ary tsy izy ireo ihany fa ny olona rehetra, no mahatonga antsika hanosi-bohon-tanana Azy koa ? Na iza na iza no mahalala tsara izay efa natolotry ny-Mpamonjy mba hanavotana fanahy iray, dia tsy hanao tsinontsinona na oviana na oviana ny famindrampon' Andriamanitra, na dia tsy heverin' ny havana ho toa inona aza izany. Ny fanaovan' ny hafa tsinontsinona ny fahefan' Andriamanitra, dia vao mainka koa tokony handrisika antsika hanaja

Azy, sy hampo- risika antsika hitarika izay rehetra azontsika tarihina ho amin' ny fahasambarana mandrakizay. [11551]

'Ary ny masoandro efa niposaka tamin' ny tany, raha tonga tao Zoara i Lota". Ny tarany mahafinaritra dia toa tsy nitondra afa-tsy fiadanana sy fahasambarana ho an' ireo vohitra niorina teo amin' ny tany lemak' i Jordana. Indreny ny mponina fa efa mandehandeha eny an-dalambe samy mizotra amin' ny lalany avy, handeha hamonjy na ny toeram-piasany, na ny toeram-pilalaovany. Mbola teo am-piho- mehezana an' i Lota ny vinantony, raha nipoaka tampoka toy ny varatra latsaka avy any an-danitra ny loza nandevona ny tanàna sy ny tany manodidina. Afon-tsolifara avy tany an-danitra no toy ny orana mivatravatra nirotsaka tamin' ny tany. Ny lapa sy ny trano fivavahana, ireo fonenan-tsoa sarobidy, ny tanimboaloboka sy ny zaridaina, mbamin' ireo mponina marobe izay vao avy niteny ratsy ny irak' Andriamanitra omalin' iny, dia samy safotry ny lelafo avokoa. Ary ny setroky ny firehetany, izay niakatra ho eny amin' ny lanitra toy ny setroky ny lafaoro lehibe, dia nanambara fa ilay lohasaha tsara tarehin' i Sidima dia tonga efitra, ka tsy azo honenana na hamboarina intsony. Ny fahavoazany dia ho vavolombelona hanam- bara amin' ny taranaka mifandimby rehetra ny fisian' ny fitsaran' Andriamanitra. [11561]

Ny afo izay nandevona an' i Sodoma sy Gomora dia toa mbola hitantsika taratra ambarak' ankehitriny. Manambara amintsika izao zava-mahatsiravina izao izy, fa na dia mahari-po elabe amin' ny mpanota aza Andriamanitra, dia misy mihitsy ny fetra izay tsy azo ihoarana. Raha ihoarana izany fetra izany, dia hangina ny famindram- po, fa hipaika kosa ny ora famaliana. [11561]

Araka ny voalazan' i Jesosy, dia misy fahotana ratsy lavitra noho ny fahotana vitan' i Sodoma sy Gomora. Izay rehetra mandre ny Filazantsaran' ny fahasoavana miantso azy ho amin' ny fibebahana, nefa tsy miraharaha izany, hoy ny Tompo, dia meloka lavitra noho ny olona nonina tao amin' ireo tanàna sy vohitr' 1 Jordana. Ratsy lehibe lavitra, sady tsy azom-panafana, no vitan" ireo olona milaza azy ho mahalala an' Andriamanitra sy mitandrina ny didiny, nefa mandà izany amin' ny toetrany sy ny fiainany andavanandro. Ny filazalazana nataon' i Jesosy momba ny nanjo an' i Sodoma, dia mirakitra fampiomanana lehibe sady hentitra, tsy ho an' izay mahavita fahotana mahavoafady ihany, fa ho an' izay rehetra manao tsinontsinona ny antson' Andriamanitra koa. [11561]

Toy izao no hafatra nampitondrain' Ilay Vavolomhelona maha- toky sy marina ho an' ny fiangonan' i Efesosy: 'Manan-teny aminao Aho, satria fa niala tamin' ny fitiavanao voalohany hianao. Koa tsarovy izay nitoeranao fony tsy mbola lavo, dia mibebaha ka manaova ny asa voalohany ; fa raha tsy izany, dia ho avy aminao Aho ka hamindra ny fanaovan-jironao hiala amin' ny fitoerany, raha tsy mibebaka hianao'5. Manoatra lavitra noho ny fangorahan' ny ray na ny reny ny zanany izay very sy mahantra no fangorahan' ny Mpamonjy ireo izay andrasany hamaly ny antsom-pitiavany sy ny famelan-keloka atolony. Amin' ny feo feno fitarainana no ilazany amin' ilay zanaka adala hoe: 'Miverena amiko dia hiverina aminao Aho'6. Kanefa, raha mandà ihany tsy hihaino ny feo mamelovelo izay miantso azy ny ondry very, dia ho very

any amin' ny maizina izy amin' ny farany. Rehefa ela ny ela, dia hihamafy ny fon' izay mandà ny fahasoavan' Andriamanitra, ka amin' ny farany izy dia tsy hiraika intsony amin' ny fitiavan' ny Ianitra. Loza mahatsiravina no miandry izay rehetra itenenan' ny Tompo hoe: 'Tafaraikitra amin' ny sampy Efraima ; aoka izy ho eo'7. Ho mora- mora kokoa ny hanjo an' i Sodoma sy Gomora amin' ny andro fitsarana, noho ny hanjo ireo nahalala ny fitiavan' i Jesosy, kanefa nanakalo izany tamin' ny fitiavam-pahafinaretana sy fahotana. [11571]

He ! hianareo rehetra izay mihodina tsy hanaiky ny famindra- mpon' Andriamanitra, moa tsy tianareo ve ny misaina ny momba ireo fiampangana anareo miavovona any an-danitra ? Tsarovy fa voasoratra any avokoa ny faharatsian' ny olona tsirairay avy, ny fahasimban' ny fianakaviana ary ny fahadisoan' ny firenena. Raha mbola misokatra ny bokin' ny lanitra dia manolotra famelana ho anareo Andriamanitra ; manasa anareo ho amin' ny fiovam-po Izy. Eny, mahari-po aminareo Izy, nefa ho avy ny andro izay hamaranana ny fitsarana, ka izay ho anjaranareo, araka ny safidy nataonareo, dia ho voafetra mandrakizay. Dia amin' izay vao hatomboka ny famaliana. [11571]

Misy antony tokony hahataitra eo amin' ny toetra ara-pivavahana hita eo amin' izao tontolo izao ankehitriny. Tsiratsiraina Ilay Andria-manitra be famindrampo ; hitsakitsahina ny didin' i Jehovah, fa ny didin' olombelona indray no ampianarina.8 Manjaka ao amin' ny Fiangonana maro ny tsy finoana ; tsy hoe tsy finoana izay mandà an-kitsirano ny Soratra Masina, fa tsy finoana mitafy ny lamban' ny fivavahana kristiana, nefa manozongozona ny finoana ny Baiboly ho tsy-avy amin' Andriamanitra. Nisolo toerana ny fitiavam-bavaka mafana ny fisehosehoana ivelany fotsiny, ka dia mandroso izay tsy izy erý, noho izany, ny fihemorana sy ny fitiavam-pahafinaretana. 'Fa tahaka ny tamin' ny andron' i Lota", hoy Jesosy, '... dia ho tahaka izany koa amin'ny andron vny Zanak' olona '9. Vavolombelon' izany teny izany ný zava-miseho isan' andro. Mirimorimo manatona ny toerana hahamasaka azy ho amin' ny fandravana izao tontolo izao. Tsy ho eia intsony dia handevona ny ota sy ny mpanota ny fìtsaran' Andriamanitra. [11571]

Noho izany, dia izao no hafatry, ny Mpamonjy: 'Ary mitan- drema, i'andrao ny fonareo hovesaran"ny vokatry ny fisotroan-toaka sy ny fahamamoana ary ny fiahiahian' izao fiainana izao, ka ho avy tampoka aminareo tahaka ny fandrika izany andro izany. Fa hihatra amin' izay rehetra mitoetra etý ambonin' ny tany rehetra izany" dia amin' ireo izay manana fo miraikitra amin' ny zavatry ny tany' 'Fa miambena ka mivavaha mandrakariva, mba hahery hianareo ka handositra izany zavatra ho avy rehetra izany ary hitsangana eo anatrehan' ny Zanak' olona'10. [11581]

Izao no baiko nomena an' i Lota talohan' ny nandravana an' Sodoma: 'Mandosra hamonjy ny ainao; aza miherika hianao na mijanona eny amin' ny tany lemaka rehetra ; mandosira any an-tendrombohitra, fandrao haringana hianao". Torohevitra toy izany ihany koa no nomen' ny Tompo ny mpianatra talohan' ny nandravana an' i Jerosalema: 'Ary raha mahita an' i Jerosalema voahodidin' ny miaramila hianareo, dia aoka ho fantatrareo fa mby akaiky ny fandravana azy. Ary izay any Jodia amin' izany andro izany, aoka handositra any an-

tendrombohitra'11.Araka izany baiko izany, dia tokony tsy hitaredretra hitondra na inona na inona ny mpianatra, fa hanararaotra kosa ny fotoana omena azy handosirana. Ny hiala teo amin' ny toerana nisy azy, ny hanapaka ny firáisany amin' ny ratsy fanahy, ka handositra hamonjy ny ainy, izany no nangatahina tamin' i Lota sy ny fianakaviany. Izany koa no efa naseho tamin' ny andron' i Noa, ary mbola izany ihany -koa no hiseho amin' ny andro farany. Fa mbola ho re indray ny feon' Andriamanitra hanafatrafatra ny olony hiala amin' ny faharatsian' izao tontolo izao. [11581]

Ny sarin' ny fahasimbana sy ny fihemorana izay hiseho amin ny andro farany, dia naseho antsika ao amin' ny bokin' ny Apokalypsy, izay manambara ny fitsarana an' i Babylona, dia ilay 'tanàna lehibe izay manjaka amin' ny mpanjakan' ny tany' Ary toy izao ny antso izay hanakoakq avy any an-danitra alohan' ny fandri- nganana azy: 'Mialà aminy hianareo, ry oloko, mba tsy hiombo- nanareo ota aminy, ary mba tsy tsy hahazo anareo ny loza manjo azy'13. Tokony hiseho mihanjahanja, toy ny tamin' ny andron' i Noa sy Lota, ny fisarahana amin' ny ota sy ny mpanota. Tsy misy ifandraisany Andriamanitra sy izao tontolo izao. Tsy tokony hisy fihemorana mba hahazoan-karena eto an-tany: 'Tsy azonareo atao ny manompo an' Andriamanitra sy Mamòna'14. [11581]

Maniry fiadanana sy fahasambarana, toy ireo mponina nonina tao amin' ny tany lemak' i Sidima fahizay, izao tòntolo izao 'Mandosira hamonjy ny ainao', hoy ny anjely amintsika. Misy anefa feo milaza'hoe: 'Aza taitra ; tsy misy tokony hampitebiteby akory '. Vahoaka marobe no indray milaza hoe: 'Miadana sy mandry fahizay !" Ny Ianitra anefa manambara fa 'fandringanana tampoka no hanjo ny mpanota". Tamin' iny alina nialoha ny nandringanana azy iny, dia samy naneso ny hafatra nentin' ny iraky ny Ianitra ireo mponina tao an-tanànan' i Sodoma, izay samy variana tao amin' ny rivotry ny fahafinaretana. Iny alina iny ihany koa anefa no nikatonan' ny varavaran' ny famindrampo tamin' ny mponin' ireo tanàna simba sy midonana-poana. Andriamanitra tsy azo vazivazina. 'Indro, avy ny andron' i Jehovah, dia loza sy fahavinirana ary firehetan' ný fahatezerana, hanafoanana ny tany sy handringanana ny mpanota tsy ho ao'15. Ho maro ny olona izay handà ny famindrampon' Andriamanitra, ka hiharan' ny fandringanana tampoka sy tsy azo idifiana. Fa izay rehetra mihaino ny fananarana kosa dia 'honina eo amin' ny fitoerana avo" sy 'hialoka eo ambanin' ny aloky ny Tsitoha'. 'Ny fahamarinany no ho ampinga fiarovana azy". Ho azy ireo no nanaovana "ilay teny fikasana hoe: 'Hovokisako fahela-velona izy, ary hasehoko azy ny famonjeko'16. [11591]

Fotoana kely foana no nitoeran i Lota tao Zoara. Nanjaka tao koa ny fomba amam-panaon' i Sodoma. Nialany izany vohitra izany fa sao dia hiharan-doza izy. Kelikely foana taorian' izay tokoa, dia noravan' i Jehovah ilay tanàna. Dia lasa nandositra tany an-tendrombohitra i Lota ka nahita zohy nialofana tany. Tarty dia tsy mba nisy fanaka sarobidy, toy ireo izay efa nanaovany mosalahy ny ankohonany. ka nitondrany azy nivelona tao afovoan' ny tanàna efa simba. Hita teo amin' ny fiainan' ny zanany vavy, fa jamba loatra izy ireo, ka tsy nahay nanavaka ny tsara sy ny ratsy intsony. Avy tamin' ny taranak' i Lota no niavian' ireo firenena roa mpanompo sampy, dia ny Moabita sy ny Amonita, izay samy nanao tsinontsinona ny didin' Andriamanitra

sy nankahala indrindra ny vahoakany, ambara-pahatongan' izy rehetra ho levon' ny fitsaran' Andriamanitra. [11591]

Akory ny fahasamihafan' ny fiainan' i Abrahama sy ny fiainan' i Lota ! Fahiny dia samy mpivahiny nifindrafindra monina izy roalahy ; samy niara-nanompo an' Andriamanitra teo ampototry ny alitara iray ihany izy. Fa ankehitriny kosa ! i Lota dia efa nifidy honina tany Sodoma, mba hahazoany mifaly amin' ny firavoravoana sy ny tombon-tsoa samihafa rehetra tao. Raha nandao an' i Abrahama sy ny fanatitra fanao ho an' Andriamanitra velona isan' andro izy, dia namela ny zanany hitombo teo afovoan' ny vahoaka ratsy fanahy sy mpanompo sampy. Marina fa mbola notehiriziny tao am-pony ihany ny fahatahorana an' i Jehovah, nefa, izany tsy nahasakana azy tsy ho 'ory dia ory noho ny fijejojejoan' ny olona ratsy fanahy'. 'Fa Lota marina.. raha nitoetra teo aminy, dia nahory loatra ny fanahiny marina isan-andro isan-andro noho ny fahitany sy ny fandrenesany ny fandikan' ireo ny lalàna'17. 'Toy ny forohana nosarihana tamin' ny afo'18 i Lota, ka tsy nanana intsony na ny hareny, na ny vadiny, na ny zanany. Izany no voka-dratsy nateraky ny lalan-diso nalehany. Sady feno henatra sy trotraky ny fahante- rana izy, no voatery honina an-davabato toy ny bibi-dia. [11601]

'Aza manasa-tena hanan-karena", hoy Solomona. 'Aza entina amin' izany ny fahendrenao". 'Izay fatra-pila harena dia mampidi- doza amin' ny ankohonany, fa izay mankahala kolikoly no ho velona '. Toy izao no anampin' ny apostoly Paoly izany teny izany: [11601]

'Izay ta-hanan-karena dia latsaka amin' ny fakam-panahy sy ny fandrika ary ny filàna maro tsy misy antony sady mandratra, izay mandentika ny olona ao amin' ny fandringanana sy ny fahave- rezana'19. [11601]

Raha tonga tao Sodoma i Lota mba honina tao, dia nanapa- J kevitra mafy mihitsy izy fa hiaro ny ankohonany tsy ho tratran' ny toetra ratsin' ny mponina. Tsy nahomby velively anefa izy tamin' izany fikasany izany. Na dia ny tenany aza, dia tsy voarony tanteraka tsy ho tratran' ny fahasimbana izay nanodidina azy. Tsy izany ihany, fa ny fifaneraseran' ny zanany tainin' ny mponina tao Sodoma, dia nahatonga azy ireny, na tiany, na tsy tiany, hifankahazo tamin' ny olona nifankazarany. Miharihary eo anatrehantsika ny vokatr' izany fahadisoana izany. [11601]

Maro ny olona no latsaka amin' ny hevi-diso toy izany koa. Izay tombon-tsoa ara-nofo ihany no heveriny, raha mifidy izay ho fonenany izy, fa tsy mba izay toetra amam-panaon' ireo hiarahany monina. Toerana mahafinaritra sy mahavokatra na tanàn-dehibe feno fandrosoana, izay mety hampanan-karena azy no tiany. Ireny fonenana ireny anefa dia sady mitahiry fakam-panahy maro ho an' ny zanany, no mahatonga azy ireo hanana firaisana izay mifa- nohitra amin' ny fitiavam-bavaka sy amin' ny toetra kristiana. Ny fiainana feno toetra tsy maotina sy tsy finoana ary tsy firaihana momba ny fivavahana, izay manodidina ny zaza, dia hanatsatso ny herin' ny fitiavam-bavaka hitany ao amin' ny ankohonany. Ohatra ratsy mampiseho fikomiana amin' ny fahefan' ny ray aman-dreny, na ny fahefan' Andriamanitra no atrehiny isan' andro,

ka ho maro amin' izy ireny n0 hiray amin' ny tsy mpino sy ny ratsy fanahy, ary hiandany ho isan' ny fahavalon' ny finoana. [11611]

Rehefa hifidy izay toerana honenany ny zanak' Andriamanitra, dia irin' Andriamanitra indrindra, raha toerana mety hahazoany herim-panahy ho azy sy ho an' ny zanany no hofidiny. Marina fa mety tsy ho azo atao ny mifantina izay ho mpifanolobodirindrina amin' ny tena ; mety hahavery hevitra antsika izany indraindray. Kanefa na aiza na aiza no iantsoan' ny adidy antsika, raha miambina sy mivavaka isika, ka mametraka ny fitokisantsika eo amin' ny fahasoavan' ny Tompo, dia tsarovy fa Izy no hiaro antsika. Aoka anefa isika mba tsy hametrapetra-poana tsy misy antony ny fiainan- tsika ho tratran' ireo hery manimba ny fiainana kristiana. Raha miorim-ponenana an-tsitrapo eo afovoan' ny toerana feno tsy finoana sy fanaon' izao tontolo izao isika, dia mety tsy ho faly amintsika Andriamanitra, ka hampiala ny iraky ny lanitra tsy ho ao an-tokantranontsika Izy. [11611]

Na iza na iza maniry tombon-tsoa sy harena ary voninahitra ho an ny zanany, na dia mety hahavery ny lova mandrakizay ho an' ny sombin' ny ainy aza izany. dia ho diso fanantenana. Ho maro no hanao toa an' i Lota, ka hahita ny fahaverezan' ny zanany, rehefa saika very koa ny fanahiny. Ho very maina ny asa nataony tamin' ny fiainany, ary hiafara amin' ny fahaverezam-pananana izany. Fa raha apetrany eo ambanin' ny fitarihan' Ilay tena fahendrena kosa ny zanany, na dia mety tsy hanan-karena be aza izy eto amin' izao fiainana izao, dia hahazo anjara lova any amin' ny fiainana mandrakizay. [11611]

Ny valisoa nampanantenain' Andriamanitra ny vahoakany dia tsy eto amin' izao tontolo izao. Tsy mba nanana na inona na inona teto Abrahama, 'na dia eram-paladia akory aza' Nanan-karembe izy ary nampiasa izany hareny izany ho fanomezam-boninahitra an' Andriamanitra sy ho fanasoavana ny namany. Fa tsy mba nohe- veriny ho toy ny tanindrazany ity tany ity. Andriamanitra no efa niantso azy handao ireo mpiray tanàna taminy, izay samy mpanompo sampy, ary nampanantena azy ny tany Kanana ho lovany mandrakizay. Na ny tenany anefa, na ny zanany, na ny zafiny, dia samy tsy nisy nahita ny fahatanterahan' izany teny fikasana izany. Rehefa nàndevina ny vadiny izy, dia voatery nividy fasana tamin' ny Kananita tompon-tany. Ilay zohy fandevenana tao Makpela no hany mba fananany teo amin' ilay tany nampanantenaina. [11621]

Izany rehetra izany dia tsy manambara fa tsy tanteraka ny tenin' Andriamanitra. Na ny fahazoan' ny vahoaka Jiosy ny tany Kanana aza dia tsy mbola tena fahatanterahany. 'Fa tamin' i Abrahama sy ny taranany no nilazana ny teny fikasana'21. Fa Abrahama koa dia anisan' izay nanantena izany lova izany. 'Ny indray andro amin' ny Tompo anefa, dia toy ny arivo taona, ary ny arivo taona toy ny indray andro'22, ka toa mitaredretra ela ny fahatanterahan' ny teny fikasana. 'Fa ny fahitana dia mbola ho amin' ny fotoan' andro, ary mikendry ny farany izy ka tsy ho diso'23. Ary afa-tsy izany, ny fanomezana nampanantenaina an' i Abrahama sy ny taranany dia tsy ny tany Palestina ihany, fa izao tontolo izao mihitsy. Ny apostoly dia nanambara 'fa tsy lalàna, fa fahamarinana amin' ny finoana' no nahazoan' i Abrahama sy ny taranany ny teny i fikasana ho mpandova izao tontolo izao'24. Ambaran' ny Baiboly mazava

tsara koa fa ny teny fikasana natao tamin' i Abrahama, dia ho tanteraka amin' ny alalan' i Jesosy Kristy. Izay rehetra ao amin' i Jesosy Kristy ' dia taranak' i Abrahama sy mpandova araky ny teny fikasana' sy mpiray lova amin' ilay 'lova tsy mety simba. tsy misy loto, tsy mety levona'25; dia ity tanintsika ity izay ho voadio ka ho afaka amin' ny ozon' ny fahotana. 'Fa ny fanjakana sy ny fanapahana ary ny fahalehibiazan' ny fanjakana eny ambanin' ny lanitra rehetra dia homena ny olo-masin' ny Avo Indrindra; ny fanjakany dia fanjakana mandrakizay, ary ny fanapahana rehetra dia hanompo sy hanoa Azy". 'Fa ny mpandefitra kosa no handova ny tany ka hiravoravo amin' ny haben' ny fiadanana'26. [11621]

Raha navela hitsinjo izany lovabe izany Abrahama, dia nifaly tamin' ny fanantcnana izy. ' Finoana no nivahiniany tany amin' ny tany nolazain' ny teny fikasana, toy ny any an-tanin' olona mitoetra an-day, mbamin' Isaka sy Jakoba, mpiara-mandova izany teny fikasana izany aminy. Fa nanantena hahazo ny tanàna misy fano- renana izy, Andriamanitra no Tompo-marika sy Mpanao izany". 'Ireo rehetra ireo dia maty tamin' ny finoana, kanefa tsy mbola nahazo ny teny fikasana ; fa nahatazana azy eny lavitra eny izy ka ravoravo niarahaba azy, dia nanaiky fa vahiny sy mpivahiny tetý ambonin' ny tany izy'27. [11631]

Raha mba tiantsika ny hahazo 'ny tsara lavitra', izany hoe 'ny any an-danitra", dia tokony hivelona toy ny vahiny sy mpivahiny koa isika etý an-tany. [11631]

Toko 13 - Ny Nanambadian' Isaka

Rehefa tratr' antitra Abrahama, ka nahatsiaro fa efa nanan- dindona azy ny fahafatesana, dia nieritreritra ny amin' ny zava-dehibe anankiray izay tokony hatao izy, mba hahatanteraka ny teny fikasana eo amin' ny taranany. Tsy mbola nanambady Isaka tamin' izay, nefa izy no efa voafidy handimby an-drainy ho mpitahiry ny didin' i Jehovah sy ho rain' ny vahoakan' Andriamanitra. Zava-dehibe teo imason' i Abrahama ny fifidianana vady ho an' ny zanany lahy, noho ny hery ananan' ny vehivavy eo amin' ny fanandratana na ny fandravana ny finoana. Efa nandova tamin' ny rainy ny fitokisana sy ny fankatoavana an' Andriamanitra Isaka. Tsy izany ihany fa be fitiavana sy malemy paika ary tia fihavanana izy. Ny mponina teo amin' ny tany Kanana anefa dia olona mpanompo sampy ; noraràn' Andriamanitra ny olona mba tsy hikambana amin' izy ireo amin' ny alalan' ny fifanambadiana izay mety hitarika ho amin' ny fihemorana. Koa dia natahotra Abrahama fandrao raha manam- bady zazavavy izay tsy manompo an' i Jehovah ny zanany, dia ho voatery hampandefitra ny rariny sy ny hitsiny noho ny tsy fitiavany hiady. [11651]

Fahizay dia ny ray aman-dreny ihany no nandamina ny raharaha momba ny fanambadiana. Izany no fanao nahazatra ireo izay nanompo an' Andriamanitra. Tsy nisy anefa na iza na iza noterena hanambady izay tsy tiany. Fa ny toro-hevitry ny ray aman-dreny natahotra an' Andriamanitra kosa no nitarika ny zatovo teo amin' ny fitiavany. Ny fanaovana tsinontsinona ireny toro-hevitra ireny dia noheverina ho fanaovana tsinontsinona ny ray aman-dreny ; noheverina ho toy ny heloka bevava mihitsy aza izany. Isaka, noho ny fitokisany ny fitiavana sy ny fahendren' ny rainy, dia nametraka ny raharaha rehetra momba izany teo am-pelatananv ; natoky izy fa Andriamanitra mihitsy no hitarika ny fifidianana. [11651]

Nahatsiaro ireo havan-drainy nonina tany Mesopotamia Abrahama. Na dia tsy afaka tanteraka tamin' ny fanompoan-tsampy aza ireo havany ireo, dia mbola nahatahiry ny fahalaiana an' Andriamanitra sy nv fanompoana Azy ihany. Koa satria tsy afaka handao ny tany Kanana Isaka mba hankany amin' izy ireo ka honina any, dia noheverina fa mety hisy zazavavy any. vonona handao ny fone- nanv mba ho tonga ho vadin' Isaka ka hiara-miasa aminy hitahiry ny fahadiovan' ny fivavahana amin' i Jehovah. Napetrak" i Abrahama tamin' ilay 'Iehiben' ny mpanompony tao an-tranony' izany andraikitra lehibe izany. Izy io dia lehilahy tia vavaka sy mazava saina ary efa nanompo azy elabe tamin' ny toetra mahatoky. Nampa- nao fianianana mafy azy izy. fa tsy haka vady ho an' ny zanany lahy eo amin' ny vehivavy Kananita, fa zazavavy izay isan' ny fiana- kavian' i Nahora mponina any Mesopotamia kosa no halainy. [11661]

Afaka amin' ny fianianany ilay mpanompo raha tsy misy zazavavy avy amin' io fianakaviana io manaiky handao ny tranon-drainy. Na manao ahoana na manao ahoana nefa dia tsy mahazo mitondra an' Isaka any izy. Ho famporisihana ny mpanompony hanaiky hanefa izany adidy lehibe sy sarotra izany. dia nilaza taminy sy nanome toky azy Abrahama fa Andriamanitra hanome fahalavorariana azy: 'Jehovah, Andriamanitry ny Ianitra. Izay naka ally

niala tamin' ny tranon' ny raiko sy tamin' ny tany nahaterahako", hoy izy, 'Izy no haniraka Ilay Anjeliny eo alohanao'1. [11661]

Dia lasa tsy nisalasala intsony ilay iraka. nitondra rameva folo nivesatra izay zavatra nilainy teny an-dalana sy ho fanomezana ho an' ny zazavavy sy ny mpanaraka azy. Dia tonga hatrany Damaskosy izy, namakivaky ireo tany lemaka mahavokatr' i Eofrata, dia ilay renirano lehibe any Atsinanana. Nony tonga tany amin' ny 'tanànan'i Nahora' izy. dia nijanona 'teo ivelan' ny tanàna, tanilan' ny lavaka fantsakan-drano rehefa harivariva ny andro, dia tamin' ilay fandehanan' ny vehivavy mpantsaka iny'. Manatrika ora lehibe ilay mpanompon' i Abrahama, dia ora hiankinan' ny soa na ny ratsy, tsy ho an' ny tokantranon' ny tompony ihany fa ho an' ny taranaka mifandimby koa, dia arak' izay fifidianana hataony. Hatao ahoana anefa no fanatanteraka amim-pahendrena izany adidy lehibe izany eo amin' ny tany tsy fantatra ? Dia nivavaka izy raha nahatsiaro ny tenin' i Abrahama izay nampanantena azy ny fanampian' Andriamanitra. Zatra nahita hatsaram-panahy sy fahaiza-rnandray • olona tamin' i Abrahama izy ka dia ny toetra soan' izay zazavavy hifanena aminy no nangatahiny mba ho marikv ny fankasitrahan' ny lanitra. [11661]

Tsy ela akory dia nivaly ny fivavahany. Teo amin' ireo vehivavy samy naka rano teo am-pantsakana, dia nisy anankiray izay nanaitra azy indrindra noho ny toetrany soa. Nanatona an-drazazavavy izy no sady nangataka taminy mba hisotro eo amin' ny sininy. Tsy hoe neken-drazazavavy fotsiny izany, fa nampiseho hevitra ny hantsaka ho an' ny rameva koa izy, dia asa fanaon' ny ankizivavy tatsinanana, mpanompon' andriana. Niharihary tamin' i Eliezera ny famantarana nangatahiny. Tsy vitan' ny hoe 'tsara tarehy indrindra" ihany razaza- vavy, fa ny toetrany soa. dia nampiseho koa hatsaram-panahy sy fahazotoana lehibe. Niaiky ilay mpanompon' i Abrahama fa nitarika azy tokoa Andriamanitra. [11671]

Rehefa namaly soa an' ilay zazavavy mpiandry ondry tamin" ny fanomezana sarobidy Eliezera, dia namotopotra azy ny amin' ny ray aman-dreniny izy. Rehefa fantany fa zanakavavin' i Betoela izy, izay isan' ny fianakavian' i Abrahama, 'dia niondrika ralehilahy ka niankohoka teo anatrehan' i Jehovah'. ary nisaotra an' Andriamanitra sy nilaza ny maha-mpanompon' i Abrahama azy. [11671]

Ary razazavavy nody haingana tany an-tranony ka nitantara tamin' i Labana anadahiny ny toe-javatra rehetra efa niseho. Ary Labana kosa dia lasa nihazakazaka nitsena ilay vahiny ka nampian- trano azy, sady nanome hanina sy fialofana ho an' ny ramevany. [11671]

Rehefa nasaina hisakafo Eliezera, dia tsy nety nihinana mihitsy raha tsy efa nanazava ny anton-diany. Rehefa nilaza ny vavaka nataony teny am-pantsakana izy sy ny toe-javatra hafa niseho nanara- karaka izany, dia hoy indray izy: 'Koa ankehitriny, raha hanao izay soa sy marina amin' ny tompoko hianareo, dia lazao amiko; la raha tsy izany kosa, dia lazao amiko mba hiviliako na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia". Ary toy izao ny valinteny nomena azy: 'Avy tamin' i Jehovah no nisehoan' izany zavatra izany, ka tsy mahazo milaza

teny aminao izahay na ratsy na soa. indro. Rebeka eto anatrehanao, ento izy, ka mandehana ; ary aoka ho vadin' ny zanaky ny tomponao izy, araka izay nolazain' i Jehovah'. [11671]

Rehefa re izany faneken" ny fianakaviana izany, dia nanontaniana Rebeka na vonona ny handeha izy ka ho tonga vadin' ny zanak' i Abrahama na tsia. Niaiky izy fa Andriamanitra mihitsy no efa nifidy azy ho vadin' Isaka, ka dia hoy izy: 'Handeha aho ! ' [11681]

Rehefa izany, noho izy maika ta-hahita ny fifalian' ny tompony, j dia niainga hiverina sahady ny ampitso marainan' iny ilay mpanompo efa antitra. Ary Isaka, izay niandry ny ondry teny amin' ny faritany manodidina an' i Beri-Sheba izay nitoeran' ny rainy, dia nody tany an-trano, niandry ny fiverenan' ilay iraka. Ary raha nivoaka mba hieritreritra tany an-tsaha izy. rehefa nitehin-ko hariva iny ny andro, dia nanopy ny masony izy ka nahita fa indrerý nisy rameva avy manatona. Ary Rebeka koa nanopy ny masony ka nahatazana an' Isaka ; dia nidina faingana niala tamin' ny ramevany izy sady nanontany an' ilay mpanompo hoe: 'Iza moa irý lehilahy mitsanga- tsangana avy mitsena antsika irý ?" Ary hoy ilay mpanompo: 'Iny no tompoko'. Dia nandray ny fisalobonana Rebeka ka nisalobonany. Ary nambaran' ilay mpanompo tamin' Isaka ny zavatra rehetra efa nataony. Ary Isaka dia nampandroso an-dRebeka ho ao an-dain' i Saraha reniny ka nampakatra azy ho vadiny ; ary tia azy izy, dia nionona ny alahelony an-dreniny". [11681]

Fantatr' i Abrahama ny loza mety hateraky ny fifanambadian' ny olona matahotra an' Andriamanitra amin' ny olona tsy matahotra Azy. Fantany izay rehetra niseho hatramin' ny andron' i Kaina ka hatramin' ny andro nahavelomany ; tsaroany ny nanjo ny tenany noho ny nanambadiany an' i Hagara, sy ny nanjo ny hafa koa, toa an' Isimaela sy Lota. Ny tsy fahampian' ny finoan' ny tenany sy ny an' i Saraha no nananany an' Isimaela ho zanaka, izay na dia notezain' ny rainy fatratra aza, dia simban' ny toetran-dreniny mpanompo sampy. Noho ny fialonan' i Hagara sy noho ny vady betsaka nomery an' Isimaela zanany, no nahatonga ny fisarahan- tsaina teo amin' ny fianakaviany. izay toy ny fefy tsy azon' i Abrahama nihoarana. Dia tonga mpanompo sampy Isimaela zanany. Tafasaraka tamin-drainy izy. tofoky ny ady lava niseho tao an-tokan- tranony, izay tsy nisy na fitiavana na fahatahorana an' Andriamanitra; farany, lasa izy nirenireny tany an-efitra toy ny boriki-dia. 'Ny tanany hamely ny olona rehetra, ary ny tanan' ny olona rehetra kosa hamely azv'2. Rehefa ho faty izy ka nanenina noho ny toetra ratsiny dia niverina tamin' Ilay Andriamanitry ny rainy. Na izany aza, dia nolovan' ny taranany izany toetrany izany ka tonga tia ady sy jentilisa ary nampahory fatratra ny taranak' Isaka izy ireo. Ny vadin' i Lota koa, izay vehivavy tia tena sy tsy tia vavaka, dia nahita zavatra bctsaka izay nampisaraka ny vadiny tamin' i Abrahama. Nety tsy ho tamana sy tsy ho tafatoetra tao Sodoma akory Lota raha tsy noho ny vadiny. Ny fahatsiarovany ny anatra sy ny toro- hevitra izay nomen' i Abrahama azy, raha mbola zaza izy, no naharo azy tsy ho latsaka tao amin' ny tsy finoana,' raha nifamahofaho tamin' ny vadiny sy tamin' ny mponina ratsy fanahy izy. Ny nanam- badian' i Lota ny vadiny sy ny nifidianany an' i Sodoma ho fonenany, dia samy nitera-doza maro izay nampahory ny fiainan' ny taranaka maro nifandimby teto amin' izao tontolo izao. [11681]

Tsy misy olona na dia iray akory aza, izay matahotra an' Andriamanitra ka tsy hiharan-doza raha manakambana ny fiainany amin' ny tsy mpino. Miankina amin' ny firaisan-tsaina sy ny fiombonam- panahy ananan' nympivady ny fahasambarana sy ny fahavononan' ny tokantranony. Ny mpino sy ny tsy mpino dia samy manana ny fitiavany sy ny fironan' ny sainy ary ny fikasany. Tompo roa izay tsy mahay miray lalana no tompoiny. Koa na dia madio sy masina aza ny fitsipi-piainana arahin' ilay mpino, dia hahatarika azy lavitra an' Andriamanitra ihany ilay vadiny tsy mino. [11691]

Izay rehetra efa nanolo-tena ho an' Andriamanitra dia tokony hijoro ho mahatoky amin' ny vadiny na dia tsy miray finoana aminy aza izy. Tokony hoheveriny mandrakariva fa izay adidy rehetra amin' Andriamanitra dia lehibe lavitra noho izay fomba amam- panao etý an-tany, na dia mety hitera-pahoriana sy fanenjehana ho azy aza izany. Kanefa, raha misy fitiavana sy fahalemem-panahy eo amin' ilay mpino, dia mety hahatarika ny vadiny izay tsy mpino izy. Ny Baiboly anefa, na dia izany aza, dia mandrara mihitsy ny hikambanan' ny mpino sy ny tsy mpino. Mazava tsara ny tenin' ny Tompo momba izany: ' Aza mety hasiana zioga tsy antonona anareo hikamb an anareo amin' ny tsy mpino'3. [11691]

Na dia mpandova ny teny fikasana izay natolotra an' izao tontolo izao aza Isaka, izay efa efa-polo taona tamin' izay fotoana izay, dia nankatò ny rainy izy, izay naniraka mpanompo mahatoky sady tia vavaka mba hitady vady ho azy. Toy izao no filazalazana ny vokatr' izany fanambadiana izany: 'Ary Isaka dia narnpandroso an-dRebeka ho ao an-dain' i Saraha reniny ka nampakatra azy lio vadiny ; ary tia azy izy dia nionona ny alahelony an-dreniny". [11691]

Akory ny fahasamihafan' ny toetran' Isaka sy ny toetran' ny tanora ankehitriny, na dia ireo tanora antsoina hoe kristiana aza ! Moa tsy fahita matetika va ny fanaon' ny tanora ankehitriny izay mihambo ho manam-pahefana hifidy malalaka izay vady tian' ny fony, ka tsy manan-kevitra ny hila saina akory amin' Andriamanitra, na amin' ny ray aman-dreniny. na dia mbola tsy mato-tsaina akory aza izy ? Taona vitsivitsy foana eo amin" ny fanambadiana anefa dia ampy hampiaiky azy ireny ny fahadisoan-keviny, kanjo, matetika, diso aoriana loatra izany ka tsy maharo ny voka-dratsy mety hiseho. Izany fahamaimaizana eo amin' ny fifidianana izay ho vady izany, dia hiseho koa eo amin' ny fiainana an-tokantrano, ka hiharatsy ny toe-javatra ary tsy ho zaka intsony; Firifiry akory ireo izay efa nanimba amin' ny fomba toy izany ny fahasambarany eto amin' izao fiainana izao sy ny fanantenany momba ny fiainana ho avy. [11701]

Ny fanajan' Isaka ny hevitry ny ray aman-dreniny dia vokatty ny fomba nitaizana azy, satria efa, nampianarina ho tia fiainana feno fankatoavana izy. Abrahama dia nampianatra ny zanany hahay hanaja ray aman-dreny, ary nanao izany isan' andro tamim-pitiavana sy tamim-pikendrena izay hahasoa sy hahasambatra ny taranany. [11701]

Ny ray aman-dreny dia. tsy tokony hanadino na oviana na oviana ny adidy tsy maintsy hefainy mba habasambatrà ,ny zanany tokony hitari-dalana ny fitiavan' ny zanany izy mba hananan' izy ireo tokantrano sambatra. Amin' ny alalan' ny teny sy ny oha-pitondran-tena

asehony, dia manana adidy ny ray aman-dreny, eo ambanin' ny fanampian' ny fahasoavan' Andriamanitra, mba hamolavola ny toe- tran-janany ka hahatonga azy ireo hanana toe tsaina madio sy mendrika, ho tia ny marina sy ny fsara hatramin' ny andron' ny fahazazany. Izav misy itovizany no rniara-dia. Ataovy ao an-tsain' ny zaza dieny mbola kely ny fitiavana ny fahamarinana, ny fahadiovaná, ny hatsaram-panahy, fa rehefa lehibe izy dia tsy hitady hiray afa-tsy amin' ny olona izay manana toetra toy izany. [11701]

Eo amin' ny fiainanareo isan' andro, ry ray aman-dreny, dia miezaha haka tahaka ny fitiavana sy ny hatsaram-panahin' ny Ray Izay any an-danitra. Aoka ho feno fifaliana ny fiainana ao an-tokan- tranonarco. Aoka hanjaka ao ny fifankatiavana mamy 'izay hamela soritra lalina ao am-pon' ny zanakareo, dia soritra hampahatsiahy azy fiadanana sy fahasambarana tanteraka. Ho sarobidy aminy mihoatra noho izay vola na tany izany. Marina fa ny olona tsira ay avy ao an-tokantrano dia samy manana ny toetrany ; izany dia vao mainka koa hamporisika anareo hanana faharetana sy famindram- po. Ny halemem-panahy feno fitiavana sy ny fiadanana dia hahatonga ny ankohonanareo hanana firaisana lalina indrindra. [11701]

Ny tena fitiavana marina dia vokatry ny foto-kevitra ambony sy masina ; hafa lavitra noho izany nv firaisana mety ho vokatry ny hafanam-po vetivety izay mora mangatsiaka raha vao tojo zava- manahirana. Amin' ny alalan' ny fanatanterahana tsara ireo adidy tokony hatao ao an-tranon-dray aman-dreny, no iomanan' ny tanora hahay manorin-tokantrano, satria ao no tsy maintsy hianaranv hanana fandavan-tena sy hatsaram-panahy ary fanajana kristiana. Fa izay zatovo manana fo feno fitiavana mafana no hahay hanome fahasambarana izay olona ho vadiny, rehefa tonga ny fotoana handaozany ny akany nahabe azy mba hanorenany. tokantrano vaovao. Ny fanambadiana amin' izay dia ho fiantormboham-pitiavana fa tsy fiafarany. [11711]

Jakoba sy Esao

Nanan-toetra samihafa na teo amin' ny fanaony. na teo amin' ny fiainany Jakoba sy Esao, zanaka kamban' Isaka sy Rebeka. Izany fahasamihafana izany dia efa nisy talohan' ny nahaterahany, dia arak' izay voalazan' ny anjely tamin-dray aman-dreniny. Noho ny fangatahana feno tebiteby nataon-dRebeka, dia nilazana izy fa hiteraka kambana roa lahy, izay ho razan' ny firenena roa lehibe ; ny zandriny anefa no hahery kokoa noho ny zokiny. [11731]

Nitombo teo amin' ny fitiavana fahafinaretana feno fitiavan- tena Esao, sady variana tamin' ny zavatry ny tany. Nanao izay danin' ny kibony izy, faly mikarenjy, tia ny mihaza, ka dia tonga mpihaza izy. Izy no zanaka tian' ny rainy. Isaka rainy mantsy dia mpiandry ondry bonaika sy tia fihavanana ka finaritra erý raha nahita azy feno hery sy fahasahiana, mitety havoana sy saha, mitondra ho azy ny hazany sy mitantara aminy ny zava-manaitra samihafa nataony. [11731]

Jakoba kosa dia olona be eritreritra, malina nefa kinga, mpitsinjo ny ho avy, tia ny mipetraka an-tokantrano, tia ny mikarakara andian' ondry sy mamboly. Ny fahaizany, ny fitandremany, ny sainy tia fitsitsiana, dia nahatonga azy ho tian' ny reniny. izay nankaty tokoa

ny fahamaiinany sy ny fitiavany lalina sy mamy, izay nifanohitra indrindra tamin' ny fanafosafoana mahery setra fanaon' i Esao. [11731]

Ny teny fikasana nomena an' i Abrahama sy nohamafisina tamin- janany dia zava-dehibe indrindra teo imason' Isaka sy Rebeka izay nanao izany ho fototry ny fanantenany sy ny faniriany. Nampahalalaina an' i Esao sy Jakoba izany teny fikasana izany. Ny fizokiana dia naseho azy roa lahy ho toy ny anjara sarobidy izay manome tsy ny harena ara-nofo ihany, fa ny fahamboniana ara-panahy koa. Izay hanana izany dia ho tonga mpisoron' ny fianakaviany sy ho razan' Ilay Mpamonjy nampanantenaina. Ny fananana izany fizo kiana izany anefa dia miteraka adidy koa. Izay ho zokiny dia hanokana ny fiainany ho amin' ny asan' Andriamanitra: hanaiky ny baikon' i Jehovah toa an' i Abrahama ka hanaraka ny toro-heviny, ha ny 'memba ny fanambadiana izany, na ny momba ny fiainany ao an-tokan trano sy ny fifaneraserany amin' ny olona. [11731]

Raha nilazalaza ireo tombontsoa sy fepetra ireo Isaka, dia nanambara fa Esao, noho ny maha-zoky azy, no hanana ny fizokiana. Esao anefa dia tsy nanana, na ny fitiavam-bavaka. na ny fironana ho tia fiainana ara-panahy. Ny fepetra rehetra momba ny fizokiana dia noheverin' i Esao ho fanelingelenana manorisory sy mahasosotra. Ny didin' Andriamanitra izay fototry ny fifaneken' i Abrahama sy Andriamanitra, dia toy ny zioga navesatra taminy. Ary rehefa tapa-kevitra izy ta hanaraka izay tiany sy hivelona araka ny sitrapony, dia izay hahazoana harena sy hahatonga ny tenany ho mahery no nataony ho antom-pahasambarana ; koa nifaly tamin' ny fanaovana fanasana sy ny fanenjehana fahafinaretana izy. Taminy dia tsy misy toy ny fiainana miliba sy mikarenjy. [11741]

Rebeka kosa, izay nahatsiaro ny tenin' ny anjely, dia nandinika ny toe-javatra tamim-pieritreretana lalina kokoa noho ny vadiny ; ninoany fa ireo lova hita ao amin' ny teny fikasana dia ho an' i Jakoba. Na dia namerimberina matetika tamin" Isaka ny tenin' ny anjely aza izy,t dia tsy neken' Isaka mihitsy izany noho ny fitiavany ilay lahimatòany. [11741]

Nahalala Jakoba, noho ny fampianaran-dreniny, fa ny lanitra dia efa nanendry azy hanana ny fizokiana ; koa dia naniry indrindra izy hahazo ny soa tsy tambo ho tononina aterak.' izany. Tsy dia.- ny- harena ara-nofo loatra tsy akory no niriný, fa ny harena 'ar'í- panahy, dia ny firaisana amin" Andriamanitra, toy izay efa nánanan' i [Abrahama ilay marina, ny hanolotra fanati-panavotana amin' ny anaran" ny ankohonany, ny ho tonga razamben' Ilay Mesia nampanantenaina, ny hahazo ilay lova sarobidy maharitra mandrakizay ; izany hoe raha atao bango tokana, dia ny mba hananany ny tombon- tsoa sy ny voninahitra hita eo amin' ny firaisana amin' Andriamanitra. Feno faniriana ny fony rehefa mandre ny rainy milaza ny tombontsoan' ny fizokiana izy. Izay rehetra nolazain-dreniny azy dia notehiriziny tsara tao am-pony. Namabo ny sainy amam-panahiny andro aman' alina ny fieritreretana izany ka nanjary fara-tampony tamin' ny faniriany. Na dia nihevitra ny harena mandrakizay ho mihoatra noho ny haren' ny tany aza izy. dia tsy mbola nanana fahalalana voatsapa momba Ilay Andriamanitra izay nohajainy; mbola tsy voaovan' ny fahasoavan' Andriamanitra ny fony. Natahotra izy fa sao tsy tanteraka aminy ny teny fikasana raha mbola Esao ihany no manana ny

fizokiana, koa dia nikaroka hevitra izy haka izany tombontsoa izany izay notsiririttiny, tombontsoa izay tsy noheverin' ny rahalahiny ho inona loatra. [11741]

Indray andro, raha niverina avy nihaza Esao, trotraky ny havi- zanana, dia nahita an' i Jakoba variana nanamboatra sakafo izy ka nangataka taminy mba hahazo avy amin' izany sakafo izany. Tsy afaka tao am-pon' i Jakoba ny eritreritra momba ny fizokiana, ka nohararaotiny ilay fangatahan' i Esao mba hahazoany izany. 'Indro ho faty ihany aho", hoy ilay mpihaza mpanao tsinontsinona sy mpanaram-po, 'ka mahasoa inona izay fizokiana'1. Fotoana kely foana dia ampy mba hanamboarany sakafo ho azy ao an-dain" ny rainy. Sakafo iray vilia monja dia nanakalozany ny fizokiany ; nohamafisiny tamin' ny fiozonana izany hadalany izany. Mba haha- tony vetivety ny faniriany, dia nataony tsinontsinona ny lova be voninahitra izay efa nampanantenain' Andriamanitra ny razany. Ny zavatry ny lanitra dia natakalony ny zavatry ny tany, ary ny harena mateza dia nosoloany fahafinaretana vetivety. Izany dia nampiseho fa ny anio ihany no ambony indrindra taminy. [11751]

Dia toy 'izany no nanamavoan' i Esao ny fizokiany'1. Toa nahatsiaro maivamaivana aza izy rehefa tsy nanana izany anjara sarobidy izany intsony. Malalaka izao ny lalana eo anoloany, koa afaka hanao izay rehetra tiany hatao izy. Firifiry akory moa ny olona ankehitriny, izay maniry hahazo fifaliana adala izay lazainy hoe fahafahana, no manao tsinontsinona ny fahefany hanana amin' ilay lova 'tsy misy pentina, na loto. na fiketronana izay omanina ho azy ireo any an-danitra ! ' [11751]

Jamba sy voababon' ny zavatry ny tany loatra Esao, ka lasa naka vehivavy Hetita roa izy ho vadiny. dia vehivavy izay nampahory indrindra an' Isaka sy Rebeka noho ny fanompoan-tsampiny. Izany nataon' i Esao izany dia fandikana an-karihary ny fepetra momba ilay fifanekena izay nandrara ny fanambadiana amin' ny olon' Andriamanitra sy ny jentilisa. Kanefa, na dia izany aza, dia tsy nisy nampiova ny fikasan' Isaka ny hanome ilay lahimatoany ny tombontsoa rehetra momba ny fizokiana, ny hevitra nasehon-dRebeka, na ny faniriana niredareda nananan' i Jakoba, na ny tsy firaihana nahariharin' i Esao. (1) Gen. 25: 32-34 [11751]

Lasa ny fotoana. Efa antitra sy jamba Isaka ; toa nanandindona azy ny fahafatesana ka dia nanapa-kevitra izy hitsodrano ilay zanaka tiany. Noho ny fanoheran' i Rebeka sy Jakoba anefa, dia nihevitra hanao izany raharaha lehibe sy masina izany mangingina izy, eo amin' ny fanasana anankiray araka ny fomba fanao. Koa dia nanome baiko an' i Esao ilay patriarka ka nanao hoe: 'Masina hianao, alao ny fitifiranao ary mankanesa any an-tsaha, ka ihazao aho ; ary anaovy hanim-py aho araka ilay tiako, ka ento atý amiko hohaniko, mba hitsofan' ny fanahiko rano anao, dieny tsy mbola maty aho'2. [11761]

Voavinanin-dRebeka ny hevitry ny vadiny, ary nino izy fa mifa- nohitra amin' ny sitrapon' Andriamanitra izany ; izao fikendren' Isaka haka ny voninahitra anjaran' i Jakoba izao dia mety tsy haha- faly ny lanitra aminy. Tsy nisy vokany teo anatrehan' Isaka anefa ny hevitra rehetra nasehony azy, ka dia nanapa-kevitra izy fa hampiasa hafetsena. [11761]

Raha vao lasa nihaza Esao. dia nanomboka nihevitra izay hahatanteraka ny fikasany Rebeka. Nitantara tamin' i Jakoba ny toe-javatra rehetra izy sady nandodona azy tsy hitaredretra intsony fa sao tratra aoriana loatra. Nambarany azy fa raha vonona hanaraka ny toro- heviny izy dia hahazo ny fitahian' ny teny fikasan' Andriamanitra. Tsy nanaiky avy hatrany ny hevitry ny reniny Jakoba. Nampahory ny eritreriny izany hoe hamitaka an-drainy. Hiteraka ozona izany, hoy izy, fa tsy fitahiana. Nony kelikely anefa, rehefa nangina izany eritreriny izany, diananaiky ny torohevitry ny reniny izy. Tamin' ny voalohany dia tsy nanan-kevitra loatra ny hampiasa lainga izy, nefa nony tonga teo anatrehan-drainy izy, dia tsy azony natao intsony ny nihemotra, ka dia nahazo ilay zava-niriny fatratra tamin' ny alalan'ny lainga izy. [11761]

Nahomby ny tetik' i Rebeka sy Jakoba. Ny fitaka nampiasainy anefa dia hiteraka alahelo mafy sy fangirifiriana ho azy. Efa nilaza Andriamanitra fa Jakoba no hanana ny tombontsoan' ny fizokiana. Raha mba nahay niandry tamim-pinoana mantsy izy mianaka, ka namela an' Andriamanitra hiasa ho azy, dia ho tanteraka tamin' ny fotoany ihany ny teny fikasana ! Tsy izany no nataony, fa nanao toy ny olona maro mihevi-tena ho kristiana ankehitriny izy, izay tsy manaiky hametraka ny avatra rehetra eo am-peatanan' Andriamanitra. Nanenina mafy noho ny torohevitra ratsy nomeny an-janany Rebeka; voatery nisaraka taminy izy ka tsy tafahaona taminy intsony. Eny, tsy nahita ny salovan-tavan-jananv intsony izy, dia ny salovan-tavan' i Jakoba izay nokekerin' ny nenina toa azy ihany koa. Nanota tamin' ny rahalahiny sy tamin-drainy sy tamin' ny tanahiny ary tamin' Andriamanitra Jakoba. Ora iray monja no nahatonga azy hanana fiainana feno nenina, izay tsaroany ho mafy tokoa teo amin' ny taona faramparan' ny fiainany, raha nahita ny faha- ratsiam-pitondrantenan' ny zanany izy. [11761]

Raha vao tafavoaka avy tao an-dain' ny rainy Jakoba, dia tonga kosa Esao avy nihaza. Na dia efa nofoanany tsy ho azy intsony aza ny fizokiana izay efa namidiny tamin' ny fianianana, dia vonona indray izy izao haka ny tsombontsoan' izany, na manao ahoana na manao ahoana hevitry ny rahalahiny. Ny tombontsoan' ny fizokiana mantsy dia tsy tombontsoa ara-panahy fotsiny, fa tombontsoa ara-nofo koa, toy ny fahalehibeazanai sy ny fananana anjara roa heny eo amin' ny lova apetraky ny ray ; ireto farany ireto indrindra no nokendren' i Esao tamin' izao indray mandeha izao; 'Aoka hiarina ny raiko, hoy izy, ka hihinana amin' ny hazan' ny zanany, mba hitsofan' ny fanahinao rano ahy'. [11771]

Sady gaga no taitra no tora-kovitra ilay patriarka antitra rehefa nahalala ny fitaka nahazo azy. Ilay fikasany hatry ny ela dia indro ankehitriny fa levona: niarak' ory tamin-janany lahimatoa izy noho ny fahadisoam-panantenana nahazo azy. Nefa, tampotampoka foana, dia tonga tao aminy ny finoana fa Andriamanitra mihitsy ny nandrava ny faniriany sy namela ho tanteraka kosa ilay zavatra nolaviny tsy ho tanteraka hatry ny ela. Tsaroany ny tenin' ny anjely tamin- dRebeka, ka na dia meloka aza Jakoba noho ny fahadisoany, dia nekeny fa izy tokoa no mendrika hanatanteraka ny fikasan' Andriamanitra. Moa tsy tsaroany tokoa va ny herin' ny Fanahin' Andriamanitra raha nitsodrano an' i Jakoba izy ? Noho izany rehetra izany, dia

nohamafisiny ny fitahiana rehetra izay notononiny tamin' ny tsy fahafantarana ho an' i Jakoba: 'Efa notsofiko rano izy. eny, hotahina tokoa izy'3. [11771]

Nihevitra ny tsodrano ho akaiky azy loatra Esao ka tsy niraharaha izany. Izao anefa. rehefa tsinjony fa tsy ho azony intsony izany. dia' niriny fatratra indrindra. Nidradradradran- alahelo nifangaro hatezerana izy ka nanao hoe: 'Mba tsofy rano re aho, dia izaho koa. ry ikaky ò ! Tsy mba nitahiry tsodrano ho ahy va hianao ?" Indrisy anefa, tsy azo tsoahina intsony ny teny fikasana nomena ! Ny fizokiana izay nariany tamim-pahadalana dia tsy ho azony intsony. Sakafo iray vilia nahazoany fahafaham-po vetivety, naha- tonv ny faniriany tsy voafehy, izany no nahavery ny anjara lovan' i Esao. Ankehitriny. tsaroany tsara ny fahadalany. nefa diso aoriana loatra. Fa 'raha ta-handova ny fitahiana izy. dia nolavina ; fa tsy nahita izay hibebahana izy. na dia nitady fatratra tamin' ny rano- maso aza'4. Tsy nariana tsy hahazo ny fahasoavan' Andriamanitra tsy akory Esao, dia ilay fahasoavana tsy azo raha tsy amin' ny fiovam-po. Ny fizokiany anefa dia tsy ho azony intsony. Ary afa-tsy izany. dia tsy nanam-paniriana ny hihavana tamin' Andriamanitra izy. Ny alahelony dia tsy noho ny fahatsiarovany ny fahotany fa noho ny vokatra naterak' izany. [11781]

Esao, izay antsoin' ny Soratra Masina hoe 'tsy manaja ny masina'5, dia tandindon' ny olona izay manao tsinontsinona ny fanavotana azo avy amin' ny alalan' i Jesosy Kristy, ka mampan-defitra ny lova any an-danitra mba hahazoany ny haren' ny tany izay mandalo. Maro ny olona izay tsy mikendry afa-tsy ny anio fotsiny ka tsy mandefa ny sainy hieritreritra ny ho avy. Miteny toa an' i Esao izy ireo manao hoe: ' Aoka isika hihinana sy hisotro fa rahumpitso dia ho faty'6. Ka ny faniriany ihany nomitarika azy ; aleony tsy hahazo ny fiainana mandrakizay toy izay hampandefitra kely ny filàny. Ny fahafaham-pon' ny nofo no fidiny fa tsy ny fifalian' ny Ianitra, ka ataony tsinontsinona Andriamanitra sy ny mandrakizay. Na dia amin' ireo izay mihambo ho kristiana aza, firifiry akory moa no mifikitra amin' ny fahafinaretana izay manimba fahasalamana sy mamono ny eritreritra tsara ! Maro aza no mahatsiaro tafintohina rehefa aseho azy ny ilàny fanadiovana ho afaka amin' ny fahalotoan' ny nofo sy ny fahalotoan' ny fanahy rehetra, sy ny tokony hitadiavany ny faha- masinana amin' ny fahatahorana an' Andriamanitra. Rehefa tsinjon' izy ireny, fa tsy azony atao ny sady hanana ny fifaliana mampidi-doza no hizotra ho any an-danitra, dia velon-taraina erý izy ka milaza fa tery loatra ny lalana mankany amin' ny fiainana lA aleony tsy handia izany. [11781]

Dia toy izany no anakalozan' ny maro ny fizokiany amin' ny fifaliana maharenoka. Ataony sorona ny fahasalamany, mihamihena ny herin-tsainy, ary na dia ny lanitra aza dia afoiny noho ny fitiavany fifaliana sy fahafinaretana manimba sy mahadala izay manome azy fahafaham-po vetivety monja. Diso aoriana loatra ny fifohazan' i Esao mba hanisy fanafody ny varo-dratsy nataony. Ho toy izany koa no hahazo olona marobe amin' ny andron' Andriamanitra, dia ireo izay efa nandà ny fahefany maha-olon' ilay tany tsara lavitra azy, ka nifidy ny fahafinaretana ara-nofo fotsiny. [11791]

Toko 14 - Ny Nivahiman' i Jakoba

Rehefa norahonan' ny rahalahiny hovonoina Jakoba, dia nandao faingana ny tranero ray amandreniny izy. Izy irery dia izy irery tsy nanana afa-tsy tehina teny an-tanany, no nandeha lalandavitra tokoa. Feno nenina sy tahotra ny fony teny am-pandehanana, raha namakivaky ireo toerana mangina fonenan' ny foko mpifindrafindra monina sy masiaka izy. Noho ny tahotra sao dia manenjika azy ny rahalahiny, dia niezaka izy mba tsy hifanena amin' olona akory. [11811]

Marina fa efa nahazo ny fitahiana ,sy ny fampanantenana ny teny fikasana izy ; ny rainy efa nananatranatra azy mba haka vady any Mesopotamia, eo amin' ny fianakavian-dreniny. Kanefa na dia izany aza, dia nanontany tena ihany ilay mpandositra raha mbola mety hahazo izay soa voalazan' nv teny fikasan' Andriamanitra amin' izao izy voatery handao ny Iranon-dray amandreniny izao, noho ny fahadisoana vitan' ny tenany. Satana dia nampiahanahana azy mafy ka dia saiky tsy sahy nivavaka akory izy. Mafy loatra ny fahatsiarovany ny tenany ho irery, ka tamin' iny alina feno farnoizam- po lalina iny no nahatsiarovany, mihoatra noho ny tamin' ny lasa rehetra, ny filàna ny fiarovan' Andriamanitra. Levona ny fitokisany ny hery sy ny fahamendrehan' ny' tenany. Niankohoka tamin' ny tany izy sy niaiky ny fahotany tamindranomaso, ka nangataka tamin' i Jehovah haneho aminy, na amin' ny fomba manao ahoana izany na amin' ny fomba manao ahoana, fa tsy mbola nariany tanteraka izy. [11811]

Tamin' ny alina faharoa dia efa lasa lavitra dia lavitra ny tranon- drainy Jakoba. Reraka' sy sasatra izy ka dia natory teo amin' ny tany, niondam-bato. Ary ankehitriny Ilay Andriamanitra mangora- po dia hampahalala ity mpanompony manirery sy kivy ity, fa Izy dia tsy mandao azy ary ny famindrampony tsy niala taminy. Koa dia hasehony amin' ity mpanota mibebaka ity, fa izay hany tsy ananany, mba hahafeno fifaliana ny fony, dia Ilay Mpamonjy Izay ahazoany mihavana indray amin' Andriamanitra. [11821]

Rehefa natory Jakoba dia nanonofy nahita tohatra namirapi- ratry ny hazavana, izay niorina tamin' ny tany nefa nahatakatra ny Ianitra. Anjely no niakatra sy nidina teo amin- ilay tohatra. Avy teo an-tampony no nilazan' i Jehovah tamin' i Jakoba hoe: 'Izaho no Jehovah, Andriamanitr' i Abrahama rainao sy Andriamanitr' Isaka. Ny tany izay andrianao dia homeko anao sy ny taranakao Ary aminao sy ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany'. Tsy hoe naverina fotsiny ihany tamin' i Jakoba ny teny fikasana nomena an' i Abrahama sy Isaka, fa mbola nandre izao teny fampaherezana izao indray izy: ' Ary, indro, Izaho momba anao ka hiaro anao amin' izay lalan-kalehanao rehetra, ary hampody anao indray ho amin' ity tany ity ; fa tsy handao anao Aho mandra- panaoko izay voalazako taminao'1. Noho ny hatsaram-panahin' Andriamanitra, dia nampionona an' ilay mpandositra Izy ny amin' ny loza ara-panahy sy ara-nofo mety ho hitany. Dia toy izany no nano- manany an' i Jakoba hanohitra ny fakam-panahy izay mety hahazo azy raha hitoetra eo afovoan' ny mpanompo sampy sy ny olona feno hafetsena izy. Nampahery azy Izy mba hanatontosany tsara ny adidy

natolotra azy sy hahatsiarovany mandrakariva ny idealy soa nomena azy, ka hatoky eo ampony ny hahatanterahan' ny fikasan' Andriamanitra eo amin' ny fiainany. [11821]

Nisy fahalalana ny amin' ny planan' ny famonjena izay nety nahasoa an' i Jakoba, nomena azy tamin' ny alalan' ny nofy hitany. Ny tohatra izay naseho azy dia tsy inona tsy akory fa ilay nambaran' i Jesosy tamin' i Natanaela tatý aoriana raha nilaza Izy hoe: 'Ho hitanareo ny lanitra misokatra sy ny anjelin' Andriamanitra miakatra sy midina eo ambonin' ny Zanak' olona'2. Nahazo nifanerasera tamin' ny Mpamorona azy ny olombelona raha mbola tsy niodina tamin' Andriamanitra izy. Ny tsy fankatoavan' i Adama sy Eva dia nanapaka izany fifaneraserana izany, ka dia tsy nisy intsony nampitohy ny lanitra sy ny tany, afa-tsy Ilay tohatra mampiseho ny Zanak' Andriamanitra, Izay hanentsina indray ny hady nolavahan' ny fahotana, tamin' ny alalan' ny fanatitra nataony. Dia toy izany no nahazoan' ny taranak' olombelona ho tafakambana indray amin' ny Ianitra noho ny asan' ny anjely, ka tamin' ny alalan' i Jesosy Kristy no nampiraisana ny fahalemen' olombelona amin' ny hery tsy manam-petra. [11821]

Tsy takatr' i Jakoba avy hatrany ny hevitr izany zava-miafina rehetra izany; kanefa, tonga antom-pieritreretana lalina ho azy nandritra ny fiainany rehetra izany, ka dia nihanazava tsikelikely tamin' ny fanahiny. [11831]

Nony efa nahatsiaro izy, dia nisinda tsy nisy hitany ireo anjely mamirapiratra, fa kintan-kely marobe manjopiaka eny amin' ny lanitra no sisa nanazava ny alina. Tazana manangasanga eny lavi- davitra eny ny tendron-kavoana milingilingy. Kanefa ná izany aza, mbola misy ihany fanatrehana tsy hita maso manamasina ilay toera- manirery. Tsapan' i Jakoba tsara tao ampony fa, momba azy Andriamanitra. 'Ato amin' ity fitoerana ity tokoa Jehovah, hoy izy. fa izaho no tsy nahalala Endrey, mahatahotra ity fitoerana ity ! tsy hafa ity fa tranon' Andriamanitra sy vavahadin' ny Ianitra '3 [11831]

' Ary nifoha maraina koa Jakoba, dia naka ilay vato izay nataony ondana, ka nanorina azy ho tsangambato, dia nampidina diloilo teo aminy '. Araka ny fomba fahizay, ho fahatsiarovana zava-dehibe, dia nametraka izany tsangambaton' ny fahasoavan' Andriamanitra izany Jakoba mba hahazoany manompo Azy isaky ny mandalo eo izy. Ary ny anaran' izany fitoerana izany dia nataony hoe Betela, izany hoe: tranon' Andriamanitra. Feno fankasitrahana ny fony, raha namerina indray ilay teny fikasana milaza ny fiarovan' Andriamanitra azy, ka dia nanonona izao voady izao izy: 'Raha homba ally Andriamanitra ka hiaro ahy amin' izao lalana alehako izao, ary hanome ahy mofo hohaniko sy lamba hitafiako. ka ho tafaverina soa aman-tsara any amin' ny tranon' ny raiko aho, dia Jehovah no ho Andriamanitro, ary ity vato izay naoriko ho tsangambato ity ho tranon' Andriamanitra, ary izay rehetra homenao ahy, dia homeko Anao tokoa ny ampahafolony". Tsy fepetra ho an' Andriamanitra no apetrak' i Jakoba eto. Nampanantenaina fanambinana izy. Koa izao voady nataony izao dia mari-pisaorana avy amin' ny fanahiny noho ny fahazoany antoka ny famindrampo sy ny hatsaram-panahin' Andriamanitra. Saina toy izany koa no tokony hanetsiketsika ny mpino tsirairay avy noho ny soa rehetra nomen' ny Tompo azy. Tokony ho tsaroan' ny kristiana matetika eo amin' ny fiainany ny fiarovana sarobidy. ny nanampiana azy teo amin' ny fahoriana, ny nanafahana azy

raha nanoloana zava-manahirana izy, ny fampa- herezana nomena azy raha nangozohozo ny tongony, izay samy avy tamin' Andriamanitra avokoa. Eo amin' ny toe-javatra toy ireny dia tokony hanaiky ny fanatrehana sy ny fiarovan' ny anjelin' Andriamanitra isika. Izany rehetra izany dia mitaona antsika hiteny toy ny mpanao Salamo hoe: 'Inona no havaliko an' i Jehovah noho ny soa rehetra nataony tamiko ?'4 [11831]

Ny androntsika, ny talentantsika, ny harentsika, dia samy tokony hatolotra Ilay efa nanolotra izany ho antsika. Ny fisaorantsika dia tokony hisandratra any amin' Andriamanitra isaky ny tsaroantsika ny fanafahany ; tsy amin' ny teny ihany anefa izany, fa amin' ny fanomezana sy amin' ny fanatitra enti-mampandroso ny asany, toy izay efa nataon' i Jakoba. Tsy mitsahatra mikarakara antsika Andriamanitra, ka dia tokony ho vonona lalandava koa isika hanome zavatra ho Azy. [11841]

'Ary izay rehetra homenao ahy, dia homeko Anao tokoa ny ampahafolony '5, hoy Jakoba. Azontsika atao ve, dia isika izay manana ny fahazavan' ny Filazantsara, sy ny soa samy hafa aterak' izany, ny hanao latsaka kokoa noho ireo velona sy tsy manan-tombon- tsoa toaantsika ? Moa tsy bebe kokoa ve ny adidintsika noho isika nahazo bebe kokoa ! Kanefa akory ny hakelin' ny fanomezantsika ? Bitika sy tsinontsinona ny fatran' ny fotoana sy ny vola ary ny fitiavantsika raha ampitahaina amin' Ilay fitiavana tsy hita polopo- lorina. Ampahafolony ho an' i Jesosy Kristy noho ny fahoriana lehibe niaretany ! Miantso antsika Izy hanao fanomezana feno, tsy misy fepetra. Ny tenantsika sy izay rehetra antsika dia tokony hatolotra ho an' Andriamanitra. [11841]

Dia niroso ho any 'amin' ny tanin' ny zanaky ny atsinanana'6 Jakoba, feno finoana an' Andriamanitra, manaiky ny fanatrehana sy ny fiarovan' ny anjely. Akory ny fahasamihafan' ny fahatongavany tao sy ny an' ilay mpanompon' i Abrahama zato taona mialoha ! Rameva nivesatra fanomezana vita tamin' ny volafotsy sy volamena no nentin' ilay mpanompo tamin' izay ; Jakoba kosa tsy nanana afa-tsy tehina. Toy ny nijanonan' ilay irak' i Abrahama teo anilan' ny lavaka fantsakana, dia toy izany koa no nataon' i Jakoba. Teo izy no nahita an-dRahely vaviaivon' i Labana anadahin-dreniny. Izy indray eto no nanakodia ny vato sy nampisotro ny andian' ondry. Rehefa nilaza ny amin' ny tenany izy, dia nampandrosoin' ny havany tsara tao an-trano. Herinandro vitsivitsy monja dia fantatra ny faha- malinany sy ny fahaizany, ka dia namporisihina izy mba hitoetra sady nampanantenaina fa homena an-dRahely ho vadiny raha manaiky ny hanompo fito taona. [11841]

Araka ny fomba fahizay dia nangatahina izay zatovolahy hanam- badv mba hanome vola na zavatra hafa ho an' ny rafozan-dahiny ; izany dia hatao mialoha ny fanambadiana ho toy ny antoka hanatan- terahana azy. Noheverin' ny raim-pianakaviana ho toy ny fomba tsy malina ny manome ny zanany vavy ho vady ho an' ny olona izay tsy nanan-tahiry ho enti-mamelona vady aman-janaka. Raha tsy manana asa sy herim-po ampy hahavory omby aman' ondry na tany izy. dia nahina hitoetra mahantra hatrany. Koa ny fomba nentina nizahan-toetra ny zatovolahy ta-hanambady dia ny nampa- nompo azy ireny izay ho rafozany ; izany dia maharitra ela na haingana arakaraka ny fanomezana llaina. Raha mahafa-po ny asa izay

nataony. ka hita fa mendrika ho isan' ny fianakaviana ilay zatovo, dia homena azy izay vady tadiaviny. ary ny valin-kasasarany dia mazàna no atolotra izay ho vadiny amin' ny andro fampakarana. Tsy mba nanao toy izany tamin-dRahely sy Lea anefa i Labana, fa noho ny fitiavan-tenany, dia notanany ho azy izay tokony ho an' ny zanany vavy. Izany no nahatonga azy ireo hilaza taty aoriana hoe: 'Efa namidiny izahay sady nohaniny lálandava ny volanay rehetra '7. [11851]

Izany tomba fahizay izany, na dia nisy nanararaotra aza. dia tsara sy mety. Sady nisakana ny fanambadiana maimaika foana izany. no nanome fotoana koa hisedrana ny fitiavan' ny zatovolahy hanambadv. sy ny fahaizany mikarakara fianakaviana. Ny fomba amam-panao ankehitriny kosa izay mifanohitra amin' izany dia miteraka voka-dratsy manimba. Matetika dia saika tsy mifankalala toetra amam-panao akory ny zatovo hivady ; koa nony efa tonga ny andro fampakarana, dia samy mahatsiaro ho samy vahiny izy roa. Betsaka no mahalala atý aoriana fa tsy mifanentana akory, kanefa tsy afaka hihemotra intsony ; fahoriana no aterak' izany. Indraindray. dia mijaly ny vehivavy sy ny ankizv madinika noho ny fihetraketrahana sy ny tsy fahaiza-miaina ataon' ny raim-pianakaviana. Raha mba nizahan-toetra mantsy ny zatovolahy izay hanambady. araka ny eta natao fahizay, dia betsaka ny fahoriana maro mety ho voasoroka. [11851]

'Toa andro vitsy foana" teo imason' i Jakoba ny fito taona nanompoany an' i Labana mba hahazoany an-dRahely ho vady 'noho ny fitiavany azy '8 Nony tapitra anefa izany fe-potoana izany dia namitaka azy Labana izay tia tena sady tia vola, ka tsy Rahely no nomeny azy fa ny zokiny, mba hahazoany mihazona an' i Jakoba izay hita fa lehilahy mahery miasa. Nihevitra Jakoba fa tsy afaka ho tia an' i Lea noho ny netezany niray tetika tamin' ny rainy, nampanantenaina anefa izy fa homena an-dRahely raha mbola mety hanompo fito taona indray ; tsy navelan' i Labana hisaotra an' i Lea anefa izy, mba tsy hisian' ny fanalam-baraka ny fianakaviany. Sahiran-kevitra mafy Jakoba nefa nanaiky ihany izy tamin' ny farany sady hampakatra an-dRahely no hanambady an' i Lea. Rahely anefa no tiany. Niteraka fankahalana sy fialonan' ny rahavaviny anefa izany fiangarana izany ka nampanjombona ny fiainan' ilay patriarka ny fifaninanan' izy roa vavy. [11861]

Roa-polo taona no nitoeran' i Jakoba tany Mesopotamia, nanompo an' i Labana izay, na dia havana aza, dia tsy nisaina afa- tsy ny hanararaotra ilay zanak' anabaviny no sady vinantony. Tsy afa-po ny efatra ambin' ny folo taona nanompoany azy noho ny zanany vavy roa izy, fa mbola nanova matetika ny karamany nandritra ny taona sisa hafa rehetra. Tsy niova fenitra anefa na dia izany aza, ny fahamalinana sy ny toetra mahatoky nasehon' i Jakoba. Ireo teny mahery nataony tamin' i Labana, rehefa hisaraka izy mianaka, dia mampiseho fohy nefa mazava ny fikarakarana tsy an-kijanona ny soa ho an' ilay rafozan-dahiny sarotsarotiny: 'Izao roa-polo taona izao no nitoerako tany aminao ; ny ondrivavinao sy ny osi- vavinao tsy mba namotsotra, ary tsy mba nihinana ny ondrilahy avy tamin' ny ondrinao aho. Izay voaviraviram-biby tsy mba nentiko tany aminao, fa izaho no nanolo azy ; teo an-tanako no nitadiavanao azy,

na ny nangalarina andro, na ny nangalarina alina. Nony anto- andro matin' ny hainandro aho, ary nony alina dia matin' ny fanala ; ary nandositra ny masoko ny torimaso '9. [11861]

Na andro na alina dia miandry tokoa ny ondriny tsy ho azon' ny mpangalatra, na ho voaviraviram-biby masiaka Jakoba. Ireny rehetra ireny dia samy nety hanimba ny andian' ondry ratsy ambina. Nisy ihany mpiandry ondry niandry ny ondrin' i Labana, kanefa Jakoba no toy ny tena tompon' andraikitra. Matetika dia izy mihitsy no tsy maintsy nitsangana hiaro ny ondry tsy ho fatin-ketaheta, na ho ngolin' ny fanala rehefa mamirifiry mafy iny ny hatsiaka. Raha sendra nisy ondry very, dia izy. izay filohan' ny mpiandry rehetra, no tsy maintsy nandoa ny onitra. Ireo mpiandry mpanampy azy kosa, dia tsy maintsy nilazalaza ny tena toe-javatra momba nv andian' ondry. [11861]

Ny Hainan' ny mpiandry ondry tatsinanana, ny fahamalinany, ny fitsinjovany ny ho avy, ny fikarakarana feno fitiavana ataony amin' ireo biby malemy eo ambanin' ny fiarovany, dia samy efa nampiasain' ireo mpanoratry ny Filazantsara avokoa mba hanehoana ny sasantsasany amin' ireo fahamarinanana sarobidy indrindra. Rehefa nanota ny olona, Jesosy dia noharina tamin' ny mpiandry ondry mahatsinjo ny ondriny mania any amin' ny lala-maizin' ny ota sy ny fahafatesana. Nilaozany ny haja sy ny voninahiny tany an-danitra ka nidina tety an-tany Izy. Fa hoy Izy: 'Ny ondry very hotadiaviko, ny voaroaka hampodiko, ny folaka hohamarako, ny malemy hoha- tanjahiko Hovonjeko ny ondriko, ary tsy ho babo intsony izy Tsy ho rembin' ny bibi-dia intsony izy'10. Dia handre ny feony ny ondry izay miantso azy ireo hiverina ao am-bala, ao amin' ny 'trano-lay ho fialokalofana amin' ny hainandro raha antoandro, ary ho fialofana sy fierena amin' ny tafio-drivotra sy amin' ny rano- norana'n Tsy mitsahatra ny fikarakarana ataony amin' ny ondriny. Mampahatanjaka ny reraka Izy, manampy izay mijaly ; ny sandriny no hanangonany ny zanak' ondry, ka hotrotroiny eo an-tratrany ireny. Noho izany dia tia Azy ny ondry. Ary ny vahiny tsy harahiny, fa handosirany, satria tsy fantany ny feon' ny vahiny. [11871]

'Izaho ny Mpiandry Tsara, hoy Jesosy; ny Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry. Ary ny mpikarama, satria tsy mpiandry na tompori' ny ondry izy, koa raha mahita ny amboa- dia avy, dia mandao ny ondry ka mampihahaka azy ; mandositra izy satria mpikarama ka tsy mitandrina ny ondry. Izaho no Mpiandry Tsara ; ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho'12. [11871]

Ilay Filohan' ny mpiandry dia nametraka ny fikarakarana ny ondry eo an-tanan' ny mpanompony izay tiany hanao toy izay efa nataony sy hanatanteraka ny adidy masina rehetra natolotra azy. Miangavy azy Izy mba ho mahatoky. hiandry tsara ny ondry, hampahery ireo izay mangozohozo sy hiaro azy rehetra tsy ho lanin' ny amboadia mamiravira. Milaza amin' ny mpiandry ny ondriny Jesosy fa Izy dia efa nanolotra ny ainy hamonjy ny ondriny ; izany

no ohatra halain izy ireo tahaka. Fa ny mpikarama. satria tsy tompon' ny ondry izy, dia tsy mikarakara tsara. Miasa mba hahazo karama fotsiny izy ka tsy mitady afa- tsy izay soa ho an' ny tenany. Koa raha misy loza tonga, dia mandositra izy ka mandao ny ondry. [11871]

Toy izao no hatatrafatry ny apostoly Petera amin' ny mpiandry ny ondrin' i Jesosy': 'Andraso ny ondrin' Andriamanitra izay eo aminareo, hitandrina azy tsy an-tery, fa amin' ny sitrapo araka an' Andriamanitra ; tsy amin' ny fitiavana harena maloto, fa amin' ny zotom-panahy ; tsy ho mpanjakazaka amin' ny anjara fiandrasana, fa ho fianaran' ny mino'13. Ary toy izao kosa no voalazan' ny apostoly Paoly: 'Tandremo ny tenanareo sy-ny ondry rehetra izay nanaovan' ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina, hiandrasanarec ny fiangonan' Andriamanitra izay novidiny tamin' ny rany. Fantatrc fa rehefa lasa aho dia hisy amboadia masiaka hiditra eo aminareo izay tsy hiantra ny ondry '14. [11881]

Aoka izay rehetra manaiky hanao ny asan' ny mpiandry maha- toky mba hitandrina tsara hanao izany 'tsy an-tery fa amin' ny sitrapo ; tsy amin' ny fitiavana harena maloto fa amin' ny zotom- panahy '. Ny mpiandry ondrin" Andriamanitra rehetra dia tokony hahatsiaro mandrakariva fa ny tiangonana dia navotana tamin' ny ran' i Jesosy Kristy, koa dia sarobidy ny ondry izay napetraka teo ambanin' ny fikarakarany. Ny tsirairay avy dia tokony hoheveriny ho lafo vidy ka mendrika ho kolokoloina hihatsara hatrany hatrany. Ny mpiandry ondry manana ny sain' i Kristy sy manaraka ny fandavan-tenany, dia hiasa amim-paharetana hahasoa sy hahavanona ny andian' ondry. Mbola samy hampamoahina arak' izay asa nataony avy ny mpiandry. 'Aiza, hoy ny Tompo, ny ondry andiany izay nomena anao, dia ny ondrinao tsara tarehy ?'15 Ary izay hita fa mahatoky dia homena valisoa lehibe. 'Rehefa miseho ny Lohan' ny mpiandry. dia hahazo ny satroboninahitra tsy mety simba hianareo '16. [11881]

Rehefa reraky ny asa tao amin' i Labana i Jakoba, dia nikasa ny hiverina any amin' ny tany Kanana izy. Ka hoy izy tamin' ny rafozany: 'Alefaso aho hankany amin' ny fonenako sy ny taniko. Omeo ahy ny vadiko aman-janako, izay nanompoako anao, dia handeha aho ; fa fantatrao ny fanompoana izay nanompoako anao". Fa i Labana kosa, i/ay nahalala tsara ny fitomboan' ny hareny hatramin' izay nikarakaran' i Jakoba azy, dia niangavy ity vinantony mba hijanona ihany, fa hoy izy ; fantatro fa avy taminao no nitahian' i Jehovah ahy'17. Fa hoy Jakoba: 'kely ny faiiananao fony tsy mbola tonga aho", kanefa ankehitriny, 'efa nitombo be dia be izany '. [11881]

Dia lasa ny fotoana. Fantatr' i Labana fa nitombo harena fatratra Jakoba, fa 'nanana ondry arnan' osy betsaka, ary andevovavy sy andevolahy ary rameva sy boriky izy'17. Ny zanakalahin' i Labana dia feno fialonana an' i Jakoba toy ny rainy ka nanao hoe: 'Efa lasan' i Jakoba avokoa izay rehetra nananan' i Labana raintsika, ary avy tamin' ny fananan' ny raintsika no nahazoany izao voninahitra rehetra izao'. Raha tsy noho ny tahotr' i Jakoba ny rahaia- hiny dia efa lasa nody ela izy. noho ireo teny ireo sy noho ny fahitany ny tarehin' i Labana tsy miramirana taminy tahaka ny taloha intsony. Izao anefa dia tsinjony fa mety hampidi-doza azy ny fitoerana maharitraritra kokoa. Ny zanakalahin' i Labana izay mihevitra fa azy ireo ny hareny dia mety haka izany an-keriny aminy. Mafy ny nanjo an' i Jakoba tamin' izay ; tsy fantany izay hataony. Tao amin' ny fahoriany, dia nahatsiaro ny fikasana nomena azy tao Betela izy ka tsy nisalasala namboraka tamin' Andriamanitra ny tebitebiny. Novaliana

tamin' ny alalan' ny nofy ny fivavahany. fa nisy feo nanao taminy hoe: 'Modia any amin' ny tanin' ny razanao sy any amin' ny havanao ;ary homba anao Aho'18 [11891]

Nohararaotin' i Jakoba ny fotoana tsy naha-teo an' i Labana mba handehanany. Nangonina haingana ny ondry aman' osy ka nalefa mialoha ireny. Dia niainga koa Jakoba, niaraka tamin' ny vady aman-janany, nita ny onin' i Eofrata, nanitsy nanandrify ny tanin' i Gileada. Nony afaka telo andro, dia ren' i Labana ny nando- siran' ny vinantony ; dia nanenjika azy izy ka nahatratra azy tamin' ny andro fahafito. Tezitra mafy izy sady tapa-kevitra hamerina ireo mpandositra ; ary natoky izy fa hahavita izany satria maro kokoa ny olona nentiny homba azy noho ireo niaraka tamin' i Jakoba. [11891]

Lehibe ny loza nananontanona an' i Jakoba. Nefa, noho ny tiarovan Andriamanitra dia tsy nahatanteraka ny fikasany i Labana. 'Manan-kery hanisy ratsy anareo ny tanako, fa Andriamanitry ny rainareo efa niteny tamiko halina ka nanao hoe: Tandremo mba tsy hasianao teny akory Jakoba; na soa na ratsy', izany hoe aza terenao hiverina any aminao amin' ny alalan' ny hery, na amin' ny alalan' ny fanambatambazanai izy. Ary i Labana, izay efa nihazona ny vola tokony ho an' ny zanany vavy sy nitondra mahery ny vinan- tolahiny, dia mihatsaravelatsihy izao, ka nanome tsiny an' i Jakoba fatratra erý noho izy nandeha an-tsokosoko ka tsy namela azy hanao fanasana ho fanaovam-beloma akory. Rehefa namaly ny teniny i Jakoba, dia nilazalaza ny fomba feno fitiavan-tena sy maharikoriko nahatran i Labana taminy ; koa dia nataony ho vavolombelon' ny toetra mahatoky sy ny fahitsiana rehetra nanompoany azy i Labana. Fa hoy izy: 'Raha tsy Andriamanitry ny raiko, dia Andriamanitr' i Abrahama, Ilay natahoran' Isaka no nomba ahy, dia ho nampande- haninao maina tokoa aho ankehitriny. Andriamanitra efa nitsinjo ny fahoriako sy ny fisasaran' ny tanako, ka nananatra anao halina'. [11891]

Tsy nisy azon' i Labana notoherina izany rehetra izany, ka dia nanipy hevitra izy ny amin' ny tokony hanaovana fanekem- pihavanana ; neken' i Jakoba izany ka dia nanao antontam-bato izy ireo ho fahatsiarovana izany fanekena izany. Ary i Labana nanao izany toerana izany hoe Mizpa, fa hoy izy: 'Jehovah hitazana ahy sy hianao, rehefa tsy mifankahita isika Ary hoy indray izy tamin' i Jakoba: Indro ity antontam-bato ity, ary indro ity tsangambato ity izay naoriko eto anelanelantsika, izaho sy hianao ; dia aoka ho vavolombelona ity antontam-bato ity. ary aoka ho vavolombelona ity tsangambato ity. mba tsy hihoarako ity antontam-bato ity hankany aminao, ary mba tsy hihoaranao ity antontam-bato ity sy ity tsangambato ity hankatý amiko kosa hanisy ratsy'19. Dia nanao fanasana izy ho fankalazana ny fanekena. Resaky ny mpisa- kaiza no nandaniana ny alina ; ary nony mazava ratsy ny andro dia niverina nody tany amin' ny fonenany i Labana sy ny mpanompony. Izany fisarahana -izany no fifaneraserana farany nisy teo amin' ny taranak' i Abrahama sy ny mponin' i Mesopotamia. [11901]

Toko 15 - Ilay Tolona mamatonalina

Baikon' Andriamanitra no nandaozan' i Jakoba an' i Padan- vrama. Raha nizotra indray nahazo ilay lalana nombany roa-polo taona lasa izy, dia nisy tahotra nifangaro alahelo nameno ny fony. Mbola nihanjahanja teo anatrehany mandrakariva ny fahadisoana vitany teo anatrehan-drainy. Tsy hadinony fa noho ny fahotany no nahatonga azy ho sesi-tany ; ny fisainana izany dia nangia azy andro aman' alina; ny eritreriny nanome tsiny azy, ka dia feno aloka sy alahelohelo ny diany. [11911]

Ontsa dia ontsa erý ny fon' ilay patriarka raha nahatsinjo ny havoanan' ny tanindrazany izy. Indray nirongatra nameno ny sainy ny fahatsiarovana ny lasa rehetra. Niaraka tamin' ny fahatsiarovana ny fahotany ny fiheverana ny famindrampon' Andriamanitra aminy sy ny fampanantenana fanampiana sy fitarihana avy any an-danitra. Arakaraka ny nanatonany ilay toerana nalehany, dia arakarak' izany koa no nampitombo ny tebitebiny sy ny ahiahiny ny amin' i Esao. Taorian' ny fandosiran' i Jakoba dia nihevitra ny tenany ho hany mpandova ny fananan-drainy i Esao. Ny fandrenesana ny fiverenako hoy izy anakam-po, dia hampifoha indray ao am-pon' i Esao ny fitiavan-kamali-faty ; vao mainka hitombo izany, hoy indray izy. noho ny fiheverany fa tonga aho haka ny lova navelan' ny ray aman- dreny, dia ilay lova nifalian' izy irery hatramin' izao. Raha tiany dia afaka hanisy ratsy maro ahy izy. no antony tsy nahareseny azy na dia mafy indrindra aza ny famele- zany. Niseho taminy Jesosy Kristy, 'Ilay Anjelin' ny fanekena'. Na dia mpanota sy efa trotraka aza i Jakoba, dia tsy niala taminy fa vao mainka koa nifikitra sy 'nitomany izy sady nifona taminy '2, nitady porofo izy fa efa navela ny fahotany. Na dia teo aza ny fanaintainana ara-nofo nanjo azy. dia tsy nety niala tamin' ilay anton- javatra tokana niriny ny eritreriny, ka dia nitombo ny finoany. Nitady handeha Ilay Anjely ka nanao taminy hoe: 'Avelao Aho handeha fa efa mazava ratsy ny andro '. Fa hoy kosa Jakoba: 'Tsy havelako handeha Hianao, raha tsy tahinao aho'. Raha fizahoza- hoana no nitenenany izany, dia ho ringana niaraka tamin' izay izy. Tsy izany anefa no izy, fa teny vokatry ny fahatokiany be dia be nentanim-po mafana izany. Jakoba, izay efa niaiky ny tsy fahamen- drehany, dia niantehitra tamin' ny fahatokiany an' Andriamanitra, dia Ilay Andriamanitra mahatoky ka manatanteraka ny teny fikasany. [11911]

'Nitolona tamin' Ilay Anjely izy ka nahery'3. Tamin' ny alalan'. ny fanetren-tena sy ny fanoloran-tena tanteraka dia nandresy ny Mpanjakan' ny lanitra ilay olona mety maty, mpanota mahantra sy mangozohozo. Tamin' ny tanany feno hovitra no nifikirany tamin' ny teny fikasan' Andriamanitra ; tsy afaka nandà ny antson' ilay nitaraina ny fon' Ilay Fitiavana tsy hita polopolorina. [11941]

Niharihary teo anatrehan' i Jakoba izao ny haratsian' ny fitaka nataony mba hahazoany ny fizokiana. Tsy ampy ny fahatokiany an' Andriamanitra ka niezaka izy hanatratra samirery ny teny fikasana izay nokendren' ny Tompo ho tanterahina amin' ny ora sy fomba mahamety azy. Mba ho porofo fa navela ny helony, ny anarany izay nampahatsiahy ny fahotany, dia nosoloana anarana hafa izay hahatsiarovana mandrakizay ny fandreseny: 'Tsy atao hoe Jakoba (ilay

mpamingana) intsony ny anaranao, hoy Ilay Anjely, fa Isiraely (Mpitolona amin' Andriamanitra); satria efa nitolona tamin' Andriamanitra sy ny olona hianao ka nahery'4. [11941]

Dia nahazo ny fitahiana niriny fatratra i Jakoba. Ny ota izay nilazana azy hoe mpamingana sy mpamitaka dia voavela. Lasa ny zava-tsarotra teo amin' ny fiainany. Ny fisalasalana, ny tebiteby sy ny nenina izay nampanjombona ny fiainany dia nisolo fiadanana mamy vokatry ny fihavanana amin' Andriamanitra. Tsy natahotra ny hihaona amin' ny rahalahiny intsony izy, satria, Ilay Andriamanitra Izay efa namela ny helony, dia afaka hanohina koa ny fon' 1 Esao mba hahatonga azy hanaiky ny fibebahany. [11941]

Raha mbola nitolona tamin' Ilay Anjely i Jakoba, dia nisy iraka avy any an-danitra hafa koa nalefa tany amin' i Esao. Nahita ny rahalahiny tamin' ny nofy Esao, mody rehefa avy sesi-tany nandritra ny roa-polo taona, mitánondrika, ory dia ory manoloana ny fasan- dreniny. Tamin' io nofy io ihany koa dia nahita ny tobin' i Jakoba izy, voahodidin' ny tafiky ny Ianitra. Notantarainy tamin' ny efa- jato lahiny izany nofiny izany, sady nanome baiko hentitra azy izy mba tsy hisy hanao na inona na inona amin' ny rahalahiny, satria, Andriamanitra no miaro azy. [11951]

Nifanena ny tobin' izy mirahalahy. Eo an-kilany dia Esao, ilay mpihaza tany an-efitra, mizotra eo alohan' ny tafiny. Eo an-daniny indray kosa, dia i Jakoba miaraka amin' ny vady aman-janany mbamin' ny mpiandry ondriny sy ny mpanompovaviny ary ny andian' ondriny betsaka ; ilay patriarka no nialoha ireo rehetra ireo, mandeha mitolitsika, mitondra tehina. sahiram-pamindra ; misoritra eny amin' ny endriny izay mbola rerak' ilay tolona lehibe ny fiadanany sy ny fifaliany. [11951]

Raha nahita azy toy izany Esao, dia 'nihazakazaka hitsena azy, ary nisakambina ny tendany, dia namihina sy nanoroka azy ; ary samy nitomany izy mirahalahy'5. Raha nahita izany ireo mpiady maherin' i Esao, dia yoatohina ny fony ; tsy fantatr' izy ireo ny tena anton' ny fiovan-kevitr' ilay kapiteniny ; tsy noheveriny velively, raha nahita an' i Jakoba manan-kilema izy. fa ny fahalemeny no nahatonga ny heriny. [11951]

Tsapan' i Jakoba nandritra ilay alina nitolomany tao amin' ny rian-dranon' i Jaboka, ny maha-tsinontsinona ny famonjena avy amin' olombelona sy ny toky izay omeny. Hitany fa ny hany fanam- piana ho azy dia tokony ho avy amin' Ilay nahavitany fahotana lehibe ihany. Tsy nanan-kery sy nahatsiaro tena ho tsy mendrika izy, ka nitaky ny teny fampanantenan' Andriamanitra ho an' ny mpanota mibebaka. Izany teny fikasana izany no antoka ho azy fa hamela sy hanaiky azy Andriamanitra. Nino izy fa moramora kokoa ny hahafoana ny lanitra sy ny tany toy izay ny hahafoana izany fampanantenana izany. Izany no hery nanohana azy nandritra iny fitolomana mendri-kotsarovana iny. [11951]

(5) Gen. 33: 4 [11951]

Tandindon’ ny fitsapana izay tsy maintsy holalovan’ ny vahoa- kan’ Andriamanitra aloha kelin’ ny fiverenan’ i Jesosy Kristy fanin- droany ny alin-tebiteby sy feno ady nolalovan’ i Jakoba. Toy izao no voalazan’ ny mpaminany Jeremia raha nahatsinjo izany, taonjato maro mialoha izy: ‘Feo mampangovitra no renay ; misy tahotra, fa tsy fiadanana Nahoana ny tarehy rehetra dia efa tonga hatsatra avokoa ? Indrisy ! fa Jehibe izany andro izany, ka tsy misy tahaka azy ; andro fahoriana ho an’ i Jakoba izaný, nefa ho voavonjy ho afaka amin’ izany ihany izy ’6. [11961]

Izany andro fahoriana izany dia hiantomboka rehefa mahavita ny asa maha-Mpanelanelana Azy amin’ olona sy amin’ Andriamanitra Kristy. Amin’ izay fotoana izay, dia efa voafetra izay ho anjaran’ ny olona tsirairay avy, ka tsy hifona ho an’ ny mpanota intsony ilay ra manadio. ‘Izay manao ny tsy marina, aoka mbola hanao ny tsy marina ihany izy ; ary izay maloto, aoka mbola hihaloto ihany izy ; ary izay marina kosa, aoka mbola hanao ny marina ihany izy ; ary izay masina, aoka mbola hihamasina ihany izy’7. Amin’ izay, dia hitsahatra amin’ ny asany ny Fanahy Masina Izay misakana ny faharatsiana tsy hitosaka. Ary tahaka an’ i Jakoba nofofoin’ ny rahalahiny ho faty, dia ho toy izany koa ny vahoakan’ Andriamanitra, ho tandindomin-doza noho ny amin’ ny ratsy fanahy mitady handringana azy. Ary toy ny nitoloman’ ilay patriarka nandritra ny alina mba ho afaka amin’ ny tanan’ i Esao, dia ho toy izany koa no hitarainan’ ny marina andro aman” alina amin’ Andriamanitra mba hanafahana azy amin’ ny fahavalo manodidina azy. [11961]

Niampanga an’ i Jakoba teo anatrehan’ ny anjely i Satana nitaky fa rariny ny hamongorana azy noho ny fahotany ; rehefa izany, dia Esao indray no natosiny mba hiady aminy. Nandritra ilay alina feno tolona, dia niezaka mafy indrindra ilay fahavalo hampisaraka azy tamin’ Andriamanitra tamin’ ny alalan’ ny fahakiviana noho ny fampahatsiarovany azy ny fahotany. Ilay iraky ny lanitra koa, mba ho fizahan-toetra ny finoany, dia nitady handao azy sady nampahatsiahy azy ny fahadisoany. Kanefa, na teo ihany aza ny tebitebiny sy ny ranomasony, dia nijoro ho mahery tsara hatrany ilay patriarka. Natoky ny hatsaram-panahin’ Andriamanitra izy, ka dia niantoraka teo amin’ ny sandriny feno famindrampo. Saiky azon’ ny famoizany po izy noho ny fahatsiarovana ny fiainany tamin’ ny lasa ka dia nifikitra mafy dia mafy tamimpitarainana lehibe tamin’ Ilay Anjely mandra-pahazony ny fandresena. [11961]

Ho. toy izany koa ny hanjo ny olon’ Andriamanitra eo amin’ ny ady farany hifanaovany amin’ ny ratsy. Hizaha toetra ny finoany sy ny faharetany ary ny fahatokiany amin’ ny heriny hanafaka azy ireny Andriamanitra. Satana kosa indray, dia hiezaka hampihorohoro azy noho ny fampiheverany azy fa tsy laitram-panafody ny toe- javatra mahazo azy sady lehibe sy ratsy loatra ny helony ka tsy azo avela. Ho mafy dia mafy ny fahatsiarovany ny tsy fahampiana ka ho safotra tsindraindray ny fanantenany. Noho ny fahatsiarovany ny famindrampon’ Andriamanitra tsy manam-petra anefa, sy noho ny fibebahany marina, dia hitaky ny teny fikasana natao tamin’ ny alalan’ i Kristy ho an’ ny mpanota mibebaka izy. Tsy ho valiana miaraka amin’ izay ny fivavahany ; ny finoany anefa tsy hihena, fa hifikitra amin’

Andriamanitra amin' ny fanahiny rehetra izy ka hiteny toa an' i Jakoba hoe: 'Tsy havelako handeha Hianao raha tsy tahinao aho". [11971]

Raha tsy nibebaka nialoha tamin' ny nisolokiany ny nahazoany ny fizokiana i Jakoba, dia tsy ho nohenoin' Andriamanitra ny fitarainany ary tsy ho novonjena ny ainy. Ho toy izany koa amin' ny andro mahory, raha ampijalian' ny tebiteby sy ny tahotra ny zanak' Andriamanitra, raha misy ota tsaroany fa tsy nifonany, dia ho levona izy ; ny famoizam-po dia hahafaty ny finoany ka tsy ho ampy intsony ny fahatokiany mba hangataka amin' Andriamanitra ny fanafahany. Tsy ho toy izany anefa no hiseho. Fa na dia hahatsiaro fatratra ny tsy fahamendrehany aza izy, dia tsy hanana ota miafina haseho. Efa ho voakosoky ny ra mahadion' i Jesosy Kristy ny fahotany ary ny fahadisoany tsy ho tsaroana intsony. [11971]

Satana dia miezaka hampino ny olona fa tsy mampaninona an' Andriamanitra ny ota madinika. Ny nataon' Andriamanitra tamin' i Jakoba anefa dia mampiseho fa tsy misy faharatsiana, na lehibe izany na kely, hodiany tsy hita. Fa na iza na iza no mitady hanatina na hanala tsiny ny fahotany fa tsy niaiky izany mba tsy ho tsarovana eo amin' ny bokin' ny Ianitra, dia ho resin' i Satana. Fa arakaraka ny fahatsaran' ny fanekem-pinoany, arakaraka ny fahamboniany, dia arakaraka izany koa no azo aniniana ny toetrany eo anatrehan' Andriamanitra sy ho fahombiazan' ny fahavalo. [11971]

Ny tantaran' i Jakoba dia maneho amintsika koa fa tsy mandà izay manatona Azy amin' ny fiovam-po marina Andriamanitra na dia efa nizotra teo amin' ny lalan' ny faharatsiana aza izany olona izany. Tamin' ny fiantorahany teo an-tratran' Andriamanitra, feno fahatokiana toy ny zaza, no nahazoan' i Jakoba izay tsy azony tamin' ny herin' ny tenany. Nampianarin' Andriamapitra azy fa ny hery sy ny fahasoavan' ny Ianitra ihany no afaka hanome azy ny fitahiana aman-tsodrano nirin' ny fanahiny. [11971]

Ho toy izany koa ny amin' ireo izay ho velona amin' ny andro farany. Rehefa voahodidin-doza izy, rehefa tsaroan' ny fanahiny ny kaikitry ny famoizam-po. dia tsy tokony hiantehitra afa-tsy amin' ilay fanatitra mahavonjy naterina tao Kalvary izy. Isika dia tsy mahay manao na inona na inona ho an' ny tenantsika. Eo amin' ny tsy fahamendrehantsika sy eo amin' ny tsy fananantsika hery. dia tokony tsy hikatsaka vonjy afa-tsy eo amin' ny fahamen- drehan' Ilay Mpamonjy voafantsika teo amin' ny hazo fijaliana sy nitsangna tamin' ny maty isika. Tsy ho faty izay rehetra manao toy izany. Misy fandinihana lehibe atao eo imason' Ilay tsy manam-petra ; tsy hisy hohadinoina na dia iray akory aza amin' ny fahadiso- antsika. Ary Ilay efa nanongilan-tsofina nihaino ny fitarainan' ny mpanompony fahizay anefa, dia handre koa ny fitarainantsika rehetra hatao amim-pinoana ka hameia izany. Efa nampanantena Izy ka hanatanteraka ny teniny. [11981]

Naharesy i Jakoba satria tsy niova fenitra izy sady naharitra. Ny fendreseny dia maneho amintsika ny herin' ny fivavahana atao amim-paharetana. Izao no fotoana tokony hianarantsika ny atao hoe fivavahana mandresy sy ny atao hoe finoana tsy azo resena. Ny fandresena lehibe azon' ny Fiangonana, na azon' ny Kristiana tsirairay avy. dia tsy mba vokatry ny talenta, na ny

fitaizana, na ny harena, na ny tombontsoa avy amin' olombelona tsy akory, fa vokatry ny fivavahana mangina izay natao teo anatrehan' Andriamanitra, tamim-pinoana miredareda sady tsy azo hozongozonina izay mamihina mafy ny herin' ny Tsitoha. [11981]

Tsy mba hahazo izany izay rehetra mandà tsy hankatò sy izay rehetra tsy mitaky mafy dia mafy ny fitahian' Andriamanitra. Fa na zovy na zovy no manao toa an' i Jakoba, mihazona ny teny fikasan' Andriamanitra sy manana hafanam-po sy faharetana toa azy, dia hahomby koa toy izay efa nahombiazany. 'Fa Andriamanitra tsy hanome rariny ny olom-boafidiny va, izay mitaraina aminy andro aman' alina, ary moa hitaredretra va Izy ? Lazaiko aminareo fa homeny rariny faingana izy'8. [11981]

Toko 16 - Ny Niverenan' i Jakoba tany Kanana

Rehefa nita an' i Jordana i Jakoba, dia 'tonga soa aman-tsara tao an-tanàna Sekema, izay eo amin' ny tany Kanana izy'1. VoavaJy ilay fivavahana nataony tao Betela, izay nangatahany an' Andriamanitra mba hampody azy soa aman-tsara indray any an-tanin- drazany. Nitoetra elaela tao an-dohasahan' i Sekema izy. Io no vohitra nonènan' i Abrahama nandritra ny zato taona mahery sy nanorenany ny alitarany voalohany teo amin' ny tany nampanantenaina. Ary 'novidiny vola zato tamin' ny zanak' i Hamora, rain' i Sekema, dia ny tany izay nanorenany ny lainy'1 izany, sy nanorenany alitara izay nantsoiny hoe El-elohe-Isiraely — 'Andriamanitra, Andriamanitr' Isiraely". [11991]

Nanorina alitara teny akaikin' ny lainy toa an' i Abrahama koa i Jakoba, ary teo no nanaterany fanatitra marain-tsy hariva notronin' ny ankohonany rehetra. Teo ihany koa no nanaovany fantsakana, dia ilay fantsakana nipetrahan' i Jesosy Ilay Mpamonjy sady taranak' i Jakoba, arivo taona tatý aoriana; teo amin' izany fantsakana izany no nanambaran' ny Tompo ny amin' ilay 'loha- rano miboiboika.. ho fiainana mandrakizay'2 tamin' ireo olona talanjona nihaino azy. [11991]

Fanaovana an-keriny sy vonoan' olona no niafaran' ny nitoeran' i Jakoba sy ny zanany tao Sekema. Noho ny fahafaham-barakan' ilay zazavavy, hany zanakavavin' ny patriarka, dia nitady hamaly faty azy ny roa tamin' ny anadahiny ; ilay zatovolahy namitaka ny zazavavy no tiany hasiana ka ny tanàna iray manontolo no nofongorany. Izany zava-doza izany dia noho ny tsy fahamalinan-jazavavy iray, izay naniry hifanerasera tamin' ny ratsy fanahy ka 'nivoaka mba hizaha ny zazavavy tompon-tany'3. Fa na iza na iza no sahy mitady fahafinaretana eo anivon' izay tsy matahotra an' Andriamanitra, dia mizotra ho eo amin' ny tobin' i Satana. [11991]

Tsy nitoetra tsy nisy valiny tsy akory ny fahasahiana niharo famitahana nasehon' i Levy sy Simeona ; ny asany ratsy izay nafeniny fatratra an-drainy, dia tsy afa-tsiny. Koa nony ren' ilay patriarka ny heloka bevava nataony, dia tsiravina tokoa izy. Na dia nalahelo mafy aza anefa izy noho ny fitaka ratsy nataon' ny zanany roa lahy, dia izao ihany no teniny: 'Efa nahatonga loza amiko hianareo. fa efa nomaimboinareo eto amin' ny mponina amin' ny tany aho.. ka dia hiangona hamely ahy izy ireo ka hamono ahy ; dia ho fongotra aho, dia izaho sy ny ankohonako'. Ny alahelo sy ny tahotra nahazo ny patriarka tamin' izay fotoana izay, dia mbola tsaroany ihany dimam-polo taona taty aoriana, araka izao teny izao, izay noteneniny teo ampandriany rehefa ho faty izy tany Egypta: [12001]

' Simeona sy Levy dia mpirahalahy,
Fiadia-mandoza ny sabany ;
Aza mankeo amin' izay iokoany ry foko.
Ary aza miray amin' ny fiangonany, ry ianahiko
Ho voaozona anie ny fahatezerany fa nasiaka izany,
Ary ny fahavinirany, fa loza izany!'4 [12001]

Tsapan' i Jakoba fa izao toe-javatra niseho izao dia tokony hahatonga fanetren-tena lehibe ho azy sy ho an' ny zanany. Ny fahasiahana sy ny famitahana dia samy teo amin' ny toetranjanany avokoa. Nisy sampy nafenina teo amin' ny tobiny ary ny fanompoan- tsampy dia tafiditra hatrao amin' ny ankohonany. Raha valian' i Jehovah araka ny tokony hamaliana antsika isika, hoy izy, tsy ho tonga famiraviran" ny firenena manodidina va isika ? [12001]

Raha mbola oriorin' alahelo toy izany izy, dia nanome baiko azy Andriamanitra mba hifindra hianatsimo ka honina any Betela. Izany toerana izany, dia nampahatsiahy azy ny nahitany ny anjely sy ny teny fikasan' Andriamanitra ary ny voadiny hanompo an' i Jehovah. Alohan' ny hiaingany anefa, dia niriny ny hanadio ny fianakaviany ho afaka amin' ny loton' ny sampy, ka hoy izy tamin' ny olona rehetra nomba azy: 'Ario ireo andriamani-kafa izay ao aminareo, dia madiova sady ovay ny fitafianareo ; ary andeha hiainga isika ka hiakatra any Betela ; ary hanao alitara any ho an' Andriamanitra Izay nihaino ahy tamin' ny andro fahoriako ary nomba ahy tamin' ny lalana izay nalehako '5. [12001]

Rehefa izany, dia tamim-pihetseham-po lalina no nitantaran' i Jakoba tamin' ny fianakaviany ny amin' ny fomba nisehoan' Andriamanitra taminy tao Betela, fony izy feno tebiteby sy nanirery, nandositra nandao ny tranon-drainy. Raha mbola nitanisa ny porofo mahagaga mariky ny hatsaram-panahin' Andriamanitra toy izany izy, dia nangorakoraka ny fony, ary nisy hery avy any ambony koa nanetsika ny fon-janany ka nahataonga azy ireo ho vonona hiray amin' ny fivavahana amin' Andriamanitra indray rehefa tonga any Betela. 'Dia natolony teo amin' i Jakoba ny andriamani-kafa rehetra izay notanany sy ny kavina izay teny an-tsofiny ; ary dia nalevin' i Jakoba teo am-pototry ny hazo terebinta izay tao akaikin' i Sekema ireo'. [12011]

Dia niara-niainga izy rehetra, ary Jehovah nahatonga horohoro teo amin' ny manodidina. Izany no antony tsy nanenjehana ny zanak' i Jakoba sy nahatongavan' izy rehetra soa amantsara tany Betela. Ary tao, dia niseho tamin' ilay patriarka indray Andriamanitra ka nanavao ny fanekeny taminy. ' Ary Jakoba dia nanorina tsangambato teo amin' ny fitoerana izay niresahany taminy'. [12011]

Teo amin' izany toerana izany ihany koa no nahafatesan' i Debora, mpitaiza an-dRebeka, izay efa nandao an' i Mesopotamia koa ka nanara-dia hatrany hatrany ny tompovaviny ; tonga isan' ny nohajaina teo amin' ny ankohonan' Isaka ravehivavy. Ny fanatrehan' izany vehivavy lava andro niainana izany, dia nampahatsiahy an' i Jakoba ny lasa sy ny nahatsiarovany andreniny izay tia azy fatratra. Nalevina tamin' alahelo lehibe izy, teo am-pototry ny hazo òka anankiray izay nomena anarana hoe 'Hazo óka fitomaniana". Manaitra sy mahaliana ny ahitana ny tantaran' io vehivavy mpanompo mahatoky io voatahiry ao amin' ny Boky Masina. [12011]

Rehefa afaka indroa andro dia tonga tao Hebrona Jakoba sy ny ankohonany. Nisy fahoriana lehibe niandry an' i Jakoba tao. Rahely vady malalany, izay nahatonga azy hanompo fito taona, dia fito taona niova ho fahasambarana noho ny fitiavany azy, dia maty tao. Lalina sy naharitra izany fitiavany an-dRahely izany ka mbola tsaroany ihany na dia tatý aoriana elabe

aza, ka efa ho faty izy. tamin' ilay fotoana namangian' i Josefa zanany azy. Raha nitodika nitazana ny fiainany lasa izy. dia niteny hoe: 'Ary izaho, raha niala tany Padan-Arama, dia maty teo anatrehako Rahely tany amin' ny tany Kanana rehefa kely foana no sisa tsy nahatongavana tao Efrata ; ary nandevina azy aho teo amoron' ny lalana mankany Efrata'6. Tamin' ireo_ zava-maro samihafa niseho teo amin' ny fiainany, dia zavatra iray loha ihany no tsaroan' i Jakoba ka novisa- visainy tamin' ilay zanany malalany indrindra. dia ny nahafatesan-dRahely reniny. [12011]

Niteraka zazalahy iray Rahely rehefa ho faty ; nataony hoe Benony, 'zanaky ny fahóriako", ny anaran' ilay zaza, fa Jakoba kosa nanao azy hoe Benjamina, 'zanaky ny havanana', na 'zanaky ny heriko'. Mba ho fahatsiarovana an-dRahely, dia nisy tsangambato naorina teo amin' ny fasany. [12021]

Raha mbola teny an-dalana nankany Efrata izy ireo, dia vonton' alahelo indray ny fianakavian' i Jakoba, noho ny ratsy lehibe nataon-dRobena, lahimatoa, dia fahotana izay nahatonga azy ho tsy nanana intsony ny tombontsoa sy ny voninahitry ny fizokiana. [12021]

Tonga soa aman-tsara teo amin' izay nalehany izy rehetra. 'Ary Jakoba nankany amin' Isaka rainy tany Mamre, any Kiriat-arba, (Hebrona izany) izay nivahinian' i Abrahama'7. Ary Jakoba nitoetra teo ambara-pahafatin' ny rainy. Isaka dia efa jamba sy nanirery ary trotraka sy nisaona, ka nitondra fampiononana lehibe ho azy ny mari-pitiavana mamy nasehon" ilay zanany nandao azy ela. [12021]

Mbola tafahaona indray mandeha indray i Jakoba sy Esao tamin' ny nahafatesan-drainy. Nanantena hanararaotra izany fotoana izany Esao mba hampihatra ny valifaty, nefa efa tena niova mihitsy ny toe-tsainy: Jakoba kosa izay vokin' ny fitahiana ara-panahy vokatry ny fizokiana izay efa azony, dia namela ny harena rehetra navelan' Isaka ho an' i Esao izay tsy nikendry afa-tsy izany ihany. Fa izy dia efa nomen' Andriamanitra harena be dia be, afa-tsy ireo zava- tsoa sarobidy nirin' ny fony. Noho izany, na ny fialonana, na ny fankahalana dia tsy nisy nampisaraka azy mirahalahy intsony. Mbola nisara-toerana ihany anefa izy. [12021]

'Fa samy be loatra ny haren' izy mirahalahy, ka tsy mba nahazo niray monina izy ; ary tsy omby azy ny tany fivahiniany, noho ny omby aman' ondriny '8. Izany fisarahan' izy mirahalahy izany dia nifanaraka tamin' ny fikasan" Andriamanitra momba an' i Jakoba. Fa lehibe loatra mantsy ny fahasamihafana momba ny fivavahana hita teo amin' roa lahy ka tsara kokoa ny tsy hiarahany mitoetra. Samy notezaina tamin' ny fahalaiana an' Andriamanitra na Esao na Jakoba ; samy afaka nifidy ny handeha araka ny didiny ka hahazo ny fanka- sitrahany izy mirahalahy ; kanefa, samy nandeha araka ny lalany avy izy ary mifanohitra indrindra izany lalana izany. [12031]

Tsy noho ny didy tsy refesi-mandidy nataon' Andriamanitra no nahatonga an' i Esao tsy hanana ny tombontsoan' ny famonjena. Ny fanomezam-pàhasoavana izay eo amin' i Jesosy Kristy dia atolotra maimaimpoana ny olona rehetra. Ny fahaverezana dia vokatry ny fifidianana ataon' ny tenan' ny olona tsirairay avy. Asehon' Andriamanitra amintsika ao amin'

ny Teniny ny fepetra rehetra tokony ho tanterahina mba hahazoana ny fiainana mandrakizay, dia izao: ny fankatoavana an' i Jesosy Kristy amin' ny alalan' ny finoana. Arakaraka ny fananana toetra mifandrindra amin' ny lalàn' Andriamanitra no andraisana ny fifidianan' Andriamanitra. Koa na iza na iza manatanteraka ireny fepetra ireny sy mivelona araka izany, dia hiditra ao. amin' ny fanjakan' ny voninahitra. Fa hoy Jesosy: 'Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay ; fa izay tsy mino ny Zanaka, dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran Andriamanitra no mitoetra eo aminy'. Dia hoy indray Izy: 'Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko. no hiditra amin' ny fanjakan' ny Ianitra, fa izay manao ny sitrapon' ny Raiko Izay any an-danitra '9. Ao amin' ny Apokalypsy, dia izao no voalazan' ny Tompo: 'Sambatra izay manasa ny akanjony (izay mitandrina ny didiny, hoy ny dikan-teny sasany) mba hananany fahefana amin' ny hazon' aina sy hidirany amin' ny vavahady ho ao an-tanàna'10. Izany ihany no fifidianana ho amin' ny famonjena voalazan' ny Tenin' Andriamanitra. [12031]

Fa na iza na iza no manaiky hiasa 'amin' ny tahotra sy ny hovitra hahatanteraka ny famonjena azy" dia ho voafidy. Izay rehetra mandray ny 'fiadian' Andriamanitra" ka miady ny 'ady tsaran' ny finoana", izay rehetra manaiky mba hiambina sy hivavaka, izay rehetra mandinika ny Soratra Masina sy mankatò ny 'teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra', dia ho voafidy. Ny fomba ahazoana ny famonjena sy ny vokatry ny famonjena dia samy atolotra maimaimpoana avokoa ho an' izay rehetra vonona hanatanteraka ny fepetra rehetra. [12031]

Fa Esao dia nanao tsinontsinona ny fepetra rehetra momba ilay fanekena. Ny zava-tsoan' ny nofo dia nataony ambonimbony kokoa noho ny zava-tsoan' ny fanahy, ka dia nahazo izay niriny izy. An-tsitrapo no nialany tsy ho isan' ny vahoakan' Andriamanitra. Fa Jakoba kosa nifidy ny lovan' ny finoana. Nefa, noho izy nampiasa hafetsena sy lainga mba hananany izany, dia navelan' Andriamanitra ho voakapoka izy noho ny fahadisoany. Niharihary taminy fa ny hevi- petsiny sy ny fitaka nataony dia mifanohitra amin' ny sitrapon' Andriamanitra. Ary teo afovoan' ny fiovaovana sy ny fahangidiam- piainana nahazo azy, dia tsy hadinony ny zavatra izay efa nofidiny. [12041]

Ilay tolona mamatonalina teo amin' ny rian-dranon' i Jaboka, dia nanova an' i Jakoba ho olom-baovao. Levona teo aminy ny faha- tokian-tena ary fongana tsy nisy ilay toe-tsaina fetsifetsy nananany fahiny. Ny fitaka dia nisolo fahamarinana sy fahitsiana. Nianatra hiantehitra tamin' ny sandry maherin' ny Tsitoha izy sy hanaiky amim-panetren-tena ny fitondrany na dia sendra fahoriana sy fitsapana aza. Levona tsikelikely tao amin' ny afon' ny memy ny faha- lotoana rehetra teo amin' ny toetrany ka ny finoan' i Abrahama sy Isaka indray kosa no namirapiratra fatratra ho solon' izany. [12041]

Ny fahotan' i Jakoba anefa dia niteraka voka-dratsy teo amin' ny toetran-janany. Na dia efa lehibe aza ireo, dia mbola nanana kilema sy hadalana maro ihany. Ny fampirafesana koa dia nisy vokany mampalahelo araka izay ampoizina rahateo, fa sady nandritra ny loharanom-pitiavana izany no namaha koa ny fatorana masin' ny fanambadiana. Ny fialonan' ny samy

reny dia nahatonga toe-tsaina ratsy teo amin' ny fianakaviana. Ny zaza dia nitombo teo afovoan' izany rehetra izany ka tonga mpifanditra sy nankahala ny didy sy fitsipika rehetra ; koa dia feno alahelo tokoa ny fiainan' i Jakoba. [12041]

Nisy anefa anankiray tamin' ny zanak' i Jakoba izay nanana toetra niavaka noho ny an' ny rahalahiny ; tsy iza io fa i Josefa, ilay zatovolahy tsara tarehy tokoa, zanaka lahimatoan-dRahely ; ny hatsaran-tarehy kanto nananany dia toa nitory koa ny hatsaram- panahiny. Nadio sy kinga izy, sariaka sady nanana toe-tsaina matotra sy tony. Nankatò ny toro-hevitry ny rainy sady nankatò ny baikon' Andriamanitra izy. Ireo toetra izay nampiavaka azy: toetra mahate- ho tia, fahamarinana sy fahatokiana tamin' ny fanaovana ny adidy isan' andro, dia nananany hatramin' ny fahazazany. Rehefa maty reniny, dia nafindrany tamin-drainy avokoa ny fitiavany rehetra ; ary ny rainy kosa indray, dia tia fatratra ilay zanaky ny fahanterany. 'Ary tian' Isiraely mihoatra noho ny zanany rehetra Josefa'11. [12041]

Izany tombom-pitiavana nasehon' i Jakoba tsy tamim-pahama- linana izany dia nahatonga alahelo sy fangirifiriana lehibe, fa niteraka fialonana teo amin' ireo zanany zokin' i Josefa izany. Ary afa-tsy izany, raha nahita ny faharatsiam-piainan' ny rahalahiny i Josefa ka sahy nampiseho moramora tamin' ny teniny ny tsy fankasitrahana izany, dia mainka koa nampitombo ny lolom-pon' izy ireo taminy. Nony farany anefa, dia tsy naharitra intsony i Josefa fa nambarany tamin-drainy ny toe-javatra rehetra ary nanantena izy fa ny fahefan' ny rainy dia hampiova ny toetran' ny rahalahiny. [12051]

Ary i Jakoba nitandrina indrindra mba tsy hahatezitra ny zanany tamin' ny fananarana mafy. Tamim-peo nangovitry ny fihetseham-po no nanehoany tamin' izy rehetra ny fitiavany azy sy niangaviany azy mba hanaja ny volo fotsiny ka tsy hanala baraka ny anarany, indrindra mba tsy hanome henatra ny anaran' Andriamanitra amin' ny tsy firaharahana ny didiny. Noho izany fahafantarana ny toetra ratsiny izany, dia mba niseho ho menatra sy nibebaka ireo zatovo zanak' i Jakoba ; fanakonana fotsiny ny tena fankahalany anefa izany. [12051]

Ny fanomezana tsy voahevitra loatra nataon' i Jakoba ho an' i Josefa, dia ny nanomezany azy fitafiana marevaka fitondran' ny olo- mihaja fahizay, dia niseho ho toy ny fiangarana miharihary teo anatrehan' ny zanany hafa ; nahatonga fiahiahiana tao amin' izy rehetra izany, izay niheverany fa tadiavin' ny rainy homena ilay zanak' i Rahely ny tombontsoan' ny fizokiana. Vao mainka koa nitombo ny hatezeran' izy ireo raha nitantara ny nofiny taminy i Josefa. [12051]

'Indro. namehy amboara tany an-tsaha isika (hoy i Josefa tamin' izy ireo raha nitantara taminy ny nofiny izy), ary, indro, niarina ny amboarako sady nijoro, ary, indreo, nilahatra rnanodidina kosa ny amboaranareo ka niankohoka teo anatrehan' ny amboarako '. [12051]

Ary hoy ny rahalahiny izay sosotra sady velom-pialonana: 'Moa hanjaka aminay tokoa va hianao ?.. Ary izany nofiny sy teniny izany dia vao mainka nankahalany azy'. [12061]

Tatý aoriana kelin' izany, dia nanonofy tahaka izany ihany koa i Josefa ka notantarainy tamin' ny rahalahiny: 'Indro, nanonofy indray aho ; ary indro, ny masoandro sy ny volana ary ny kintana iraika ambin' ny folo niankohoka teo anatrehako'. Toy ilay nofy voalohany ihany no niheverana ilay faharoa. Ary ny rainy izay nanatrika ny fanazavany. dia nanome tsiny azy ka nanao hoe: 'Manao ahoana izany nofy nonofisinao izany? Moa ho avy tokoa va aho sy ny reninao ary ny rahalahinao ka hiankohoka amin' ny tany eo anatrehanao ?" Ireo teny toa henjana ireo dia nanafina finoana tao amin' i Jakoba, izay nihevitra fa Andriamanitra no naneho ny ho avy momba ny fiainan-janany. [12061]

Ary ny rahalahiny koa dia tsy afaka tsy ho talanjona raha nahita azy nijoro teo anoloany, tamin' ny endrika namirapiratry ny hevitra izay nameno ny saina amam-panahiny. Kanefa, tsy nanaiky ny handao ny fiainany feno fikorontanana izy rehetra, ka dia niverina tao aminy indray ny fankahalana an' ilay nanana fahadiovana nanameloka ny fahotany. Nameno ny fony ny toe-tsain' i Kaina. [12061]

Noho ny tsy fahampian' ny ahitra ho an' ny andian' ondry aman' osy, dia voatery nandeha lavitra ny zanak' i Jakoba ary nitoetra tany volana vitsivitsy. Taorian' ireo toe-javatra voalaza teo dia nankany Sekema izy, dia ilay toerana izay nividianan-drainy tany. Rehefa ela no tsy nahazo vaovao avy taminy i Jakoba, dia velon' eritreritra noho ny ratsy nataon' izy ireo tamin' ny mponina tany Sekema ; koa naniraka an' i Josefa izy mba hizaha azy ireo. Raha mba fantany mantsy ny toe-tsain' iretsy zanany momba ilay zandriny, dia tsy ho nandcfa velively ilay zanany tanora hanao izany izy. [12061]

Tamin' ny fo falifaly no nandehanan' i Josefa. Toa an-drainy dia tsy mba niahiahy kely akory ny amin' ny izay zavatra niandry azy izy alohan' ny hifankahitany amim-pifaliana indray. Rehefa tonga tany Sekema izy, rehefa nandeha lalan-davitra tokony ho valo-polo kilaometatra eo ho eo, dia tsy nahita na ny rahalahiny na ny ondry aman' ombiny. Ny mponina tao an-tanàna nilaza taminy mba ho any Dotana, dirny ambin' ny folo kilaometatra eo ho eo. Hadinony ny fahasasarany ka niroso haingana indray izy, maika hitondra vaovao tsara ho an-drainy sy hahita ny rahalahiny izay tiany na dia nankahala azy aza. Ary rehefa nahatazana azy lavitra ireo, dia tsy mba nihevitra ny harerahan' ilay zandriny noho ny dia lavitra nataony noho ny amin' izy ireo, na niraharaha izay fitiavana sy fandraisana azy, fa vao mainka koa romotry ny fahate- zerana sy ny fialonana raha nahatsinjo teny amin' ilay zatovo, ny fitafiana misoratsoratra mariky ny fiangaran-drainy. 'Indro tamy ilay mpanonofy", hoy izy rehetra indray niredona sady naneso, 'koa ankehitriny, andeha hovonointsika izy ka hatsipintsika ao anatin' ny anankiray amin' ireto lavaka ireto ; ary dia aoka hoia- zaintsika hoe: efa lanin' ny biby masiaka izy ; dia ho hitantsika amin' izany na hanao ahoana ny nofiny !' [12061]

Raha tsy noho i Robena, dia efa notanterahiny ny fikasai'v. Tsy sahy namono ny rahalahiny ilay lahimatoa, ka dia nanoro hevitra izy ny hanipazana azy ao anaty lavaka ka avela ho faty ao ; nikasa ny hanafaka azy mangingina sy hamerina azy indray any amin-drainy mantsy izy. Neken' ny rahalahiny ny heviny, nihataka kely anefa i Robena satria natahotra izy sao misy mahatsikaritra ny heviny, ka manjary rava ny fikasany. [12071]

Faly i Josefa nahavita ny dia lavitra nataony, tsy niahiahy na inona na inona akory fa nanantena fandraisana tsara. Kanjo, tora- kovitra izy raha nahita ny rahalahiny nivandravandran' ny hatezerana nijery azy ; nosamboriny izy sady nendahiny taminy ny fitafiany. Ny fanesoana sy ny fandrahonana nahatra taminy dia nahafantarany fa tetika famonoana izao tetiky ny rahalahiny izao. Nitaraina mafy izy nefa tsy nisy vokany tamin' ireo olona romotry ny hatezerana ireo izany fitarainany izany. Notaritarihiny ho eo amin' ny lavaka lalina iray izy, dia navariny tao rehefa hitany fa tsy afaka handositra mihitsy ; tao no nikendreny azy ho fatin-kanoanana, fa izy ireo kosa 'nipetraka nihinan-kanina". [12071]

Tsy nahafa-po azy araka izay noheveriny anefa ny asa ratsy nataony ; maro taminy no efa nahatsiaro sorisorena sahady ; nahita andiam-pivahiny nandalo izy ireo, dia mpivarotra Ismaelita nitondra varotra avy any an-dafin' i Jordana ho any Egypta. Dia nampiseho hevitra i Joda ny mba hivarotana an' i Josefa amin' ireo mpivarotra jentilisa ireo fa tsy hovonoina izy 'fa rahalahintsika sy nofontsika ihany izy", hoy izy ; nasehony fa tamin' izany fomba izany dia ho afaka amin' ny rany izy. Neken' izy rehetra izany hevitra izany ka dia nakarina avy tao an-davaka niaraka tamin' izay Josefa. [12071]

Rehefa niherikerika i Josefa ka nahita ireo mpivaro-mandeha dia nazava taminy ny toe-javatra mafy sy mahatsiravina hihatra aminy. Ny ho tonga andevo, dia mafy taminy kokoa noho ny ho faty. Nifandimbiasany nitarainana ny rahalahiny noho ny tahony sy ny fahaverezan-keviny, nefa tsy nisy vokany izany. Ny sasany, na dia nangoraka ihany aza, dia tsy sahy niteny sao dia tsiratsiraina. Samy nahatsiaro tena fa efa lasan-davitra loatra teo amin' ny lalan- dratsiny izy rehetra ka tsy afa-niverina: nihevitra izy fa raha amindrana fo i Josefa, dia hiampanga azy rehetra indray eo anatrehan' ny rainy, ary ny rainy dia tsy hamely azy rehetra ho afakafaka foana ka tsy ho valiana noho ny amin' ny heloka bevava notadiaviny hatao tamin' ilay zanany tiany indrindra. Koa nanamafy ny fony izy ka tsy nihaino ny fitarainan' ilay zandriny fa nanolotra azy ho eo an-tanan' ny mpivarotra jentilisa, izay niroso nanohy ny diany ka vetivety dia tsy taza-maso intsony. [12081]

Rehefa niverina hizaha ny lavaka nanipazana an' i Josefa i Robena ka tsy nahita na inona na inona tao, dia ory sy nanenina indrindra izy, ka niverina nankeo amin' ny rahalahiny ary nandriatra ny fitafiany no nivolana hoe: 'Tsy ao ny zaza, ary izaho, aiza no halehako?" Nony reny anefa izay tehetra natao tamin' i Josefa sady hitany fa tsy nisy hevitra ny hamonjena azy intsony, dia nanaiky hiombon-kevitra tamin' ny rahalahiny sisa izy. Dia namono osilahy izy ireo, ary ny fitafian' i Josefa natsobony tao anaty ran' izany ka nentiny teo amin' i Jakoba no sady nilaza izy fa izany fitafiana izany dia hitany teny an-tsaha. Sao dia ny fitafian' ny rahalahinay izany, hoy izy rehetra, 'koa fantaro na akanjon' ny zanakao ity na tsia ?" Feno ahiahy fatratra izy ireo raha nitondra izany vaovao feno lainga izany ; tsy nisy taminy nanam-po ny fahoriana lehibe sy ny fangirifiriana mafy dia mafy naterak' izany. 'Akanjon' ny zanako io", hoy Jakoba, 'efa lanin' ny biby masiaka izy ; voaviravira tokoa Josefa '. [12081]

Sasa-poana nampionona ilay ray antitra ny zananilahy sy ny zananivavy, nefa tsy nety nangina izy. 'Nandriatra ny fitafiany izy ka nisikina lamba fisaonana tamin' ny valahany, ary

nisaona ny zanany andro maro'. Ny fahaelan' ny fotoana dia toa tsy naha- tondra fanamaivanam-pahoriana ho azy, ary teo amin' ny famoizam- pony no nitenenany hoe: 'Hidina misaona ho any amin' ny zanako any amin' ny fiainan-tsi-hita aho'. Na dia feno horohoro noho ny fahatsiarovany ny asa ratsiny aza ireo zatovolahy zanak' i Jakoba, dia mbola nanafina ihany ny heloka bevava vitany izy, izay nampi- horon-koditra azy na dia ny fahatsiarovana kely izany fotsiny aza. [12081]

Toko 17 - Josefa tany Egypta

Raha mbola nizotra nianatsimo nankany Egypta ny andiam- pivahiny nitondra an' i Josefa, dia tazan' ilay zatovo nanjavozavo cry lavitra erý ny havoana nisy ny tobin' ny rainy. Raha nisaintsaina ny alahelo sy ny maha-irery ilay rainy efa antitra izy, dia nipotra- potraka aoka izany ny ranomasony. Tsaroany indray ilay toe-javatra nampahory' indrindra niseho tao Dotana ; toa hitany ny fijerin' ny rahalahiny azv feno fankahalana ; toa reny indray ireo teny feno eso sy latsa izay nanao tsinontsinona ny fitarainany mafy feno famoizam-po. Nampihorohoro azy nv fitsinjovana ny ho avy. Endrey izany fiovana tao amin' ny fiainany Í Izy izay zanaka malala, dia ho tonga andevolahy hatao tsinontsinona sy ho tsiratsiraina ! Inona re no hanjo azy any an-tany lavitra any, irery sy tsy manan-tsakaiza ? Dia vonton' alahelo sy feno tahotra ny fon i Josefa. [12091]

Andriamanitra anefa, noho ny hamoram-pony, dia hampiasa izao zavatra mafy manjo azy izao ho tonga fitahiana ho azy. Ny fitiavana mamy sy mafana nasehon' ny rainy azy, izay niteraka fahalemena sy fiangarana, ilay fitia mitanila feno tsy fitandremana izay nahatezitra ireo rahalahiny ka nahatonga azy ireo hanatanteraka ilay fahasiahana izay nahalasa azy lavitra ny trano nahabe, dia nisy vokany tamin' ny toetran' i Josefa ; nisy kilema tsy voahitsy tao aminy ; izao anefa, dia tsy maintsy hialany izany. Nanjary be rehaka sy zatra mpandidididy izy ary tsy vonona hisetra zava-tsarotra izay tsy maintsy hiaretany amin' izao maha-vahiny sy andevo azy izao.' [12091]

Tsy ela akory Josefa dia nampitodika ny fisainany nankany amin' Andriamanitra. dia Ilay Andriamanitry ny rainy izay efa tiany hatramin' ny fahazazany. Impiry impiry akory moa izy no efa nandre ny tantaran' i Betela raha mbola tao an-dain-drainy. dia ilay Betela tazaniny amin' izao izy entina ho babo izao ! Fantany koa ny teny fikasana nomena an-drainy sy ny nahatanterahan' izany. Efa noha- zavain-drainy taminy ny fomba namonjena, nampiononana, nampia- narana ary niarovan' ny anjelin' Andriamanitra azy raha namakivaky ora sarotra izy. Tsy niafina taminy koa ny fitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao, dia ny hanomezany ny Mpanavotra. [12101]

Izany fampianarana sarobidy rehetra izany dia samy indray nibosesika tao an-tsain' i Josefa avokoa, ary natoky izy fa Ilay Andriamanitry ny rainy dia ho Andriamaniny koa. Ka dia tsy nisalasala intsony izy fa niantoraka teo an-tsandrin' ny Mpamorona, ary niangavy an' Ilay Mpiandry an' Isiraely mba ho heriny koa any amin' ny tany fahababoany. Tamin' ny fony rehetra izay voahetsika ialina, no nandraisany fanapahan-kevitra hentitra, dia ny hitondra tena toy ny vahoakan' ny Mpanjakan' ny mpanjaka amin' ny fotoana rehetra. Amin' ny fony rehetra no hanompoany Azy ary vonona izy hanatrika amin-kerim-po izay rehetra mety hanjo azy ; hahatoky amin' izay adidiny rehetra izy. Izay rehetra tsy hainy nandritra ny taona maro, dia nianarany sy hainy kosa tao anatin' ny ora vitsi- vitsy. Nanova azy ny toe-javatra niseho

tao anatin' ny indray andro monja. Nahatonga azy ho lehilahy mahay mandanjalanja, mahery fo sy mahay mifehy rena ny fahoriana nanjo azy, dia izy ilay zaza be hanta fahiny. [12101]

Rehefa tonga tany Egypta i Josefa. dia namidy tamin' i Potifara tandapan' i Farao sady mpifehy ny mpiambina; nanompo azy nandritra ny folo taona izy, ary mafy ny fakam-panahy hitany tao. Teo anivon' ny fanompoan-tsampy izy. Ny fanompoana andriamani- tsy izy dia namelatra teo anoloany harem-bevava, niampy ireo voninahitra sy fahaizan' ilay firenena nandroso indrindra tamin' izany fotoana izany. Na izany aza anefa, dia nitahiry tao am-pony ny fahatsorana sy ny fahatokiana an' Andriamanitra izy. Voahodidin' ny faharatsiana sy ny fahalotoana izy, nefa dia nijoro ho toy ny olona tsy mahita na mandre na inona na inona. Tsy namela ny eritreriny ho sondriana amin' ny zavatra voarara izy ; tsy nanafina ny fitsipi-piainany izy mba hahazo sitraka amin' ny Egyptiana. Fa raha nanao izany izy, dia ho lavo teo anatrehan' ny fakam-panahy. Tsy izany anefa no nataony, fa tsy menatra ny fivavahan' ny rainy izy ka tsy nanafjna na tamin' iza na tamin' iza fa Jehovah no tompoiny. [12101]

'Ary Jehovah nomba an' i Josefa, dia lehilahy nambinina izy. Ary hitan' ny tompony fa nomban' i Jehovah izy, ka izay rehetra nataony dia nambinin' i Jehovah avokoa teo aminy 'J. Nitombo hatrany hatrany ny fitokisan' i Potifara azy, ka dia nataon' ilay tandapa ho lehiben' ny tao an-tranony izy sady notendreny ho mpika- rakara ny fananany rehetra. 'Dia navelany ho andraikitr' i Josefa izay rehetra nananany ; ary izy tsy nihevitra intsony izay rehetra nananany na inona na inona afa-tsy ny hanin-kohaniny ihany". [12111]

Ny fahombiazana hita maso teo amin' izay rehetra nokarakarain' i Josefa dia tsy vokatry ny fahagagana mivantana tsy akory ; fa izay rehetra nataony dia nataony tamim-pahaizana sy fitandremana ary fahazotoana ka dia nisy vokany lehibe izany. Josefa dia nihevitra izany rehetra izany ho avy tamin' Andriamanitra, ary ilay tompony koa dia nahatsinjo fa izany no zava-miafin' ny fahombiazany maha- gaga. Tsy niseho anefa izany fahombiazana izany raha tsy nampiseho fahamalinana sy fikendrena tsy ankijanona izy. Nahazo voninahitra Andriamanitra, noho ny toetra mahatoky nasehon' ilay mpanompony, dia ilay mpanompony nanana fahadiovana sy hitsim-po mifanohitra indrindra amin' ny toetran' ireo mpanompo sampy. Izany toetran' i Josefa izany dia nahatonga ny fahasoavan' ny Ianitra hamirapiratra tao amin' ny haizin' ny fanompoan-tsampy. [12111]

Ny toetra mahate-ho tia sy ny fahamarinan' ilay zatovolahy babo dia nanohina ny fon' ilay mpifehy ny mpiambina ka noheveriny ho toy ny zanaka mihitsy izy fa tsy andevo intsony. Dia toy izany no nahazoan' i Josefa nifanerasera tamin' ireo olona be fahalaiana sy ambony, ka nahatonga azy ho zatra tamin' ny fahaizana sy ny fiteny ary ny raharaha tany Egypta ; ary hahasoa azy tokoa izany rehefa tonga praiministra eo amin' ny fanjakana izy. [12111]

Ny fahamarinany anefa dia ho zahan-toetra amin' ny fomba mahery vaika. Ny vadin' ny tompony dia nitarika ilay zatovolahy handika ny didin' Andriamanitra. Hatramin' izao Josefa dia nijoro tamin' ny fahadiovana teo afovoan' ny fahalotoana nanodidina azy. Fa hataony ahoana kosa izao no fandresy ity fakam-panahy manodoka sy mahery ary tonga tampoka ity ?

Niharihary taminy tsara izay ho vokatry ny fandavany, ka dia tsy maintsy hifidy izy, na hiditra ho mpanao tsikombakomba ka hahazo tombontsoa sy valisoa, na hijoro tsara ka hiharan' ny fanamelohana sy fampidirana an-tranomaizina ary angamba ho vonoina mihitsy aza. Miankina amin' izay ho fanapahan-keviny ny fainany ho avy rehetra. Moa hijoro ho mahatoky amin' ny fitsipi-piainany sy amin' Andriamanitra va izy ? Nanara-maso tamim-pitebitebena fatratra izany toe-javatra izany ny anjely. [12111]

Hampiseho miharihary izay tena toetran' ny olona miorina eo amin' ny fivavahana rnarina ny fitondran-tenan' i Josefa. Tapaka anefa ny heviny fa na hanao ahoana na hanao ahoana. dia tsy hama- dika na ny fitokisan' ilay tompony teto an-tany izy, na ny finoany Ilay Tompony Izay any an-dap.itra. Firifiry akory moa ny olona no sahy manao zavatra eo imason' Andriamanitra sy ireo anjely masina, dia zavatra izay tsy sahiny atao akory eo anatrehan' ny fijerin' olombelona. Tsy toy izany anefa no nataon' i Josefa, fa hoy izy: 'Hataoko ahoana no 1 ai.ao izany ratsy lehibe izany ka hanota amin' Andriamanitra ?' [12121]

Isika koa dia hatahotra ny hanota raha tsaroantsika mandrakariva fa mahita izay rehetra ataontsika sy mandre izay rehetra lazaintsika Andriamanitra, ka hampamoaka antsika ny amin' izany Izy. Ry zatovolahy sy zatovovavy. tsarovy mandrakariva fa na aiza na aiza misy anareo, ary na inona na inona ataonareo, dia hitan' Andriamanitra ianareo. Tsy misy na inona na inona azontsika afenina Ilay Avo Indrindra ; tsy misy na inona na inona amin' ny toetrantsika tsy hitan' ny masony mpandini-javatra. Ny didin' olombelona, na dia ireo faran' izay henjana aza, dia azo dikaina any amin' ny mangin- gina ihany ka tsy andraisam-pamaizana na dia voadika aza. Fa tsy mba toy izany kosa ny didin' Andriamanitra. Na dia ny haizin' ny mamatonalina aza dia tsy mahafina ny olon-diso eo anatrehany Mety hihevi-tena ho irery ilay rnpanao meloka, kanjo misy Vavolombelona tsy hita maso Izay manamarika ny ataony rehetra. Na dia ny fikasana miafina ao am-pontsika aza dia fantatr' Andriamanitra avokoa. Ny asa rehetra, ny teny rehetra, ny fisainana rehetra ananan' ny olona iray dia voasoratra avokoa, ka toa dia izy irery iny ihany no velona etý.an-tany sy karakarain'ny Ianitra manontolo. [12121]

Nijaly noho ny fahamarinany i Josefa; nifototra namely azy mafy ilay vehivavy naka fanahy azy, nampangainy izy fa sahisahy ratsy nitady hanimba ny fahadiovany, ka dia nasainy nampidirina an-tranomaizina. Raha ninoan' i Potifara marina ny fiampangan' ny vadiny, dia novonoina ho faty i Josefa ; saingy ny fitondrantenany tsy nisy pentina teo anatrehany. dia nahatonga azy hihevitra Hay zatovo ho tsy nanan-tsiny. Mba ho fiarovany ny hajarì' ny tokan-tranony anefa, dia naetriny sy navelany hampidirina an-tranomaizina izy. [12121]

Tamin' ny vooloi. any nahatongavan' i Josefa tao an-tranomaizina, dia nampijalian' ireo mpiandry tranomaizina mafy izy. Hoy ny mpanao Salamo raha n.laza ny momba azy: [12131]

' Nampijaiiany tamin' nv fatorana ny tongony ;
Nogadrany vy izy,
Mandia-pahatongan' ny fotoana hahatanterahan' ny teniny:
Nizaha toetra azy ny tenin' i Jehovah'.2. [12131]

Namirapiratra hatrany amin’ ny trapomaizina nisy azy anefa ny tena toetran’ i Josefa.Na dia tsy voavaly soa aza ireo taona maro nolalovany tao an-tranon’ i Potifara. dia tsy kivy akory izy. Ny fiadanana vokatry ny tsy fananan-tsiny dia mbola nameno ny fony ihany, ary ny zavatra rehetra dia napetrany, teo am-pelatanan’ Andriamanitra. Tsy lany andro tamin’ ny fitarainana noho ny tsy rariny natao taminy ;zy, fa nohadinoiny izay nanjo azy mba hahazoany manamaivaná” ny fahorian’ ny hafa. Nahita asa hatao izy na dia tany an-tranomaizina aza. Tao amin’ ny sekolin’ ny fijaliana izay nisy azy. dia navelan’ Andriamanitra hianatra lesona sarotra izy mba hahazoany manomana azy ho amin’ ny raharaha ambony. Tao an-tranomaizina dia nanatri-maso ny fampijaliana sy ny fampahoriana isan’ andro izy, ary izany dia nahaizany nahafantatra ny hasaro- bidin’ ny fahamarinana, ny famindrampo sy ny fiaraha-miory amin’ izay ory ; koa niomana hanapaka araka ny fahendrena sy fitiavana izy.* [12131]

Nahita fitia tsikelikely tamin” ny lehiben’ ny tranomaizina i Josefa ; tamin’ ny farany izy dia tonga tonian’ ny fikarakarana ny mpifatotra rehetra. Ny fahitsiam-piainany isan’ andro sy ny fangorahany ireo izay fadiranovana, dia nanokatra ny lalana izay nitondra azy ho eo amin’ ny fahombiazana sy voninahitra. Fa ny tara-pahatsaram-panahy rehetra alefantsika hanasoa ny hafa, dia miverina ka manasoa antsika ihany. Ny teny mamy rehetra omena ny malahelo, ny fanamaivanana rehetra atao amin’ izay ampijalina, ny fanampiana rehetra atolotra ny mahantra, dia samy hanana ny valisoany avokoa raha nentanin’ ny fikasana tsara. [12131]

Ny lehiben’ ny mpitondra kapoaka sy ny lehiben’ ny mpanao mofon’ ny mpanjaka. izay samy nampidirina an-tranomaizina noho ny heloka nataony, dia samy teo ambany fitondran’ i Josefa. Indray maraina izy roa lahy dia tsinjon’ ilay zatovo hebreo fa oriory tarehy ka dia nanontany azy ny anton’ ny alahelony izy. Nambara taminy fa samy nanonofy izy roa lahy, dia nofy nahalasa eritreritra izay niriny ho fantatra ny heviny. ‘Tsy avy amin’ Andriamanitra va ny filazana ny hevitry ny nofy?”, hoy Josefa tamin’ izy ireo. ‘Masìna hianareo, lazao amiko izany’3. Ary rehefa nandre ny nofy izy, dia nanazava ny heviny. Ao anatin’ ny hateloana, hoy ny fanazavana, dia hiverina amin’ ny asany ilay mpitondra kapoaka ka hano- lotra eo anatrehan’ ny mpanjaka indray ny kapoaka fisotro. Fa ny mpitondra mofo kosa, dia hohelohina ho faty araka ny baikon’ ny mpanjaka rehefa afaka hateloana ihany koa. Nanamarina izany faminaniana izany ny toe-javatra niseho. [12131]

Dia nisaotra an’ i Josefa indrindra ilay mpitondra kapoaka noho ny nanazavany ny nofiny sy noho ny hatsaram-panahy nasehony taminy ; fa Josefa kosa nitantara taminy tamin’ ny fomba mampan- gorakoraka fatratra ny nanaovana azy tsy an-drariny tao an-tranomaizina ka niangavy azy mba hiteny ho azy eo anatrehan’ ny mpanjaka. ‘Fa mba tsarovy aho, rehefa mahita soa hianao, ka trarantitra hianao, iantrao alio, dia lazao amin’ i Farao aho, ka avoahy amin’ ity trano ity’. Dia hitan’ ilay mpitondra kapoaka fa tanteraka araka izay voalaza ny nofiny. Rehefa niverina teo amin’ ny voni- nahiny anefa izy, dia nanadino ilay nanisy soa azy. Ary i Josefa dia mbola nitoetra roa taona tao an-tranomaizina. Ny fanantenana izay efa mba nirehitra tao am-pony dia maty tsikelikely indray ; ny fahoriana hafa rehetra nentiny dia vao niampy iray indray, dia ny tsy fahaiza-mankasitraka nasehon’ ilay nasiany soa. [12141]

Efa akaiky hanokatra ny varavaran' ny tranomaizina eo anatrehany anefa izao ny tanan' Andriamanitra. Indray alina ny mpanjakan' i Egypta dia nanonofy indroa, dia nofy izay toa manambara loza lehibe. Tsy fantany izay tena hevitr' ilay nofy, ka naneloelo tao an-tsainy tao izany. Na ny olon-kendriny, na ny mpisikidiny dia tsy nisy nahazava ny hevitry ny nofy, ka dia feno tebiteby indrindra i Farao ary feno horohoro ny lapany. Tamin' izay vao tsaroan' ilay mpitondra kapoaka i Josefa sy ny nofy nonofisin' ny tenany. Menatra mafy noho ny tsy fahaizany mankasitraka izy ka dia lasa nanambara niaraka tamin' izay tamin' ny mpanjaka ny nanazavan' ilay mpifatotra hebreo ny nofiny sy ny fahatanterahan' izany faingana. Na dia fietrena ho an' i Farao aza izany hoe voatery tsy maintsy nandao ny ombiasiny mba hila hevitra amin' ilay babo hebreo, dia tsy nisalasala izy nanao izany. Vonona ny hihaino izy na dia izay fara-faikan' olona aza, ka dia nandefa iraka nampiantso an' i Josefa. 'Dia naiaina faingana niala tao an-davaka izy; ary nanaratra ny volom-bavany sy niova fitafiana izy, dia nankany amin' i Farao '. [12141]

'Ary hoy Farao tamin' i Josefa: Nanonofy aho, koa tsy misy mahalaza ny heviny ; ary izaho nahare fa hianao, hono, raha mandre nofy, dia mahalaza ny heviny. Ary Josefa dia namaly an' i Farao ka nanao hoe: Tsy ahy izany; Andriamanitra no hilaza izay valiny hiadanan' i Farao'4. Tamim-panetren-tena no nandavan' i Josefa ny fiheverana azy ho manam-pahendrena ambony ; ny fahatokiany an' Andriamanitra no nahariharin y ary dia nihaino an' i Farao nitantara ny nofiny toy izao izy: [12151]

'Nofiko fa indro, hono, nitsangana teo amoron' i Neily aho; koa, indreo nisy ombivavy fito matavy sady tsara tarehy niakatra avy teo Neily ; ary nihinana teny amin' ny bararata ireny. Ary, indreo, nisy ombivavy fito hafa koa niakatra nanaraka ireny, mihozohozo sady ratsy tarehy indrindra no mahia, ka tsy mbola hitako izay ratsy toa azy teto amin' ny tany Egypta rehetra. Ary ireo ombivavy fito mahia sady ratsy tarehy dia nihinana ireo ombivavy fito matavy izay nialoha azy. Ary rehefa nihinana azy izy, dia tsy fantatra akory fa efa mby' ao an-kibony ireny ; fa mbola ratsy tarehy tahaka ny tamin' ny fahiny ihany izy. Dia nahatsiaro aho. Ary hitako tamin' ny nofiko indray, ka, indreo, nisy salohim-bary fito niseho tamin' ny tahony iray, sady vokatra no tsara ; ary indreo kosa, nisy salohim- bary fito sady malazo no maivam-boa, main' ny rivotra avy any atsinanana, niseho nanaraka ireny ; ary ny salohim-bary maivam-boa dia nitelina ny salohim-bary fito vokatra. Ary nolazaiko tamin' ny ombiasy izany, nefa tsy nisy nahalaza ny heviny tamiko'. [12151]

'Ary hoy Josefa tamin' i Farao: Ny nofin' i Farao dia iray ihany ; izay efa hataon' Andriamanitra no nambarany tamin' i Farao Indro, hisy fito taona zina indrindra eran' ny tany Egypta rehetra; ary manaraka izany kosa dia hisy fito taona mosarena, ka ho hadino ny fahavokarana be rehetra, teo amin' ny tany Egypta ; ary ho ritry ny mosary ny tany ; ary ny fahavokarana eo amin' ny tany tsy ho fantatra noho izany mosary manaraka azy izany, fa ho mafy indrindra izany. Ary naverina indroa ny nofin' i Farao, satria efa voatendrin' Andriamanitra izany zavatra izany ka ho tanterahin' Andriamanitra faingana '. [12151]

'Koa ankehitriny ", hoy indray i Josefa, 'aoka Farao hizaha lehilahy manan-tsaina sady hendry ka hanendry azy hanapaka ny tany Egypta. Aoka hanao izany Farao, ary aoka izy hanendry mpika- rakara hitandrina ny tany sy hamory ny ampahadimin ny vokatry ny tany Egypta amin' ny taon-jina fito. Aoka izy ireo hanangona ny hanina rehetra amin' ireo' taona tsara ho avy ireo ka hamory vary be amin' ny anaran' i Farao ho fihinana anv amin' ny tanàna maro. ka aoka hitahiry izany izy. Ary aoka izany hanina izany hotehirizina ao amin' ny tany ho amin' ny fito taona mosarena, izay ho tonga amin' ny tany Egypta. mba tsy ho simban' ny mosary ny tany'. [12161]

Nazava sy ara-drariny loatra ny fanazavana ny nofy ; ny hevitra rehetra nasehon' i Josefa dia hita fa hendry sv malina, ka dia tsy nampisalasala ny amin' ny fahamarinan' ny teniny. Koa iza ary no homena adidy hanatanteraka izany tetika izany ? Niankinan' ny ain' ny firenena ny fahendrena amin' izany fifidianana izany. Sahiran- kevitra ny mpanjaka ka nila fotoana kely hieritreretana. Ilay lehiben' ny mpitondra kapoaka izay nanonitra ny tsy fahaizany nankasitraka tamin' ny lasa. dia namelabeiatra teo anatrehan' ny mpanjaka ny fahendrena amam-pahamalinana nasehon' i Josefa tao an-trano- maizina rehefa notendrena hikarakara izany izy. ka nidera azy fatratra. Ny famotopotorana nataon' ny mpanjaka dia nanamarina izay rehetra voalaza. Tsy ny loza manandindona ny firenem ihany no nambaran' i Josefa. fa ny fomba hisorohana izany koa. Hita miharihary fa nanana ny fahendren' Andriamanitra nitarika azy izy ary tsy nisy olona teo anatrehan' ny mpanjaka izay hita fa mendrika kokoa noho izy, hikarakara ny raharaham-panjakana mandritra ny fotoan-tsaiotra ho lalovana. Ny naha-hebreo sy ny naha-andevo azy dia samy tsy noheverina teo anatrehan' ny hazavan' ny sainy. [12161]

'Hahita lehilahy tahaka io. izay manana ny Fanahin' Andriamanitra ao anatiny va isika ?", hoy ny mpanjaka tamin' ireo olona nanodidina azy. Tapaka ny hevitra: ary hoy ny mpanjaka tamin' i Josefa izay nitolagaga: 'Satria efa nampahafantarin' Andriamanitra anao izany rehetra izany, dia tsy misy lehilahy manan-tsaina sady hendry tahaka anao ; koa hianao no hanapaka ny ato an-tranoko, ary araka ny teninao no- hitondrako ny oloko rehetra ; ny seza fiandrianana ihany no hahalehibe ahy noho hianao". Dia nomen' i Farao ny rnariky ny fahetana izy, 'nesorin' i Farao ny peratra tamin' ny tanany ka nataony tamin' ny tamin' i Josefa, dia nampitafiny rongony folsy madinika izy, ary nasiany rojo volamena ny vozony ; dia narnpitaingeniny tao anatin' ny kalesy faharoa izy, ary ny vahoaka niantso teo alohany nanao hoe: Mandohaleha'. [12161]

'Nanao azy ho tompon' ny tranony izy
Sy ho mpanapaka ny fananany rehetra,
Mba hamatotrainy mpanapaka aiaka ny sitrapony,
Sy harnpianatra fahendrena ny loholonv'. [12171]*

Raha nivoaka avy tao an-tranomaizina i Josefa, dia tonga gover- noran' ny tany Egypta. Sady be voninahitra no feno zava-manahirana koa izany raharaha izany. Tandindomin-do/.a maro izay olona miakatra eo amin' ny toerana faran' izay ambony. Ny tafio-drivotra mahery izay toa tsy miraharaha loatra ny voninkazo dia any an-doha- saha, dia mahongotra ny hazo

makadiry eny an-tendrombohitra. Toy izany koa ny olona: mety ho marina sy mahitsy izy raha mbola tso-piaina sy tsy fantatr' olona firy, fa ho mora hindaosin' ny fakam- panahy samihafa izay manodidina azy hivarina eo amin' ny lavaky ny faharatsiana kosa, rehefa omem-boninahitra sy tombontsoa. [12171]

Josefa dia nijoro ho mahatoky tamin' ny androm-panambinana, dia toy ny nijoroany ho mahatoky tamin' ny androm-pahoriana. Na tao amin' ny lapan i Farao na tany an-davaky ny tranomaizina, dia nahatoky teo anatrehan' Andriamanitra izy. Na dia vahiny teo amin' ny tany jentilisa aza izy, lavitry ny fianakaviany izay hany tena mpivavaka amin' Andriamanitra marina, dia tsy nitsahatra niankina tamin' Ilay Mpitarika ny diany sady nanao tamim-pahi-tsiana ny adidy rehetra nomena azy. Tamin' ny alalany no nanehoana ny Andriamanitry ny lanitra teo anatrehan' nv mpanjaka sv teo anatrehan' ny andriam-baventy rehetra, izay, na dia mbola nifikitra tamin' ny fanompoan-tsampiny ihany aza, dia nianatra ny hanaja kosa ny fitsipika be voninahitra hita teo amin' ny fiainana sy ny toetran' ilay mpanompon' i Jehovah. [12171]

Taiza no nianaran' i Josefa ka nahatonga azy ho ohatra teo amin' ny fananana toetra matotra, hendry sy mahitsy ? Tsotra ny valin' izany. Raha mbola tanora erotrerony izy dia nianatra nanefa tsara ny adidiny fa tsy nanao fotsiny izay sitraky ny fony. Ny toetra mahatoky. ny finoana tsotra, ny fahatsaram-panahy nananany hatry ny fony vao zaza no nahatonga izao vokatra eo amin' ny taona fahalehibeazany izao. Ny fiainana madio sy tsotra dia niteraka tivelaran' ny herin-tena sy ny herin-tsainv. Ny firaisana tamin' Andriamanitra tamin ny alalan' ny asany sy tamin' ny fandinihana ny fahamarinana lehibe sy masina nomena ny mpandova ny finoana, dia nanandratra sy nanadio ny toetrany ara-panahy; nampitombo sy nampahiratra ny sainy izany mihoatra noho izay fianarana hafa rehetra azony natao. Ny fanatanterahana isan' andro amim-paha- tokiana ny adidy sy ny andraikitra rehetra eo amin' ny fiainana, na ny lehibe izany na ny madinika, dia nahatonga ny sainy hivelatra hahatratra ny faritra ambony indrindra mety ho tratrany. Ny fiainana araka an' Andriamanitra dia mahatonga ny toetra ho ambony sy mahitsy. [12171]

' Indro ny fahatahorana ny Tompo no fahendrena, Ary ny fialana amin' ny ratsy no fahalalana'6. [12181]

Vitsy ny olona no mahatakatra ny herin' ny zava-madinika eo amin' ny fiainana amin' ny famolavolana ny toetra. Ny zavatra ataontsika, raha ny tena marina, dia tsy misy madinika. Ny toe- javatra samihafa izay lalovantsika dia samy izahana toetra antsika avokoa sy mba hahatonga antsika ho mendrika ny toerana ambo- nimbony kokoa hatrany. Ny fanaovana tsara isan' andro ny asa aman-draharaha eo amin' ny fiainana, dia mahatonga ny saina hihevitra ny adidy ho ambony noho ny fahafinaretana sy ny fironan' ny saina. Ny saina voakolokolo sy voataiza toy izany dia tsy hiroa- roa eo anatrehan' ny tsara sy ny ratsy, toy ny firoaroan' ny volotara hozongozonin' ny rivotra, fa ho mahatoky amin' izay adidiny izy noho ny fahazarana ananany momba ny fahamarinana sy ny fahi- tsiana. Ny fahatokiana amin' ny zava-madinika no mialoha ny fahatokiana amin' ny zava-baventy. [12181]

Sarobidy noho ny volamena avy any Ofira ny toetra mahitsy. Tsy ho tonga eo amin' ny toerana ambony ny olona tsy manana izany. Ny toetra anefa tsy mba fandova na fividy. Tsy vokatry ny kisendrasendra ny fahatsaram-panahy sy ny fahazavan-tsaina. Raha tsy kolokoloina, na dia talenta faran' izay saro-tadiaviana aza, dia tsy mahasoa na ho amin' inona na ho amin' inona. Ny fananana toetra mendrika dia vokatry ny fiezahana mirindra tsara sy maha- ritra ; asa atao mandritra ny fiainana manontolo izany. Andriamanitra no manome ny fotoana mety: ny vokatra kosa dia miankina amin' izay fomba nampiasana izany. [12181]

Toko 18 - Josefa sy ny rahalahiny

Raha vao nanomboka ny taom-pahavokarana, dia nanomboka koa ny fikarakarana izay hoenti-miady amin' ny mosary. Araka ny baikon' i Josefa no nanorenana trano fitehirizana makadiry teny amin' ny tanàna lehibe rehetra nanerana an7 i Egypta. Nony tonga ny faran' ny taona mahavokatra, dia be mihoatra noho izay nampoi- zina ny vary tahiry. Ary araka ny voalazan' i Josefa dia niandoha ny taona fito mosarena. ' Ary nisy mosary tany amin' ny tany rehetra; nefa eran' ny tany Egypta rehetra, dia mbola nisy hanina ihany. Ary rehefa mosarena ny tany Egypta rehetra, dia nitaraina nangataka hanina tamin' i Farao ny olona ; ary hoy Farao tamin' ny Egyptiana rehetra: Mankanesa any amin' i Josefa ; ary izay holazainy aminareo dia ataovy. Ary ny mosary dia tany amin' ny tany rehetra. Ary Josefa namoha ny trano fitehirizam-bary ka nivaro-bary tamin' ny Egyptiana '1. [12191]

Tonga hatrany amin' ny tany Kanana ny mosary, ka mafy ny nanjo ny olona teo amin' ilay toerana nonenan' i Jakoba. Rehefa nahare fa misy hanina be any Egypta, notehirizin' i Farao, dia niainga ny folo lahy, zanaky ny patriarka, mba hividy vary any. Nony tonga tany izy ireo, dia naseho teo anatrehan' ny praiministra. 'Ary fantatr' i Josefa ny rahalahiny, nefa izy ireo kosa tsy mba nahafan- tatra azy'J. Fa Josefa, araka ny fangatahan' i Farao, dia efa niova anarana, sady tsy nisy fitoviana velively tamin' izao izy efa tonga solo-mpanjakan' i Egypta izao sy fony izy tovolahy namidy ho andevo tamin' ny Ismaelita fahizay. [12191]

Rehefa niseho teo aminy izy folo mirahalahy. dia 'niankohoka tamin' ny tany teo anatrehany". Raha nahita izany i Josefa, dia 'nahatsiaro ireo nofy nanofisany azy", sady nahatadidy ny toe- javatra rehetra efa lasa. Raha nandinidinika azy foio lahy izy, ka nahita fa tsy niaraka taminy i Benjamina, dia iasa erý ny eritreriny. Lasa ny eritreriny sao dia- niharan-doza vokatry ny fialonan' iretsy zokiny koa ilay zandriny kely. Tapa-kevitra izy fa hanao izay haha- lalany ny tena marina. Nitrerona azy folo lahy mafy izy ka nanao hoe: 'Mpisafo hianareo-: hizaha ny fangadihadin' ny tany no naha- tongavanareo'. 'Tsia, tompokolahy', hoy ny navalin' izy ireo, 'fa tonga hividy hanina ny mpanomponao. Zanaky ny lehilaly iray ihany izahay rehetra , olo-marina izahay. fa tsy mpisafo tsy akory ny mpanomponao'. Mety ho diso izany filazany izany, ka hoy indray i Josefa: 'Tsia, fa hiz, ha ny fangadihadin' ny. tany no naha- tofigavanareo'. Fa hoy indray neo taminy: 'Roa ambin' ny folo mirahalahy ny mpanomponao, zahoky ny lehilahy iray ihany any amin' ny tany Kanana ; ary. indro ny faralahy dia any amin' ny rainay ankehitriny, fa ny anankiray tsy ao intsony '. [12201]

Nody tsy nahalala ny fahamarinan- izany voalaza izany ilay governora, ka nanambara tamin' izy ireo mba haoetra tany Egypta fa handefa solon-tena iray kosa haka izay zandriny. Raha tsy manaiky izany izy ireo, dia heverina ho toy ny mpisafo tany. Dia niteny ny zanak' i Jakoba ka nanambara fa tsy afaka hana'ky izany hevitra izany, satria, ho fatin" ny hanoanana ny fianakaviany raha mijanona any Egypta izy. Ary zovy aminy moa no sahy hivenna irery ka hamela ny hafa ho mpifatotra any an-tranomaizina 0 Ary ataon' izay miverina ahoana no hiseho irery eo anatrehan' ny rainy ? Ary raha ohatra aza ka ho tonga any Egypta koa i

Benjamina. moa tsy ho tonga mpifatotra toa azy ireo koa va izy ? Tsy isalasalana, hoy izy ireo anakampo, fa hovonoina isika na hamidy ho andevo ; koa dia nanapa- kevitra izy rehetra fa hijanona ka hiara-milanja izay mety hiseho, toy izay ny hampitombo ny fahorian-drainy noho ny fahafatesan' ilay hany sisa zanany tavela any aminy. Dia samy nampidirina an-tranomaizina izy folo lahy ary nitoetra tao nandritra ny telo andro. [12201]

Hatramin' izay taona maro nivarotany an' i Josefa izay, dia nisy fiovana tokoa ny toetran' ny zanak- i Jakoba. Fahiny izy ireo dia be fialonana, mpanao an-keriny. loza be, mpamaly faty ; ny fahoriana anefa dia nahatonga azy ho tsara fanahy amin' ny nam^ny, mpandá-tena ho an ny hafa, tia an-drainy ; ary na dia efa samy zoki-olona avokoa aza izy, dia nahay nankatò tsara ny baikon-drainy. [12201]

Ny telo andro nitoerany tao an-tranomaizina egyptiana, dia nahazoany nieritreritra lalina ny amin' ny fiainany tsirairay avy isam-batan' olona, ary izany, dia nahatonga nenina mafy tao anatiny. Tsy nihazona azy nihoatra noho ny telo andro Josefa, satria sao mijaly noho ny mosary ny rainy sy ny fianakaviany tsirairay avy. Koa dia nampiantsoiny izy rehetra ka nilazanv hoe: ' Izao no átaovy, dia ho velona hjanareo ; fa izaho matahotra an' Andriamanitra: Raha olo-marina ary hianareo, dia aoka ny anankiray aminareo mirahalahy no hafatotra ao amin' ný tranomaizina nitoeranareo ; ary mandehana hianareo hitondra vary noho ny mosary any amin' ny tranonareo ; ary ny zandrinareo faralahy dia ento mankatý amiko ; dia ho hita fa marina ny teninareo. ary tsy hovonoina hianareo". Dia neken' izy rehetra izany hevitra izany, nefa, isy nisy nanantena izy fa heken' ny rainy ny hisaraka amin' i Benjamina. [12211]

Niteny taminy tamin' ny alalan' ny mpandika teny i Josefa. Izy rehetra -dia tsy nisy nanampo hoe azon' i Josefa ny teniny, ka samy nifanome tsiny noho ny amin' ny ratsy efa nataony tamin' ny rahalahiny izy. 'Efa meloka tokoa isika noho ny amin' ny raha- lahintsika, satria nahita ny fahorian* ny fanahiny isika, raha nitaraina tamintsika izy, nefa tsy mba nihaino isika: koa izany no nahaton- gavan' izao fahoriana izao amintsika'. Ary hoy Robena ilay saika mba hamonjy an' i Josefa tany Dotana: 'Moa tsy niteny taminareo va aho ka nanao hoe: Aza manota amin' ny zaza ? nefa tsy mba nihaino hianareo koa indro fa adinina ny rany izao'. Raha nandre azy ireo niresaka toy izany i Josefa dia tsy nahatsindry ny fony, ka lasa nivoaka mba hitomany. Rehefa tafaverina izy, dia i Simeona no. nasainy nafatotra sy nampidirina an-tranomaizina. Ny anton' izany fifidianana izany dia noho i Simeona mpamporisika sy nafana fo indrindra tamin' ny fanaovana ilay heloka bevava fahizay. [12211]

Talohan' ny hiaingan' ireo sisa, dia nanome baiko ny mpanompony i Josefa mba 'hameno vary ny Iasakany sady hamerina ny volan' ny isan-dahy ho ao anatin' ny lasakany avy'. Nomena ahitra ho vatsy ho an' ny biby koa izy. Raha mbola teny an-dalana anefa izy rehetra, dia nisy anankiray taminy namaha ny Iasakany, ka taitra raha nahita ny volany tao. Raha nandre izany izy rehetra, dia nihorohoro sady niteny hoe: 'Inona izao ataon' Andriamanitra amintsika izao?" Ho raisina ho toy ny mariky ny fitiavan' Andriamanitra ve izany sa ho toy ny porofon' ny fiantombohan' ny fama- liana ny ratsy nataony ? Ity eritreritra faharoa ity no nalehan ny sain' izy rehetra. [12211]

Jakoba nandritra izany fotoana izany, dia niandry tamin' ahiahy ny fiverenan-janany. Koa raha vao tonga izy ireo, dia nivory nano- didina azy ny toby manontolo mba handre ny fitantarany tamin- drainy ny zavatra rehetra nanjo azy. Raha nandre ny resany ny olona tsirairay avy teo amin' ny toby, dia samy feno tebiteby. Noheverin' izy rehetra ho toy ny misy fikasan-dratsy ny hevitra sy ny fomba- fomba nasehon' ilay governoran' i Egypta. Vao mainka nitombona ny tahotra nanjo azy raha nanokatra ny kitapony avy izy rehetra, ka samy nahita ny volany tao anaty lasakany avy. Dia niteny izao teny izao tamin-korohoro ilay ray efa antitra: 'Foananareo anaka aho: Josefa tsy eto intsony, Simeona koa tsy eto intsony. ary Benjamina indray halainareo ; izaho ihany no ozoin' izany rehetra izany'. Fa hoy Robena taminy: 'Vonoy ny zanako roa lahy, raha tsy entiko miverina atý aminao izy ; atolory eo an-tanako izy, dia izaho no hitondra azy mody ho atý aminao indray'. Tsy mbola nahatony ny sain' ilay anti-dahy anefa na dia izany teny tamin-kafanampo fatratra izany aza ; fa hoy indray izy: 'Tsy hidina hiaraka aminareo ny zanako ; fa maty ny rahalahiny, ary izy irery ihany no sisa, ary raha hisy loza hanjo azy any amin' ny lalàna izay halehanareo, dia hampi- dininareo any amin' ny fiainan-tsy hita amin' aiahelo ny volo fotsiko'. [12221]

Mbola nitohy ihany anefa ny mosary ary efa nadiva ho lany ny vary novidina tany Egypta. Fantatry ny zanak' i Jakoba fa tsy misy antony tokóny hiverenany eo anatrehan' ilay praiministra raha tsy miaraka aminy i Benjamina; tsy nisy koa anefa fomba hafa hampiova hevitra ny rainy ; koa dia nangina fotsiny tamin' izao izy rehetra, niandry izay loza hidona. Isan' andro isan' andro, dia nampanjombona ny toby ny mosary, ary efa hitan' i Jakoba nisoritra teny amin' ny tarehin' ny tsirairay avy ny fambara ratsy. Farany, dia hoy indray izy tamin-janany: 'Mandehana indray, mividia hanina kely ho antsika. Ary Joda niteny taminy ka nanao hoe: Efa nilaza taminay ralehilahy ka nanao hoe: tsy hahita ny tavako hianareo, raha tsy hiaraka aminareo ilay rahalahinareo. Raha hampandehaninao hiaraka aminay ny rahalahinay, dia hidina izahay ka hividy hanina ho anao ; fa raha tsy hampandehaninao izy, dia tsy hidina izahay ; fa hoy ralehilahy taminay ; tsy hahita ny tavako hianareo, raha tsy hiaraka aminareo ilay rahalahinareo'. Ary rehefa hitany fa toa efa hanaiky ny rainy, dia hoy indray izy: 'Ampandehano hiaraka amiko ny zaza, dia hiainga izahay ka handeha, mba ho velona isika ka tsy ho faty, dia izahay sy hianao ary ny zanatsika madinika koa'. Dia nanolo-tena izy hiantoka an' i Benjamina sady nanaiky ho meloka mandritra ny fiainany rehetra, raha tsy mitondra azy miverina. [12221]

Tsy afaka nandà intsony i Jakoba, ka dia nanome baiko ny zanany izy mba hiomana hiainga ; nanafatrafatra azy ireo izy mba hitondra fanomezana ho an' ilay governora, dia 'balsama kely sy tantely kely, ditin-kazo nekota sy lota sy pistakia ary amygdala'. Hoy indray izy: 'Ary ny rahalahinareo ento ihany ; dia miaingà ka miverena indray ho any amin-dralehilahy'. Rehefa hiainga tokoa izy ireo, dia nitsangana ilay patriarka, ka nanandratra ny tanany no sady nivavaka hoe: 'Ary Andriamanitra Tsitoha anie hampahita famindrampo anareo eo anatrehan-dralehilahy, mba hampodiny ny rahalahinareo anankiray sy Benjamina. Ary izaho, raha foanana anaka aho, dia foana anaka ihany '. [12231]

Rehefa tonga fanindroany tany Egypta ny zanak' i Jakoba, dia niseho teo anatrehan' i Josefa ; ary Josefa, raha nijery an' i Benjamina, zanaky ny reniny, dia vonto dia vonto ny fony. Nanindry ny aiahelony anefa izy sady nandidy mba hitondrana azy folo mira- halahy ho ao an-tranony mba hiara-misakafo aminy. Ary iretsy kosa, rehefa nahita fa nentina nankany an-tranon-dralehilahy, dia raiki-tahotra ka niteny hoe: 'Maintsy ilay vola naverina tao anatin' ny lasakantsika fahiny va no nampidirana antsika, hivarinany amin- tsika sy hianjerany amintsika ! dia halainy ho andevo isika, ary halainy koa ny borikintsika'. Tao anatin' izany tebitebiny izany dia niteny tamin' ny mpikarakara ny tao an-trano izy ka sady nilaza fa noho ny fahamarinany dia sady nitondra niverina ny vola vidin' ilay vary fahiny izy no nitondra vola hafa koa indray hividianana vaovao. Ary hoy koa izy taminy: 'Tsy fantatray izay nanao ny volanay tao anatin' ny lasakanay". Fa hoy kosa ilay mpikarakara ny tao an-trano taminy: 'Matokia hianareo, fa aza matahotra ; Andria: manitrareo, dia Andriamanitry ny rainareo, no nanome anareo harena tao anatin' ny lasakanareo ; ny volanareo dia efa tonga taty amiko ihany". Dia tsy nitebiteby intsony izy rehetra ; ary rehefa nahita an' i Simeona tonga teo aminy izy, dia nisaotra an' Andriamanitra noho ny famindrampony. [12231]

Ary nony tonga teo anatrehan' ny governora izy, dia nanolotra azy ny fanomezany, sady 'niankohoka tamin' ny tany teo anatre- hany izy". Dia tsaroan' i Josefa indray ny nofiny. Niarahaba azy folo lahy izy, sady dodona erý nanontany hoe: 'Tsara ihany va ny rainareo, ilay lahy antitra nolazainareo ? Mbola velona ihany va izy ?" Ary izy ireo namaly azy ka nanao hoe: 'Tsara ihany ny mpanomponao rainay ; mbola velona ihany izy; Dia niondrika izy ireo ka niankohoka. Ary Josefa nanopy ny masony ka nahita an' i Benjamina.. dia hoy izy: lo va no zandrinareo faralahy, izay nolazainareo tamiko ? Sady hoy koa izy: Andriamanitra anie hanisy soa anao, anaka". Nangorakoraka ny fony, ka nitady izay hitoma- niany izy ; ' niditra tao an" etltrano izy ka nitomany tao". [12231]

Ary rehefa tony indray ny fony, dia niverina teo amin' izy rehetra izy, ary nipetraka mba hihinana. Araka ny lalàn' ny firazanana, dia fadv amin' ny Égyptiana ny miarà: mihinana amin' ny olona hafa firenena. Noho izany, ny zanak' i Jakoba dia nihinana teo amin; | ny latabatra nitokana, ary ny Egyptiana kosa nitokana ; fa Josefa kosa, noho ny fahamboniany, dia nitokan-databatra irery'. Rehefa samv tafapetraka avokoa ny olona rehetra, dia gaga ny rahalahin' i Josefa, fa nalahatra araka ny fizokiany izy. 'Ary samy nitondrana anjara-hanina avy teo anoloan' i Josefa izy mirahalahy avy ; kanefa ny anjara-hanin' i Benjamina dia in-dimy toraka ny anjaran-drery tamin' izy rehetra'. Tamin' ny alalan' izany fiangarana izany no nitadiavan' i Josefa hahitana raha nanana fialonana an' i Benjamina toy izay efa nialonany azy ny rahalahiny na tsia. Ary iretsy kosa, noho ny tsy nahalalany fa mahafantatra ny teniny i Josefa, dia nifam- piresaka ; izany resany izany dia naneho tsara izay tena tde-tsainy. Tapa-kevitra anefa i Josefa fa hitsapa toetra azy ireo,farany. Koa talohan' ny hiaingany hiverina, dia nasainy nafenina tao amin' ny lasakan' ny zandriny indrindra ny kapoaka volafotsy fisotroany. [12241]

Dja niverina nody, feno fifaliana ny zanak' i Jakoba ; ary Simeona sy Benjamina dia niaraka taminy koa ; ny borikiny dia nivesatra vary. Samy miramirana izy rehetra raha nihevitra fa samy afa-doza. Kanjo, raha vao tafavoaka kelikely ny tanàna izy, tsy lasa lavitra toy inona akory, dia nahatratra azy ny mpikarakára ny tao an-tranon' i Josefa, ka nanao taminy hoe: 'Nahoana hianareo no namalý ratsv ny soa ? Tsy iny va no fisotroan' ny tompoko sy famantarany zavatra? Ratsy izao nataonareo izao'. Ny kápoaka fisotroana, izay noheverin" ny olona fahizay fa mahalala mosavy, dia notehirizina fatratra ho toy ny aro poizina. [12241]

Izáo no navalin" iretsy mpivahiny ny fiampangan' ilay mpikara- kara: 'Nahoana itompokolahy no dia miteny toy izany? Sanatria amin' ny mpanomponao ny hanao zavatra toy izany. Indro fa ny vola izay hitanay teo am-bavan" ny lasakanay aza naverinay indray tatý aminao avy tany amin" ny tany Kanana ; ka hataonay ahoana no fangalatra volafotsy na volamena ao amin' ny tranon' ny tomponao ? Izay anankiray amin' ny mpanomponao hahitana izany, dia aoka hovonoina izy, ary izahay kosa dia ho andevon' itompokolahy". [12241]

'Dia hoy izy: Aoka ary hatao araka ny teninareo: izay hahitana izany dia ho andevoko ; fa hianareo tsy hanan-tsiny '. [12251]

Natao niaraka tamin' izay ny fisavana, 'Ary samy nampidina faingana ny lasakany tamin' ny tany izy, ka samy nánokatra ny lasakany avy. Dia nikaroka fatratra ralehilahy, ka tamin' ny lahi- matoa no nanombohany, ary tamin' ny faralahy no niafarany, ka tao amin' ny lasakan' i Benjamina no nahitana ilay kapoaka". [12251]

Noho ny famoizam-pon' izy rehetra, dia samy nandriatra ny fitafiany izy ka niverina moramora nankany an-tanàna. Ary rehefa tonga tao an-tranon' ny governora izy. fa mbola tao ny governora, 'dia nidaboka tamin' ny tany teo anatrehany. Ary hoy Josefa taminy: Ahoana izao zavatra nataonareo izao ? Tsy fantatrareo va fa izay lehilahy tahaka ahy dia mahay mamantatra zavatra tokoa ?" Tsy nihambo ho mahay misikidy Josefa tsy akory ; fa raha nilaza taminy izy fa mahay mamantatra ny zava-miafina, dia ny mba hampiaikeny azy ny fahotany fotsiny. [12251]

Ary Joda niteny ka nanao hoe: 'Inona no teny hataonay amin' itompokolahy ? Inona intsony no holazainay ? Ary hataonay ahoana no fiala tsiny ? Andriamanitra efa nahita ny heloky ny mpanom- ponao ; koa indreto, samy ho andevon' itompokolahy, na izahay, na ilay nahitana ny kapoaka tao aminy. [12251]

'Nefa hoy Josefa: Sanatria ahy ny hanao izany ! izay lehilahy nahitana ny kapoaka tao aminy ihany no ho andevoko; fa hianareo kosa dia miakara soa aman-tsara ho any amin' ny rainareo'. [12251]

Ary tamin' izay, dia nalahelo mafy indrindra Joda, ka sady nanatona an' i Josefa izy no niteny hoe: 'Mba henoy kely aho, tompokolahy, aoka ny mpanomponao handaha-teny kely eto anatrehan' itompokolahy, ary aoka tsy mba hirehitra amin' ny mpanomponao ny fahatezeranao ; fa tahaka an' i Farao hianao". Dia nilaza tamin' ny teny mampangorakoraka sy tsara lahatra

ny fahorian-drainy izy noho ny nahafatesan' i Josefa sy ny fangirifiriana nanjo azy raha tsy main tsy nisaraka tamin' i Benjamina, dia ilay hany sisa zananilahy tamin-dRahely, ilay vady tiany fatratra. [12251]

'Koa ankehitriny raha tonga any amin' ny mpanomponao raiko aho ka tsy tafaraka aminay ny zaza (fa ny ainy mifamatotra amin' ny ain" ny zaza), koa raha hitany fa tsy eo ny zaza, dia ho faty izy ; ary ny mpanomponao hampidina ny volo fotsin' ny mpanomponao rainay ho any amin' ny fiainan-tsy hita amin' aiahelo. Fa ny mpanomponao efa niantoka ny zaza tamin' ny raiko ka nanao Hoe: Raha tsy ho entiko atý aminao izy. dia ho meloka amin' ny raiko amin' ny andro rehetra hiainako aho'. [12251]

Dia nofaranan' i.Joda toy izao ny teniny: 'Koa ankehitriny, trarantitra hianao, aoka ny mpanomponao hitoetra ho andevon' itompokolahy hisolo ny zaza ; fa aoka ny zaza hiara-miakatra amin' ny rahalahiny. Fa hataoko ahoana no fiakatra any amin' ny raiko, raha tsy hiaraka amiko ny zaza ? fandrao hahita izay loza hanjo ny raiko aho". [12261]

Afa-po i Josefa. Hitany teo amin' ny toetran' ny rahalahiny ny vokatry ny tena fiovam-po marina. Rehefa nahita ny fanoloran- tena mahatalanjona nasehon' i Joda izy, dia nanome baiko ka nanao hoe: 'Avoahay ny olona rehetra hiala eto amiko '. Ary rehefa izany, dia nitomany mafy izy, sady niteny tamim-peo kendakenda hoe: 'Izaho no Josefa ; mbola velona ihany va ikaky ?' [12261]

Raha nandre izany ny rahalahiny, dia taitra mafy sady tora- kovitra teo anatrehany. Ahoana, dia Josefa tokoa ve ity governoran' i Egypta, dia Josefa ilay rahalahiny nankahalainy ka saiky novonoiny ary farany namidiny ho andevo ? Dia toa nivandravandra teo anoloan' ny masony avokoa ireo ratsy nataony taminy ; tsaroany ny fanira- tsirany ireo nofin' ny fahatanorany ; ary ny heloka bevava nataon' izy ireo mba hisakanana ny fahatanterahan' ireny nofy ireny, kanjo izao, izay efa nataony ihany no nahatò izany ! Koa ankehitriny, hoy izy rehetra an' eritreritra, tsy hamaly faty amin' izao va ity rahalahy nampijaliana ity, dia amin' izao fotoana izao izay maha- eo am-pelatanany antsika ? [12261]

Rehefa nahita ny fahaverezan-keviny i Josefa, dia niteny taminy tamin-kamoram-panahy ka nanao hoe: 'Avia, manatona ahy hianareo. Dia nanatona ireo. Ary hoy Josefa: Izaho no Josefa rahalahinareo, ilay namidinareo ho atý Egypta. Ary ankehitriny, aza malahelo na tezitra amin' ny tenanareo noho ny nivarotanareo ahy ho aty ; fa hamonjy aina no nampandehanan" Andriamanitra ahy hialoha anareo aty". Endrey izany hatsaram-panahiny ! Hitany fa efa nijaly mafy noho ny ratsy nataony taminy ireo rahalahiny, ka dia niezaka izy hanala ny tebitebiny sy hanaisotra ny ngidin' ny nenina namely azy. [12261]

Dia hoy indray izy: 'Roa taona izao no efa nisian' ny mosary teto amin' ny tany ; ary mbola ,misy dimy taona koa, izay tsy hisy hiasan-tany na hijinjana. Ary Andriamanitra efa nampandeha ahy hialoha anareo, mba tsy hahalany taranaka anareo amin' ny tany, fa hamelona anareo amin' ny famonjena lehibe. Ary amin' izany, ,tsy hianareo no nampandeha ahy ho atý, fa Andriamanitra ; ary Izy nanao ahy ho rain' i Farao, sy ho tompon' ny ao an-tranony rehetra,

ary ho mpanapaka ny tany Egypta rehetra. Andeha miakatra faingana hianareo ho any amin' ikaky, ka lazao aminy hoe: Izao no tenin' i Josefa zanakao: Efa nataon' Andriamanitra ho tomppn! i Egypta rehetra aho ; ka midina hankatý amiko fa aza mijanona ; dia honina eo amin' ny tany Gosena hianao, ka ho eo akaikiko hianao sy ny zanakao sy ny zafinao ary ny ondry aman' osinao sy ny ombinao mbamin' izay rehetra anananao. Dia hamelona anao eo aho (fa mbola haharitra dimy taona ny mosary), fandrao ho lany harena hianao sy ny ankohonanao ary izay rehetra anananao. Ary, indro, hitan' ny masonareo sy ny mason' i Benjamina rahalahiko izao fa nyvavako no miteny aminareo '. [12271]

'Dia namihina ny vozon' i Benjamina rahalahiny izy ka nito- many ; ary Benjamina koa dia nitomany teo amin' ny vozony. Ary dia nanoroka ny rahalahiny rehetra izy ka nitomany teo am-pamihinany azy ; ary rehefa afaka izany, dia niresaka taminy ireo rahalahiny". Niaiky ny helony tamim-panetren-tena izy ireo sady nangataka famelana taminy. Rehefa nijaly ela noho ny alahelo sy ny nenina izy ireo, dia faly nahita indray ny rahalahiny. [12271]

Tafapaka hatrany an-tsofin' i Farao ny vaovao. Faly ny mpanjaka noho izy afaka nanararaotra izao toe-javatra izao hanehoany ny fankasitrahany an' i Josefa ; nohamafisiny ny antso nataon' ny governorany, dia ny hiavian' ny fianakaviany. 'Anareo", hoy izy, 'izay tsara eto amin' ny tany Egypta rehetra '. [12271]

Ary ny zanak' i Jakoba niverina ho any amin-drainy, nitondra hanim-be sy kalesy sy sariety, ary izay rehetra nilainy mba hitondrany ny ankohonany sy izay rehetra niasa tao aminy. Nomen' i Josefa fanomezana sarobidy kokoa noho ny rahalahiny hafa rehetra i Benjamina. Ary noho ny ahiahiny fa sao hifamaly eny an-dalana indray ireo rahalahiny, dia nanafatrafatra azy izy ka nanao hoe: ' Aza mifanditra eny an-dalana hianareo '. [12271]

Rehefa tonga teo amin-drainy izy iraika ambin' ny folo miraha- lahy zanak' i Jakoba, dia nitantara taminy ny vaovao mahafaly: ' Mbola velona ihany Josefa, ary izy no mpanapaka ny tarty Egypta rehetra'. Taitra ilay lahy antitra ka tsy nahahetsika, toa tsy azony ninoana ny zavatra reny. Nefa nony nahatazana ny andian-tsarety sy ny biby hafa koa nivesatra entana izy, rehefa nahita sy afaka nanoroka indray an' i Benjamina izy, dia fantany ny fahamarinan' izay rehetra voalaza. Hoy izy teo amin" ny fahafenoan' ny fifaliany: 'Aoka ary, fa mbola velona ihany Josefa zanako ; handeha aho ka hahita azy, dieny tsy mbola maty aho '. [12281]

Nisy fietren-tena tsy maintsy mbola nataon' izy folo miraha- lahy zanany anefa. Nibaboka teo anatrehan" ny rainy izy noho ny fahasiahana feno fitaka nataony, izay nampanjombona ny fiainan' ilay lahy antitra nandritra ny taona maro sy nanamaloka ny azy tsirairay avy koa. Tsy nanam-po azy ireo hahavita heloka bevava toy izany i Jakoba, nefa, nony fantany fa Andriamanitra mihitsy no efa nandamina ny toe-javatra rehetra mba hahasoa azy rehetra, dia namela ny fahadisoany izy ka nitsodrano azy. [12281]

Nony afaka fotoana kely foana dia nizotra nankany Egypta Jakoba sy ny zanany, niaraka tamin' ny fianakaviany avy, mbamin' izay rehetra nananany sy ireo mpanompony marobe. Feno fifaliana ny fon' izy rehetra. Rehefa tonga tao Beri-Sheba izy ireo, dia nanatitra fanati-

pisaorana ho an' Andriamanitra i Jakoba, sady nitaraina mafy mba hanehoan' Andriamanitra aminy ny mariky ny fankasitrahany sy ny fiarovany. Dia nomena azy izao teny izao tamin' ny fahitana tamin' ny alina: 'Aza matahotra hidina any Egypta hianao fa hataoko firenena lehibe any hianao. Izaho hiara-midina aminao ho any Egypta ;ary Izaho hitondra anao hiakatra indray tokoa". [12281]

Misy heviny lehibe izany teny fikasana izany. Na dia teo ihany aza ny fampanantenana nomena an' i Abrahama, ny hahatonga ny taranany ho maro toy ny kintana, dia mbola vitsy sy niadam- pitombo ny isan' ilay vahoaka voafidin' Andriamanitra. Tsy ampy nitomboan' ny Zanak' Isiraely haingana ny tany Kanana, ary firenena mahery no nonina tao, dia firenena jentilisa izay tsy ho voaroaka mihitsy raha tsy any amin' ny andron' ny taranaka fahefatra any. Noho izany, dia zava-droa loha ihany no azon' ny tarank' i Abrahama ho natao: na ny handroaka ny tompon-tany, na ny hiray aminy ka ho lavo eo amin' ny fanompoan-tsampy. Na itsy voalohany anefa, na iroa faharoa, dia samy tsy araka ny Tenin' Amdriamanitra. Egypta kosa dia toerana tsara nety hanatanterahana ny planan' Andria- inanitra. Tany mahavokatra sy be rano ary misy izay ilaina rehetra ho amin' ny fitomboana haingana no nomena azy. Ny tsy fitiavan ny Egyptiana ny raharaha fiandrasan' ondry2 izay raharaha fanaon' ny Zanak' Isiraely, dia vao mainka koa nahatonga azy ireo hitokana sy ho voaro amin' ny fanompoan-tsampy. [12281]

Raha vao tonga tany Egypta i Jakoba sy ny ankohonany rehetra dia nivantana avy hatrany tany Gosena. Nandeha nankany i Josefa, nitaingina ny kalesy maha-mpanapaka azy sady notronin' ny olona ambony marobe. Ny fiandrianana sy ny voninahitra nananany dia tsy nampiraika azy ; zavatra iray loha ihany no nameno sy nampifaly ny fony, dia ny hahita ny rainy. Koa nony efa tsinjony fa mby akaiky ireo mpivahiny, dia tsy hita holazaina intsony ny fihetseham-pony vokatry ny fitiavana izay efa nofihininy hatry ny ela, ka niala tao amin' ny kalesiny izy ary nihazakazaka nankeo amin' ny rainy, 'dia namihina ny vozony ka nitomany ela teo amin' ny vozony. Ary hoy Isiraely tamin' i Josefa: Aoka ho faty amin' izao aho, satria efa hitako ny tavanao, fa mbola velona ihany hianao". [12291]

Dia nitondra dimy avy tamin' ny rahalahiny i Josefa mba hase- hony an' i Farao sy mba hahazo avy aminy ny tany izay honenany. Noho ny fankasitrahan' ny mpanjaka ny soa nataon' i Josefa, dia nanam-pikasana ny mpanjaka hanome asa eo amin' ny fanjakany ny sasany tamin' ny rahalahiny. Nefa noho ny fitiavan' i Josefa ny fanompoana an' i Jehovah, dia tiany ny hiaro ireo rahalahiny ireo tsy ho azon' ny fakam-panahy fahita ao amin' ny lapa jentilisa ; koa nanoro hevitra azy izy mba hilaza eo anatrehan' ny mpanjaka ny raharaha mahazatra azy. Dia nanaraka izany toro-hevitra izany izy rehetra sady nilaza koa fa hivahiny ihany izy ireo fa tsy honina amin' ny tany ; izany no nolazainy mba hahazoany mandeha araka izay tiany. Dia nomeny azy honenany araka ny tenin' i Farao, 'ny tany tsara indrindra" teo amin' ny tany Egypta, dia ny tany Gosena izany. [12291]

Taoriana kelin' ny nahatongavany dia nentin' i Josefa tao an-dapa teo anatrehan' i Farao ny rainy, mba hasehony azy. Tsy zatra ny fombafomba amam-panaon' ny tao an-dapa ilay

patriarka. Teny afovoan' ny hakanton' ny zavaboary anefa no nivelomany, ary Andriamanjaka ambony lavitra noho izay rehetra mety ho andriamanjaka no efa niresahany, ka nahatsiaro ny fahambonian" ny tenany izy, ary nanandratra ny tanany tamin' i Farao mba hitsodrano azy. [12291]

Ary i Jakoba nilaza tamin' i Josefa fa vonona ny ho faty, satria efa nahita ny salovan-tavany indray sady efa afaka taminy koa ny tebitebim-panahy nangeja azy nandritra ny taona maro. Mbola velona niadana tsara fito ambin' ny folo taona tao Gosena anefa ilay patriarka, nahitany fahasamihafana mahafmaritra tamin' ireo taona téo aloha izany. Tsapany fa niova fo tokoa ny zanany, koa faly izy raha nitazana tamim-pinoana ny fahatanterahan' ny teny fikasana sy ny fiverenan' izy ireo sy ny fiorenany eo amin' ny tany nampanantenaina, dia ny tany Kanana. Rehefa niara-nitoetra tamim-paha- sambarana tamin' ilay zanany malala izay nitomaniany fatratra izy, voahodidim-pitiavana sy fikarakaran' ilay praiministr' i Egypta, dia nodimandry tamim-piadanana teo afovoan' ny zanany. [12301]

Rehefa nanandindona an' i Jakoba ny fahafatesana, dia nampaka an' i Josefa izy ka niteny taminy hoe: 'Masina hianao, aza alevina atý Egypta aho. Fa rehefa lasa mody mandry any amin' ny razako aho, dia ho entinao hiala atý Egypta ka halevinao ao amin' ny fasany'. Niteny izany teny izany izy noho ny finoany ny teny fampa- nantenan' Andriamanitra ny amin' ny tany Kanana. Ary Josefa nampanantena azy fa hanao araka izany ; tsy afa-po anefa i Jakoba fa nampianiana ny zanany fa handevina azy ao amin' ny zohy ao Makpela. [12301]

Nisy zavatra hafa koa nameno ny eritreritr' ilay patriarka. Niriny mba hampidirina avy hatrany ho isan' ny zanak' Isiraely ny zanak' i Josefa roa lahy. Noho izany dia nentin' i Josefa teo anatrehan-drainy izy roa lahy zanany, dia Efraima sy Manase, raha namangy azy farany izy. Izy mirahalahy ireo, raha avy amin' ny ankohonan-dreniny, dia taranaky ny mpisorona ambony indrindra tany Egypta ; raha nirin' izy mirahalahy ny hanana ny firazanan-dreniny, dia ho azony natao ny ho tonga mpanankarena sy be voninahitra tamin' ny alalan' ny fahambonian-drainy. Kanefa i Josefa izay nifikitta mafy tamin' ny fampanantenana voalazan' ny teny fikasana, dia naniry ny hiraisan-janany amin' ny ankohonan-drainy ka handà izay voninahitra rehetra mety hatolotry ny lapan' i Egypta, fa hanaiky kosa hanana anjara eo amin' ireo foko mpiandry ondry izay manana ny teny fikasan' Andriamanitra. [12301]

Fa hoy Jakoba tamin' i Josefa: 'Ny zanakao mirahalahy, izay efa naterakao tatý amin' ny tany Egypta, fony tsy mbola tonga tatý aminao eto Egypta aho, dia ho ahy ireo: eny, Efraima sy Manase dia ho ahy, tahaka an' i Robena sy Simeona'. Dia natsangany ho isan' ny zanany izy roa lahy, ho filohan' ny foko roa miavaka tsara. Noho izany, ny sasany amin' ny tombontsoan' ny fizokiana izay verin' i Robena, dia nomena an' i Josefa izay nahazo anjaran-droa tamin' ny alalan' ireo zanany ireo. [12301]

Efa pahin' ny fahanterana ny mason' i Jakoba tamin' izay ka tsy nahita tsara azy mirahalahy izy. Toa tsinjotsinjony fotsiny izy ireo, ka hoy izy: 'lza moa ireo?" Ary rehefa fantany fa zanak' i Josefa izy roa lahy, dia hoy indray izy: 'Masina hianao, ento eto amiko izy, dia

hotsofiko rano". Ary izy 'nanoroka sy namihina azy" ; ary nanatsotra ny tanany teo ambonin' ny lohany izy ka nitsodrano azy sady niteny hoe: ' Andriamanitra, Izay nandehanan'i Abrahama sy Isaka razako teo anatrehany, Andriamanitra, Izay Mpiandry ahy hatr' izay niainako ka mandrak' androany, ny Anjely Izay Mpamonjy ahy tamin' ny loza rehetra: Izy anie hitahy ireto zaza ireto". Tsy nahalala izay fanamarinan-tena intsony i Jakoba, na niankina tamin' ny hery amam-pahaizan' olombelona. Jehovah no fantany fa niaro azy ary Izy no nanohana azy. Tsy nitaraina intsony noho ny tahoriana sy ny fitsapana nanjo azy izy, noho izany dia tsy niteny hoe: 'Izaho ihany no ozoin' izany rehetra izany'. Ny famindrampo sy ny fitiavana lalina efa nasehon' Ilay nomba azy tamin' ny lalana rehetra nalehany, izany ihany no nameno ny fahatsiarovany. [12311]

Ary rehefa vita ny tsodranony, dia nanao teny tamin' ny zanany i Jakoba, dia teny izay ho vavolombelon' ny finoany, amin' ireo taranaka ho avy rehetra, izay handalo taona lava hanaovana fano- mpoana mafy, fa hoy izy: 'Indro, ho faty aho, nefa Andriamanitra homba anareo ka hampody anareo indray ho any amin' ny tanin- drazanareo". [12311]

Rehefa ho faty tokoa i Jakoba, dia nantsoina hanodidina ny farafarany avokoa ny zanany rehetra ; ary hoy izy taminy: 'Mivoria, hianareo, mba hanambarako aminareo izay ho tonga aminareo any am-parany'. Impiry impiry moa izy, no efa- nieritreritra tamim- pangitakitahana ny amin' ny ho avy sy ny amin' izay hanjo ny taranany tsirairay avy. Izao izy, raha voahodidin' ny zanany izay vonona handray ny tsodranony farany, dia notsindrin' ny Fanahin' Andriamanitra ka nahita ny ho avin' ny zanany tsirairay avy. Noto- noniny tsirairay ny anaran' izy ireo, dia nolazainy ny toetrany sady nasehony izay ho tantarany: [12311]

Ry Robena, lahimatoako hianao,
Heriko sy voalohan' ny tanjako,
Manan-tombom-pisandratana, manan-tombon-kery. [12321]

Noho ny maha-lahimatoa an' i Robena, dia ireo toetra voalaza ireo no tokony ho anjarany, raha tsy noho ilay fahotana vitaný tany Migdal-edera, izay nanaisotra taminy ny fizokiana. Dia hoy indray i Jakoba: [12321]

Mandroadroatra toy ny rano hianao ka tsy hanan-tombo. [12321]

Ny fisaorana dia natolotra an' i Levy ary ny fiandrianana sy ny teny fikasana momba ny Mesia kosa nomena an' i Joda ; fa Josefa dia nahazo anjaran-droa tamin' ny lova. Ny fokon' i Robena indray dia tsy mba nihamaro firy ; vitsy noho ny fokon' i Joda sy Josefa na ny fokon' i Dana izy ; izy no isan' ny nentina ho babo voalohany indrindra. [12321]

Simeona sy Levy no nanarakaraka an' i Robena, arakaraka ny fizokiana. Izy roa lahy ireo dia isan' ny nampiseho hasiahana tamin' ny mponina tao Sekema sy fototry ny nivarotana an' i Josefa. Izao teny henjana izao no notononin -drainy ho an' izy mirahalahy: [12321]

Hampihahakahaka az.y eny amin' i Jakoba aho,
Ary hamely azy eny amin' Isiraely. [12321]

Rehefa nisaina ny Zanak' Isiraely talohan' ny nidirany teo amin' ny tany Kanana, dia hita fa ny taranak' i Simeona no vitsy indrindra. Tsy mba notononin' i Mosesy akory io taranaka io raha nanome ny tsodranony farany izy. Teo amin' ny fizarana ny tany Kanana indray, dia tsy mba nahazo afa-tsy anjara tany kely foana teo amin' ny tanin' i Joda izy, tatý aoriana aza, dia Iasa nifindra monina tany ambadiky ny fizaran-tanin' ny Tany Masina ny fianakaviana manankery sasany taminy. Tanàna valo amby efa-polo niely nanerana ny tany Kanana no mba anjara lova nomena ny taranak' i Levy. Anefa, noho io foko io nijoro homahatoky teo anatrehan' i Jehovah, teo amin' ny fotoana anankiray nampihemotra ny be sy ny maro, dia nomena ny fanompoam-pivavahana tao amin' ny tabernakely izy, ka novana ho fitahiana ny ozona nahazo azy. [12321]

Ny tombontsoa ambony indrindra momba ny fizokiana dia iasan' i Joda. Ny tantaran' ny fokon" i Joda, araka ny faminaniana, dia manazava ny hevitry ny anarany ihany, izay raha adika dia 'fiderana'. [12321]

Ry Joda, hoderain' ny rahalahinao hianao,
Ny tananao ho ao amin' ny vo/on' ny fahavalonao ;
Hiankohoka eo anatrehanao ny zanaky ny rainao.
Zana-diona Joda,
Avy niremby hianao, anaka ;
Mamitsaka, mandry toy ny liona izy,
Ary toy ny liom-bavy ka iza no hanaitra azy !
Ny tehim-panjakana tsy hiala amin' i Joda,
Na ny tehina fanapahana eo anelanelan' ny tongony,
Mandra-pahatongan' i Silo (Fiadanana) Ka hanoa Azy ny firenena. [12331]

Ny liona, mpanjakan' ny ala, dia tandindona maneho tokoa ny fokon' i Joda, dia ilay t'oko izay nipoiran' i Davida sy Silo, ny Zanak' i Davida, 'Lionan' ny fokon' i Joda", Izay hiankohofan' ny firenena sy ny fanjakana rehetra indray andro any, sady homeny voninahitra. [12331]

Fitahiana no notononin' i Jakoba ho an' ny ankamaroan' ny zanany. Rehefa niteny ny amin' i Josefa izy, ka nangata-pitahiana ho 'eo an-tampon-dohan' ilay nalaza tamin' ny rahalahiny', dia diboky ny hafaliana ny fony, fa hoy izy: [12331]

Josefa dia sampana mahavokatra,
Eny, sampana mahavokatra eo anilan-doharano ;
Ny rantsany mananika mihoatra ny fefy.
Nampahory azy ny mpitifitra,
Dia nitifitra azy sy nanenjika azy ;
Kanefa mateza hery ny tsipikany,
Ary mailamailaka ny sandrin-tanany,

Avy amin' ny tanan' Ilay Maherin' i Jakoba,
Dia avy ao amin' ny Mpiandry, Izay Vatolampin' ny Isiraely,
Avy amin' ny Andriamanitry ny rainao, ka Izy hamonjy anao —
Avy amin' ny Tsitoha, ka Izy hitahy anao,
Dia fitahiana avy amin' ny Ianitra ambony,
Sy fitahiana avy amin' ny lalina izay mamitsaka any ambany,
Ary fitahiana avy amin' ny nono sy ny kibo.
Ny tsodranon' ny rainao dia mihoatra noho ny havoana mandrakizay
Sy ny zavatra mahafinaritra amin' ny tendrombohitra fahagola:
Ho eo an-dohan' i Josefa izany,
Dia ho eo an-tampon-dohan' ilay nalaza tamin' ny rahalahiny. [12331]

Ny fitiavan' i Jakoba dia lalina sy nafana hatrany hatrany. Maminy dia maminy tokoa ireo zanany. Ireo filazalazana notononiny ho azy tsirairay avy rehefa ho faty izy, dia tsy vokatry ny fiangarana na noho ny lonjony. Efa namela ny helok' izy rehetra izy, sady efa tia azy rehetra hatramin' ny farany. Ny fitiavana araka ny maha- ray azy, dia tsy ho nanao afa-tsy famporisihana sy fampanantenana hatrany hatrany. Ny herin' Andriamanitra anefa no nanaloka azy tamin' izao indray mandeha izao, ka voatery izy, araka ny tsindri- mandry avy any ambony, hanambara fahamarinana izay ho mafy taminy ny nanao izany raha niteny araka ny sitrapony fotsiny izy. [12331]

Rehefa natolony ny tsodranony farany, dia naveriny indray ny hafatrafany ny amin' ny handevenana azy: 'Aleveno ao amin' ny razako aho, dia ao anatin' ny zohy izay any amin' ny sahan' i Efrona Hetita, ao anatin' ny zohy izay any amin' ny saha Makpela, izay tandrifín' i Mamre Tao no nandevenany an' i Abrahama sy Saraha vadiny ; ary tao koa no nandevenany an' Isaka sy Rebeka vadiny ; ary tao koa no nandevenako an' i Lea'. Izany fanehoam- pinoana ny teny fikasan' Andriamanitra izany no asa farany nasehon' i Jakoba teo amin' ny fiainany. [12341]

Ireo taona faramparany nahaveloman' i Jakoba dia mitovy amin' ny takariva mahafinaritra, feno fiadanana, izay mamarana andro iray feno oram-baratra sy tafio-drivotra. Na dia nisy rahona aza nanamainty ny lalany, dia namirapiratra ihany ny masoandrom- piainany rehefa hilentika ; famirapiratana avy tany an-danitra no nanazava ireo ora farany nahavelomany. 'Raha hariva ny andro, dia hisy mazava'3. 'Diniho ny mahitsy, ka jereo ny marina; fa misy farany ho an' ny olona tia fihavanana'4. [12341]

Ny fahotany dia niteraka fijaliana mafy ho an' i Jakoba. Taona maro feno asa sy tebiteby ary fahoriana no nolalovány, noho ilay fahadisoana lehibe vitany izay nahatonga azy handao ny tranon- dray aman-dreniny ; nirenireny sy tsy nanam-panorenana izy, voatery nisaraka tsy fidiny tamin' ny reniny malalany izay tsy hitany intsony. Rehefa niasa fito taona izy mba hahazoany ilay vady malalany, dia mbola niasa roa-polo taona indray nanompo ilay lehilahy

fatra- pitia harena izay nanambaka azy. Na dia izany aza anefa. dia nitombo ihany ny fananany ary nihalehibe teo anatrehany ny zanany. Kely ny fifaliana mbahitany tao an-tokantranony noho ny fifandirana nanjaka tao. [12341]

Nifanontona namely azy avokoa ny fahafahambarakan' ilay zananivavy, na ny valifaty nafitsok' ireo zananilahy, na ny naha- fatesan-dRahely, na ny ota mahatsiravina vitan-dRobena, na ny fahotan' i Joda, na ny fahasiahana izay nandrombaka an''i Josefa teo am-pelatanany. Tena fiainana nanjombona tokoa ny fiainany ! Noho ilay fahadisoany voalohany, dia nijinja fahoriana marobe izy. Impiry impiry akory moa izy no nahita ny zanany namerina ny fahadisoana efa nataon' ny tenany ! Izany rehetra izany anefa dia samy nahatratra ny fetra nikendrena azy avokoa, ka nioty ny 'vokatry ny fahamarinana hiadanana'5 i Jakoba. [12341]

Ny Soratra Masina dia milaza koa amin' ny fomba tsy misy fiangarana, ny fahadisoan' ny marina, dia ireo izay nahazo ny fitahian' Andriamanitra. Azo lazaina aza fa ny fahadisoan' izy ireny indrindra no voalaza matetika kokoa noho ny fahatsarany. Mahagaga ny maro izany ary mahatonga ny tsy mpino hanesoeso. Izany fanambarana tsy mihambahamba ataon' ny Baiboly ny amin' ny fahadisoan' ireo olo-malazany izany anefa, dia mainka koa porofo ahitana ny fahamarinan' ny zavatra voalazany. Fantatra fa ny mpanoratra tantara rehetra, noho izy ireo maodimaody ny amin' ny zavatra lazainy, dia mitanilanila ihany amin' ny fomba filazany azy. Raha olona tsy nahazo tsindrimandry avy amin' Andriamanitra no nanoratra ny Baiboly, dia ny loetra mendrika nananan' ireo olona tantarainy ihany no ho nambarany. Tsy izany anefa no izy, fa izay tena izy marina tokoa momba ireny olona ireny no ambaran' ny Soratra Masina amintsika. Ireo olona fahizay nahazo ny fanka- sitrahan' Andriamanitra sady notolorana adidy sy andraikitra ambony, dia voan' ny fakam-panahy sy tratran' ny fahotana toa antsika ihany. Mba ho fampitandremana sy ho fampaherezana antsika no antony nanehoana antsika ny fahalavoana sy ny fahadisoana vitan' izy ireny. Fa raha naseho antsika ho toy ny olona tsy nanan-tsiny sy tsy nanam- pahalemena mantsy ireny olona ireny, dia ho mety hahakivy sy hampamoifo antsika ny fahitantsika ny fahalementsika sy ny fananan- tsika toetra mora mirona ho amin' ny ratsy. Ny fahitantsika azy ireny kosa, tandindomin' ny fahakiviana mandrakariva, lavo teo amin' ny fakam-panahy toa antsika, tsy kivy anefa fa niezaka ihany, nandresy noho ny fahasoavan' Andriamanitra, dia mahatonga antsika hahery sy ho vonona hanohy ny adin' ny finoana. Azontsika hatao koa ny handresy toa azy ireny, amin' ny alalan' ny herin' i Jesosy Kristy. [12351]

Ireny tantara ireny dia maneho amintsika koa fa tsy ataon' Andriamanitra ho tsy manan-tsiny tsy akory ny olon-diso ; rehefa fahotana, na ny fahotan' ireo mpanompony nahazo tombontsoa ambony indrindra aza, dia melohiny avokoa ; ary mafimafy kokoa aza ny fanamelohany azy ireny noho ny fanamelohany ireo izay tsy rnanana fahazavana ampy sy kelikely adidy kokoa. [12351]

Rehefa voalevina i Jakoba dia hadinon' ny rahalahiny ny hatsa- ram-panahin' i Josefa, ka nanomboka azon' ny tahotra sy nahatsiaro ny fahadisoany indray izy ireo, fa hoy izy rehetra anakam-po: 'Andrao hanao fo lentika amintsika i Josefa ka hamaly antsika tokoa noho izay

ratsy rehetra nataontsika taminy”. Tsy sahy niseho teo anatrehany izy fa nandefa iraka hilaza aminy hoe: ‘Ny rainao nanafatra fony izy tsy mbola maty, ka nanao hoe: Izao no holazai- nareo amin’ i Josefa: Mamèla re ny fahadisoan’ ny rahalahinao sy ny fahotany, fa efa nanao ratsy taminao izy ; eny, mamèla ankehitriny ny fahadisoan’ ny mpanompon’ ny Andriamanitry ny rainao ’. Ny fitiavan’ i Josefa ny rahalahiny dia fitiavana madio sy lalina, noho izany dia nalahelo mafy tokoa izy rehefa hitany fa nihevitra azy hoe hamalifaty ireo rahalahiny. Nalralatsa-dranomaso azy ilay hafatra, ary rehefa fantatry ny rahalahiny izany, dia tonga izy rehetra niankohoka teo amin’ ny tongony sady nanao hoe: ‘Indreto izahay ho mpanomponao”. Fa hoy Josefa taminy: ‘Aza matahotra; fa moa solon’ Andriamanitra va aho ? Hianareo no nisaina hanisy ratsy aliy ; fa Andriamanitra kosa nisaina izany ho soa, hanao tahaka ny amin’ izao anio izao, hamelona olona betsaka. Koa ankehitriny aza matahotra hianareo ; fa izaho hamelona anareo sy ny zanakareo madinika ’. [12361]

Sarin’ ny fiainan’ i Jesosy Krsity ny fiainan’ i Josefa. Noho ny fialonan’ ny rahalahiny azy no nivarotany azy ho andevo ary izany no tetika noheverin’ izy ireo fa hisakanana azy tsy ho tafasandratra amboniny. Nony namidiny ho babo tany Egypta izy dia nino izy rehetra fa tsy misy hatahorana intsony ny amin’ izay nofiny. Andriamanitra anefa nitarika ny toe-javatra rehetra ka izay zavatra nialany mafy indrindra no niseho. Dia toy izany koa, ny mpisorona sy ny loholona teo amin’ ny Jiosy dia nialona an’ i Jesosy ka nampamono Azy noho ny tahony fa sao dia ho tonga Mpanjaka Izy noho ny fankasitrahan’ ny vahoaka Azy. Kanjo, izany zavatra nataon’ izy ireo izany indrindra no isan’ ny nahatonga an’ i Kristy ho Mpanjaka. [12361]

Tsy isalasalana fa noho ny nitoerany tany Egypta no nahatonga an’ i Josefa ho mpamonjy ny ankohonan-drainy. Izany anefa tsy nampihena ny hadisoan’ ny rahalahiny. Toy izany koa, ny nano- mboana an’ i Kristy teo amin’ ny hazo fijaliana dia nahatonga Azy ho Mpamonjy izao tontolo izao sy ho Mpanavotra ny taranaka very. Nefa tsy nampihena ny faharatsian’ ny heloka bevava nataon’ ireo mpamono an’ i Jesosy ny nampiasán’ Andriamanitra izany ho voni-nahiny sy ho fanasoavana ny olom-bonjena. Toy ny nivarotan’ ny rahalahiny an’ i Josefa no nivarotan’ ny mpianany anankiray an’ i Jesosy Kristy tamin’ ny fahavalony lozabe indrindra. Josefa, noho ny fahadiovany dia notenenina ratsy sady nampidirina tao an-trano- maizina. Dia toy izany koa Jesosy, noho ny fiainany masina sy lavitry ny fitiavan-tena, (fiainana masina manameloka ny fahotana), dia notsiratsiraina sy nolavin’ ny olona, ary farany, nohelohina noho ny fiampangana nataon’ ny vavolombelona mandainga. [12361]

Farany, ny faharetana sy ny fahalemem-panahy nasehon’ i Josefa teo anatrehan’ ny tsy fahamarinana sy ny fampijaliana rehetra, ny fahavononany hamela heloka, ny fahalalaham-pony tamin’ ny rahalahiny, dia samy tandindon’ ny fahanginana sy ny toe-tsaina ambony izay nentin’ i Kristy niaritra ny fihetraketrahana sy ny famelezan’ ny ratsy fanahy Azy, sady maneho koa ny famelan- keloka natolony ireo mpamono Azy, sy mbola atolony koa ho an’ izay rehetra manatona Azy sy miaiky ny fahotany ary mangataka famindrampo Aminy. [12371]

Mbola velona efatra amby 'dimam-polo taona tatý aorian' ny nahafatesan-drainy i Josefa. Ary izy nahita 'ny zafiafin' i Efraima ; ny zanak' i Makira koa, zanakalahin' i Manase, dia noraisin' i Josefa ho eo am-pofoany'. Nahita ny fitomboan' ny taranak' Isiraely sy ny fanambinana azy izy, ary nanana finoana tsy azo nohozongozonina ny amin' ny hamerenan' Andriamanitra indray ny Isiraely ho any amin' ny tany nampanantenaina. [12371]

Na dia nomem-boninahitra fatratra aza i Josefa teo amin' ny fanjakan' i Farao, dia mbola nihevitra ny tenany ho babo ihany izy raha tany Egypta. Izany no nanehoany, rehefa ho faty izy, fa izy dia isan' ny Isiraely. Nony fantany fa nanandindona azy ny fahafatesana, dia nanangona nv havany izy, ka nanambara taminy ny sitrapony farany: 'Andriamanitra hamangy anareo tokoa hoy izy, ka hitondra anareo hiala amin' ity tany ity ho any amin' ny tany izay nianianany tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba '. Ary nampia- nianiny izy fa hitondra ny taolany hiakatra ho any Kanana. 'Dia maty Josefa, rehefa folo amby zato taona'. Nohosorana zava-manitra izy ka nalevina tao amin' ny fasana anankiray tany Egypta. Ilay vatam-paty nandevenana azy dia nampahatsiahy ny Zanak' Isiraely, nandritra ny taonjato maro nifandimby nanompoany, fa vahiny ihany izy ireo eo amin' ny tany Egypta, ka tsy tokony hanadino ilay tanin' ny teny fikasana izay azo antoka fa homena azy. [12371]

Toko 19 - Mosesy

Natakalon' ny Egyptiana tamin' i Farao ny biby fiompiny sy ny taniny mba hahazoany hanina mandritra ny mosary, ary voa- fatotr' izany ho mpanompo mandra-pahafatiny izy ireo tamin' ny farany. Nitsinjo tamim-pahendrena ny fomba hamotsorana azy ireny anefa Josefa, tamin' ny nanomezany malalaka ny tsirairay avy hamboly hiombonana amin' ny mpanjaka amin' ny fanomezana azy ny ampahadimin' ny vokatra. [12391]

Ny taranak' i Jakoba kosa tsy mba niharan' izany fepetra izany noho ny soa vitany tamin' ny firenena. Tsy ny tany nonenany ihany no nafoy ho azy, fa tsy nampandoavan-ketra koa izy sy nomena hanina betsaka mandra-pahatapitry ny mosary. Nolazain' ny mpanjaka tamin' ny firenena manontolo fa noho ny fikarakaran' Andriamanitr' i Josefa no nananan' ny tany Egypta hanina betsaka, raha ny firenena hafa rehetra kosa maty mosary. Fantany tsara koa fa ny fitantanana hendry nataon' i Josefa no nampanan- karena ny tany. [12391]

Tatý aoriana rehefa nandalo ny fotoana dia nodimandry ilay lehilahy mpanisy soa an' i Egypta, sy ireo taranaka nandray soa tamin' ny asa vitany ary 'nisy mpanjaka vaovao nanjaka tany Egypta, izay tsy nahalala an' i Josefa≫1. Tsy ny tsy fahafantarany izay nataon' i Josefa teo amin' ny taniny akory fa ny tsy firaharahany mihitsy sy ny hamaiona izany zavatra izany ho very tadidy. Ka hoy izy tamin' ny vahoakany: 'lndro efa maro sy mahery noho isika ny firenen' ny Zanak' Isiraely; andeha hanaovantsika hevitra ireo, fandrao hihamaro izy, ka raha tahiny hisy ady, dia homba ny fahavalontsika koa izy, ka hiady amintsika, ary dia hiakatra hiala ao amin' ny tany'. [12391]

Kanjo, 'ny Isiraely niteraka ka nitombo betsaka sy nihamaro ary nihanahery indrindra, ka dia henika azy ny tany". Ny fikara- karana feno fitiavana nataon' i Josefa sy ny fankasitrahana azo avy tamin' ny Farao mpanjaka tamin' izany andro izany no nahatonga ireo rehetra ireo. Na ny fomba fanaony na ny fivavahana narahiny dia samy tsy nisy nifandraisany velively tamin' ny fomba fanaon' ny Egyptiana sy ny fivavahana narahiny, nefa na izany aza dia nitombo hatrany ny hamaroany ka nanomboka sahiran-tsaina ny mpanjaka sy ny olona. Tsy nisy nankasitraka ny hamongorana ny Zanak' Isiraely, satria betsaka tamin' izy ireo no mpanao asan-tanana mahay izay nampiasain' ny mpanjaka hanangana tempoly tsara tarehy sy lapa soa. Nianina tamin' ny fampahoriana azy fotsiny no nataony. [12401]

Nampitovy azy ireny tamin' ny Egyptiana izay nivaro-tena sy fananana tamin' ny fanjakana ny Farao mpandimby toerana. Tatý aoriana kely, dia nanendry mpifehy izy mba hampahory azy amin' ny fanompoana mafy. 'Dia nampanompoiny fatratra ny Zanak' Isiraely, ka nataony nangidy ny fiainany tamin' ny fanompoana mafy, dia tamin' ny feta sy ny biriky mbamin' ny fanompoana rehetra any an-tsaha, dia ny fanompoana rehetra izay nampanompoany azy fatratra'. 'Nefa araka ny nampahoriany azy fatratra no vao mainka nihamaroany sy nitomboany kosa'. [12401]

Nampiasa fepetra tsy ara-drariny ny mpanjaka sy ireo mpanolo- tsaina azy, rehefa tsy nahomby tamin' ny fikendreny hanaketraka azy sy hampihena ny hamaroany ary hanadombo ny fitiavany fahaleovan-tena amin' ny fanompoana mafy nampanaoviny. Nomena baiko ny mpampivelona Hebreo mba hamono ny zazalahy teraka rehetra. Tsy iza no nanome izany baiko feno habibiana izany, fa Satana izay nahafantatra ny fampanantenana ny hiavian' ny Mpanafaka ka nihevitra ny hanafoana ny planan' Andriamanitra. Nefa natahotra an' Andriamanitra ny mpampivelona ka nandà tsy hanatanteraka izany didy tsy mifaditrovana izany, dia nasian' Andriamanitra soa ireo mpampivelona sady nambininy. Rehefa hitan' ny mpanjaka fa notoherina ny didy, dia tezitra izy ka vao mainka koa namafisiny sy naeliny izany. Nasainy nikatsaka izay hamonoana ireny zaza tsy manan-tsiny ireny ny firenena manontolo: 'Dia nandidy ny vahoakany rehetra Farao ka nanao hoe: Ny zazalahy rehetra izay teraka dia ario any Neily, fa ny zazavavy rehetra kosa velomy!' [12401]

Tamin' ny fotoana namoahana izany didy izany, dia nisy mpivady mpivavaka tao Isiraely, avy amin' ny mpianakavin' i Levy, Amrama sy Jokebeda no anarany, niteraka zazalahy. Noho ny maha-'zaza tsara" ny zanany sy ny fahalalan' ireo ray aman-dreniny fa efa manakaiky ny fanavotana, dia niezaka izy mba tsy hahafaty ny zanany. Finoana no 'tsy natahorany ny didin' ny mpanjaka'2. [12411]

Afaka nanafina ny zaza nandritra ny telo volana ny reniny. Ary rehefa hitany fa tsy azo notanana teo akaikiny intsony, dia nanamboatra fiara zozoro izy, ka nopetahiny asfalta sy dity mba tsy ho tatera-drano: dia napetrany tao ny zaza, ary nateriny tao anaty zozoro teo amoron" ny Neily. Tsy sahy niambina azy izy fandrao dia mampidi-doza ny ain' izy mianaka izany, ka ny anabavin' ny zaza no nijanona teny lavidavitra eny mba hiambina azy. [12411]

Nisy koa anefa mpiambina hafa niambina teo. Ny vavaka mafana nataon' ny reniny no niarovan' Andriamanitra ity raki-tsarobidy ity. Ny anjely nitoby nanodidina io fandriana kely io no nitarika ny zanakavavin' i Farao handeha handro tao Neiiy. Nanaitra azy mafy ny zavatra hitany teo ambony rano, Azony an-tsaina avy hatrany ny tantaran' ity zaza mahafatifaty ity. Vao mainka koa nampangoraka azy fatratra ny nahita ny zaza nitomany. Nalahelo ny fony, nieritreritra ilay reny tsy fantatra nampiasa izao tetika izao mba hamonjcna ny sombinainy. Tapa-kevitra izy hamonjy ny zaza sy hanangana azy mihitsy. [12411]

Nitazana teny lavitra eny ny fihetsika rehetra nataon'. ity andriambavy Miriama noho ny fahitany ny tena fitiavany ny zaza, dia lasa nanatona moramora izy ka nanontany hoe: 'Handeha haka mpitaiza amin' ny vehivavy Hebreo va aho hankaty aminao mba hitaiza ny zaza ho anao?" Navela hanao izany izy ka lasa nihaza- kazaka nilaza ny vaovao mahafaly tany amin-dreniny, izay nandeha nanaraka azy tany amin' ny zanakavavin' ny mpanjaka. 'Ento ity zaza ity, ka tezao ho ahy, hoy izy taminy, fa izaho handoa ny karamanao'. [12411]

Ren" Andriamanitra ny vavaka nataon' ity vehivavy mpivavaka ity ka novalian-tsoa ny finoany. Hatramin' izay dia nieren-doza izy ary feno fankasitrahana ny fony ka lasa izy nanolo-tena hanao ny asa tena soa napetraka taminy. Tsy nataony an-tsirambina ny

nampianatra sy ny nitarika azy tamin' ny fitiavam-bavaka noho ny fahatsapany fa narovana mba hanao asa lehibe ny zanany. Nanenjika azy ny eritreritra hoe vetivety foana dia halaina eo am-pelatanany ny zaza ka hafindra any amin' ny mpanjaka izay reniny nanangana azy. nefa toerana feno loza no halehany ka noho izany nila fitandre- mana sy fahendrena mihoatra noho ny tamin' ireo zanany hafa ny asa atao aminy. Nangataka mafy tamin' i Jehovah izy mba hiaro azy tamin' ny faharatsiana nanjaka tao an-dapa, tamin' ny alalan' ny i ezaka nataony mba hanikotra ao an-tsainy ny fitiavana ny marina sy ny hitsiny miaraka amin' ny fahatahorana an' Andriamanitra. Natorony an-janany ny faharatsiana sy ny fahalotoan' ny fanompoan- tsampy, ary tany am-boalohany dia efa nampianariny azy sahady ny hiantso Ilay hany afaka handre sy hanafaka amin' ny loza. [12421]

Notazonin' i Jokebeda ela araka izay azony natao teo akaikiny ny zaza. Nefa voatery nisaraka taminy izy nony feno 12 taona. Niala tao amin' ny trano bongo Mosesy zatovo, ka nankany amin' ny lapan' ny mpanjaka nipetraka tao amin' ny zanakavavin' i Farao, 'izay nanangana azy". Fa Mosesy tsy nanadino mihitsy ny hevitra azony fahazaza. Tsy voakosoka tao an-tsainy mihitsy, fa niaro azy tamin' ny avonavona sy ny tsy finoana ary teo anivon' ny rendra- rendran' ny lapa nanjakan' ny ratsy ireo fampianarana nataon- dreniny. Hery mahatalanjona manao ahoana no vitan' ity vehivavy natao sesitany sady mpanompo ity ! Samy vokatra azo avy tamin' | ny asan' ny reny mpivavaka avokoa na ny fiainan-ko avin' i Mosesy na ny asa lehibe notontosainy tamin' ny fitarihany ny Zanak' Isiraely. Tsy misy mahatoraka izany asa izany. Mitana andraikitra betsaka ny amin' ny ho avin' ny zanany ny reny. Mamolavola olona izy, ary manefy toetra. Tsy ho amin' izao fotoana izao ihany no iasany fa ho an ny mandrakizay koa. Mamafy ao am-po voa izay hitsiry sy hamokatra na ho amin' nv tsara na ho amin' ny ratsy izy. [12421]

Tsy ny hametaka sarin' olona tsara tarehy eo amin' ny-ravin- damba na hanao sary sokitra eo amin' ny vato marbra no asa nampa- naovina azy fa: ny hamelona ny endrik' Andriamanitra eo amin' ny fanahin' olombelona. Eo amin' ny fiandohan' ny taona iainan' ny zanany indrindra no iandraiketany ny famolavolana ny toetrany. Ho tafaraikitra mandritra ny fiainany eo amin' ny sain' izy ireo miovaova ny hevitra napetaka tamin' izany taona izany. Ávy amin' izany no maha-zava-dchibe ny manome fitaizana sy fanolokoioana ho an' ny zaza manomboka hatramin' ny fahazazany mba hahatonga azy ho mpivavaka. Tsy ny hahazoany toeram-boninahitra eto an-tany ; fa kosa toeram-boninahitra maharitra mandrakizay any an-danitra no antony nanomèzana zanaka ho kolokolointsika. [12421]

Tokony hahatsiaro ny renim-pianakaviana tsirairay avy fa lafo vidy ny fotoanany rehetra. Hotsaraina ny amin' ny asa vitany izy, amin' ny andro lehibe fampamoahana. Ho hita amin' izay fa ny ankamaroan' ny fahadisoana sy ny heloka vita teto an-tany dia vokatry ny tsy fahaizana sy ny tsirambina nataon' ireo reny izay manana andraikitra amin' ny fitarihana ny tongotra mangozohozon' ny ankizy eo amin' ny lalana tsara. Toy izany ihany koa ny maro tamin' ireo olona nanazava ny tany tamin' ny famirapiratan' ny fahaizany na ny tanam-pahamarinana sy ny hatsaram-panahy mpanasoa ananany no nampihetsika azy tamin' ny asa

nataony sy ny fahombiazany. dia avy amin ny ezaka sy ny vavaka nataon ny reny kristiana no nahazoany izany. [12431]

Nahazo fampianarana ambony tamin' ny fahaizan-dalàna sy ara-miaramila Mosesy. tao andapan' i Farao. Tapa-kevitra ny mpanjaka fa hifidy ny zafikeliny natsangany ho mpandova ny fanjakany, ka efa voaomana ny zavatra réhetra ahazoany mitana izany toerana ambony izany. 'Ary Mosesy nampianarina ny fahendrena rehetra nananan' ny Egyptiana, ary nahery tamin' ny teniny sy ny asany izy'3. Nanjary nankamamian' ny tafika egyptiana izy noho ny fahaizany mitari-tafika, lasa lehilahy niavaka tamin' ny rehetra maneran-tany izy. Resy Satana. Hatramin' ny didy izay navoaka hanamelohana ho faty ny zanaka hebreo avy no nampi- asain' Andriamanitra hanolokoloana sy hanabeazana ilay mpanafaka ny olony. [12431]

Anjely no nilaza tamin' ny loholon' ny Isiraely fa manakaiky ny fotoana fanafahana azy, ary Mosesy no olona nentin' Andriamanitra hanatontosa izany asa izany. Ny tenan' i Mosesy mihitsy no nilazan' ny anjely fa izy no voatendrin' Andriamanitra hanapa- tapaka ny ziogan' ny olony. Noheveriny ho vitaina tamin' ny alalan' ny herin' ny fitaovam-piadiana izany asa izany ka notendrena hitarika ny Zanak' Isiraely hiady amin' ny tafika egyptiana izy. Tamin' ny fiheverana an' izany no nahatonga azy hiaro-tena sao dia hanjary fisakanana ny fanatanterahana ny sitrapon' Andria-manitra ny firaiketam-pony tamin' ilay reny nanangana azy na i Farao. [12431]

Tsy azo atao ny mandimby ny seza fiandrianan' i Farao, araka ny lalàna, raha tsy avy amin' ny fokon' ny mpisorona. Koa noho ny maha-mpandova voatendry an' i Mosesy, dia tsy maintsy nampianarina ny fivavaham-pirenena izy. Nianarany tamin-kafanam-po fatratra izany ; nefa na oviana na oviana dia tsy nety nitondr* fanatitra ho an' ny andriamani-tsy izy izy. Norahonana tsy hahazo ny fanjakana izy ary nampitandremana'fa raha mbola mifikitra amin' ny fanekena ny fivavahana hebreo, dia havoakan' ny mpanjakavavy ny didy fanonganana azy. Nefa tsy azo nozongozonina tamin' ny fanapahan- keviny hanome voninahitra Ilay Andriamanitra tokana Mpanao ny lanitra sy ny tany izy. Tamin' ny adi-hevitra nifanaovany tamin' ny mpisorona sy ny vahoaka, dia nasehony fa hadalana ny fanajana ny sampy izay zavatra tsy manana aina. Tsy misy olona afaka nandresy lahatra ny foto-kevitra notanany, na nampiova ny fomba fijeriny, ka nekena tsy fidiny tsikelikely ny toetra matotra nasehony noho ny toerana ambony notanany sy ny zo nananany na teo amin' ny fanjakana na teo amin' ny firenena. [12441]

'Finoana no nandavan' i Mosesy tsy atao hoe zanaky ny zanakavavin' i Farao, rehefa lehibe izy, nifidy mantsy hiara-mitondra fahoriana amin' ny olon' Andriamanitra toy izay hanana fifaliana vetivety amin' ny fahotana, nanao ny fanaratsiana an' i Kristy ho harena be lavitra noho ny zava-tsoan' i Egypta, satria nijery ny famalian-tsoa izy'4. Afaka nitana toerana ambony niaraka tamin' ireo mpitondra lehibe teto an-tany Mosesy , nety ho tonga malaza teo amin' ny lapam-panjakana mamiratra indrindra izy ka hahatsara ny fitondram-panjakana. Nihoatra noho ny an' ny olo-malaza hatrizay ny fahambonian' ny fahaizany. Tsy nisy nitovy taminy tamin' ny fahaizana tantara sy tononkira sy filozofia ary ny maha- mpitari-tafika sy

mpanao lalàna azy. Kanefa na nivelatra teo anatrehany toy izany aza ny voninahitr' izao tontolo izao, dia nolaviny tamin-kerim-po ny ho avy mamirapiratra ahazoan-karena sy fahalehibeazana teto an-tany, 'nifidy mantsy hiara-mitondra fahoriana amin' ny olon' Andriamanitra toy izay hanana fifaliana vetivety amin' ny fahotana' izy. Fantatr' i Mosesy ny amalian-tsoa nomanina ho an' ny mpanompon' Andriamanitra manetry tena sy mahatoky any am-parany. Aminy, dia voasaron' izany teny fikasana izany rehefa mety ho voninahitry ny tany. Voatolotra ho azy ny seza fiandrianana sy ny lapa soan' i Farao. Nahalala ny fahotana sy ny tsy fitiavam-bavaka izay nanjaka teo amin' izany toerana feno fakampanahy izany anefa izy. Tazany manangasanga any an-koatry ny lapa tsara tarehy sy ny satroboninahi-panjakana ny voninahitra tsy manam-paharoa izay hasatroka ny olo-masin' ny Avo Indrindra any amin' ny fanjakana madio sy masina. Tsinjony ny satroboni- nahitra tsy mety lò izay hapetraky ny Mpanjakan' ny Ianitra eo amin' ny handrin' ny mpandresy. Nafanain' izany finoana izany ny fony, ka nilaozany ireo lehibe teto an-tany fa lasa izy nikambana tamin' ilay vahoaka mahantra sy mavomavo ary natao tsinontsinona izay nankatò an' Andriamanitra fa tsy nandà Azy. [12441]

Tsy niala tao an-dapa Mosesy raha tsy feno efapolo taona. Nanindry ny fony ny fanompoana mafy nampahoriana ny iray firenena taminy. Tonga namangy ireo rahalahiny izy ka nampahery azy tamin' ny fanomezan-toky fa hanafaka azy Andriamanitra. Matetika izy no nikomy tamin' ny fahitana ny tsy rariny sy ny fampahoriana nihatra tamin' izy ireo ka naniry fatratra hamaly faty. Raha nivoaka izy indray andro dia nahita lehilahy Egyptiana nanavo-kavoka lehjlahy Isiraelita anankiray, dia nasiany ilay mpila ady ka matiny. Tsy nisy nahita ny zava-bita afa-tsy ilay Isiraelita, dia nasitrik' i Mosesy haingana tao amin' ny fasika ny faty. Nampiseho ny fahavononany hiaro ny voninahi-pireneny izy ary nanantena hahita azy hitsangana toy ny olona iray hamerina indray ny fahafahany. 'Ary nataony fa ho fantatry ny rahalahiny fa ny tànany no hamonjen' Andriamanitra azy; kanjo tsy fantany'5. Tsy mbola masaka ho amin' ny fanafahana izy. Ary nony ampitson' iny dia nahita Hebreo roa lahy niady Mosesy. Azo lazaina fa nanana ny diso ny iray amin' izy roalahy, ka nomen' i Mosesy ísiny. Nandà ilay meloka ka tsy nanaiky an' i Mosesy hanam-pahefana hiteny, fa niampanga azy tamin ny fomba mahamenatra hoe mpamono olona. 'Iza no nanendry an' ialahy ho mpanapaka sy mpitsara anay?" hoy izy taminy. 'Móa mikasa hamono ahy koa va ialahy, tahaka ny namonoan' ialahy ilay Egyptiana?'6 [12451]

Avy hatrany dia niely eran' ny tany izany zavatra izany ka tonga vetivety tany an-tsofin" i Farao, nefa nampitomboina be ihany. Naseho azy fa mety hiteraka fahavoazan-dehibe izao raharaha izao., mitady hitarika ireo rahalahiny hanohitra ny Egyptiana Mosesy; sy hanongana ny fitondram-panjakana ka hipetraka eo amin' ny seza fiandrianana; raha atao indray milaza dia tsy hisy filaminana mihitsy eto amin' ny fanjakana raha mbola velona izy. Avy hatrany dia nomelohin' ny mpanjaka ho faty izy. Rehefa reny ny loza mananontanona azy, dia nandositra nankany amin' ny lalana any Arabia Mosesy. Notarihin' Andriamanitra nankany amin' ny tranon' i Jetro mpisorona tao Midiana sy mpivavaka tamin' Andriamanitra marina izy ka

nanambady ny zanakavaviny tatý aoriana, ary tao no nitoetra nandritra ny efapolo taona. niandry ny ondry aman' osiny. [12451]

Latsaka tamin' ny fahadisoana mpahazo matetika ireo razambeny Mosesy tamin' ny famonoana Egyptiana. dia ny fahadisoana amin' ny fandraisana an-tanana ny asa izay nampanantenain ny Tompo fa ny tenany no hanatontosa azy. Tsy nikasa velively ny hanafaka ny olony tamin' ny alalan' ny ady araka ny niheveran' i Mosesy azy Andria- manitra, fa amin' ny alalan' ny herin' ny tenany. ka mba ho izy ihany no hahazo ny voninahitra rehetra. Nampiasainy anefa izany fahadisoana izany mba ho fanatanterahana ny sitrapony. Tsy mbola vonona ho amin' ny asa lehibe izay miandry azy Mosesy. Tahaka an' i Abrahama sy Jakoba dia ilainy koa ny mianatra tsy hiantehitra amin" ny hery sy ny fahendren' olombelona, fa amin' ny herin' Andria-manitra irery ihany, amin' ny fanaovana ny fikasan' Andriamanitra. Fanampin' izany, dia mbola nanana fianarana hafa hianarana koa Mosesy, any amin' ny fitokanana any an-tendrombohitra. Nianatra ny faharetam-po sy ny fifehezana ny filan' ny nofo izy tao amin' ny sekolin' ny fandavan-tena sy ny fihafiana. Nianatra ny fankatoavaini izy alohan' ny nahazoany nanapaka tamim-pahendrena. Fo manaiky tanteraka hotarihin' ny Any Ambony no ilainy mba hampianarany ny sitrapon' ny Avo Indrindra amin' ny olona, ary tsy maintsy izy mihitsy. no nampiana-tena hikarakara ireo rehetra nila azy toy ny fanaon' ny ray niteraka. [12461]

Tsy hisy olona hanaiky handalo fiofanana maharitra ela amin' asa jamba toy izany. Nataony fa fan daman' andro tsy misy antony ireo efapolo taona niantsoan' Andriamanitra ilay mpitarika ny olony, noho ny fahendreny tsy takalry ny saina, mba hatokany hanaovana ny adidy madinidinika fanaon' ny mpiandry ondry. Nanomana azy ho tonga mpiandry be fiantra sy mpitarika mahari-po voazaha toetra teo amin' Isiraely ny fikarakarana tsara sy ny tsy fiheveran- tena ary ny fiahiana feno fitiavana izay nizàiany tamin' ny fiandrasana ny ondry aman' osin' ny rafozany. Ny tombon-tsoa rehetra mety ho azo amin' ny fitaizana sy ny ianolokoloana ataon' ny olona dia tsy misy mahasolo ireny fahaizana ambony azony ireny. [12461]

Ankoatr' izany dia betsaka ny zavatra tsy maintsy nadinoin' i Mosesy. Na ny fitiavan' ilay reny nanangana azy. na ny fanaranarn-po amin' ny ratsy aseho eny rehetra eny amin' ny antoandrobenanahary, na ny fahaizan-javatra na ny fanambakana na ny fandrebirebena amin' ny fivavahana tsy izy, na ny firentirentin' ny fanompoan- tsampy, na ny asa kanto amin' ny fahaizana mari-trano sy sokitra, — ireny rehetra ireny dia samy tafaraikitra lalina tao am-pony sy tao amin' ny sainy vao herotrerony ka namolavola fahazaiana ho azy sy nanefy ny toetrany. Ny fotoana sy ny fiovan-toerana ary ny firaisana amin' Andriamanitra ihany no hany mety hikosoka ireny fahazaiana ireny. Tsy maintsy nitolona mafy tamim-pangirifiriana Mosesy, mba hahatomombana ny fanoloana ny hevi-diso tamin' ny marina. Andriamanitra anefa hamonjy sy hanohana azy rehefa mafy tsy tohan' ny heriny ny ady. [12471]

Samy tratry ny tsy fahatanterahana ny olona rehetra nofidin' Andriamanitra hanao asa lehibe teto an-tany. Tsy tokony hifikitra amin' izany voalaza izany anefa ny olona fatra-

pikiribiby sy maditra. Ny tokony hataony aza, dia ny haniry fatratra ny hotoroan' Andriamanitra ny amin' ny fomba fiasa ho Azy. Voasoratra hoe: 'ary raha misy aminareo 'tsy manam-pahendrena', aoka izy hangataka amin' Andriamanitra. Izay manome malalaka ho an" ny olona rehetra sady tsy mandatsa: ary dia homena azy izany'7. Tsy manome ny fahazavany ho an ny olona afa-po tanteraka ny hipetraka ao amin' ny haizina anefa Andriamanitra. Tokony hahatsapa ny fahalemeny sy ny kilemany ny olona izay ta-handray ny fanampian' ny Any Ambony. Tokony ho vonona hanaiky ny fanavaozana lehibe miasa ao anatiny izy ka hirotsaka amin-kafanam-po sy faharetana amin" ny asa sy ny fivavahana. Amin' ny alalan' ny finiavana hiova amin' ny fahazaran- dratsy nahazo ny tena no ahazoana ny fandresena. Firifiry akory ny olona tsy mahavita ny tokony ho vitany eo amin' ny asan' Andria- manitra noho izy miandry ny hanomezan' ny any an-danitra azy hery hahatontosany ny asa amin' ny alalan' ny tenany. Aoka izay rehetra ta-hanao fototr' asa mahasoa ny asan" Andriamanitra hanaiky handalo fifehezana ara-tsaina sy ara-panahy, amin' ny fahatokiany fa hahazo hery avy amin' Andriamanitra ampy hanohanana ny ezaka ataony izy. [12471]

Nitoetra irery niaraka tamin' Andriamanitra voahidy tao amin' ny tendrombohitra namefy azy manodidina Mosesy. Efa afaka tamin' ny fijerena ireo tempoly egyptiana nahajemby ny masony sý ny sainy izy, ary koa tamin' ny fahadisoana sy ny finoanoam-poana teo amin' ny fanompoam-pivavahana fanaony, ka azony natao izao ny mijery amim-piadanana ny tena fahambonian' ireo havoana mandrakizay, sy ny fahalehibeazan' Andriamanitra izay mifanohitra amin' ny faha-tsinontsinon' ny fanompoan-tsampy. Hitany voasoratra ombieny ombieny ny anaran' ny Mpahary, mahatsiaro ho eo anatrehany sy eo ambany fialofany izy na aiza na aiza alehany. Niala tsikelikely tao anatin' ny fahatsorana feno fifaliana tamin' ny fiainana tany an-tsaha ny fireharehana sy ny avonavona ary ny fitiavan-kaingo sy ny fiainana miaminkamina nananany. Nanjary nahatsindry fo sy sahy ary mahonom-po izy. Niorim-paka tamin' ny finoana Ilay Maherin' i Jakoba izy, ka tonga 'lehilahy nalemy fanahy mihoatra ny olona rehetra atý ambonin' ny tany '8. [12481]

Nandritra. ny fiainany nirenireny manerana ny tany foana midadasika, teo am-piandrasana ny andian' ondriny no nahatsiarovan' ity mpanjaka tonga mpiandry ondry ity ny fampahoriana nanjo ny iray firenena taminy. Nitamberina tamin' ireo lalana nitondran' Andriamanitra ny razambeny sy ny teny fikasana navela ho lovany ny sainy. Niakatra andro aman' alina tany an-danitra ny eritreriny. Nanazava azy tamin' ny fahazavan' ny Ianitra ny anjelin' Andriamanitra. Taona tondraky ny fitahiana, eny tondraka tsy ho an' ny tenany sy ny fireneny ihany, fa ho an' ny taranaka mandimby eran' izao tontolo izao, ireo taona nolaniany tany an' efîtra mangina. [12481]

Nandalo ny taona. 'Ary tao anatin' izany andro maro izany dia maty ny mpanjakan' i Egypta; ary ny zanak' Isiraely nisento noho ny fanompoany ka nitaraina. Ary Andriamanitra nandre ny fitarainany, dia nahatsiaro ny fanekeny tamin' i Abrahama sy Isaka sy Jakoba. Ary Andriamanitra dia nijery ny zanak' Isiraely ka naha- fantatra azy'9. Tonga ny andro fanafahana; ho tanteraka ny fikasan' Andriamanitra, ary ho lasa tsinontsinona ny rehaky ny

olona. Efa madiva hiseho amin' ny alalan' ny mpiandry ondry tambanivohitra iray ny mpanafaka, tsy mitondra afa-tsy fiadiana iray, dia ny tehina eny an-tanany izy; nefa avy amin' io tehina io, no anehoan' Andriamanitra ny heriny. Raha niandry ondry teo akaikin' i Horeba 'tendrombohitr' Andriamanitra', Mosesy indray andro dia nahatazana toe-javatra mahagaga: roimemy nirehitra afo hatreo amin' ny fotony ka hatrany amin' ny raviny, kanefa tsy nahalevonana. Raha nanatona hijery io fahitana io Mosesy, dia nisy feo niantso azy tamin' ny anarany avy tao anatin' ny lelafo. Tora-kovitra indrindra izy, ka namaly hoe: 'Inty aho!' Dia nampitandrina azy ilay feo mba tsy hanakaiky amin' ny fitiavan- kijery maniratsira: 'Esory ny kapanao amin' ny tongotrao, fa tany masina io ijanonanao io. Izaho no Andriamanitry ny razanao, dia Andriamanitr' i Abrahama sy Andriamanitr' Isaka ary Andria- manitr' i Jakoba'10. Ny feo dia feon' Ilay niseho tamin' ny razambeny fahiny tamin' ny anarana hoe 'Anjelín' ny fanekena'. 'Dia nisaron-tava Mosesy, fa natahotra hijery an' Andriamanitra izy'. [12481]

Toe-tsaina lalina sy feno fanajana no aoka hoentin' izay rehetra miseho eo anatrehan' ny Avo Indrindra. Azontsika atao ny manatona an' Andriamanitra amin' ny anaran' i Jesosy amim-pahatokiana, fa tsy amim-pahasahisahiana mieboebo, toy ny hoe mitovy saranga Aminy iny isika. Misy olona miteny amin' Ilay Andriamanitra lehibe sy masina ary mahatahotra 'Izay mipetraka any amin' ny fahazavana tsy azo atonina', tahaka ny fiteny amin' ny olona mitovy aminy na ambany noho izy. Ny hafa indray mitondra tena ao an-tranon' Andriamanitra amin' ny toetra tsy sahiny atao ao amin' ny efitrano fandraisan' olona an' ny mpanjakan' ny tany. Tokony hotsaroan' ireny olona ireny, fa manoloana Ilay ivavahan' ny serafima sy anaronan' ny anjely ny tavany izy. Izay rehetra mahatsapa marina tokoa ny fanatrehan' Andriamanitra dia manatona Azy amin' ny fitsaohana masina ka miankohoka eo anatrehany amim-panetren- tena. Tahaka an' i Jakoba nahita ilay fahitana tao Betela no hiantsoan' izy ireo hoe: 'Endrey, mahatahotra ity fitoerana ity! tsy hafa ity fa tranon' Andriamanitra sy vavahadin' hy lanitra" ! [12491]

Raha mbola nihaino tamin-tahotra masina Mosesy, dia nitohy ilay feo: 'Efa hitako tokoa ny fahorian' ny oloko izay any Egypta, ary efa reko ny fitarainany noho ny ataon' ny mpampiasa azy, eny fantatro ny alahelony ; dia efa nidina Aho izao hamonjy azy amin' ny tànan' ny Egyptiana ka hitondra azy hiakatra hiala amin' izany tany izany ho any amin' izay tany soa sy malalaka, dia any amin' ny tany tondra-dronono sy tantely. Koa avia ankehitriny hianao hirahiko ho any amin' i Farao hitondra ny Zanak' Isiraely oloko hivoaka avy any Egypta'. [12491]

Jenjina sady raiki-tahotra i Mosesy nandre izany baiko izany ka niverina sady niantso mafy hoe: 'lza moa aho no hankany amin* i Farao sy hitondra ny Zanak- Isiraely hivoaka ho any Egypta?" 'Homba anao tokoa Aho; ary izao no famantarana ho anao fa Izaho no efa naniraka anao: rehefa entinao mivoaka avy avy Egypta ny olona. dia hanompo an' Andriamanitra eto amin' ity tendrombohitra ity hianareoo. [12501]

Teo am-pandinihana ny fahasahiranana tsy maintsy setraina sy ny tahajamban-tsaina, ny tsy fahalalana ary ny tsy finoan' ny iray Firenena aminy izay betsaka taminy no tsy nahalala an' Andriamanitra dia hoy Mosesy tamin' Andriamanitra: 'lndro, rehefa tonga any amin' ny Zanak' Isiraely aho ka manao aminy hoe: Andria- manitry ny razanareo no efa naniraka ahy ho atý aminareo, ary hanao amiko hoe kosa izy: Iza moa no anarany? dia ahoana no havaliko azy? Ary hoy Andriamanitra tamin' i Mosesy: IZAHO, IZAY IZY HATRIZAY HATRIZAY KA HO MANDRAKIZAY. Ary hoy koa Izy: Izao no holazainao amin' ny Zanak' Isiraely: Izy Izay Jehovah no efa naniraka ahy ho atý aminareo'. [12501]

Dia nahazo baiko Mosesy hanangona ny loholon' ny Isiraely aloha, dia ireo izay marina indrindra, sy nisento hatry ny ela tao anatin' ny fanandevozana. mba hitondra ho azy ireo hafatra sy fampanantenana fanafahana avy amin' Andriamanitra. Lasa niaraka tamin' ireo olona ireo nankany amin' i Farao izy ka nilaza taminy hoe: 'Jehovah Andriamanitry ny Hebreo efa nihaona taminay; ary ankehitriny trarantitra hianao, aoka handeha làlan-kateloana any an-efitra izahay mba hamono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah Andriamanitray". [12501]

Efa nampahafantarina an' i Mosesy fa handà tsy hanaiky ny fangatahany Farao. Nefa tokony tsy ho ketraka izy. satria ho hararaotin' Andriamanitra izany mba hanehoany ny heriny eo imason' ny Egyptiana sy ny olony. 'Dia haninjitra ny tànako Aho ka hamely an' i Egypta amin" ny fahagagana rehetra izay hataoko aminy; ary rehefa afaka izany, dia vao handefa anareo Farao". [12501]

Nasainy nanoniana izay vatsy nilaina teny an-dalana ny Zanak' Isiraely: 'Ka raha handeha hianareo. dia tsy mba handeha maina. Fa ny vehivavy samy hangataka firavaka volafotsy sy volamena ary fitafiana amin' ny miray monina aminy sy amin' izay mivahiny ao an-tranony'. Efa nanan-karena tamin' ny asa tsy ara-drariny nampanaoviny ny Zanak' Isiraely ny Egyptiana. Noho izany dia rariny raha nitaky ny tambin' ny asa mafy nataony nandritra ny taona maro ny Zanak' Isiraely raha nandeha niverina nody amin' ny tany vaovao ho lovàny. Tamin' izany no nangatahany zavatra sarobidy mora entina. Afa-tsy izany dia nataon' Andriamanitra nahita fitia teo imason' ny Egyptiana izy ireo. Harhely ireo mpampiasa azy ny loza mafy natao ho fanafahana azy ka hahatonga azy hanaiky ny fangatahan' ireo olona nandevoziny. [12511]

Nahatsinjo zava-nisakana tsy azo nilioarana teo anoloany anefa Mosesy. Fomba ahoana no hataony mba haharesy ny iray firenena aminy ka hiaikeny fa naniraka azy tokoa Andriamanitra? Hoy izy tamin' ilay feo avy any an-danitra: 'Indro, tsy hino ahy na hihaino ny feoko izy, fa hanao hoe: tsy niseho taminao Jehovah'. Ho porofo fa niantso azy Andriamanitra. dia nomeny famantarana teo ambany maso izy: 'Atsipazo amin' ny tany ny tehinao. Dia natsipin' i Mosesy tamin ny.tany ny tehiny ka tonga menarana. Dia nandositra azy Mosesy w11. Nahazo baiko indray izy.hanatsofoka ny tanany tao an-tratrany; dia nataony izany, ary nony notsoahany, 'dia indro boka ny tànany ka fotsy tahaka ny orampanala. Dia nasain' Andriamanitra natsofony tao an-tratrany indray, ary nony notsoahany tamin' ny tratrany. dia, indro. efa tonga tahaka ny hodiny indray izy'. Nanome toky an' i Mosesy Jehovah fa ho resy

lahatra amin’ ireo famantarana ireo na ny vahoakany na i Farao. fa misy anankiray mahery lavitra noho izy ireo eo aminy. [12511]

Nefa mbola raiki-tahotra ihany ilay lehilahin’ Andriamanitra teo am-pieritreretana ny asa lehibe sy mahatalanjona izay iniandry azy. Noho ny tahotra nahazo azy. dia niaro-tena tamin’ ny fialan- tsiny izy fa tsy mahay miteny ; ‘ Tompoko, hoy izy. olona tsy mahay inandaha-teny aho, na hatrany aloha na hatramin’ izao itenenanao izao aza ; fa votsa vava sy miadam-piteny aho’. Efa elabe no nialany tany Egypta ka tsy hainy tsara intsony ny fiteny fanao any. [12511]

‘Ary hoy Jehovah taminy: Iza moa no nanao ny vavan’ ny olona? ary iza no mampahamoana. na mampaharenina na mampahajamba? tsy Izaho Jehovah va? Koa ankehitriny, dia mandehana, fa Izaho no homba ny vavanao ka hanoro anao izay holazainao’. Nitaraina ary Mosesy mba hisy olona mahay miteny noho izy hofidiana hisolo azy. Noho ny tahotra sy ny fanetren-tena no nanaovany izany fialan-tsiny izany tamin’ ny voalohany. Nampanan- tena azy anefa Andriamanitra fa hanaisotra ny fahasahiranana rehetra sy hanome fahombiazana tanteraka, koa rehefa mety ho fisalasalana sy aloky ny tsy fahazoana manao dia mitory fiampangana an’ Andriamanitra ho tsy mahay manatanteraka ny teny fikasany na diso tamin’ ny fifidianana azy. [12521]

Dia notendren’ i Jehovah ho azy, Arona rahalahiny, izay mahay malama tsara ny fiteny egyptiana. ‘Ary indro koa avy hitsena anao izy. Dia hiteny aminy hianao ka hanolo teny azy, ary Izaho homba ny vavanao sy ny vavany ka hanoro anareo izay hataonareo. Ary izy hiteny amin’ ny olona hisolo anao, ka dia izy no ho solovavanao, ary hianao kosa ho solon’ Andriamanitra aminy. Dia ho entinao eny an-tànanao io tehina io, izay hanaovanao ireo famantarana ireo’. Hentitra ny baiko. Nalana rehefa mety ho fialan-tsiny, tsy azo atao intsony ny mivadika.. [12521]

Nahatonga an’ i Mostesy hatahotra sy tsy hatoky tena ny fiantsoan’ Andriamanitra, nampianahana sy nahasanganehana azy ny fieritreretana ny tsy fahaizany ho mpitondra ny tenin’ Andriamanitra amin’ ny olona. Fa rehefa nanaiky hiasa kosa izy, dia nirotsaka nanao izany tamin’ ny fony rehetra sy ny fahatokiana feno an’ Andriamanitra. Mitaky fanolorana feno ny tsara indrindra amin’ ny tsilon-tsainy ny fahalehibeazan’ io adidy io. Novalian-tsoa ny fankatoavany tsy nisy fihambahambana, ka tonga nahay nandaha- teny sy nijery mazava ary tompon’ ny tenany izy, izany hoe raha atao indray milaza dia afaka hisahana ny asa lehibe indrindra azo apetraka ataon’ ny taranak’ olombelona. Tsy inona izany fa ohatra ny amin’ izay azon’ Andriamanitra atao mba hanatanjaka ny toetran’ ireo olona izay mitolo-batana hanaraka ny sitrapony sy ny heriny. [12521]

Hahazo ny hery rehetra sy ny faho.nbiazana ilainy ny olona izay manaiky ny andraikitra natolotr’ Andriamanitra azy sy name- traka ny fony rehetra ho amin’ izany. Hahatratra ny tena fahalehi- beazana izay miezaka hanao ny adidy napetraka taminy amim- pahatokiana, na tsotra toy inona ny toerana tanany ary na voafetra toy inona ny talenta ananany. Raha niantehitra tamin’ ny hery sy ny fahendrena nananany Mosesy - ka nanaiky avy hatrany ny asa mavesatra

nasaina nataony, dia hita fa tsy izy no olona nilaina hanao izany. Izay mahatsiaro ny fahalemeny ihany no mampiseho fa mahatsapa ny fidadasiky ny asa napetraka taminy sy afaka hiankina amin' ny hery sy ny torohevitr' Andriamanitra. [12521]

Niverina tany amin' ny rafozany Mosesy ka nilaza taminy ny faniriany handeha hamangy ireo rahalahiny any Egypta. 'Mandehana soa aman-tsara", hoy Jetro taminy, dia nanaiky ny fangatahany izy ka nitso-drano azy. Dia lasa Mosesy, niaraka tamin' ny vady aman- janany. Tsy sahiny nolazaina ny anton-dia alehany, sao dia tsy avela handeha ny ankohonany. Alohan' ny nahatongavany tany Egypta anefa, dia noheveriny fa fahendrena ny mandefa azy miverina any Midiana, any an-tranon-drainy sy ny razany. [12531]

Ny zavatra anankiray tsy namparisika an' i Mosesy hiverina tany Egypta, dia ny tahotra tao anatiny ny hifanatri-tava tamin' i Farao sy ireo mpanolo-tsaina azy, izay nanohitra azy efapolo taona talohan' izao. Raha vao tapa-kevitra anefa izy, dia nilazan' Andriamanitra fa efa maty ireo fahavalony. [12531]

Teny an-dalana ho any Egypta, dia nandray fampitandremana manaitra Mosesy, fa tsy faly Andriamanitra. Nisy anjely anankiray niseho taminy, mahatahotra toy ny fahavalo vonona hamely azy ho faty no fijery azy. Tsy nomena fanazavana momba izany izy na kely akory aza. Tsaroan' i Mosesy anefa, fa tamin' ny fanekena ny hataky ny vadiny, dia nataony tsirambina ny nampihatra ny fitsipika nataon' Andriamanitra mikasika ny famorana ny zananilahy faharoa, dia ilay fitsipika tsy ananana anjara amin' ny tso-drano avy amin' ny fanekena nifanaovan' Andriamanitra tamin' Isiraely. [12531]

Ny tsirambina mitovy amin' izany ataon' ny olom-boafidin' Andriamanitra dia tonga manalefaka ny lanjan' ny didin' Andriamanitra eo anatrehan' ny vahoaka. Mety hiharan-doza mafy Mosesy amin' ny fanatontosana ny asa nampanaovina azy teo amin' i Farao. Tsy ho voaaro ny ainy raha tsy noho ny fiarovan' ny anjely izay tsy azony ianteherana raha tàhiny misy tsirambina vitany tamin' ny adidiny. Natahotra ny hahafaty ny vadiny Zipora, ka ny tenany mihitsy no namora ny zanany. ary izay vao navelan' ny anjely nanohy ny diany Mosesy. [12531]

Tsy ho afa-mandositra ny fahafatesana ny olo.-marina raha tsy avy amin' ny asa fanompoana ataon' ny anjely masina, mandritra ny andro fahoriana izay ho tonga mialoha indrindra ny fiverenan' ny Tompo. Tsy mba hahazo izany fiadanana izany anefa ireo mpandika ny didin' Andriamanitra. Tsy afaka hiaro izay mivelona amin' ny fandikana ny fitsipika iray amin' ny didin' Andriamanitra ny anjely, amin' izay andro izay. [12541]

Toko 20 - Ny Loza tany Egypta

Nirahin' ny anjely Arona hitsena an' i Mosesy rahalahiny, izay efa nisaraka taminy elabe. Tafahaona tao Horeba izy mirahalahy, tany an' efitra mangina, ka nifampiresaka maharitra ela. 'Dia nambaran' i Mosesy tamin' i Arona izay teny rehetra efa nanirahan' i Jehovah azy sy izay famantarana rehetra efa nandidiany azy". Lasa niaraka nankany Fgypta izy, ka, rehefa tonga tany amin' ny i tany Gosena, dia novoriany ny loholon' ny Isiraely. Ary nolazain' i Arona ny teny rehetra izay nolazain' Andriamanitra tamin' i Mosesy, sady nataony teo imason' ny olona ny famantarana. Dia nino ny olona, ary rehefa reny fa Jehovah efa namangy ny Zanak' Isiraely ka efa nitsinjo ny fahoriany, dia niondrika izy ka niankohoka'1 [12551]

Nahazo hafatra holazaina ny mpanjaka kosa i Mosesy, dia lasa i niaraka nankany an-dapan' i Farao izy mirahalahy noho ny maha- masoivohon' ny Mpanjakan' ny mpanjaka azy. Dia niteny tamin' ny anarany izy hoe: 'Alefaso ny oloko mba hanao andro firavoravoana ho Ahy any an' efitra". [12551]

Fa hoy ny mpanjaka taminy: 'Iza moa Jehovah no hekeko ; teny handcfasako ny Isiraely ? tsy fantatro izay Jehovah, ka tsy halefako ny Isiraely. [12551]

'Ary hoy izy roalahy Andriamanitry ny Hebreo efa nihaona taminay ; koa trarantitra hianao, aoka handeha lalan-kateloana any an' efitra izahay hamono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah Andriamanitray, fandrao Izy hamely anay amin' ny areti-mandrin- gana, na amin' ny sabatra". [12551]

Efa tonga hatrany an-tsofin' i Farao ny vaovao ny amin' ny fahatongavan' izy mirahalahy sy ny fankasitrahan" ny olona azy. Noho ny fiheverany fa efa nahafaty antoka ny fanjakany ny fisehoan' ireo vahiny ireo, dia nirehitra ny fahatezerany: 'Nahoana hianareo, ry Mosesy sy Arona no manaketraka ny olona amin' ny asany ? Indro, efa maro ankehitriny ny olona eto amin' ny tany, ka hianareo mampitsahatra azy amin' ny fanompoana mafy?'. [12561]

Efa saika tsy nahafantatra ny lalàn' Andriamanitra intsony ary niala tamin' ny fitsipika nomeny mihitsy ny taranak' i Jakoba, nandritra ny fanandevozana azy. Nilaozana manontolo ny Sabata, toa nahatonga ny fitandremana tsy ho azo atao ny fangejana nataon' ireo lehibe mpitarika ny fanompoana mafy. Noho izany no antony nilazan' i Mosesy tamin' ny mpiray firenena taminy fa fepetra voalohany miantoka ny fanafahana azy ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra; efa tafakatra hatrany amin' ireo mpampiasa ny tolona nataony mba hampodiana amin' ny laoniny ny fitandremana ny Sabata.2 [12561]

Rehefa nahazo porofo marina ny mpanjaka, dia nahiny ho nikomy sy nandao ny asa nampanaovina azy ny Zanak' Isiraely. Tsy inona izany tetika izany, hoy ny fiheverany, fa vokatry ny fahalainany, noho izany dia nataony izay tsy ananany fotoana hanomanana izany teti-dratsy mampidi-doza izany. Avy hatrany dia namoaka didy izy mba hanamafisana ny gadrany sy hamongorana ao anatiny rehefa mety ho fanahim-pitadiavana fahaleovan-tena. Androtr' iny ihany dia nisy baiko nomena hahatonga ny fanompoany vao mainka ho mafy sy

manahirana. Fampiasa nahazatra tamin' ny fanaovan-trano ny biriky nahahy tamin' ny hainandro. Mpanompo hebreo marobe no niasa tamin' ny fanaovana azy. Natao tamin' ny biriky ireny, voalalotra vato voapaika ny eo ivelan' ny rindrin' ireo tranobe tsara tarehy. Ampifangaroina amin' ny tanimanga anaovam- biriky ny mololo mba hiraikitra kokoa, ary be dia be ny moiolo nilaina tamin' izany. Nandidy anefa ny mpanjaka mba tsy homena mololo intsony ny mpanao biriky, ka dia izy ihany no handeha hanangona, kanefa ny isan' ny biriky fanaony teo aloha dia mbola hataony ihany. [12561]

Nahareraka ny fon' ny olon' Isiraely izany didy navoaka izany. Noho ny didin' ny mpanjaka anefa dia niely eran' ny tany Egypta rehetra ny olona mba hifako vodivary ho solon' ny mololo, nefa tsy nahavita ny isan' ny biriky teo aloha izy; noho ny baikon' ireo mpampiasa egyptiana dia nokapohina mafy ny mpifehin' ny Zanak' Isiraely ka lasa nitaraina tamin' i Farao. [12571]

Tamim-panarabiana no nandraisan' ny mpanjaka azy hoe: 'Malaina dia malaina hianareo! ka izany no anaovanareo hoe: Aoka handeha izahay hainono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah'. Nampandehanina nanao ny asany ny olona rehefa nilazan' ny mpanjaka fa tsy hohamaivanina akory ny fanompoany mafy. Ary izy ireo dia nihaona tamin' i Mosesy sy Arona, izay nijanona niandry azy, raha avy tany amin' i Farao izy; dia nisafoaka izy ka hoy izy tamin' izy roalahy: 'Jehovah anie hijery sy hitsara anareo, satria efa nataonareo nangidy hoditra eo anatrehan' i Farao sy eo anatrehan' ny mpanompony izahay, ka nasianareo sabatra eo an-tànany hamonoany anay !' [12571]

Ketraka ny fon' i Mosesy teo am-pandrenesana izany faniniana izany. Vao mainka nitombo betsaka ny fahoriana nanjo ireo rahalahiny. Eran' ny tany rehetra dia nitoloko noho ny fahoriany sy nanome tsiny an' i Mosesy noho ny fitomboan' ny loza nanjo azy na lehibe na kely. Dia lasa izy namboraka teo anatrehan' Andriamanitra ny ngidin' ny fanahiny rehetra: 'Tompo ò, nahoana no nahatonga loza tamin' ity firenena ity Hianao? Fa hatrizay nankanesako tao amin' i Farao mba hiteny amin' ny anaranao izay, dia nahatonga loza tamin' ity firenena, ity izy; nefa tsy namonjy ny olonao akory Hianao!" Izao teny izao no navaliny azy: 'Ankehitriny ho hitanao izay hataoko amin' i Farao: fa ny tà.nako mahery no handefasany azy, ary ny tànako mahery no handroahany azy amin' ny taniny'. Dia naverin' Andriamanitra nolazaina taminy ny fanekena nataony tamin' ireo razany, nanomezany toky fa ho tonga any amin' ny tany nampanantenainy izy. [12571]

Nisy ihany ny Zanak' Isiraely vitsivitsy nijanona tsy niala tamin' ny fanompoana an' i Jehovah, nandritra ny fotoan' ny fanande- vozana. Naratra ny fon' ireny olona ireny nahita ireo zanany nanatri- maso ny fahavetavetana nataon' ny jentilisa nefa niankohoka teo anatrehan' andriamanitra tsy izy ny tenany; dia nitaraina tamin' i Jehovah izy ireo mba hanafahany azy tamin' ny fanandevozan' ny Egyptiana. Tsy nanafina ny finoany izy, fa nambarany tamin' ireo mpampiasa azy fa ny Mpahary ny Ianitra sy ny tany no anton' ny fivavahany, dia Ilay hany Andriamanitra velona sady marina sy nitanisa tsirairay teo anatrehany ireo porofon' ny heriny nanomboka tamin' ny famoronana ka hatramin' ny andron' i Jakoba. Avy amin' izany

no nahazoan' ny Egyptiana nahafantatra ny fivavahana Hebreo. Noho ny fiavonavonan' ny fony be loatra dia tsy nety hampianarin' ny mpanompo izy ireny ka nandramany hototofana fampanantenana sy valisoa ireo mpivavaka ireo, ary raha tsy nahomby izany dia fandrahonana sy herisetra no nampiasainy. [12571]

Niezaka hampijoro ny finoan' ireo rahalahiny efa nihozongozona ny loholon' ny Isiraely tamin' ny fampahatsiahivana azy ireo teny nolazain' i Josefa teo am-pialan' aina izay nanambara mialoha ny fanafahana azy. Ao ny sasany nandre dia nino; ao ny sasany tsy nino izany fa voaiamban' ireo toe-javatra mampalahelo nitranga vao haingana. [12581]

Eo ankilany, raha nandre izay nolazaina tamin' ireo Hebreo ny Egyptiana, dia nanaraby ny fanantenany fahafahana sy naneso ny hery ananan' ny Andriamaniny. Noho ny fiheverany azy ho mpanompo dia nitenenany izao' fihantsiana izao: 'Raha marina sy be famindrampo Andriamanitrareo, sy manana fahefana mihoatra noho ny an' ny andriamanitra egyptiana, nahoana Izy no tsy nanafaka anareo?' Dia hoy koa izy: 'andriamanitra tsy izy araka ny filazanareo no tompoinay, nefa jerenareo ange fa firenena manankarena sy mahery izahay. Ny andriamanitray no nahatonga anay ho ambinina sy nahatonga anareo koa ho mpanomponay; nanome hery anay hampahory anareo; ary raha azo atao aza dia handringana ny mivavaka amin' i Jehovah izy'. Farao kosa etsy andaniny nanao antso avo fa tsy afaka hanavotra ny olony ny Andriamanitry ny Hebreo. [12581]

Nihozongozona ny finoan' ny ankamaroan' ny Zanak' Isiraely raha nahare izany teny izany, ka niraika tamin' ny hevitra nolazain' ireo mpampahory azy izy. Marina aloha fa mpanompo izy ary azon' ireo tompo lozabe hatao ny manao izay tiany atao aminy. Nosambo- rina ny zanany ka novonoina, ary nanahirana azy na dia ny fiainana aza. Nefa hoy izy, na eo aza izany dia hanompo ny Andriamanitry ny Ianitra ihany izahay. Raha tahiny marina tokoa fa ambony mihoatra noho ny andriamanitra rehetra Jehovah, dia tsy hamela anay ho eo ambany ziogan' ny mpanompo sampy tokoa Izy. [12581]

Fantatry ny mpino koa anefa fa noho izy nihataka nanalavitra an' Andriamanitra sy tsy natahotra ny hifanambady tamin' ny jentilisa, ary ny nivarinany tamin' ny fanompoan-tsampy no namelany azy ho andevo. Nataony antso avo niaraka- tamin' ireo rahalahiny koa anefa fa vetivety dia ho avy Jehovah hanapatapaka ny ziogan' ny mpainpahory. Dia nanantena ny hahazo hamerina ny fahaleovan- tenany nefa tsy ho voakasi-pisedrana ny finoana ananany na iharam- ; pahoriana sy fihafiana ny vahoaka Hebreo. Tsy mbola masaka ho amin' ny fahafahana izy. Tsy mbola vonona hisetra fahoriana mandra-pisehon' Andriamanitra hanampy ny finoana mangozohozo ananany. Naleon' ny maro tamin' izy ireo niaritra ny fanandevozana, toy izay hisetra ny sorisory tsy misaraka amin' ny fifindra-monina. Ao koa ny hafa efa zatra loatra ny fomba fanaon' ny Egyptiana: ka naleony nijanona teo amin' ny tany nisy azy. [12591]

Tsy azon' Andriamanitra natao ny hanafaka azy noho izany , antony izany raha vao niandoha naneho ny heriny teo anatrehan' i Farao Izy. Nomeny fotoana ny mpanjakan' i

Egypta mba hampi- i baribary tsara ny toetra lozabe ananany, fa Izy kosa haneho ny tenany i amin' ny olona mba hahatonga ny olony haniry handao an' i Egypta ka hanolo-tena hanompo Azy rehefa mahita ny heriny sy ny fahamarinany ary ny fitiavany. [12591]

Teo am-piandrasana dia nanamaivamaivana ny asan' i Mosesy kokoa ny fikirizan' ny Zanak' Isiraely maro tamin' ny sori-dalana nomen' Andriamanitra. Nasaina niverina tany amin' ny olona izy mba hamerina indxay ny teny fampanantenana fahafahana niaraka tamin' ny fanomezan-toky vaovao momba ny fahasoavan' Andriamanitra. Dia nataony izany, nefa izy tsy nihaino an' i Mosesy noho ny fahoriam-panahy sy ny fanompoana mafy. Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: 'Mankanesa ao amin' i Farao, mpanjakan' i Egypta, ka mitenena aminy mba handefasany ny Zanak' Isiraely hiala amin' ny taniny'. Kivy Mosesy ka hoy izy: 'Indro, ny Zanak' Isiraely aza tsy nihaino ahy, ka ahoana no hihainoan' i Farao ahy?' Nasain' Andriamanitra niaraka tamin' i Arona, niverina tany amin ny mpanjaka indray izy sy nangataka taminy mba hitondra ny Zanak' Isiraely hivoaka avy amin ny tany Egypta. [12591]

Natoron' Andriamanitra azy niaraka tamin' izany koa anefa, fa tsy hamela azy handeha mihitsy ny mpanjaka mandra-pandrotsany loza ho fanehoana ny heriny amin' ny tany Egypta. Tsy maintsy nitantara mivantana tamin' ny mpanjaka ny toetoetry ny loza sy izay mety ho vokatr' izany Mosesy, mba hahazoany miala amin' izany raha tiany, alohan' ny hianjeran' ny fitsaran' Andriamanitra. Hodimbiasan' ny loza hafa mafimafy kokoa ny loza tsirairay avy, mandra-pahatongan' ny andro hanetreny ny fony, ka hahalalany fa Andriamanitra velona sy marina Ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany. Omen' i Jehovah fotoana hahitany ny maha-zava-poana ny fahendren' ireo olo-malaza eo aminy sy ny maha-tsinontsinona ireo andriamanitra izay tompoiny ny Egyptiana mba hampitahainy amin' ny tenin' i Jehovah. Nofaizin' i Jehovah tàmin' ny fanompoan-tsampy nataony ny olona ary izany no nampangina ny fiderana nanompoany ireo andriamani-tsy iziny. Tamin' izany no nisandratan' ny anarany mba hangovitan' ireo firenena izay nandre izany ka hahafaka ny olony amin' ny fanompoan-tsampy sy hitarika azy hanao fanompoam- pivavahana mendrika Azy. [12591]

Nitsofoka fanindroany tao amin' ny lapa soan' ny mpanjaka Mosesy sy Arona. Nijoro teo anoloan' ny mpanjaka mahery indrindra teto an-tany voahodidin' ny andry tsara tarehy sy ny ravaka manjelan- jelatra, ary ny tsangambaton' ny andriamani-tsy izy mirentirenty mahaflnaritra izy ireo. Mitsangana eo anatrehany mamerina ny iraka nampanaovin' Ilay Andriamanitra mitaky ny fandefasana ny Isiraely, izy roalahy solontenan' ilay foko nandevozina. Nangataka fahagagana manaporofo ny fahamarinan' ny iraka nampanaovina azy ireo ny mpanjaka. Raha vao vita izay rehetra nandidian' i Jehovah dia natsipin' i Arona teo anatrehan' i Farao ny tehiny ka tonga menarana. 'Dia nampanalain' ny mpanjaka ny olon-kendry sy ny mpanana ody ary ireo ombiasy tao Egypta. ka samy nanipy ny tehiny avy izy ireo ka tonga menarana ireny; nefa ny tehin' i Arona nitelina ny tehin' ireo". Tamim-pireharehana no nilazan' ny mpanjaka fa tsy latsa-danja amin' i Mosesy sy Arona ireo ombiasiny. Tsy nampa- ninona azy akory ny nandà ny hataka nataony sy nilaza ireo mpanompon' i Jehovah ireo ho mpamitaka, kanefa tsy sahiny nasian-dratsy na dia kely aza. [12601]

Io fahagagana io izay nokendrena mba hampiaiky azy fa ‘Ilay IZAHO IZAY IZY lehibe’ no naniraka ireo mpaminany ho any aminy, dia ny tanan’ Andriamanitra no nanao izany, fa tsy Mosesy sy Arona akory, saingy nalain’ ireo ombiasy tahaka tamin’ ny herin’ i Satana andriamaniny izany. Tsy tena nahay nanova ny tehina ho menarana anefa ny ombiasy. Tamin’ ny alalan’ ny fankatovana - izay fiasana iray eo am-pelatanan’ ilay mpamitaka lehibe no nahazoany nanao ny hala tahaka. Tsy manam-pahefana hamorona aina ny mpanjakan’ ny maizina, na dia nanana ny fahendrena sy ny hery rehetra ananan’ ny anjely rehetra lavo aza. Tombon-tsoa ananan’ Andriamanitra irery ny manome aina. Tsy vitan ny herin’ i Satana ny manova ny tehina ho menarana velona (misy aina): hala tahaka, izany fotsiny no mba vitany. Tsy nisy ivoasana tamin’ ny an’ i Mosesy ireo menarana sandoka ka tonga nino Farao sy ny tandapany fa niova ho menarana ny tehina. Raha nitelina ny an’ ireo ombiasy ny menaranan’ i Mosesy, dia tsy noheverin’ ny mpanjaka ho herin’ Andriamanitra akory izany fa noraisiny fotsiny ho toy ny fankatovana ambony noho ny an’ ireo mpisikidy teo aminy. [12601]

Nomen’ i Satana saina hanao fialan-tsiny ny mpanjaka mba handà ny didin’ i Jehovah sy ny fahagagana nampanaovin’ Andriamanitra an’ i Mosesy. Nolazainy tamin’ ny Egyptiana fa karazan’ ombiasy ihany izy mirahalahy ireo ary ny hafatra entiny dia tsy manambara velively akory fa tokony hohajaina ny baikon’ Ilay Andriamanitra Ambony. Nahatratra ny fetra nokendreny ny hala tahaka nataon’ i Satana: dia ny famporisihana ny Egyptiana hikomy sy Farao hanamafy ny fony. Nantenainy tamin’ izany koa ny hanozongozonana ny finoan’ i Mosesy sy Arona ny maha-avy amin’ Andriamanitta ny asa nanirahana azy ka tsy hahatanteraka amin’ izany ny famotsorana ny Zanak’ Isiraely. [12611]

Nanan-java-maizina hafa nokendrena koa ny andrianan’ ny maizina tamin’ ny nisandohany ny fahagagana nampanaoviny ny ombiasy. Fantany fa ny fanapahan’ i Mosesy ny ziogam-panande- vozana nitambesatra tamin’ ny Isiraely dia manambara azy ho tandindon’ Ilay Andriamanitra Mpanafaka izay hampitsahatra ny fianjadian’ ny fahotana eo amin’ ny taranak’ olombelona. Fantany koa fa rehefa tonga ny Mesia dia hisy fahagagana lehibe hanaporofo amin’ izao tontolo izao fa Izy no Ilay nirahin’ Andriamanitra ;ka dia r.ihorohoro ny amin’ ny fanapahana notanany izy. Nantenain’ i Satana tamin’ ny fandravana ny asan’ i Mosesy fa tsy ny fanafahana ny Isiraely ihany no ho rava fa hisy akony koa eo amin’ ny taonjato ho avy ny tsy finoana ny fahagagana hataon’ ny Mpamonjy ka mody nailika tamin’ ny hakingana sy ny herin’ olombelona izany. Dia toy izany hatry ny ela no niezahany hikosoka ao an-tsain’ ny maro ny finoana an’ i Jesosy ho Zanak’ Andriamanitra sy hanafoana ny. fanolorana feno fitiavana ny famonjena mandrakizay. [12611]

Ny ampitso maraina. dia voatery nankany amoron’ i Neily Mosesy sy Arona izay toerana tian’ ny mpanjaka nandehanana ivavahana noho ny fiheverany an’ i Neily ho andriamanitra, tamin’ ny faha- vokarana sy ny harena be nentiny ho an’ ny tany Egypta rehefa tondraka ‘izy isan-taona. Namerina ny iraka nampanaovina azy indray izy mirahalahy; dia nahinjiny ny tehiny ka nokapohiny ny rano. Nanjary ra ireo onjany voahasina. Maty ny hazandrano, ka maimbo ny rivotra rehetra noho ny fofona. Nanjary ra koa ny rano notehirizina tany anaty lava-

drano sy tany an-trano. 'Ary ny ombiasy tao Egypta dia nanao toy izany koa tamin' ny fankatovany. dia niverina Farao ka nankao an-tranony. Kanefa tsy mba nahoany akory na dia izany aza'. Naharitra hafitoana ny loza, nefa tsy nampihontsona azy akory. [12621]

Nahinjiny teo ambonin' ny ranon' i Neily indray ny tehina dia niakatra ny sahona ka nandrakotra ny tany rehetra. Tonga nampahory hatrany an-trano sy ny trano fandriana ireny ary tany amin' ny fanendasa-mofo sy ny vilia fanaova-mofo. Tsy sahy namono ity zava-doza malamalama nanorisory ity ny Egyptiana noho ny fiheverany ny sahona ho zava-masina. Feno sahona hatrany an-dapan' i Farao ka dodona izy hialan' izany. Ireo ombiasy izay niezaka hanao toy izany koa, dia tsy naharoaka ireny. Sahiran-tsaina ny 'mpanjaka ka nampaka an' i Mosesy sy Arona ary nanao hoe: 'Mangataha amin' i Jehovah hampialany ny sahona amiko sy amin' ny vahoakako; dia halefako ny olona mba hanao fanatitra ho an' i Jehovah'. Nampahatsiahiviny azy ny vava efa nataony ary izy ihany no nasaina hametra ny andro hanalana ny loza. Ny ampitso no notendren' ny mpanjaka satria nantenainy teo anenanelampotoana fa hiala ho azy ny sahona ka hanafaka azy tsy hanambany tena loatra amin' ny fanekena an' Andriamanitr' Isiraely. Tamin' ny fotoana voatendry dia maty ny sahona ary maimbo ny tany rehetra tamin' ny fatin' ireny sahona ireny. [12621]

Raha nalevin' Andriamanitra avy hatrany ireny sahona ireny dia ho noheverin' ny olona ho vokatry ny fahagagana nataon' ireo ombiasy teo aminy. Tsy izany anefa no nitranga fa maty ny sahona ka tsy maintsy nangonina ny fatiny mba hahalalan' i Farao sy ny olon-kendriny ary ny tany Egypta rehetra fa tsy avy amin' ny fisiki- dianana io fisehoan-javatra io, fa tena fitsaran' ny lanitra mihitsy. [12621]

'Fa nony hitan' i Farao fa nisy hiainana, dia nanamafy ny fony izy". Ary, araka ny nolazain' Andriamanitra, dia nahinjitr' i Arona ny tehiny ka tonga moka ny vovoka eran' ny tany Egypta rehetra. Nampanalain' ny mpanjaka ny ombiasy mba hanao toy izany nefa tsy nahay, dia fantatry ny olon-drehetra tamin' izany fa ambony lavitra ny asan' Andriamanitra noho ny an' i Satana. Ireo ombiasy mihitsy no niteny tamin' ny mpanjaka hoe: 'Rantsan-tànan' Andriamanitra ity!" [12621]

Tsy nihontsona na tamin' ny antso na tamin' ny fampitan- dremana nataon' ny lanitra anefa ny mpanjaka ka tsy maintsy nampiharina ny didim-pitsarana hafa manaraka. Mba tsy hiheverana izany ho tonga sendrasendra na tonga ho azy, dia nolazaina mialoha , ny fotoana hisehoany. Rakotra karazan-dalitra misy poizina ny trano sy ny tany itoerana, koa dia 'simba ny tany Egypta rehetra ; noho ny lalitra". Lalitra be nampanaintaina fatratra ny olona sy ny biby kaikeriny izy ireny. Araka ny voalaza rahateo, dia tsy nahavoa ny tany Gosena ny loza. [12631]

Navelan' i Farao hanao fanatitra ho an' i Jehovah ny Zanak' Isiraely, nefa tsy handeha lavitra an' i Egypta. Tsy nanaiky izany anefa Mosesy ka nolazainy ny antony: 'Tsy azo atao izany hoy izy, fa izay fadin' ny Egyptiana no hovonoina hatao fanatitra ho an' i Jehovah Andriamanitray; koa, indro, raha izay fadin' ny Egyptiana no vonoinay eo imasony hatao

fanatitra, moa tsy hotorahany vato va izahay?” Masina tamin’ ny Egyptiana ny biby fanaon’ ny Hebreo fanatitra; ny mamono iray amin’ izy ireny, na sendra tsy fidiny aza, dia noheverina ho heloka mahafaty. Naverin’ i Mosesy indray ny fikasana handeha hateloana andro, dia nanaiky Farao ka nangataka ireo mpanompon’ Andriamanitra hampitsahatra ny loza. Dia nataon’ izy ireo izany, nefa nanafatra azy izy mba tsy hamitaka intsony. Kanjo ny mpanjaka nanamafy ny fony ka tsy nandefa ny olona araka:: izay nampanantenainy, rehefa nitsahatra ny loza. [12631]

Nisy kapoka nahatsiravina noho ny teo niandry ny mpanjaka: matin’ ny areti-mandringana ny biby fiompin’ ny Egyptiana rehetra tany an-tsaha. Ringana avokoa na ny biby nivavahana na ny biby mpitondra entana: toy ny omby, ondry, soavaly, rameva ary boriky. ‘Nisy nilaza taminy fa tsy voakasiky ny loza ny Hebreo, ka dia nandefa iraka tany amin’ ny Zanak’ Isiraely Farao mpanjaka mba hijery na ,marina izany na tsia: ‘Indro, tsy mba nisy maty ny bibin’ ny Zanak’ Isiraely na dia iray akory aza”. [12631]

Nifikitra tamin’ ny ditrin’ ny fony ny mpanjaka, fa Mosesy kosa nahazo baiko haka ‘lavenona tamin’ ny tànany tao amin’ ny lafaoro” sy nampitopy izany nanandrify ny lanitra eo imason’ i’ Farao. [12631]

Mirakitra hevi-dalina toy ireo loza hafa rehetra io fomba fihetsika io. Efa nasehon’ Andriamanitra tamin’ i Abrahama, efa-jato taona talohan’ izao ny fampahoriana hihatra amin’ ny olony amin’ ny fotoana aoriana amin’ ny endriky ny fatana fandoroana mivoa- tsetroka sy fanilo mirehitra, izay mampiseho aminy fa handrotsaka ny fitsarany amin’ ny mpampahory sy hamoaka avy any Egypta ny babo mitondra hárem-bevava Izy. Ny fihetsik’ i Mosesy dia nampahatsiahy tamin’ ny Isiraely, fa na dia nijaly ela tany Egypta tao anatin’ ny lafaorom-pahoriana aza izy, dia efa tonga ny androm- panafahana. Dia nitora-jofo eran’ ny tany Egypta rehetra ny lavenona ka izay toerana tratrany rehetra dia ‘tonga vay nipoipoitra tamin’ ny olona sy tamin’ ny biby fiompy”. Hatramin’ izay dia namporisika ny mpanjaka hihirimbelona tamin’ ny ditrin’ ny fony ireo mpisorona sy ombiasy, fa nandà tsy hiady tamin’ Andriamanitry ny Isiraely intsony kosa izy rehefa ny tenany mihitsy no niharan’ ny aretina maharikoriko sy manaintaina ary fahafaham-baraka faraidiny tsy nahazoany naneho ny heriny intsony. Tsapan’ ny firenena manontolo izao fa tsinontsinona ny mitoky amin’ ny ombiasy izay tsy mahay miaro ny tenany akory. [12641]

Dia nihamafy hatrany ny fon’ i Farao, ka nandefa izao hafatra manaraka izao Jehovah: ‘Fa ankehitriny izao dia halefako ny areti- mandringana rehetra avy atý amiko hamely ny fonao sy ny mpanomponao ary ny vahoakanao, mba hahafantaranao fa tsy misy tahaka Ahy amin’ ny tany rehetra. Kanefa izao indrindra no nampaharetako anao dia ny hampahita anao ny heriko’. Tsy ny ho amin’ izany antony izany no namelan’ Andriamanitra azy ho velona, fa azony namboarina ny toe-javatra rehetra ahatongavany eo amin’ ny seza fiandrianan’ i Egypta amin’ ny fotoana voatendry hanafahana ny Isiraely. Nampaharetan’ Andriamanitra ny ain’ io mpanjaka lozabe matin-kambo io nefa tsy mendrika ny fahasoavany, ka ny hamafisan’ ny fony no fomba nanehoana ny fahagagana hataony amin’ ny tany Egypta. Azony natao koa ny nametraka teo amin’ ny seza fiandrianana, mpanjaka mora be izay tsy sahy nanohitra ny

fampisehoana miezinezina ny fahefana ananany. Nefa raha izany, dia tsy ho tanteraka ny fikasany. Navelany hianjadian' ny fahalozan' ny Egyptiana ny vahoaka mba hahitany ny hery mpanimba eo amin' ny fanompoan-tsampy. Nampiseho ny fankahalanyny fanompoan-tsampy sy ny fanandevozana ary ny fahasiahana Andriamanitra, tamin' ny famaizany io mpanjaka io. [12641]

Izao no nolazain' Andriamanitra momba an' i Farao: 'Ary Izaho hanamafy ny fony, ka tsy handefa ny olona izy'3. Tsy avy tamin' ny hery tsy fahita mandrakariva na an-tsitrapo no nahatonga io fahamafisam-po io. Nomen' Andriamanitra porofo tsy azo lavina anehoana ny heriny izy, dia porofo izay nodiany tsy fantatra ny fahamarinany tamin' ny fanakimpiana ny masony tamin' ny fahazavana. Vao mainka nandrisika azy bebe kokoa hikomy ny fanoherana tsirairay avy, hatramin' izao dia mandroso miatrika ny anjarany an-jambany fotsiny izy, nifamadibadika tamin' ny fahamafisam-po hatrany mandra-pahatongan' ny fotoana nanatrehany maso ny endriky ny lahimatoa teo amin' ny fireneny tsy manan' aina intsony. [12651]

Miteny amin' ny olona amin' ny alalan' ny mpanompony Andria-manitra. Omeny fotoana ny olona tsirairay avy mba hanarenany ny tenany raha mbola tsy latsa-paka ao am-pony ny fahotana. Hioty ny vokany izay tsy mety miova toetra, ary tsy afaka hanelanelana Andriamanitra. Ny heloka iray mitari-dalana hanao heloka hafa, ka mahatonga ny fo tsy hihontsona intsony amin' ny asan' ny Fanahy Masina ary tsy afaka handray azy intsony. 'Izay afafin' ny olona no hojinjany'4. Na iza na iza mitsipaka ny fahamarinana amin' ny tsy finoana feno hafetsena ny marina na ny tsy firaihana adala dia hijinja izay nafafiny. Mazava amin' izany no mahatonga ny olona marobe tsy hiraika intsony hihaino ny fahamarinana, izay mety hanohina ny ati-fanahiny indray andro any. i [12651]

Amin' ny alalan' izany kinanga izany no anatonena ny fieritre- retana meloka, amin' ny fiheverana fa azo hatao ny miova toetra raha tiana izany. Fahadisoana ny mihevitra fa azo atao ankehitriny ny manatsinontsinona ny antso ataon' Ilay Andriamanitra fitiavana sy afaka hangataka andro raha tiana ny hanao izany ary tena diso hevitra mihitsy ny mino fa ho mora ny hanaraka mpitarika hafa amin' ny farany rehefa avy nandany ny androm-piainana teo ambany fanapahan' ilay mpikomy lehibe ny tena. Manadombo ny toetra ka mahatonga azy tsy hihontsona intsony amin' ny fakana ny endrik' i Jesosy ny fitaizana sy ny fanandramana ary ny fahazarana amin' ny fifaliana ratsy. Fa mifanohitra amin' izany kosa ho an' ireo izay tsy nahita masoandro nihiratra teo amin' ny fiainany sy ireo nanosi-bohon-tanana ary nanao tsinontsinona izany naharitra elabe, dia ho avy ny andro izay hahafaty momoka izany ka tsy hihiratra intsony mandrakizay. [12651]

Mananontanona an' i Farao izao ny loza momba ny havandra. Izao torohevitra izao no nomena azy: 'Koa ankehitriny. maniraha mba hanangona famgana ny bibinao sy izay rehetra ananananao any an-tsaha'. Fa ny olona rehetra sy ny biby fiompy izay ho hita any an-tsaha ka tsy ho enti-mody dia ho faty avokoa. Niely fatratra ny akon' izany faminaniana izany ka nampody ny biby fiompiny ny olona rehetra izay nino ny tenin' i Jehovah. Niharo famindrampo ny

fahatezeran’ Andriamanitra ka nahatonga ny olona izay tratry ny loza teo aloha ho voaaro. [12661]

Dia tonga tokoa ny tafio-drivotra. ‘Ary Jehovah nanisy kotro- korana sy havandra, ary nisy afo nifanarctsaka teny ambonin’ ny tany, ary Jehovah nandatsaka havandra tamin’ ny tany Egypta. Dia nisy havandra sy afo nifandrambondrambona tanelanelan’ ny havandra. dia mafy indrindra izany, ka tsy mbola nisy toy izany tany amin’ ny tany Egypta rehetra hatrizay naha-firenena azy. Ary ny havandra namely izay rehetra tany an-tsaha, na olona na biby fiompy, eran’ ny tany Egypta rehetra; ny anana rehetra tany an-tsaha dia nasian’ ny havandra koa, ary ny hazo rehetra tany an-tsaha notapa- tapahiny’. Nanara-dia ny anjely mpandringana ny faharavana sy ny loza. Fa ny tany Gosena ihany no tsy niharan-doza. Ary izany no ahafantaran’ ny Egyptiana fa eo am-pelatanan’ Andriamanitra velona ny tany ary manaiky azy ny zavatra rehetra ary ny fanka- toavana azy ihany no azo ianteherana. [12661]

Nihorohoron’ ny tahotra ny tany Egypta manontolo tamin’ ny firotsahana mahatsiravin’ ny fahatezeran’ Andriamanitra. Nampiantso azy mirahalahy niaraka tamin’ izay Farao, ka nanao hoe ; ‘Efa nanota aho tamin’ izao, fa Jehovah no marina, fa izaho sy ny vahoakako no meloka. Mangataha amin’ i Jehovah, fa aoka izay ny kotrokorana sy ny havandra, dia halefako tsy hitoetra eto intsony hianareo’. Ary hoy i Mosesy taminy: ‘Raha vao mivoaka ny tanàna aho, dia hamelatra ny tànako amin’ i Jehovah; koa dia hitsahatra ny kotrokorana, ary ny havandra dia tsy hisy intsony, mba hahafantaranao fa an’ i Jehovah ny tany. Kanefa fantatro fa hianao sy ny mpanomponao dia tsy mbola hatahotra an’ i Jehovah Andriamanitra ihany”. [12661]

Nahalala i Mosesy fa tsy mbola vita ny ady; tsy tena fiovam-po marina no nahatonga an’ i Farao hiaiky heloka sy hanome toky, fa noho ny tahotra nahazo azy. Na teo aza izany, dia nekeny ihany ny fangatahany, mba tsy hahatonga azy hiala-tsiny indray amin’ ny fianianan-tsy tò. Tsy noraharahainy ny hamafin’ ny tafio-drivotra fa lasa izy nivoaka ny lapa teo imason’ i Farao sy ny tandapany, izay vavolombelona tsy niloa-bava tamin’ ny fiarovan’ Andriamanitra nanarona azy. ‘Namelatra ny tànany tamin’ i Jehovah ny mpaminany, rehefa tonga tany ivelan’ ny tanàna izy: ka dia nitsahatra ny kotro- korana sy ny havandra, ary tsy nisy ranonorana nilatsaka tamin’ ny tany intsony’. Nefa raha vantany vao afaka ny horohoro nahazo ny mpanjaka, dia nameno ny fony ny faharatsiana. [12661]

Ary ‘hoy Jehovah tamin’ i Mosesy: Mankanesa ao amin’ i Farao; j! fa Izaho efa nanamafy ny fony sy ny fon’ ny mpanompony, mba hanehoako izao famantarako izao eo aminy; ary mba holazainao ho ren’ ny zanakao sy ny zafinao izay zavatra nataoko teto Egypta sy izay famantarana nataoko teo aminy, mba ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah’. Ta-hanamafy orina ny fivavahana tanan’ ny Isiraely sy hampiseho amin’ ny firenena rehetra Andriamanitra fa eo ambany J fiarovan’ ny Ianitra ny vahoaka hebreo izay nataony tsinontsinona sy nampahoriany, tamin’ ny fanomezany azy porofo tsy azo lavina ny amin’ ny fahasamihafana nataony teo amin’ ny olony sy teo amin’ ny Egyptiana. [12671]

Nampitandrina ny mpanjaka Mosesy fa rehefa mihirihiry amin' ny heviny izy, dia handefa valala handrakotra ny tany Andriamanitra, | ka ny zava-maitso izay sisan' ny havandra dia hohanin' ny valala, | ka hameno ny trano ireny, ary tsy ho afaka amin' izany na ny lpan' ny mpanjaka aza. 'Ary tsy mbola hitan' ny rainao na ny raibenao izay toy izany hatr' izay andro niainany tetý ambonin' ny tany ka mandraka androany". [12671]

Very hevitra ireo mpanolo-tsain' i Farao. Niharan' ny fatiantoka bevava ny firenena manontolo tamin' ny fahafatesan' ny biby fiompiny; marobe ny olona no matin' ny havandra; fongotra ny hazo any an' ala, potika ny vokatra. Toa mila ho rava vetivety izay | nangonin' ireo vahoaka egyptiana tamin' ny fanompoana mafy nataon' ny Hebreo. Misy aloky ny mosary mandindona ny tany manontolo. Somadodoka nanodidina an' i Farao na mpanjaka na tandapa ka nanontany azy mafy hoe: 'Mandra-pahoviana no ho fandrika aniintsika iny lehilahy iny? alefaso ireo olona ireo hanompo an' i Jehovah Andriamaniny; tsy mbola fantatrao va fa efa simba Egypta?' [12671]

Nampiverina an' i Mosesy sy Arona ny mpanjaka ka nanao taminy hoe: 'Mandehana, manompoa an' i Jehovah Andria- manitrareo; nefa iza avy no handeha? Ary hoy Mosesy: Ny tanora sy ny antitra aminay no entinay handeha, ary ny zanakai-lahy sy ny zanakai-vavy sy ny ondry aman' osinay sy ny ombinay ho entinay handeha: fa hisy andro firavoravoanay ho an' i Jehovah'. Sosotra i Farao ka niteny mafy hoe: Aoka homba anareo ihany anie Jehovah, raha handefa anareo mbamin' ny zanakareo madinika aho! Mitandrema fa misy ratsy eo anoloanareo. Tsy izany, fa mandehana hianareo lehilahy lehibe ka manompoa an' i Jehovah, fa izany no tadiavinareo. Ary izy roalahy dia noroahina hiala teo anatrehan' i Farao. [12681]

Ilay nitady hamongotra ny Zanak' Isiraely tamin' ny fanompoana mafy izao no nanjary nangoraka ka nirary soa ny hahasambatra azy sy nikarakara fatratra ny zanany madinika. Ny marina anefa dia te-hihazona ny zaza amam-behivavy izy mba hataony antoky ny hiverenan' ny lehilahy lehibe. [12681]

Dia nahinjitr' i Mosesy tambonin' ny tany Egypta ny tehiny, dia nisy rivotra avy any atsinanana nitsoka ka nitondra valala. 'Marobe indrindra ireny, ka tsy nisy valala toy izany tany aloha, ary ato aoriany koa tsy hisy toy izany. Fa nandrakotra ny tany rehetra ireny, ka efa maizina ny tany, ary nohaniny ny anana rehetra teo amin' ny tany sy ny voankazo rehetra sisan' ny havandra'. [12681]

Ary Farao dia nampaka ireo irak' i Jehovah haingana ka nanao hoe: 'Efa nanota tamin' i Jehovah Andriamanitrareo sy taminareo aho. Ary ankehitriny, masina hianao, mamelà ny fahotako izao indray mandeha izao ihany, ka mangataha amin' i Jehovah Andriamanitrareo hampialany amiko izao mahafaty iray loha izao monja'. Dia natao izany, ary nisy rivotra mahery indrindra avy andrefana kosa, izay nitondra ny valala ka namarina azy tao amin' ny Rano- masina Mena. Nefa dia mbola nanamafy ny fony indray ny mpanjaka. [12681]

Nivalaketraka ny tany Egypta. Tsy zakan' olombelona intsony ny loza nianjady taminy; raiki-tahotra indrindra ny mponina rehetra raha nieritreritra ny ho avy. Nivavahana toy ny

mankalaza andriamanitra Farao; manomboka mahatsapa anefa ny olona izao fa Ilay Andriamanitra mampiasa ny herin' ny Zava-boahary ho mpanatan- teraka ny sitrapony no mitsangana eo anatrehany. Eo andanin' izany kosa, ilay vahoaka nandevozina izay nahatsiaro fa voatahy manokana dia nanjary nino ny fanafahana azy. Tsy sahy nampahory ny Hebreo tahaka ny taloha intsony ireo lehiben' ny mpampiasa. Nisy tahotra miafina tao anatin' ny fo rehetra sao dia mitsangana ity foko nampi- jaliana ka hamaly faty ny mpampahory azy. Tamin-korohoto no nifanontaniana ombieny ombieny ny amin' izay zavatra rehetra hiseho!" [12681]

Tampoka foana teo, dia nisy haizim-pito eran' ny tany Egypta, dia haizina azo tsapaina. Tsy vitan' ny hoe haizim-pito tanteraka ihany, fa na ny rivotra aza dia nanempotra tsy azo niamana. 'Koa tsy mba nifankahita ny olona, na niala tamin' izay nitoerany hateloana; fa ny Zanak' Isiraely rehetra kosa nisy mazava teo amin' ny fonenany'. Niharan-doza niaraka tamin' ireo mpivavaka aminy koa ny masoandro sy ny volana izay nivavahan' ny Egyptiana, ny herin' Ilay nanapatapaka ny fatoran' ny olon' Andriamanitra no nanao izany. [12691]

Sady mitory ny famindrampon' Andriamanitra no mitory ny tsy fitiavany handringana ny zava-boahary io loza mahagaga io. Nomeny fotoana hieritreretana sy hibebahana io firenena io, alohan' ny handrotsahany ny loza farany hamelezany an' i Egypta. [12691]

Nitarika an' i Farao hanao fitakiana vaovao indray ny tahotra. Nampaka an' i Mosesy izy ary nanaiky handefa ny olona telo andro taorian' ny haizim-pito, fa ny ondry aman' osy sy ny omby ihany no tsy navelany. 'Ary ny omby aman-ondrinay dia ho entinay hiaraka aminay koa; fa tsy hisy havela na dia ny kitrony iray aza', hoy ny navalin' ny mpitarika ny Hebreo tamim-pahasahiana 'satria ireny no hangalanay hanompoana an' i Jehovah Andriamanitray; ary tsy mbola fantatray izay ho entinay manompo an' i Jehovah mandra-paha- tonganay any'. Nirehitra indrindra ny fahatezeran' ny mpanjaka raha nandre izany teny izany: 'Mialà amiko!' hoy izy taminy: 'Koa mitandrema, fa aoka tsy hahita ny tavako intsony hianao fa amin' izay andro hahitanao ny tavako dia ho faty hianao! Ary hoy Mosesy: Marina izay nolazainao, fa tsy hahita ny tavanao intsony aho". [12691]

'Ary Mosesy dia lehilahy malaza indrindra teo amin' ny tany Egypta, dia teo imason' ny mpanompon' i Farao sy teo imason' ny vahoaka". Nisakana an' i Farao tsy hanisy ratsy azy - ny tahotra noho ny fanajany azy - satria izy no nahay nampitsahatra ny loza. Naniry ny handefasana ny Zanak' Isiraely ny tsirairay avy teo amin' ny vahoaka. Ny mpanjaka sy ny mpisorona ihany no sisa nisakana ny fiantsoana an' i Mosesy. Naharitra hatramin' ny fotoana farany ny fahamafisam-pony. [12691]

Ny Paska

Raha vao nangataka voalohany tamin' ny mpanjakan' i Egypta ny handefasany ny Isiraely Mosesy, dia efa nolazainy taminy mialoha sahady ny loza mafy tamin' ireo loza folo. 'Izao no lazain' i Jehovah: Zanako lahimatoa Isiraely; koa efa nolazaiko taminao hoe: Alefaso ny zanako mba hanompo Ahy; fa efa nandà tsy handefà azy hianao, koa, indro, Izaho hamono ny zanakao lahimatoa!'1 Voafidy ho mpitahiry ny lalàn' Andriamanitra ny Hebreo, na dia nataon'

ny Egyptiana tsinontsinona aza. Nahazoany fahamboniana teo amin' ny firenen-tsamihafa toy izay nomena ny lahimatoa teo amin' ireo rahalahiny ny fitahiana sy ny tombon-tsoa nenti-nanome voninahitra azy. Tamin' ny fotoana farany vao namely an' i Egypta ny loza izay nandrahonana azy hatrany am-boalohany. Mahari-po sy be famindrampo Andriamanitra, Mikarakara fatratra ireo olona noforoniny araka ny endriny Izy. Raha mba nampiova fo an' i Egypta mantsy ny fahaverezan' ny vokatra sy ny ondry aman' osiny, dia tsy ho niharan' ny fahafatesana ny zanany lahy. Hianjady aminy izao ny kapoka farany noho ny fikirizan' ity firenena ity mitsipaka ny baikon' i Jehovah. [12711]

Nandrara an' i Mosesy Farao mba tsy hiverina eo anatrehany intsony. Nisy fampitandremana farany avy amin' Andriamanitra anefa tsy maintsy nomena ity mpanjaka mafy hatoka ity ka nahatonga an' i Mosesy hiseho fanindroany indray teo anatrehany hitondra izao hafatra mahatsiravina izao ; 'Izao no lazain' i Jehovah ; Rehefa tokony ho mamatonalina Izaho hivoaka hankeo afovoan' i Egypta, dia ho faty ny lahimatoa rehetra eto amin' ny tany Egypta hatramin' ny matoan' ny Farao izay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianany ka hatramin' ny matoan' ny ankizivavy izay eo anilan' ny fikosaham-bary ary ny voalohan-teraky ny biby fiompy rehetra. Ary hisy fidradradradrana mafy eran' ny tany Egypta rehetra, izay tsy mbola nisy tahaka izany; sady tsy hisy tahaka izany intsony. Kanefa tsy hisy na dia alika aza hanetsika ny lelany amin' ny Zanak' Isiraely rehetra, na amin' ny olona, na amin' ny biby, mba ho fantatrareo ny tsi-fampitovian' i Jehovah ny Egyptiana sy ny Isiraely. Ary hidina ho ao amiko ireo mpanomponao rehetra ireo, dia hiankohoka eo a'natrehako ka hanao hoe: mandehana hianao sy ny olona rehetra izay manaraka anao ; ary rehefa afaka izany, dia vao handeha aho'2. [12711]

Nanome fepetra an' i Mosesy mikasika ny fialana tao Egypta Jehovah, ary indrindra mikasika ny amin' ny fomba hiarovan-tena amin' ny loza ho avy, mialoha ny firotsahan' io filazana loza io. Naka zanak' ondry na zanak' osy iray tsy misy kilema ny isan-trano ka nihinana izany irery na niaraka tamin' izay namany mifanakaiky trano aminy. Dia notentenany ra tamin' ny hysopa iray fihina ny tataombaravarana sy ny tolàna roa mba tsy hahatonga ny mpandringana izay mandalo amin' ny mamatonalina 'hiditra ao an-trano". Dia hohaniny amin' izany alina izany ny hena ; 'voatsatsika tamin' ny afo" no hihinanany azy mbamin'' ny 'mofo tsy misy masirasira sady ampiarahina amin' ny anana mangidy", ary toy izao no atao- nareo raha mihinana azy: 'ny valahanareo ho voasikina, ny kapa- nareo ho eo amin' ny tongotrareo, ary ny tehinareo ho eny an-tana- nareo" dia hohaninareo faingana izy. 'Fa Paskan' i Jehovah'3, hoy Mosesy. [12721]

'Fa handeha hamaky ny tany Egypta amin' izany alina izany Aho ka hamono ny matoa rehetra amin' ny tany Egypta hatramin' ny olona ka hatramin' ny biby fiompy; ary ny andriamanitry ny Egyptiana dia ho tsaraiko avokoa: Izaho no Jehovah. Ary ny ra dia ho famantarana ho anareo eo amin' ny trano izay itoeranareo; ary raha mahita ny ra Aho, dia handalo anareo, ka tsy hisy loza handringana anareo, raha mamely ny tany Egypta Aho'. [12721]

Ary izany andro izany dia ho fahatsiarovana ho anareo ka hotandremanareo ho andro Firavoravoana isan-taona ho an' i Jehovah, hatramin' ny taranakareo fara mandimby - Dia holazainareo amin' ny zanakareo amin' izany andro izany ny tantaran' ny fandalovan' ny Mpandringana, 'lzay nandalo ny tranon' ny Zanak' Isiraely tany Egypta, raha namely ny Egyptiana Izy, fa namonjy ny tao an-tranontsika". [12721]

Nasaina nanokana ho an' i Jehovah ny voalohan-teraka rehetra eo amin' ny Isiraely, na olona, na biby fiompy ny Zanak' Isiraely ho fankasitrahana ny fiarovan' Andriamanitra ny voalohan-terany, satria tsy azo soloina ny vidin' aina 4. Tatý aoriana, tamin ny fotoana nanorenana ny fanompoana tao amin' ny tabernakely, dia ny firenen' i Levy no nasolon' Andriamanitra ny voalohan-teraka5. Ho mari-pisaorana, ny ankohonana tsirairay avy dia nasaina nanavotra ny voalohan-teraka araka ny tombany avy6. [12731]

Andro firavoravoana natao fahatsiarovana sy tandindona ny aska. Tsy hoe fampahatsiarovana ny fanafahana tamin' ny fanande- ozana tany Egypta ihany izy. fa koa tandindon ilay fanavotana ehibe. hataon i Jesosy ho an izao tontolo izao. Ny zanak' ondry latao fanatitra dia tandindon' ny 'Zanak' ondrin' Andriamanitra', lay hany fanantenam-pamonjena ho antsika. Fa voavono Kristy Paska ho antsika" hoy ny apostoly7. Tsy ampy ny namonoana ny zanak- ondry, fa tsy maintsy natentina teo amin' ny tolam-paravarana koa ny rany. Dia toy izany koa no tsy maintsy hanolorana ìy fahamendrehan' ny Mpamonjy amin' ny fanahy izay mino. Tsy noe akory nanolotra ny ainy ho an' izao tontolo izao fotsiny Jesosy, a koa ho an' ny tsirairay isam-batan' olona raha tahiny mandray no an' ny tenany ny herin' ny sorona nataony izy. [12731]

Tandindon' ny fanadiovana ny hysopa nampiasaina hamafazaoa ny ra. Nampiasaina izany tatý aoriana, mba ho fanadiovana ny boká raha sendra naloto tamam-paty. Hita teo amin' ny vavaka ataon' ny mpanao Salamo izany hevi-teny izany. [12731]

Diovy hysopa aho ho afa-pahotana, dia hadio;
Sasao aho. dia ho fotsy inangatsakatsaka 8. [12731]

Aterina manontolo ny zanak' ondry. ka tsy ho tapahina ny olany na dia iray aza. Dia toy izany koa. tsy hisy hotapahina ny olan' ny Zanak' Ondrin' Andriamanitra na dia iray aza9: tandindon' ny fahatenoan ny fanatitra nataon' i Jesosy Kristy izany [12731]

Tahaka ny tsy maintsy nihinanana ny henan' ny zanak' ondry, dia tsy ampy koa ny mino an' i Jesosy Kristy mba hovonjena isika, fa tsy maintsy raisina ho an' ny tenantsika ny sakafo sy ny hery ara-panahy voarakitra ao amin' ny Tenin' Andriamanitra. Efa voalazan' i Jesosy rahateo fa: 'Raha tsy mihinana ny nofon' ny Zanak' olona sy misotro ny rany hianareo, dia tsy manana fiainana mandrakizay. Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no manana fiainana mandrakizay'. Hoy koa Izy nanazava io teny io: 'Ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana'10. [12741]

Nanaiky ny lalàn' ny Rainy Jesosy: nasehony miharihary tamin' ny fiainany sy ny fitiavany ary ny fahefana mahasoa vitany teo amin' ny fo ny filamatr' izany. 'Ny Teny dia tonga nofo", hoy ny voasoratr' i Jaona" ; 'ka nonina tamintsika ; ary hitanay ny voni- nahiny, dia voninahitra miendrika ho an' ny Lahitokana avy tamin' ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana '11. Tsy maintsy nandia ny fiainan' i Jesosy koa ny mpianatra. Tsy maintsy mandray sy mivelona amin' ny Tenin' Andriamanitra Izy mba hahatonga izany teny izany ho vy miaina hampihetsika ny fiainany rehetra. Tsy hanana aim-panahy mihitsy izy raha tahiny ka tsy mihinana ny nofo sy misotro ny ran' ny Zanak' Andriamanitra. Amin' izany ihany no hiovany araka ny endriny sy hahazoany mampiseho ny toetran' Andriamanitra eo aminy. [12741]

Natao ho fahatsiarovana ny ngidin' ny fanandevozana tany Egypta ny ana-mangidy nampiarahina tamin' ny henan' ny zanak' ondrin' ny paska. Dia toy izany koa ny fandraisana ny tenan' ny Tompo dia tokony harahin' ny nenina mafy ny amin' ny ota vitantsika. Nirakitra fampianarana toy izany ihany koa ny mofo tsy misy masirasira. Nandidy mafy ny tsy hitehirizana masirasira na dia kely akory aza ao an-trano mandritra ny andro firavoravoana ny lalàn' ny paska, dia fitsipika izay tsy maintsy nankatoavin' ny Jiosy an-tsakany sy an-davany. Dia tsy maintsy hisaraka amin' izay rehetra mety ho masirasiran' ny fahotana toy izany koa izay rehetra ta-hahazo ny hanina sy ny fiainana ho an' ny fanahiny avy amin' i Jesosy. Toy izao manaraka izao no ilazan' ny apostoly Paoly izany tamin' ireo mpino tany Korinto: 'Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao hianareo, araka izay tsy naha-nisy masirasira anareo. Fa voavono Kristy, Paska ho antsika. ka dia aoka isika hanao andro firavoravoana, tsy amin' ny masirasira ela, na amin' ny masirasira lolom-po sy faharatsiana, fa amin' ny mofo tsy misy masirasira, dia ny fahadiovam-po sy ny fahamarinana'12. [12741]

Tokony hampiseho ny finoany ny amin' ny fanavotan-dehibe ho avy ny Zanak' Isiraely mba hahazoany ny fahafahana. Tsy maintsy nahevahevany teo anoloan' ny tranony ny faneva mipentina ra: hisaraka amin' ny Egyptiana izy sy ny ankohonany, ka hipetraka any an-tranony. Tsy ho voaaro ny zanany raha tahiny nisy nataony an-tsirambina ny torohevitra nomena azy na dia kely akory aza, na navelany niaraka tamin' ny Egyptiana, na hadinony ny nanisy ra teo amin' ny tolam-baravaran' ny trano nisy azy na tavela tany ivelan' ny trano izy ireny. Tsy maintsy nanao izay rehetra azony natao hanaraka ny baiko nomena azy izy: tsy hahavonjy azy ny fahatsoram-pony satria efa nampilazana izy fa haringan' ny tanan' ny Mpandringana ny voalohan-terak' ireo izay tsy manaraka ny baikon'i Jehovah. [12751]

Amin' ny alalan' ny fankatoavana no anehoan' ny vahoaka hebreo ny finoana ananany. Toy izany koa izay rehetra nanantena hovonjena amin' ny alalan' ny ran' i Jesosy, dia tokony tsy hanadino fa manan-javatra atao izy mba hahatomombana ny famonjeny. Tahaka ny maha-marina fa Jesosy Kristy irery no mahafaka antsika amin' ny fanamelohan' ny ota vitantsika, dia toy izany indrindra no tokony hialantsika amin' ny ota ho amin' ny fankatoavana. Raha tahiny marina fa vonjena amin' ny finoana ny olona fa tsy amin' ny asa, dia toy izany amin' ny alalan' ny asa no anaporofoana ny finoana ananana. Natolotr' Andriamanitra ho faty ny

Zanany mba hisolo ny fahotantsika; nomeny antsika ny fahazavan' ny fahama- rinana; nosokafany teo anoloantsika ny lalan' ny fiainana ary nomeny antsika ny soa sy ny harem-pahasoavana ary ny tombon-tsoa: anjaran' ny olona kosa ny mifarimbona amin' ireny fitahiam-pamonjena ireny; anjarany ny manararaotra ny vonjy atolotr' Andriamanitra azy: dia ny mino sy ny mankatò. [12751]

Nolazain' i Mosesy an' ny Isiraely ny fampitandremana rehetra nomen' Andriamanitra amin' ny fanafahana azy. Raha vao vita izany, ; dia 'niondrika ny olona ka nivavaka'13. Ny fahatsinjovana mahafaly ny amin' ny fanafahana sy ny fampisehoana ny famaizana mampihoron-koditra izay miandry ireo mpampahory azy, ny tebiteby sy ny fikarakarana ny dia hataony raha afaka fotoana fohy, ireny rehetra ireny dia nisolo toerana vetivety ny fankasitrahana feno atolotra Ilay Mpanafaka azy be famindrampo. Nisy Egyptiana maro izay voataona hivavaka tamin' ny Andriamanitry ny Hebreo no tonga nangataka fialofana tamin' ny Hebreo mandra-pandalon' ny anjely mpandringana. Noraisina tamim-pifaliana izy ireny hany ka nanapa-kevitra hanompo ny Andriamanitr' i Jakoba sy hivoaka ny tany Egypta miaraka amin' ny olony. [12751]

Dia nanaiky ny torohevitra nomena ny Zanak' Isiraely. Natao haingana sady tsy nisy nahafantatra mihitsy ny fanomanana ny dia. Novoriana ny mpianakavy; novonoina ny zanak' ondrin' ny paska; natsatsika tamin' ny afo ny henany; namboarina ny ana-mangidy sy ny mofo tsy misy masirasira. Noho ny maha-mpitandrina sy mpisorona' ao an-tokantrano ny raim-pianakaviana tsirairay avy, dia notentenany ra ny tataom-baravarana sy ny tolam-baravarana roa tamin' ny tranony. Nohanina mangina sy haingana ny zanak' ondrin' ny paska. Samy niambina sy nivavaka tamim-piandrasana lehibe ny olona rehetra. Rehefa mety ho voalohan-teraka, hatramin' ny lehilahy lehibe ka hatramin' ny zazakely dia nidobodoboka mafy ny fony azon' ny tahotra tsy hay lazaina. Nihorohoro niaraka taminy koa ny ray sy ny reniny ka namihina azy teo an-tratrany. Ny fianakaviana isiraelita kosa tsy mba nisy voakasiky ny anjely mpamono na dia iray aza. Nandalo fotsiny kosa ny Mpandringana raha nahita teo am-baravarana fidirana ny famantarana mihosin-dra mampiseho ny fiarovan' Ilay Andriamanitra Mpamonjy. [12761]

Ary nony mamatonalina 'dia nisy fidradradradrana mafy tany Egypta; satria tsy nisy trano izay tsy nahafatesana. Dia maty avokoa ny lahimatoa rehetra, hatramin' ny lahimatoan' i Farao izay tokony hipetraka teo ambonin' ny seza fiandrianany ka hatramin' ny lahimatoan' ny babo izay tao amin' ny tranomaizina, mbamin' izay voalohan-teraky ny biby fiompy rehetra'14. Isan- tokantrano dia maty ny zanaka lahimatoa, izay rehareha sy tabihan' ny ray aman-dreny. Hatsatra sy taitra ny endriny ary nangovitra ny lohalik' i Farao sy ireo tandapany nandre izany zava-doza izany, raha vao nifoha teo am-pandriany. Tsaroan' ny mpanjaka izao ny teny nolazain' ny tenany hoe: 'Iza moa Jehovah, no hihainoako Azy, mba handefasako ny Isiraely? Tsy fantatro Izay Jehovah, ka tsy alefako ny Isiraely!' [12761]

Na teo aza ny hambom-po ratsiny tsy tia vavaka, dia niankohoka tamin' ny tany izy ka nampaka an' i Mosesy sy Arona, raha mbola alina, ka nanao hoe: 'Mitsangàna, mialà eto amin'

ny vahoakako hianareo sy ny Zanak' Isiraely, ary mandehana ka manompoa an' i Jehovah araka ny nolazainareo! Ary ny ondry aman' osinareo sy ny ombinareo dia ento koa araka izay efa nolazainareo ka mandehana; fa mba tsofy rano aho!' Dia nandodona ny olona ny mpanolotsain' ny mpanjaka sy ny vahoaka 'ka nampandeha azy haingana hiala tamin' ny tany satria hoy izy: Maty avokoa izahay rehetra!' [12771]

Toko 21 - Ny Fahafahana

Ny sikina eny am-balahana, ny kapa eny an-tongotra ary ny tehina eny an-tanana, nitsangana ary tamim-panginana no niandrasan' ny Zanak' Isiraely ny didy navoakan' ny mpanjaka izay nandroaka azy hiala ny tany Egypta. Mbola alina ny andro raha niainga izy. Dia nahazo toky ny Zanak' Isiraely ka niangona tsikelikely tao amin' ny tany Gosena, fa ireo mpampahory azy kosa tora-kovitra nandritra ny fiavian' ny loza. Nahamora ny fandaminana sy ny fanaraha-maso ity vahoaka betsaka niahoaho ity izany, ka na teo aza ny fahatampohan' ny fandosirana tamin' ny andro niaingana dia voazara nitsitokotoko teo ambany fitarihan' ny lehibeny avy izy rehetra. [12791]

Nisy 'lehilahy nahalia lalana tokony ho enina hetsy, afa-tsy ny zaza amam-behivavy ny isany. Ary nisy olona maro, samihafa firenena koa niara-niakatra taminy'l. Tsy olona voataona tamin' ny finoana ny Andriamanitry ny Isiraely ihany ireo vahoaka ireo. fa nisy koa maro lavitra noho ireb, olona te ho afaka amin' ny loza fotsiny na voatariky ny fitiavam-baovao sy ny mosalahy. Nanjary tsilo sy fandrika ary loza tsy an-kijanona ho an' ny Zanak' Isiraely ireny olona ireny. [12791]

Nentin' ny olona niaraka taminy koa 'ny ondry aman' osy sy ny omby", satria tsy mba nanao tahaka ny Egyptiana izay nivarotra ny fananany tamin' ny mpanjaka izy ireo. Nitombo fatratra indrindra ny ondry sy ny omby nentin' i Jakoba sy ny zanany tany Egypta. Afa-tsy izany, araka ny torohevitr' i Mosesy, dia samy nitaky ny karama tamin' ny asa maina nataony ny olona tsirairay avy alohan' ny hialany tany Egypta, ary noho ny fahadodonan' ny Egyptiana ialan' izy ireo taminy dia tsy nisy nolaviny izay nangatahiny na inona na inona. Nanan-karem-bevava tamin' ny babo azony tamin' ireo mpampahory azy toy izany no nialan' ny Isiraely tany amin' ny tany nanandevozana azy. [12791]

Nanatanteraka ny teny nampilazaina an' i Mosesy elabe taloha izany toe-draharaha izany: 'Ho vahiny any amin' ny tany izay tsy azy ny taranakao hanompo ny olona any; ary hampahoriana efa-jato taona izy. Ary izany firenena izany kosa, izay hotompoiny, dia hotsaraiko; ary rehefa afaka izany, dia hivoaka hitondra harembevava izy'2. Tafatsingerina katroka ny efa-jato taona. 'Tamin' izany andro izany indrindra no nivoahan' ny antokony rehetra izay an' i Jehovah tamin' ny tany Egypta'3. [12801]

Nitondra raki-tsarobidy niaraka taminy ny Zanak' Isiraely raha nandao ny tany Egypta: tsy inona izany fa ny taolam-balon' i Josefa izay niandry ny fanatanterahana ny teny fikasan' Andriamanitra hatry ny elabe, sy nilazana ny fanafahana ny Isiraely nandritra ireo taona maro fanandevozana. [12801]

'Ary rehefa nalefan' i Farao ny olona ho any amin' ny tany Kanana, dia tsy mba nentin' Andriamanitra tamin' ny làlana nankany amin' ny tanin' ny Filistina izy, na dia akaiky aza izany', fa nentiny nianatsimo ho any amin' ny lalana mahazo ny Ranomasina Mena. 'Fa hoy Andriamanitra: Andrao hanenina ny olona, raha mahita ady, ka hiverina ho any Egypta'4. Nety

ho voasemban' ny mponina izay iena fisakanan-dalana ho an' ity vahoaka andevo nandositra ny ziogan' ny tompony ity ny lalana mamaky an' i Filistia. Ny Zanak' Isiraely koa moa tsy voaomana tsara rahateo hifanandrina amin' io vahoaka mahery tia ady io. Tsy fiadiana ananana, ny tena tsy zatra niatrika ady, ny saina efa voadombon' ny fanandevozana elabe, voasemba- tsemban' ny zaza amam-behivavy sy ny ondry ary ny omby koa, etsy andaniny ny finoana an' Andriamanitra mbola tsy mazava tsara sady marefo, dia ho raiki-tahotra izy ireo ka inety ho kivy. Sady naneho ny famindrampo no naneho ny fahendren' Andriamanitra ny fitondrana ny vahoaka nahazo ny Ranomasina Mena. [12801]

'Dia nifindra niala tao Sokota izy ka nitoby tao Etama teo an-tsisin' ny efitra. Ary. Jehovah nandeha teo alohany tamin' ny andri-rahona raha antoandrO hitari-dalana azy, ary tamin' ny andri- afo nony alina ho fahazavana ho azy handehanany andro aman' alina. Ny andri-rahona tsy niala teo alohan' ny olon' Isiraely ny antoandro, na ny andri-afo nony alina'. Hoy ny mpanao Salamo: Fa Jehovah namelatra rahona ho fialofan' ny Zanak' Isiraely, ary afo ho fanazavana azy nony alina5. [12811]

Nandroso nizotra teo ambany fanevan' ny Mpitarika tsy hita maso ny Isiraely. Ny antoandro, dia ny rahona no nanazava ny diany sy nanarona an' ireto vahoaka toy ny eloelo teo amboniny ary ny hatsiatsiakany no nanalefaka ny fandoroan' ny hainandro ny tany efitra. Niova ho andry afo izany tamin' ny alina ka nanazava ny toby sy nanamafy ny fanatrehan' Andriamanitra tsy tapaka. [12811]

Mitantara ny fiahian' Andriamanitra ny olony amin' ny ady lehibe farany ifanaovana amin' ny herin' ny ratsy Isaia raha nilaza ny andri-rahona sy ny andri-afo, ao amin' ny teny tena soa sy feno fiononana indrindra ao amin' ny faminaniana nosoratany: 'Ary Jehovah hamorona rahona sy setroka raha antoandro sy fahazavan' ny afo midedadeda nony alina. Ho eny ambony fitoerana rehetra any an-tendrombohitra Ziona, sy ho eny ambonin' ny fivoriany rehetra, ary eny ambonin' ny voninahitra rehetra dia hisy eloelo, ka hisy trano-lay ho fialokalofana amin' ny hainandro raha antoandro ary ho fialofana sy fierena amin' ny tafio-drivotra sy ny rano-norana'6. [12811]

Namakivaky tany lemaka lava volo sy foana ny andiana Hebreo mitanjozotra lavabe. Tsaroana fa sady lavitra no mandreraka ny lalana ka manomboka mifanortany izay iafaran' izany firenirenena izany izy rehetra. Nampitebiteby ny fon' ny sasany sahady ny tahotra sao manenjika ny Egyptiana. Dia nasehon' i Jehovah an' i Mosesy fa manodidina ny haram-bato tomandavana ny lalana ary eo amorondranomasina no hitobiana. Nambaran' Andriamanitra koa fa hanenjika azy avy eo aoriana i Farao, nefa ho afaka izy mba ho fanomezamboninahitra an' Andriamanitra lehibe indrindra. [12811]

Vetivety foana dia niely eran' i Egypta ny teny fa tsy nijanona hanompo an' Andriamanitra tany an' efitra akory ny Hebreo fa nandeha nanitsy namaky ny ranomasina Mena. Nolazain' ny tandapan' i Farao taminy fa nandositra tsy niverina intsony iny vahoaka andevo iny, ka dia nanomboka nanenina ny amin' ny hadalana vitany tamin' ny fiheverany ny fahafatesan' ny

voalohan-teraka ho avy amin' ny herin' Andriamanitra ny olona. Nanazava ireo olon-kendry rehefa afaka ny tahotra nahazo azy fa vokatry ny lalàna voajanahary ireo loza niseho. Dia samy namerina niteny mafy ny, tsirairay avy hoe: 'Inona izao nataontsika izao, no nandefa ny Isiraely 'niala tamin' ny fanompoana antsika isika ?'7. [12811]

'Dia nasain' i Farao nofehezina tamin' ny kalesy ny soavaly. ary nitondra kalesy enin-jato voafantina sy ny kalesin' ny Egyptiana rehetra izy", izay samy nisy ny mpiady nitaingin-tsoavaly sy nandeha an-tongotra notarihin' ny kapiteny avy izy rehetra. Tapa-kevitra ny hampihorohoro ny Zanak' Isiraely tamin' ny fampisehoan-kery be izy, ka niakanjoany ny akanjom-piandrianany, ary ny tenany mihitsy no nandeha nitari-tafika. Nirohotra niray dia tamin' ny mpiantafika koa ny mpisorona mba hahazo sitraka amin' ireo andriamanitra sy hahombiazan ny fandresena. Nireharehana fa ny fampi- verenana ireo lasa nandositra amin ny fomba manetriketrika no ahazoana manavotra ny hajam-pirenena, dia ny hajany izay rendrika teo imason ny firenena manodidina. [12821]

Nitoby teo amin' ny helo-dranomasina izay toa tsy azo ihoarana mihitsy ny Hebreo, sady eo atsimo koa misy tendrombohitra mijoalajoala misakan-dalana azy. Tsy tapitapitr' izay, indro tazana ny fiadiana manjelanjelatra avy lavitra ary mandroso tsy misy elanelana ny kalesy lohalaharan' ny tafika izay tamy manatona haingana dia haingana ka vetivety foana dia ho hita manontolo. Nanenika ny tobin' ny Isiraely rehetra ny horohoro. Ny sasany nitaraina tamin' i Jehovah, fa ny maro kosa nidradradradra sy nimonomonona tamin' i Mosesy. 'Moa tsy nisy fasana va tany Egypta, no nentinao ho faty atý an' efitra izahay? Nahoana no nanao izany taminay hianao ka nitondra anay nivoaka avy tany Egypta? Tsy izao va no teny nolazainay taminao fony tany Egypta hoe: Aoka izay, fa avelao ihany izahay hanompo ny Egyptiana? Fa aleonay nanompo ny Egyptiana toy izay ho faty any an' efitra8." [12821]

Nandevilevy ny fon' i Mosesy nahita ny fahakelezan' ny finoan' ireo iray firenena aminy an' Andriamanitra, izay nanome azy ireo porofo marobe ny amin' ny hery ananany, ka velom-panontaniana ny amin' ny fomba hanilihana aminy ny loza izay atrehina, nefa anie ka efa nanaraka antsipiriany ny lalana nitarihan' Andriamanitra izy e! Raha ny aminy aloha, dia tsy nanan-tahotra kely akory ny amin' ny ahitana lalana ivoahana amin' ny loza izy, na toa nampamoy fo aza ny toe-javatra niseho. Tamin' ny feo tony sy matoky no namaliany ny olona hoe: 'Aza matahotra hianareo, mijanòna, fa ho hitanareo ny famonjen' i Jehovah izay hataony ho anareo anio, fa ny Egyptiana, izay hitanareo anio, dia tsy ho hitanareo intsony mandrakizay. Jehovah hiady ho anareo, fa hianareo kosa hangina'. [12821]

Akory ny hasarotan' izany mifehy vahoaka marobe tsy zatra fehezina sy tsy manana fahatoniana. Tsy ho tana izy ireo fa hikoron- tana sy hitratrevatreva. Nidradradradra mafy izy satria fantany fa ho voatanan' ireo mpampahory azy eo am-pelatanany rehefa afaka fotoana fohy. Nanaraka am-bokony ny andri-rahona avy eo aoriana ny olona amin' ny maha-fanevan' Hay Andriamanitra Lehibe Izay niteny hoe: 'Mandrosoa !" Izao anefa tsy fantatra na io andri-rahona io ihany no ho tonga fambara loza mahatsiravina. Tsy azo lavina, fa moa tsy io andri-rahona io tokoa ve no nitarika ny olona tamin' ny lalana tsy azo aleha sy tany amin' ny lafin-

tendrombohitra tsy azo anihana? Dia toy izany no niheverany ny Anjelin' Andriamanitra ho mpilaza loza, noho ny masony voajamba. [12831]

Tamin' ny fotoana saika nahatratraran' ny miaramila egyptiana ny Hebreo indrindra, ka ninoany fa efa mby eo am-pelatanany ny haza, no indro nijaridina teo amin' ny lanitra ny andri-rahona, nandalo teo ambonin' ny olona ary nijanona nanelanelana azy tamin' ny fahavalo. Hatreo, dia nisy rindrina mainty nampisaraka ny mpanafika sy ny tafihana. Voatery niato ny Egyptiana satria tsy tazany intsony ny tobin' ny Hebreò. Eo ankilany indray, arakaraka ny hanaronan' ny haizina ny zava-niseho no vao mainka koa nahatonga ilay rindrina mainty hivadika ho fitaratra mahery vaika mampiparasaka ny onjam-pahazavany mahatoraka ny fahazavan' ny mitataovovonana Nitsiry tao am-po indray ny fanantenana teo amin' ny Isiraely. Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy izay nitaraina taminy: 'Nahoana no mitaraina amiko hianao? lazao amin' ny Zanak' Isiraely mba handroso. Ary aingao ny tehinao dia ahinjiro ambonin' ny ranomasina ny tànanao, ka saraho ny rano, dia handeha hamaky eo afovoan' ny ranomasina mandia tany maina ny Zanak' Isiraely '. [12831]

Tatý aoriana, raha nitantara ny dian' ny Isiraely namaky ny Ranomasina Mena ny mpanao salamo dia nihira hoe: [12841]

Tany amin' ny ranomasina ny làlanao,
Ary ny nalehanao dia tany amin' ny rano mandriaka Ka tsy fantatra ny dian-tongotrao.
Ny tànan' i Mosesy sy Arona,
[12841]

Dia nahinjitr' i Mosesy, araka izay nandidian' Andriamanitra azy ny tehiny, dia nisaraka ny ranomasina ka nanjary nisy fefy andaniny roa, dia nandia tany maina teo afovoany ny Isiraely. Nampamirapiratra ny tendron ny onja izay nijanona tsy nihetsika ny fahazavan' ny andri-rahona ka nanazava ity lalana migodana mamaky ny ranomasina lalina ary tsy tazana ny laniny fa very momoka ao anatin' ny haizin' ny morona ilany. [12841]

'Dia nanenjika azy ny Egyptiana ka niditra nanaraka azy teo afovoan' ny ranomasina, dia ny soavalin' i Farao sy ny kalesiny ary ny mpitaingin-tsoavaliny. Ary tamin' ny fiambenana maraina dia nijery ny tobin' ny Egyptiana tao amin' ny andri-afo sy ny rahona Jehovah ka nampifanaritaka ny tobin' ny Egyptiana'10. [12841]

Akory ny hagagany, fa nivadika ho andri-afo ilay rahona maha- taianjona sady namoaka tselatra sy kotrokorana. Nandatsaka ranonorana ny rahona; Nikotrokotroka ny Ianitra Nifanaretsaka koa ny zana-tsipikanao, Ny fikotrokotroky ny kotrokorana dia teo amin' ny tadio Nahazava izao rehetra izao ny helatra; Nihovotrovotra sy nihorohoro ny tany. 11 [12841]

Nanenika ny tobin' ny Egyptiana ny fisafotofotoana sy ny horohoro. Jenjin' ny fipoaky ny herin' ny zava-boahary izay nandrenesany ny feon' Ilay Andriamanitra tezitra izy ka nitady hiverina hamonjy haingana ny morona izay nialany. Dia nahinjitr' i Mosesy indray ny tanany

ka avy hatrany dia nipaoka mafy nitelina ny miarainila egyptiana tao anaty kibony lalina ny rano niavosa misamboaravoara sy misafoaka avy handrapaka ny hazany. [12841]

Afaka nanatri-maso izay sisa tavela tamin’ ireo fahavalony mahery ny vahoaka Hebreo, rehefa nadiva ho maraina ny andro: indreny mitsitra eny amoron-drano misy faty mikobona ao anaty akanjo vy. Indray aiina monja dia ampy nanafahana ny Isiraely tamin’ ny loza lehibe indrindra. Vahoaka tsy manan-kery alikisa, dia zaza amambehivavy sy biby fiompy, voasakan’ ny ranomasina eo aloha ary dodonan’ ny tafika mahery avy ao aoriana no nahita lalana nisokatra teo alohany namaky ny herin’ ny rano sy ireo fahavalony voafandrika sy voatelin’ io hery io ihany, tamin’ ny fotoana izay ninoany indrindra ahazoana fandresena. Jehovah no nanafaka azy, ka any Aminy no isandratan’ ny hobim-pisaorana sy fahatokiana atolony. Feno ny Fanahy Masina Mosesy dia nihira ary niventy nanaraka.ity hirapandresena izay anisan’ ny hira tranainy sy tsara indrindra amin’ izay fantatra ity koa ny vahoaka: [12851]

Miandry ny Farany